

UNIVERSITE D'ANTANANARIVO
ECOLE NORMALE SUPERIEURE
LANGUES ET LETTRES MALAGASY

MEMOIRE DE CAPEN

FANADIHADIANA SY
ANDRANA FAMPITAHANA
ASA SORATRA
TANTARA FORONINA

Présenté par
NANA ANJIRINA
C.M. Chela

2009

Directeur de recherche
RAHARIMAW Ila
Maître de conférences

Alakamisy 22 oktobra 2009

UNIVERSITE D'ANTANANARIVO

ECOLE NORMALE SUPERIEURE

Langues et lettres malagasy

**Memoire pour l'obtention
du Certificat d'Aptitude Pédagogique
de l'Ecole Normale**

**FANADIHADIANA SY ANDRANA
FAMPITAHANA ASA SORATRA TANTARA
FORONINA**

Directeur de recherche

RATREMA William

Année 2009

Presenté par

MALALANIRINA Christina Josette Michela

Alakamisy 22 octobre 2009

TENY FISAORANA

Anisan'ny mampibaribary ny fahendrena Malagasy ny fandalana ireny soatoavina manamafy orina ny fihavanana ireny. Marina tokoa fa « ny vato aza raha nahitana soa hosora-menaka », noho izany dia tsy hainay ny tsy haneho ny fihetseham-ponay sy ny fifalianay noho ny fahatratrarana izao dingana lehibe izao.

Isaorana voalohany indrindra Andriamanitra Andriananahary, nanome fahasalamana, nanome saina, ka nahafahana nanatanteraka izao asa fikarohana izao.

Manaraka izany dia ataonay rano tsy dikain'ny zinga ianao Andriamatoa Filoha. Lehibe tokoa ny fandavan-tenanao nanaiky nanohana anay tamin'izao asa izao, noho izany dia fisaorana mitafotafo no atolotray anao, Andriamatoa ANDRIAMANATSILAVO Seth, nahafoy fotoana, eny fa na dia hita aza fa maro tokoa ny adidy sy andraikitra sahaninao. Hambinin-javamanasatra anie ianao tompoko.

Andriamatoa Mpitsara, nandritra izay dimy taona nianarana tato amin'ny sekoly izay dia tsapanay tokoa fa tsy nitarain-tana-miepaka ianao nanitsy sy nanoro lalana anay hatrany mba hahatongavanay amin'izao dingana izao. Tsy vitan'izany anefa fa mbola nanaiky hoelingelenina ihany koa ianao nandritra ny fanatanterahana izao asa izao. Koa toloranay fisaorana tsy lany maminy ianao, Andriamatoa RAHARIJAONA Alphonse . Ho mamy hoditra amin'ny sehatra rehetra izay misy anao anie ianao tompoko.

“Ny hazo no vanon-ko lakana, hono, ka ny tany naniriany no tsara”. Tsy tanteraka tokoa izao asa izao raha tsy teo ianao Andriamatoa RATREMA William, nitarika sy nanoro lalana anay nandritra ny fotoana lava dia lava. Tsy nanosi-bohon-tanana anay ianao, fa nanaiky handray anay hatrany tamin'ny fotoana rehetra. Nanara-maso sy nijery akaiky ny asanay isaky ny teny na isaky ny fehezan-teny mba hahatomombana izao asa izao. Misaotra indrindra tompoko. Andriamanitra manan-karem-pahasoavana anie homba anao mandrakariva.

Tsy hatao tahom-boanjo, ka ny nahitana indray no ahifika, fa isaorana ireo mpampianatra sy mpanabe rehetra nanolokolo sy nitaiza ary nanome fahalalana anay nandritra ny dimy taona teto amin'ny sekoly. Ho ela velona anie ny ENS, sy ny mpanabe rehetra ao.

Tsy hadino ihany koa ny misaotra ny vady andefimandry izay niara-nisalahy tamin'ny fanatanterahana izao asa izao. Nanampy ara-pitaovana ary nanohana ara-tsaina andro aman'alina ka nahatonga ny asanay hivaingana toy izao. Indrindra ianareo Ray aman-dReny, zoky zandry, havana aman-tsakaiza, mpiara-mianatra izay nanampy sy nanoro hevitra anay, misaotra antsika aby e! *“Sitraka enti-matory izao, tompoko, ka hovaliana raha mahatsiaro”*

Michela

FANOROAN-TAKILA

Takila

O. TENY FAMPIDIRANA	1
0.1. Fanolorana ny lohahevitra	1
0.2. Ny anton'ny safidy sy ny tanjona.....	2
0.3. Fetran'ny asa	5
0.4. Ny fomba nanatanterahana ny asa	5
0.5. Ny fomba fandinika narahina	5
0.6. Fanolorana ny drafitra	6
0.7. Famaritana sy fanamarihana samihafa mialoha ny fanadihadiana	6
0.7.1. Famaritana mikasika ny mpandray anjara	7
0.7.1.1. Ny mpandray anjara fototra	7
0.7.1.2. ny mpandray anjara mpanampy	7
0.7.1.3. Ny mpandray anjara ravaka	7
0.7.2. Famaritana mikasika ny habaka	8
0.7.2.1. Ny toerana ara-jeografia	9
0.7.2.2. Ny toerana tsy voafaritra mazava	9
0.7.2.3. Ny toerana misy sy voafaritra mazava	9
0.7.3. Famaritana mikasika ny fotoana	10
0.7.3.1. Ny fotoana niainan'ny mpanoratra sy nanoratany ny tantara..	10
0.7.3.2. Ny fotoanan'ny mpamaky	10
0.7.3.3. Ny fotoanan'ny tantara	10
0.7.3.4. Ny fotoana anatin'ny	10
0.7.4. Famaritana mikasika ny atao hoe fitiavana	11

FIZ. VOALOHANY: FANADIHADIANA NY TANTARA FORONINA *BINA*

1.1. Ny mombamomba ny boky	13
1.1.1. Ny endriky ny boky.....	13
1.1.2. Famintinana ny tantara.....	14
1.2. Ireo singa samihafa mandrafitra ny asa soratra.....	15
1.2.1. Ny mpandray anjara.....	15
1.2.1.1. Ny mpandray anjara fototra.....	15
1.2.1.2. Ny mpandray anjara mpanampy.....	18
1.2.1.3. Ny mpandray anjara ravaka.....	21
1.2.2. Ny habaka.....	24
1.2.2.1. Ny toerana ara-jeografia.....	24
1.2.2.2. Ireo biby sy zava-maniry ary singan-javatra samihafa manasongadina ny habaka.....	28
1.2.2.3. Ny tekinka nentin’ny mpanoratra nijery ny habaka.....	30
1.2.3. Ny fotoana.....	30
1.2.3.1. Ny fotoana niainan’ny mpanoratra sy nanoratany ny tantara...	31
1.2.3.2. Ny fotoanan’ny mpamaky.....	31
1.2.3.3. Ny fotoanan’ny tantara (temps historique).....	31
1.2.3.4. Ny fotoana anatin’ny.....	32
1.2.4. Ny fomba fanehoan-kevitr’i Auguste RAJAONARIVELO.....	33
1.2.4.1. Ny fampiasana ny voambolana.....	33
1.2.4.2. Ny fampiasana ny fehezan-teny.....	34
1.2.4.3. Ny sary ampiasainy.....	35
1. 2.5. Ny fomba fitantarana ao amin’ny tantara foronina <i>BINA</i>	35
1.3. Ny fomba fijery ny tontolo tarafina amin’ny tantara foronina <i>BINA</i>	36
1.3.1. Ny fitiavana araka ny ahitana azy ao amin’ny tantara foronina <i>BINA</i> ..	36
1.3.1.1. Ny fomba fitsirian’ny fitiavana.....	37
1.3.1.2. Ny sedram-pitiavana.....	41
1.3.1.3. Ny toetry ny fitiavana	54

1.3.1.4. Ny anjara toerana/ asan'ny fitiavana araky ny ahitana azy ao amin'ny tantara foronina <i>BINA</i>	56
1.4. Fehiny.....	58

FIZ. FAHAROA: FANADIHADIANA NY TANTARA FORONINA

<i>FOFOMBADIKO</i>	59
2.1. Ny mombamomba ny boky	59
2.1.1. Ny endriky ny boky.....	59
2.1.2. Famintinana ny tantara.....	60
2.2. Ireo singa samihafa mandrafitra ny asa soratra.....	62
2.2.1. Ny mpandray anjara.....	62
2.2.1.1. Ny mpandray anjara fototra.....	62
2.2.1.2. Ny mpandray anjara mpanampy.....	67
2.2.1.3. Ny mpandray anjara ravaka.....	71
2.2.2. Ny habaka.....	72
2.2.2.1. Ny toerana ara-jeografia.....	72
2.2.2.2. Ireo biby sy zava-maniry ary singan-javatra samihafa manasongadina ny habaka.....	77
2.2.2.3. Ny elanelana misy eo amin'ny habaka.....	80
2.2.2.4. Ny teknika nentin'ny mpanoratra nijery ny habaka.....	80
2.2.3. Ny fotoana.....	81
2.2.3.1. Ny fotoana niainan'ny mpanoratra sy nanoratany ny tantara....	81
2.2.3.2. Ny fotoanan'ny mpamaky.....	82
2.2.3.3. Ny fotoanan'ny tantara (temps historique).....	82
2.2.3.4. Ny fotoana anatin'ny.....	83
2.2.4. Ny fomba fanehoan-kevitr'i E.D.ANDRIAMALALA.....	85
2.2.4.1. Ny fampiasana ny voambolana.....	85
2.2.4.2. Ny fampiasana ny fehezan-teny.....	86
2.2.4.3. Ny sary ampiasainy.....	86

2. 2.5. Ny fomba fitantarana ao amin'ny tantara FOFOMBADIKO.....	87
	<u>Takila</u>
2.3. Ny fomba fijery ny tontolo tarafina amin'ny tantara FOFOMBADIKO.....	88
2.3.1. Ny fitiavana araka ny ahitana azy ao amin'ny tantara	
FOFOMBADIKO.....	88
2.3.1.1. Ny fomba fitsirian'ny fitiavana.....	88
2.3.1.2. Ny sedram-pitiavana.....	92
2.3.1.3. Ny toetry ny fitiavana	102.
2.3.1.4. Ny anjara toerana/ asan'ny fitiavana araky ny ahitana azy ao	
amin'ny tantara foronina <i>FOFOMBADIKO</i>	106
2.4. Fehiny.....	109

FIZ. FAHATELO: FANADIHADIANA NY TANTARA FORONINA

<i>ORIMBATON'NY FIADANANA</i>	109
3.1. Ny mombamomba ny boky	109
3.1.1. Ny endriky ny boky.....	109
3.1.2. Famintinana ny tantara.....	110
3.2. Ireo singa samihafa mandrafitra ny asa soratra.....	112
3.2.1. Ny mpandray anjara.....	112
3.2.1.1. Ny mpandray anjara fototra.....	112
3.2.1.2. Ny mpandray anjara mpanampy	115
3.2.1.3. Ny mpandray anjara ravaka.....	120
3.2.2. Ny habaka.....	122
3.2.2.1. Ireo toerana ara-jeografia.....	122
3.2.2.2. Ireo biby sy zava-maniry ary singan-javatra samihafa	
manasongadina ny habaka.....	125
3.2.2.3. Ny teknika nentin'ny mpanoratra nijery ny habaka	126
3.2.3. Ny fotoana.....	127
3.2.3.1. Ny fotoana niainan'ny mpanoratra sy nanoratany ny tantara..	127
3.2.3.2. Ny fotoanan'ny mpamaky.....	127
3.2.3.3. Ny fotoanan'ny tantara (temps historique).....	127

3.2.3.4. Ny fotoana anatin'ny.....	128
	<u>Takila</u>
3.2.4. Ny fomba fanehoan-kevitr'i Michel ANDRIANJAFY.....	129
3.2.4.1. Ny fampiasana ny voambolana.....	129
3.2.4.2. Ny fampiasana ny fehezan-teny.....	130
3.2.4.3. Ny sary ampiasainy.....	131
3. 2.5. Ny fomba fitantarana ao amin'ny tantara foronina	
ORIMBATON'NY FIADANANA.....	132
3.3. Ny fomba fijery ny tontolo tarafina amin'ny tantara foronina	
ORIMBATON'NY FIADANANA.....	132
3.3.1. Ny fitiavana araky ny ahitana azy ao amin'ny tantara	
ORIMBATON'NY FIADANANA.....	132
3.3.1.1. Ny fomba fitsirian'ny fitiavana.....	134
3.3.1.2. Ny sedram-pitiavana.....	140
3.3.1.3. Ny toetry ny fitiavana	153
3.3.1.4. Ny anjara toerana/ asan'ny fitiavana araky ny ahitana azy ao amin'ny tantara foronina ORIMBATON'NY FIADANANA.....	155
3.4. Fehiny.....	157
- Famintinana ny fizarana voalohany sy faharoa ary fahatelo.....	157

FIZ. FAHEFATRA: ANDRANA FAMPITAHANA TANTARA FORONINA

SY ANDRAM- PANAZAVANA NY VOKATRY NY FAMPITAHANA

4.1. Andrana fampitahana.....	160
4.1.1. Fampitahana miainga amin'ireo singa mandrafitra ny asa soratra.....	160
4.1.1.1. Ny fomba fanehoany ny mpandray anjara.....	160
4.1.1.2. Ny fomba fanehoany ny habaka.....	162
4.1.1.3. Ny fomba fanehoany ny fotoana.....	163
4.1.1.4. Ny fomba fanoratra sy ny fomba fanehoan-kevitra	165
4.1.2. Fampitahana ny fomba fijery ny tontolo tarafina amin'ireo asa soratra ireo.....	168
4.1.2.1. Fafana.....	168

Takila

4.1.2.2. Fanadihadiana ny fafana	172
4.1.3. Famintinana ny fampitahana.....	176
4.2. Andram-panazavana ny vokatry ny fampitahana.....	176
4.2.1. Andram-panazavana miainga amin'ny tantaram-piainan'ny mpanoratra.	177
4.2.3. Andram-panazavana miainga amin'ny tantaram-pirenena.....	178
4.2.2. Andram-panazavana miainga amin'ny fivoaran'ny fiarahamonina.....	180
-Famintinana ny fizarana fahefatra.....	183
 FAMARANANA.....	 184
TOVANA.....	189
TAHIRY AMAM-PANOVOZAN-KEVITRA.....	204

KISARY

Takila

Zotram-piainan'i Bina ao amin'ny tantara foronina <i>BINA</i>	36
Zotram-piainan'Ikemba ao amin'ny tantara foronina <i>BINA</i>	37
Zotram-piainan'i Lala sy i Lisy ao amin'ny <i>FOFOMBADIKO</i>	92
Zotram-piainan-dRazanajaza ao amin'ny <i>ORIMBATON'NY FIADANANA</i>	133

FAFANA

Fampitahana ny fomba fanehoana ny mpandray anjara.....	160
Fampitahana ny fomba fanehoana ny habaka.....	162
Fampitahana ny fomba fanehoana ny fotoana.....	163
Fampitahana ny fomba fanehoan-kevitry ny mpanoratra.....	165
Fampitahana ny fomba fijery ny tontolo	168

Teny fampidirana

**MANODIDINA NY TANTARA FORONINA SY NY
ASA FIKAROHANA**

Ho famaranana ny fianarana sy ny fiofanana ho mpampianatra eto amin'ny ENS, ny mpianatra tsirairay dia tsy maintsy manolotra asa fikarohana iray mifanaraka sy mifanandrify amin'ny sampana misy azy avy, ka manohana izany am-pahibemaso.

Nisafidy lalam-piofanana iray izahay, dia ny sampana teny sy taranja malagasy izany. Misy seha-pikarohana maromaro azo isafidianana ao anatin'io sampana io: ao anatin'izany, ohatra, ny literatiora, ny riba, ny haiteny, ary ny fanatsarana ny fampianarana (didactique de la matière). Nofidinay manokana tao anatin'ireo ny zana-taranja literatiora. Tsapa tokoa mantsy fa singa iray mitahiry ny harem-pirenena sy mirakitra ny fahendren-drazana ary manana ny hasina maha-izy azy ny literatiora sady lova sarobidy ahazoana mamolavola ny taranaka ihany koa ka rariny raha havoitra sy hokolokoloina hatrany. Izany indrindra no nahatonga anay hanitatra ny fahalalanay amin'ny fandalinana ny asa soratr'ireo mpanoratra malagasy izay nikely aina nametraka lova sarobidy ho an'ny taranaka ankehitriny. Marina fa tsy vitsy ireo namana efa nandalina ny literatiora teo aloha, nefa heverinay fa tsy ampy raha olona vitsy ao anatin'ny malagasy maro no hahatsiaro ny havesa-danjan'ny literatiora malagasy. Raha ny tokony ho izy dia ny Malagasy tsy vaky volo no tokony hanatevina ny haren-tsaina ao anatin'ireny asa soratra ireny; ny hanampy ireo efa nahavita ny adidiny ireo indrindra no tena nampirona anay handalina ity zana-taranja "literatiora" ity.

0.1. Fanolorana ny lohahevitra

Iaraha-mahita ny firoborobon'ny fitatry ny sain'ny zanak'olombelona, izay miezaka mikaroka amin'ny fomba maro samihafa mba hahita zava-baovao hatrany amina sehatra maro. Ireo manam-pahaizana eo amin'ny sehatry ny literatiora ihany koa dia miezaka hatrany ny mikaroka sy miroso lalindalina kokoa amin'ny fikirakirana ity sehatra iray ity. Ny literatiora mantsy dia anisan'ny singa iray manasongadina ny mpanoratra, satria, *ny literatiora dia "(...) tsy nitsontsorika avy any an-danitra fa nitrebona ao an-tsaina sy ny fon'ny olona ary ireo olona ireo no nanoratra dia voahetsiky ny fandinihana azony, ny fiainan'ny firenena sy ny mpiara-belona aminy"*¹, ary tsy ny mpanoratra ihany no asongadiny fa ny fiarahamonina misy azy koa, araky ny

¹ RAVOAJANAHARY. ch, Fanasina, lah. 539, 18 fevrier 1968, tak. 4

tenin'ity mpandinika iray ity hoe: ny literatiora dia hafatry ny fiarahamonina². Misokajy ho roa mazava tsara ny literatiora, dia ny literatiora am-bava sy ny literatiora an-tsoratra. Raha hisafidy manokana ny literatiora an-tsoratra dia maro ireo karazany azo ifotorana : ny poezia, ny lahatsoratra famotopotoran-kevitra, ny sombintantara, ny tantara foronina, sns.... Ny tantara foronina no nahasarika anay ka nofidinay manokana mba hahafahana manasongadina ny maha izy azy ireny mpanoratra tantara foronina ireny amin'ny alalan'ny fampifanatrehana asa soratra vitsivitsy. Ao anatin'izany no hanaovana ny: **fampitahana ny fomba fanehoan'ny mpanoratra ireo singa samihafa mandrafitra ny tantara foronina, sy ny fomba fijery ny tontolo eo amin'ny lafiny fitiavana. Hozahina ihany koa ny hanao ny andram-panazavana ny vokatr'izany fampitahana izany.**

Inona moa no atao hoe tantara foronina? Hoy indrindra i EDA mamaly izany: “ *tantara kanefa noforonina, ary nefa moa raha noforonin'ny eritreritra aza dia tsy maintsy miompana amina zava- misy marina*”³ satria, ny mpanakanto dia mpitatitra ny zava-misy marina, indrindra fa ny zava-misy marina ara-tantara sy ara-piaraha-monina⁴.

0.2. Ny anton'ny safidy sy ny tanjona

Ankoatry ny maha fialam-boly ny literatiora, dia anisan'ny fitaovana ifandraisana sy ifampitaizana eo anivon'ny fiarahamonina koa izy, araky ny voalazan'ny mpandinika sasany hoe: “*Ny atao hoe literatiora dia fitaovam-pifandraisana amin'ny alalan'ny teny hamoahana hevitra nefa amin'ny fomba miavaka, mihataka amin'ny fiteny andavan'andro*”⁵. Rehefa nohadihadiana ny hevitr'ireo olona manodidina anay izay mankafy tantara foronina dia tsapa fa manana ny mampiavaka azy manokana ity karazana literatiora ity. Fitaovam-pitaizana, na any an-tsekoly na ety ivelany ny tantara foronina, mety hanova ny toe-tsaina ihany koa ny anatra ao anatin'ny ary indrindra fitaovana enti-mandini-tena sy fo ary fanahy. Tantara foronina

² R. WELLEK et A. WARREN , *La théorie littéraire*, Coll. poétique, Ed. seuil, Paris, 1971, p130, “ *La littérature est expression de la société*”

³ Resadresaka nataon'i DAVID ANDRIAMIHARISOA tamin'i E.D.A notanisain-dRATREMA William, *Rafi-pisainana iorenana sy aorin'ny asa soratr'i E.D.A*, Lib. Mixte, Antananarivo 1983, tak 187

⁴ R. WELLEK et A. WARREN, *La théorie littéraire*, Coll. Poétique, Ed. seuil, Paris, p 32: “ *L'artiste est porteur de vérité et nécessairement il est aussi porteur de vérité historique et social*”

⁵ Henri RANDZAVOLA

malagasy telo no nofidinay, dia ireo izay hitanay fa manana ny maha izy azy tokoa na ny mpanoratra azy na ny tantara nosoratany. Tsy iadian-kevitra ihany koa fa maro ireo mpanoratra kalaza lahy eran-tany no mirona amin'ny famokarana tantara foronina. Anisan'izany ohatra ry BARBARA Carthland, sns...

Tsy latsa-danja amin'izany ihany koa ireo mpanoratra malagasy toa an-dry Clarisse RATSIFANDRIHAMANANA, I.P.ANDRIAMANGATIANA, sy ny maro hafa. Nanaitra anay kosa, ka nandrian'ny fonay ireo mpanoratra malagasy efa zokinjokiny, dia i E.D. ANDRIAMALALA, amin'ny tantara foronina nosoratany mitondra ny lohateny hoe *FOFOMBADIKO*, i Auguste RAJAONARIVELO, amin'ny tantara foronina *BINA*, i Michel ANDRIANJAFY, tantara foronina *ORIMBATON'NY FIADANANA*.

Manana ny tiany hampitaina ny mpanoratra ao amin'ny asa soratra novokarin'ny. Tsapa izany ao amin'ireo asa soratra nofidinay ireo, ary hita ihany koa fa samy manana ny fomba fanehoan-kevitra manavanana azy ny mpanoratra tsirairay. Tsy eo amin'ny fomba fanehoan-kevitra ihany fa eo amin'ny fomba fanehoana ny asa soratra amin'ny ankapobeny mihitsy. Tsy vitsy ny mpikaroka efa nandalina ny asa soratr'ireo mpanoratra telo ireo, anisan'izany, ohatra, RATREMA William, tao amin'ny “these” nataony, nanasongadinany *Ny rafi-pisainana iorenana sy aorin'ny asa soratr'i E.D.Andriamalala, tarafina amin'ny olona fototry ny tantara foronina nosoratany sy ny hoe: E.D.A un écrivain à la charnière de deux mondes*. Toy izany koa ny namana teo aloha izay nanadihady *Ny poezia sy ny fitiavana ao amin'ny tantara foronina nosoratatan'* ANDRIAMALALA ihany, dia tsy iza izany fa RAMAMONJISOA Mamitiana Andrianarijaona....Hitanay anefa fa mbola misy lohahevitra azo hadihadiana amin'ny fomba maro ao amin'ny asa soratr'ireo mpanoratra ireo. Ny hanatevina ny efa vitan'ireo tany aloha, ka hampitombo lanja ireo mpanoratra ireo sy ny asa sorany koa no antony nisafidiananay ireo boky telo ireo.

Ankoatr' izany dia ny tantara foronina no anisan'ny asa soratra nahasarika ny fonay kokoa, ka mihevitra izahay fa raha ny fitiavanay azy dia rariny raha haompana amin'izany ny fikarohanay. Amin'ny maha tanora anay ihany koa dia nahasarika anay tanteraka ny lafiny “fitiavana” ary inoanay fa hahasarika ireo namana tanora ihany koa. Miangaly tanteraka izany i E.D.ANDRIAMALALA, ary tsy latsa-danja ihany koa ireo mpanoratra roa hafa. Tantaram-pitiavana no vontootin'ireo tantara foronina ireo koa tsy maintsy havoitra amin'ny fanadihadiana izay hataonay izany.

Ny fahaizan'izy ireo maneho ny maha izy azy ao amin'ny asa sorany, sy ny fahitanay fa samy manana hevitra matotra azo tohanana tsara izy ireo dia antony ihany koa nisafidiananay ny tantara foronina novokarin' ireo mpanoratra telo ireo. Ny tena zava-dehibe aza dia ny fahasamihafana hita taratra ao anatin'ireo asa soratra telo novokarin'olona samihafa ireo. Fahasamihafana eo amin'ny fomba fanehoana ny endrika ivelan'ny asa soratra, eo amin'ny fomba fanehoan-kevitra sy ny vontootin'ny asa soratra sns... ireo rehetra ireo dia nahasarika ny sainay tokoa ka nahatonga anay nanapa-kevitra fa hanao ny fampitahana mba hahafahana manasongadina ireo haren-tsaina maro entin'ny mpanoratra tantara foronina malagasy.

Nahatsapa ihany koa izahay fa hatramin'izao dia vitsy ireo nanompana ny fikarohana tamin'ny asa soratr'izy ireo, indrindra ny asa soratr'i Michel ANDRIANJAFY sy ny an'i Auguste RAJAONARIVELO. Noho izany, tianay ny hampivoitra kokoa ireo mpanoratra ireo sy ny asa sorany, ka hisarika ny sain'ny maro hahatsapa fa ilaina ny famohafahazana ireny lova sarobidy ireny hampivoitra ireo haren-tsaina ao anatin'ny hampisongadina ny maha-izy azy ny mpanoratra.

Raha ny lafiny ara-pedagogika indray no asian-teny dia anisan'ny fitaovana enti-mampianatra any amin'ny ambaratonga faharoa ny tantara foronina. Noho izany dia tianay ny hanadihady izany mba hanampy ireo mpampianatra amin'ny fampitana ny lesona sy ny fanabeazana amam-pitaizana ny mpianatra. Zava-dehibe ny hahafantaran'ny mpianatra ireo pitsopitson- javatra mandrafitra ny asa soratra, ary amin'ny maha tantaram- pitiavana ireo tantara ireo dia tiana ny manamarika fa anisan'ny mahasarika ny mpianatra ity lafiny "fitiavana" ity ka tsara ny hitondrana ny anjara biriky amin'ny fampitana izany. Tao koa ny fitiavana haneho ny fahasamihafana eo amin'ireo mpanoratra samy malagasy sady samy mpanoratra zokiny ireo.

Azo amehazana izany rehetra izany ny tenin'i Jean Paul SARTRE hoe: "ireny asa soratra navoaky ny mpanoratra ireny dia tsy nataony ho azy tsy akory fa nataony indrindra ho an'ny mpamaky."⁶ Noho izany, isika mpamaky no tompon'antoka amin'ny famelomana ireny asa soratra ireny amin'ny alalan'ny fikarohana izay harena fonosin'izy ireny.

⁶ J. .P. SARTRE, *Qu'est ce que la littérature_?*, Ed. Gallimard, Coll. idées, 1948, p 54 : « *Il n'est pas vrai*

0.3. Fetran'ny asa

Lafin-javatra maro no azo dinihina ao amin'ny asa soratr'i E.D.ANDRIAMALALA sy i Auguste RAJAONARIVELO ary i Michel ANDRIANJAFY. Noho ny fotoana voafetra hanatanterahana ny asa fikarohana anefa dia tsy maintsy ferana ihany koa ny lohahevitra hodinihina, dia ny fampitahana ny endrika ivelany izay tsy inona fa ireo singa samihafa mandrafitra ny asa soratra, sy ny fampitahana ny fomba fiheveran'ny tsirairay ny atao hoe fitiavana, dia ny fitiavana eo amin'olon-droa. Hatsidika ao ihany koa ny amin'ny fitiavan-tanindrazana.

Maro ireo asa soratra novokarin'ireo mpanoratra ireo, saingy iray avy amin'izany no noraisina. Amin'ireo boky ireo indray dia tsy ary ho vita ny hanadihady azy isaky ny teny, na fehazantenany, ny hevi-dehibe nasongadin'ny mpanoratra ao amin'ny asa sorany sy ny fomba fanehoany izany, ka mikasika ny lohahevitra nofidina hanompanana ny asa fikarohana no horaisina.

0.4. Fomba nanatanterahana ny asa

Toy ny ataon'ny ankamaroan'ny mpandinika ihany dia ny manangona ny tahirin-kevitra hoenti-manatanteraka ny asa fikarohana no tsy maintsy natao voalohany. Raha aty amin'ny fandinihana tantara foronina izany dia ny fitadiavana ireo tantara foronina nohadihadiana aloha no tsy maintsy natao. Nanaraka izany dia ny famakiana ny asa soratra no tsy maintsy notomorina akaiky mba hahazoana izay ambaran'ny mpanoratra ao anatin'izany. Niara-dalana tamin' izany ny fitadiavana ireo tahirin-kevitra maro ho enti-manaporofa amin'ny fomba siantifika ny asa fikarohana. Rehefa nampifandraisina tamin'ny lohahevitra nofidina ireo rehetra ireo dia nahafahana mandrafitra an-tsoratra ity asa fikarohana ity.

0.5. Fomba fandinika narahina

Raha te hahazo vokatra tsara amin'ny asa fikarohana dia tsy maintsy aorina arantsiantsa ny zavatra na toe-javatra iray. Izany hoe, tsy maintsy aorina amina haitsikera ny asa fikarohana. Ny haitsikera no jiro manazava ny asa fikarohana sady fototra mampijoro izany.

Maro ny haitsikera novolavolain'ireo mpandinika izay azo lazaina fa ngeزالahy , no azo arahina tsara. Ry MALLARME sy ry EINKHENBAUM, ohatra, dia nampiasa ny haitsikera miompana amin'ny bika aman'endrika, ry FREUD indray dia nampiasa ny haitsikera am-parahatoka. Ny lalan-tsain'i LEVI-STRAUSS izay niompana tamin'ny

haitsikera ara-drafitra⁷ kosa anefa no hoenti-manadihady ireo singa mandrafitra ny asa soratra ao amin'ny tantara. Ny firafitra no tena zava-dehibe amin'ity haitsikera ity, ary ny firafitry ny tantara amin'ny ankapobeny mihitsy ka nahatomombana izany tantara izany no hoezahina hasongadina ao amin'ny fanadihadiana.

Ny tara-kevitra FITIAVANA (fitiavana eo amin'olon-droa) dia anisan'ny hojerena akaiky ao anatin'ny asa, noho izany dia hampiharina koa ny haitsikera miompana amin'ny asa soratra sy ny zava-draketiny. Izany hoe, hoezahina ny hanadihady ny vontoatin'ireo tantara ireo araka izay voarakitra ao anatin'ny.

Tsy tokony hionona amin'izay voalazan'ny mpanoratra ao amin'ny tantara ihany anefa ny fanadihadiana fa tokony hampifandraisina mivantana amin'ny zava-misy niainan'ny mpanoratra koa, noho izany dia ny haitsikera mifototra amin'ny tantaram-piainan'ny mpanoratra no anisan'ny hanorenana ny fanadihadiana any amin'ny fizarana fahefatra, hoenti-manatanteraka ny andram-panazavana. Marihina fa tsy misakana ny fampiasana ireo haitsikera hafa ny fampiasana ireo voalaza ireo raha misy ilana izany.

0.6. Fanolorana ny drafitra hitondrana ny fanadihadiana

Fizarana efatra lehibe no nentina nanangana izao asa izao: Ao amin'ny fizarana voalohany dia ny fanadihadiana ny tantara foronina *BINA* no hasongadina. Ny fanadihadiana ny tantara foronina *FOFOMBADIKO* kosa no ho hita ao amin'ny fizarana faharoa. Ao amin'ny fizarana fahatelo indray no hahitana ny fanadihadiana ny tantara foronina *ORIMBATON'NY FIADANANA*. Ary ao amin'ny fizarana fahefatra farany no hanaovana ny fampitahana sy ny andram-panazavana izany fampitahana izany.

0.7. Famaritana sy fanamarihana mialoha ny fanadihadiana

Mialoha ny hanaovana ny fampitahana dia tsara raha jerena tsirairay aloha ireo singa samihafa mandrafitra ny asa soratra (ny mpandray anjara sy ny habaka ary ny fotoana); sy ny fomba fijery ny tontolo azo tsoahina avy amin'ireo asa soratra ireo, dia ny fitiavana izany. Tianay ihany koa ny manadihady ireo asa soratra ireo arakaraky ny fahanterany, ka hojerena voalohany amin'izany ny tantara foronina *BINA* nosoratan'i Auguste RAJAONARIVELO, ny taona 1932; manaraka azy ao *FOFOMBADIKO* nosoratan'i E.D ANDRIAMALALA, tamin'ny 1954; ary farany ny *ORIMBATON'NY*

⁷ LEVI-STRAUSS, *Anthropologie Structurale*, Paris, Plon, 1958

FIADANANA nosoratan'i Michel ANDRIANJAFY, ny taona 1958. Na eo aza anefa izany rehetra izany dia misy famaritana maromaro izay tokony hofantarina ireto alohan'ny hidirana amin'ny antsipirian-javatra, ka tsara raha izany aloha no jerena.

0.7.1. Famaritana mikasika ny atao hoe mpandray anjara

Manana anjara toerana lehibe ao anatin'ny tantara ny mpandray anjara, ary tsy misy maha tantara ny tantara raha tsy ao ny mpandray anjara milalao azy. Voalazan'ireo mpandinika sasany aza fa ny tantara foronina no zava-kanto azo omena ny laharana voalohany, satria olona no milalao ao anatin'ny ⁸. Koa hoezahina ny hanadihady ireo mpandray anjara hita ao amin'ireo tantara foronina 3 nofidina ireo. Hojerena ao anatin'izany: ny anarany, ny anjara toerany, ny toetrany, ny andraikiny ary ny fari-piainany. Momba ny anjara toerany manokana dia tsara ho fantarina fa misy karazany 3 izany, ka tsara ny hamariparitana azy mialoha.

0.7.1.1. Ny mpandray anjara fototra.

Ny mpandray anjara fototra dia mpandray anjara noforonin'ny mpanoratra mba hanorenany ny tantara iray manontolo. Mety ho olona tokana na roa, na koa fianakaviana iray manontolo na andian'olona ihany koa ny mpandray anjara fototra, ary misy ifandraisany ankolaka na mivantana amin'izay toe-javatra rehetra mitranga ao amin'ny tantara hatrany.

0.7.1.2. Ny mpandray anjara mpanampy

Mpandray anjara noforonin'ny mpanoratra ihany koa ny mpandray anjara mpanampy, ary natao hanakaiky kokoa ny mpandray anjara fototra. Mety ho maromaro izy ireny, nefa mety hisy ihany koa ny tena misongadina. Mazàna dia ny fifandraisan'ireny mpandray anjara mpanampy ireny na ny fiandaniany amin'ny mpandray anjara fototra no tena fototry ny tantara. Na izany aza dia tsy dia mahenika ny tantara iray manontolo izy ireny.

⁸ François MAURIAC, *Le romancier et ces personnages*, Ed. Buchet Chastel, Paris, 1933, p 97: "Ainsi, nous devons donner raison à ceux qui prétendent que le roman est le premier des arts. Il l'est en effet, par son objet qui est l'homme »

0.7.1.3. Ny mpandray anjara ravaka

Mpandray anjara noforonina mba hanome endrika ny tantara.

Tsy dia mandray anjara firy amin'ny hetsika na ny fitenenana ao amin'ny tantara izy ireo fa napetraka fotsiny mba hampisy lojika azo inoana ny tantara. Mety tsy ho voatonona amin'ny anarany koa aza fa faritana amin'ny andraikiny fotsiny. Noho izany dia mety ho olona, na zava-maniry, na biby, na koa zavatra ny mpandray anjara ravaka.

Ireo rehetra ireo dia samy noforonin'ny mpanoratra avokoa. Mety ho niainga amin'ny fieritreretany manokana, nefa mety ho nalaina avy amin'ny fiarahamonina ihany koa. Miara-miasa ireo mba hahatomombana ny tantara sy ny hetsika rehetra ao. Araky ny filazan'i François Mauriac mantsy, ny mpanoratra tantara foronina dia tokony hahatsapa tsara ary haharaka izay mety ho fifandraisan'ny mpandray anjara tsirairay avy, ny fifanoherana, ny ady, sns... ao.⁹

0.7.2. Famaritana momba ny atao hoe habaka

Ny habaka dia toerana noforonin'ny mpanoratra hanorenany ny tantara. Tsy feno, ary babangoana tanteraka ny tantara raha tsy misy ny habaka. Sady mamolavola ny mpandray anjara mantsy ity habaka ity no mety ho taratry ny mpandray anjara ihany koa. Izany hoe, ny olona na ny habaka mety manova ny mpandray anjara, ary ny mpandray anjara no mampisy dikany ny habaka. Ambaran'ny mpanoratra sasany fa tsy misy tantara foronina, raha tsy apetraky ny mpanoratra eo amin'ny toerana sy ny fiarahamonina ireny mpandray anjara ireny¹⁰. Noho izany dia tsy azo sarahina ireo zavatra roa ireo. Ary amin'ny lahatsoratra milaza tantara dia, zavatra iray tsy maintsy aseho sy lazain'ny mpanoratra, ny toerana (habaka) sy ny aminy¹¹. Izany hoe, raha hanoratra tantara foronina dia tsy maintsy mamorona toerana hanorenana izany. Ny elanelana sy ny efitrefitra apetraky ny mpanoratra, ny fanoritsoritana ny habaka, dia anisan'ny fototra maha- tantara foronina ny tantara foronina. Tsara ho fantarina anefa fa

⁹ F. MAURIAC, *Le romancier et ses personnages*, op. cit. p 08: « Un romancier, par définition même, est quelqu'un qui prend conscience des conflits et oppose des personnages les uns aux autres. »

¹⁰ M. ZERAFKA, *Roman et société*, P.U.F, Coll. SUP, 2^{ème} Ed, 1976, p15: « Il n'y a plus de roman, affirme-t-on volontiers, dès lors que l'écrivain ne situe pas ces personnages dans un milieu, ne les explique pas socialement, ni enfin ne le nantir d'une destinée claire et distincte. »

¹¹ G. GENETTE : *Figure II*, Coll. points, Ed. seuil, Paris, 1969, p43 « (...)La littérature, (...), parle aussi de l'espace, décrit des lieux, des demeures, des paysages. »

samy manana ny teknikany ny mpanoratra tsirairay avy eo amin'ny fomba fametrahana sy fanoritsoritana ny toerana, ary izany no hoezahina havoitra eto mba hahitana ny fahasamihafana entin'ireo mpanoratra telo ireo, dia i E.D.ANDRIAMALALA sy i Auguste RAJON ary i Michel ANDRIANJAFY . Hojerena tsirairay eto ary ny fomba famelabelaran'ireo mpanoratra ireo ny habaka ao anatin'ny asa sorany. Ho hita ao anatin'izany ireo toerana ara-jeografika, izay ahitana ireo toerana voafaritra mazava sy ireo tsy voafaritra mazava ; tsy hohadinoina ihany koa ny hijery ny anjara toeran'ireo biby sy zava-maniry ary ireo hasin-javatra maro manasongadina ny habaka.

Ireto manaraka ireto no karazana habaka fahita amin'ny lahatsoratra milaza tantara:

0.7.2.1. Ny toerana ara-jeografia : dia ny toerana anorenan'ny mpanoratra ny tantara, toerana ametrana ny mpandray anjara, mety ho voafaritra mazava izany nefa mety hatsidiky ny mpanoratra fotsiny, satria tsy dia mitana anjara toerana lehibe ao amin'ny tantara. Mety ho toerana tena misy ihany koa na azo inoana ho misy.

Anisan'ny mampiavaka ny tantara foronina amin'ny angano ity toerana ara-jeografika ity, satria amin'ny angano, ohatra, dia honohono avokoa ary sarotra vinaniana ho misy ny toerana voarakitra ao. Araky ny efa voalaza dia hita ao anatin'izany ny toerana tsy voafaritra mazava sy ny toerana misy voafaritra mazava.

0.7.2.2. Ny toerana tsy voafaritra mazava: dia ireo toerana tsy nomarihin'ny mpanoratra izay misy azy eto Madagasikara, na any ivelany. Izany hoe, manondro toerana izy, saingy tsy fantatra hoe aiza marina io toerana io. Matetika aza dia lalovan'ny mpanoratra ny fanoritsoritana azy amin'ny antsipiriany, fa ambarany amin'ny ankapobeny fotsiny. Marihina anefa fa mety toerana tena misy koa io, saingy tsy tena ilaina ny fanoritsoritana sy ny fanehoana azy amin'ny antsipiriany ka izany no ilazana azy hoe: toerana tsy voafaritra mazava.

0.7.2.3. Ny toerana misy sy voafaritra mazava: kosa dia ireo toerana tena misy na azo inoana ho misy ka fariparitan'ny mpanoratra tsara ny anarany sy ny toerana misy azy eto Madagasikara na any ivelany. Misy mihitsy aza mpandinika milaza fa tsy misy tantara afaka hiraikitra ao an-tsaina akory raha tsy apetraka amina toerana efa fantatra tsara izany¹². Ireo rehetra ireo no hoezahina hasongadina ao amin'ny

¹² F. MAURIAC, *Le romancier et ses personnages*, op. cit., p 86 : « *Aucun drame ne peut commencer de vivre dans mon esprit si je ne le situe dans les lieux ou j'ai toujours vécu.* »

fanadihadiana mba hahafahana mijery ny fahasamihafana misy amin'ireo asa soratra ireo.

0.7.3. Famaritana mikasika ny fotoana

Ao amin'ny tantara foronina, hoy isika dia tsy afa-misaraka ny mpandray anjara, sy ny habaka ary ny fotoana. Ny tranga rehetra ao amin'ny tantara dia samy manana ny toerana itrangany ary tsy maintsy mandeha amin'ny fotoanany avokoa. Voalazan'ny mpandinika fa ny literatiora, indrindra ny tantara foronina dia zava-kanto mivelatra amin'ny fotoana¹³. Noho izany dia tsy maintsy jerena miaraka amin'ny habaka sy ny mpandray anjara ity fotoana ity.

0.7.3.1. Ny fotoana niainan'ny mpanoratra sy nanoratany ny tantara:

Toe-javatra roa mifandray ireo, satria miankina amin'ny fotoana niainan'ny mpanoratra sy ny taonany tamin'ny fotoana nanoratany ny tantara matetika ny vontootin'ny asa sorany. Noho izany, raha hijery ny vontootin'ny asa soratra iray dia tsy maintsy jerena akaiky ireo karazana fotoana ireo.

0.7.3.2. Ny fotoanan'ny mpamaky:

Miankina amin'ny zava-misy amin'ny vanim-potoana amakian'ny mpamaky ny asa soratra iray ny mety ho fandraisany azy, noho izany dia tsy maintsy jerena ny vanim-potoana mety amin'ireny tantara foronina ireny. Mety misy ny tantara natao hahatety vanim-potoana maro, nefa mety misy kosa mandalo vanim-potoana tokana monja dia tsy mety malaza intsony.

0.7.3.3. Ny fotoanan'ny tantara:

Izany hoe ny fifandraisan'izay zavatra raketin'ny tantara amin'izay tena zava-nisy marina teo amin'ny firenena, tamin'ny vanim-potoana nametrahana'ny mpanoratra ny tantara no tiana hasongadina eto. Indraindray anefa dia tsy asongadin'ny mpanoratra izany fa anjaran'ny mpamaky no maminavina azy amin'ny alalan'ny mpandray anjara tena nisy, ohatra, na koa amin'ny alalana tranga tena nisy, sns...

¹³ G. MICHAUD, *L'oeuvre et ses techniques*, lib, Nizet, Paris, 1971, p129: « *La littérature, singulièrement le roman, est un art du temps* »

0.7.3.4. Ny fotoana anatin'ny:

Ity karazana fotoana iray ity indray dia mijery ny lafiny fitantarana sy ny zotra narahin'ny mpitantara ao anatin'ny asa soratra. Mijery ihany koa ny faharetan'ny tranga rehetra ao amin'ny tantara.

Samy manana ny fomba fandaharany ny fotoana ao amin'ny tantara foronina nosoratany na i E.D.ANDRIAMALALA na i Auguste RAJON na i Michel ANDRIANJAFY, noho izany dia hoezahina hojerena tsirairay ny amin'izany.

0.7.4. Famaritana ny atao hoe fitiavana.

FITIAVANA !

Zava-misy tsy azo sarahina amin'ny fiainan'ny zanak'olombelona ny Fitiavana . Miavaka tokoa ny fisehon'izany eo anivon'ny fiarahamonin'olombelona ka mety hanova endrika ny rafitra misy.

Ny atao hoe fitiavana: Ny fitiavana no azo lazaina fa fototra iorenan'izao rehetra izao. Tsy afa-misaraka amin'ny fiarahamonina ny fitiavana; na ny fiarahamonin'ny tsy manana na ny an'ny manana, na ny an'ny mpivavaka na ny an'ny jentilisa, sns..., saingy ny fomba fisehony no samihafa. Miseho amin'ny endrika maro ny fitiavana, dia ny fitiava-namana, ny fitiavana ny ray aman-dreny, ny fitavana an' Andriamanitra, ny fitiavam-bola, ny fitiavan-tanindrazana, ny fitiavana eo amin'olon-droa, sns... Eto kosa anefa dia tiana ny manamarika fa tsy hijery ireo lafiny maro ireo isika fa hifototra kosa amin'ity karazany iray izay mampametra-panontaniana ny fiarahamonin'olombelona ity, dia ny “fitiavana eo amin' olon-droa izany”.

Ny fitiavana eo amin' olon-droa: Sarotra dia sarotra ny mamaritra ny atao hoe fitiavana, ary izany indrindra no mahatonga an'i Lisy Hary nampiteny an-dRabary ao amin'ny sombin-tantara mitondra ny lohanten'ny hoe *fitia diso lalana*, hoe: “ *tsy fantatro, na ny bikany, na ny lanjany, na ny refiny. Fa ny vokany no fantatro*”, raha nanontaniana hoe: “*Fa inona moa ny fitiavana Rabary ?*”¹⁴. Na izany na tsy izany dia misy ihany ireo miezaka mamaritra ny atao hoe fitiavana. “*Andriamanitra dia fitiavana*”¹⁵, hoy ihany i Lisy Hary. Avy amin'Andriamanitra araka izany ny fitiavana

¹⁴ Lisy Hary, Maresaka , “*Fitia diso lalana*”, lah.7930, 1980-1990

¹⁵ Lisy Hary, Maresaka, sombintantara “*Fitiavana*”, lah. 7856, 1980-1990

ary nataony ho an'ny olombelona. “Ny fitiavana kosa mandresy maharitra” hoy i Michel ANDRIANJAFY ao amin'ny boky *ORIMBATON'NY FIADANANA*, takila faha-160. Izany hoe fitaovana azo entina miady ny fitiavana. Tsy inona ihany koa ny fitiavana fa firaisan'ny fanahy roa te hiara-mivelona ka tsy azon'ny hery hafa idirana.

Zava-dehibe ny fitiavana ary mitana anjara toerana lehibe eo amin'ny fiainan'ny zanak'olombelona, satria tokoa mantsy tsy misy fianakaviana ho vanona raha tsy misy fitiavana, ary tsy misy firenena hijoro ihany koa raha tsy ao ny fitiavana izay mameno ny maha izy azy izao tontolo izao. Maneho izany indrindra ireto tantara foronina nofidina hanompanana ny fanadihadiana ireto, dia ny *FOFOMBADIKO* nosoratan'i E.D.ANDRIAMALALA sy ny *ORIMBATON'NY FIADANANA* nosoratan'i Michel ANDRIANJAFY, ary i *BINA* nosoratan'i Auguste RAJON, saingy samy manana ny fomba fanehoany azy ireo mpanoratra ireo.

“*Tahaka ny zava-manana aina ihany koa ny fitiavana, ka mitsimoka, dia mitombo, ary miafara amin'ny fahafatesana*”¹⁶. Araka izany dia zavatra telo lehibe no tonga ao an-tsaina raha vao miresaka izany fitiavana izany dia:

- Ny fomba fitsirian'ny fitiavana
- Ny sedram-pitiavana
- Ny toetry ny fitiavana sy ny anjara toerany eo anivon'ny fiarahamonina

Ireo rehetra ireo no hoezahina havoitra sy hokirakiraina ao amin'ny tantara foronina *BINA* sy *FOFOMBADIKO* ary *ORIMBATON'NY FIADANANA* .

¹⁶ Lisy Hary, Maresaka, sombin-tantara, “Tsy misy ny fitiavana.”

Fizarana voalohany

FANADIHADIANA NY TANTARA FORONINA
BINA

1.1. Ny mombamomba ny boky

Fomba iray ahafahana mamantatra olona iray ny fijerena akaiky ny karapanondrony; ny boky ihany koa dia manana ny karapanondrony izay ahafahana mamantatra ny mombamomba azy sy ny mpanoratra. Noho izany, mialoha ny hirosoana amin'ny fanadihadiana rehetra dia tsara raha omena eto ny karapanondron'ny boky.

Ny tantara foronina mitondra ny lohateny hoe *BINA* dia tantara nosoratan'i Auguste RAJAONARIVELO tamin'ny taona, 1932. Izany hoe boky navoaka teo amin'ny faha 42 taonany.

1.1.1. Ny endriky ny boky

Boky mifono maitso, mirefy 21/13cm, ary misy takila 117 mandrafitra azy. Eo amin'ny fonony no misy ny anaran'ny mpanoratra sy ny “ Academie Malgache”, ary ny sarin'i Bina sy Ikemba mitaingina lakana. Ery ambany no misy ny anaran'ny mpanao ny sary, dia i Lucien ANDRIAMAMPIANINA. Ery amin'ny farany ambany no misy ny daty sy ny toerana nanoratana ny tantara: “ANTANANARIVO, 1993”. Ao amin'ny takelaka voalohany dia averin'ny mpanoratra izay hita tao amin'ny fonony, saingy tsy misy sary intsony.

Ao amin'ny takelaka faharoa kosa no ahitana izao soratra izao: “*Atolotra amimpanajana ireo mpampianatra ahy rehetra taloha*”, arahin'ny sarin'ny mpanoratra sy ny anarany. Ao amin'ny takelaka fahatelo indray dia misy sasin-teny nataon'ny kômitin'ny BELLES LETTRES MALGACHES, sy ny lisitry ny sary manazava ny tantara.

Ny takelaka fahefatra no ahitana ireo lohatenim-pizarana (I hatramin'ny XIV), ary ny takila faha-9 ka hatramin'ny faha-117 no mirakitra ny vontoatin'ny tantara. Aorian'izay dia misy takila iray misy ny mombamomba ny “imprimerie” nanonta azy. Takelaka fotsy iray izay heverina fa aron'ireo takelaka mirakitra ny tantara mba tsy ho simba no mamarana azy, vao ny fonony.

Eto dia efa hita sahady fa na eo amin'ny fanehoana ny andrika ivelan'ny boky aza dia samy manana ny fomba fanehoany azy ny mpanoratra, ka manana ny mampiavaka azy i Auguste RAJON raha ny nahitana azy teo. Tsy dia maro mantsy ny mpanoratra no mampivady ny lahatsoratra mirakitra tantara amin'ny sary toy ity nataony ity. Marihina fa amin' ireo fizarana 14 ireo dia samy manana ny lohateniny avy, ary 3 takelaka no isan'ny fizarana iray farafahabeny.

1.1.2. Famintinana ny tantara

Tantarana tanora roa, lahy sy vavy, mpifankatia no raketin'ny tantara. I Bina no anaran'ilay tovolahy, ary Ikemba no anaran'ilay tovovavy. Tanindrana avy amin'iny morontsiraka atsinanan'i Fianarantsoa iny izy ireo; tanàna iray atao hoe Mahafasa, ao an-drenivohitr'i Farafangana ao no misy azy ka nampifanakaiky ny fon'izy roa ireto.

Tsara tarehy Ikemba, ary manana ny mahaizy azy i Bina. Taona fahatelo Ikemba, ary niankina tamin'ny fahafahany fanadinana ny fahafahany manohy ny fianarany aty Antananarivo. Afaka i Bina ary tonga ny fotoana tsy maintsy nisarahan'ireto mpifankatia ireto, na dia tsy nifankafoy aza. Ny sisa azony natao dia ny nanamafy ny dina nifanaovana, ary dia lasa i Bina sy ny namany namakivaky toerana maro tamin'ny dia an-tongotra vao tonga taty an-drenivohitr'i Madagasikara.

Nifamezivezy ny taratsin'izy roa, nifampilaza ny mamy sy ny mangidy , ny tsara sy ny ratsy, nandritra ny fotoana fohy. Nitsahatra vetivety anefa izany noho ny olana nisy teo aminy , izay vao niravona indray. Ny fahadiovana eo amin'ny andaniny sy ny ankilany no tena notandrovina mba haha-mendrika ny tokantrano, hany ka na dia maro aza ny mpisompatra sy ny mpialona dia tsy naharava ny dina nifanaovany izany. Mafy orina hatrany am-boalohany ny fitiavan'i Bina sy Ikemba ka samy niezaka izy roa nandresy ny fakam-panahy izay tsy maintsy nosedraina.

Vao vita ny fianaran'i Bina dia nivady izy roa. Niara-nonina tamin'ny havana aman-tsakaiza, ary niara-nonina tamin'ny fahavalo koa, nefa nanao soa sy nahay namela heloka ka mamy hoditra tamin'ny mpiara-monina tokoa. “ ny anambadian-kiterahana, ary ny tokantrano fiadanana”, hoy ny ntaolo, izany tokoa no niainan'ireto mpifankatia ireto rehefa avy nandresy ny sarotra, satria niteraka ny lahimatoany izy, ary niadana tamin'ny tokantranony.

Miainga amin'izany rehetra izany no hahafahantsika mijery akaiky ireo singa samihafa mandrafitra ny asa soratra, dia ny mpandray anjara sy ny habaka ary ny fotoana ao amin'ny tantara.

1.2. Ireo singa mandrafitra ny asa soratra

Fomba iray ahafahana mijery akaiky ny vontoatin'ny asa soratra ny fikirakirana ny endrika ivelany, dia ireo singa samihafa mandrafitra ny tantara foronina. Hita tokoa mantsy fa, *mazàna dia ny hevitra raketin'ny literatiora, na ny vontoatiny no mahamaika ny olona eo amin'ny fanadihadiana. Tsara homarihina anefa fa manampy be dia be amin'ny fanakarana ny hevitra tian'ny mpanoratra hambara ny fandinihana ny endrika ivelan'ny literatiora*¹⁷. Toko telo mahamasa-nahandro ao anatin'ny lahatsoratra milaza tantara ny mpandray anjara izay milalao ny tantara, sy ny habaka ivelaran' ny tantara, ary ny fotoana anorenana azy. Raha vao tsy ao ny iray amin'ireo dia tsy feno ny maha tantara ny tantara, ary raha handinika tantara iray na maromaro dia tokony hojerena tsirairay ny mikasika izany.

1.2.1. Ny mpandray anjara

Tantara foronina manana ny maha izy azy tokoa ity tantara foronina mitondra ny lohateny hoe *BINA* ity. Raha ny fanehoan'ny mpanoratra ny mpandray anjara fotsiny aza no jerena dia efa ahitana taratra izany.

Mitana anjara toerana betsaka ao amin'ny tantara ny mpandray anjara fototra, tsy latsa-danja ihany koa anefa ireo mpandray anjara mpanampy sy ireo mpandray anjara ravaka. Hasongadina ao anatin'ity fanadihadiana ny mpandray anjara ity ny anjara toerany ao amin'ny tantara, ny anarany sy ny fiaviany, ny fari-piainany, ny toetrany, ny andraikiny, sns ...

1.2.1.1. Ny mpandray anjara fototra

Misy roa ny mpandray anjara fototra ao amin'ny tantara foronina *BINA*; tsy iza izany fa i Bina sy Ikemba.

a. Ny fiaviany

Na i Bina na Ikemba dia samy avy any Mahafasa, ambanivohitr'i Farafangana avokoa. Raha zohina ny tantara dia azo lazaina fa ankizy niara-nihira izy roa ireo, ary ny fifampikasohana teo aminy no nahatonga azy hifankatia. Ny fianarany kosa no nahatonga an'i Bina nipetraka taty Antananarivo, ary ny asany no nahatonga azy

¹⁷ ANDRIANIAINA Parson, *Ny fiheveran'i Lisy Hary ny fitiavana tarafina amin'ny sambintantara nosoratany tao amin'ny gazety Maresaka*, Memoire de CAPEN, 1993, tak 18

mivady nipetraka tao Vohipeno. Ankoatry ny anarana izay manavaka ny olona tsirairay dia anisan'ny azo anavahana azy koa ny toetrany.

b. Ny toetrany

Manana ny toetrany manokana izay maneho ny maha izy azy i Bina, fa manana ny mampiavaka azy koa Ikemba.

I Bina: *“tovolahy kely tsy ampy roapolo taona i Bina. Ranjanana sady vaventy, olivolo nefa mazava hoditra. Ny tratrany mivelatra, ny nofon-tsandriny mivalombalona. Mpianatra amin'ny taona fahatelo ao amin'ny sekoly anankiray ao an-tananan'i Farafangana izy saingy nahazo andro ka mba lasa nanjono niaraka tamin'ny namany.”* (tak 12)

Tovolahy manam-panahy i Bina, ary na olona efa nanao ratsy azy aza dia mbola ampiany ihany. Hentitra amin'ny heviny izy ary anisan'ny mahasarotiny azy ny fahadiovan'izay vehivavy miaraka aminy. Mora tohina ary mahavita mitomany mihitsy aza rehefa misy zavatra mandiso fanantenana azy. Matotra i Bina ary mahay mandray fanapahan-kevitra raha ilaina izany. Kristianina ihany koa ary nanankina ny fiainany tamin'Andriamanitra.

Ikemba: *“Dimy ambin'ny folo taona Ikemba raha be dia be, zarazara hoditra, tsy lava tsy fohy. Tovovavy kely isan'ny tsara indrindra tao an-tanàna: maranidranitr'endrika, manga maso, avoavo orona. Ny ranjony anefa no dia tsy afaky ny tovovavy kely namany indrindra, fa ny toy izany angaha no nahavaky ny ntaolo fahiny hoe: “Eny iky, ry tsara voavintsy”! raha miara-matsaka izy dia Ikemba no tsy maintsy eo aloha, fa tiany hianarana, hono, ny famindrany mitsatotsatoka, ary iriny mba ho azo ny ranjony toa notefena.”* (tak 10)

Tovovavy manana ny mahaizy azy Ikemba, araka izany, indrindra eo amin'ny hatsarana, nefa tsy mba nataony ho fitaovana hanaovana tsinontsinona ny hafa izany. Tsara fanahy izy ary be fandeferana, hany ka na dia ny fahavalony aza dia notompoiny. Nanaraka ny fivavahan'i Bina izy, izany hoe kristianina ihany koa, ary niditra tamin'ny fikambanana masina tao am-piangonana. Fa ny tena mampiavaka azy ary mampitolagaga ny maro taminy dia ny fananany talenta amin'ny fitendrena ankorodao. Manana irony toetra antsoin'ny olona hoe tokam-po irony izy, raha eo amin'ny resaka fitiavana ary manaja ny olon-tiany.

Araka izany dia hita fa manara-maso akaiky ny fihetsik'ireny mpandray anjara ireny ny mpanoratra¹⁸, ny anjarantsika mpamaky kosa dia ny miezaka ny hahatakatra izay tian'ny mpanoratra hasongadina amin'izany. Raha ny zava-misy eny amin'ny fiaraha-monina kosa no jerena dia toa hita fa ny andraikitra sahanina sy ny fari-piainana ihany koa dia mety hamaritana ny maha izy azy ny tsirairay

d. Ny fari-piainany sy ny andraikiny

Na i Bina na Ikemba dia samy zaza tokana avokoa. Voalazan'ny mpandinika fa ny mpanoratra dia mametraka ireny mpandray anjara ireny eo amin'ny tontolo noforoniny ary mampihetsika azy¹⁹. Manana ny anjara toerany sy ny andraikiny avy ireo mpandray anjara ireo ary izany andraikitra sy anjara toerana nomen'ny mpanoratra azy izany no ahafahana mametra ny hetsika tokony hataon'ireny mpandray anjara ireny.

Ho an'i Bina manokana dia efa maty ny rainy, hany ka ny reniny ihany no nitaiza azy. Na izany aza dia tsy nijaly ara-pivelomana izy mianaka ary azo lazaina fa nanana ny ampy tokoa aza. Tsy mba nionona tamin'izany haren'ny izany anefa i Bina fa nitsinjo ny ho aviny tamin'ny alalan'ny fiezahany tamin'ny fianarany mba ho tonga mpiasam-panjakana. Ary dia lasa mpampianatra tao Vohipeno. Lasa raim-pianakaviana koa izy ary niaraka tamin'izay dia izy no niahy ny reniny teo amin'ny fahanterany.

Mbola velon-dray aman-dreny kosa Ikemba, nanana ny ampy koa ireo ray aman-dreniny, ary tsy mba nijaly ara-pivelomana izy na tao amin'ny ray aman-dreniny na tany am-panambadiana. Tsy mba tafita tamin'ny fianarana izy fa mpikarakara tokantrano no andraikiny teo anivon'ny fianakaviany.

Araka izany dia samy avy amina fianakaviana nanana ny ampy na i Bina na Ikemba, ny asan'i Bina rahateo koa moa mbola nanampy ny efa nananany, noho izany dia azo lazaina fa tsy mba nanana olana teo amin'ny fivelomany izy ireo. Azo jerena ihany koa ny amin'ny anaran'ireo mpandray anjara ireo sy ny mety ho antony nisafidianan'ny mpanoratra azy.

¹⁸ *Littérature et langage*, p 45 : « l'auteur suit pas à pas le personnage principal dans ses faits et gestes »

¹⁹ François MAURIAC, *Le romancier et ces personnages*, p 99 : « Le romancier lâche ses personnages sur le monde et les charge d'une mission »

e. Ny mombamomba ny anarany

Anarana tena malagasy ary saika mifanandrify amin'ny maha tanora azy ny anarana hoe Bina sy Ikemba. Tsy mitovy amin'ny hoe Rakemba izay iantsoana vehivavy efa nahazo taona. Anarana tokana, tsy misy fanampiny, izay azo lazaina fa fanaon'ny olona tamin'izany vanim-potoana izany.

Raha aravona ireo rehetra ireo dia azo lazaina fa samy nanana ny maha izy azy na i Bina na Ikemba, ary raha zohina ny tantara dia samy mpandray anjara fototra izy roa ireo ka azo ampitovina ny laharany. Fa misy mpandray anjara izay azo omena ny laharana manaraka kosa dia ny mpandray anjara mpanampy izany

1.2.1.2.Ny mpandray anjara mpanampy.

Azo lazaina fa maromaro ihany ireo mpandray anjara mpanampy ao amin'ny tantaran'i Bina. Mizara roa izy ireo dia ireo izay manakaiky kokoa ny mpandray anjara fototra, ary ireo izay tsy mifanaraka aminy. Ny mahagaga anefa dia lasa iray tarika avokoa izy rehetra any amin'ny fiafaran'ny tantara, ankoatran'ireo maty noho ny fanoherana ireo mpandray anjara fototra ireo. Hojerena mifanarakaraka eto ny amin'izy ireo.

I Fatakamana no mpandray anjara nanakaiky indrindra ny mpandray anjara forotra, ary izy no azo antsoina amin'ny voalazan- dRATREMA William hoe “*mpandray anjara laharana fahatelo*”. Ny zava-misy mantsy dia saika mahenika ny tantara manontolo, miaraka amin'ireo mpandray anjara fototra ity mpandray anjara mpanampy iray ity ary mitady hitovy toerana amin'ny mpandray anjara fototra mihitsy aza”²⁰. Ankoatran'izay dia tao koa ireo ray aman-drenin'i Bina sy Ikemba, i Zozefina, I Raozy, Ramatoa Razafy, ilay Vazahavavy nitaiza an'Ikemba, sns...Tsara raha jerena tsirairay ary amin'ny ankapobeny ny momba azy ireo:

Fatakamana : Robert Fatakamana no tena anarany namana akaiky an'i Bina i Fatakamana, tsara fanahy izy ary tia manampy namana. Porofon'izany ny tsy namelany an'i Bina irery tamin'izay rehetra nosedrainy. Nifampitondra ho toy ny mpirahalaky

²⁰ François MAURIAC, *Le romancier et ces personnages*, p100 : “ ...tel autre personnage secondaire auquel n'attachais au premier rang, occupait une place à laquelle je ne l'avais pas appelé , m'entraînait dans une direction inattendue”.

mihitsy aza izy roa lahy. Manam-pahaizana izy, be fitiavana sy malemy fanahy koa. Tsy mba nametraka ny fahadiovan'ny vehivavy ho zava-dehibe teo amin'ny fiainam-pitiavany, fa ny fitiavana no tena nanan-danja taminy hany ka na efa fantany fa tsy nadio intsony aza i Zozefina dia mbola tiany hampakarina ho vady ihany. Tovolahy afaka mandray fanapahan-kevitra hentitra izy ary tsy azon'ny hafa tohintohinina izany fanapahan-keviny izany. Raha tsy nanaiky ny hanambadiany merina, ohatra, ny fianakaviany dia nijoro hatramin'ny farany izy fa izay tiany ihany no hovadiny.

Efa kamboty i Fatakamana ka ny dadatoany no nitaiza azy, dia Iabanileka izany. Noho ny fahaizany nioitra teo amin'ny fiainana anefa dia tafita izy ary nanana ny maha izy azy teo anatrehan'ireo fianakaviany. Lasa mpampianatra tamin'ny sekolim-panjakana tao Vohipeno koa izy rehefa avy namita ny fianarany taty Antananarivo toa an'i Bina. Nanam-bady ity tovolahy ity, ary niteraka iray.

Ny anarana hoe Fatakamana dia ahitana ny hoe Fataka izay mitory halavana sy hatanjahana. Ny hoe Fatakamana koa anefa dia anarana tsy fahita aty afovoan-tany, ary angamba noho izy tanindrana no antony nanomezan'ny mpanoratra azy io anarana io. Tsy io ihany no anaran'i Fatakamana fa misy ny fanampiny hoe "Robera", izay anarana vahiny. Midika izany fa niaina tamin'ny vanim-potoana efa nampisy vazaha teto Madagasikara ireto mpandray anjara ireto. Marihina fa mibahan-toerana ao anatin'ny tantara ity mpandray anjara ity ary tsy nisaraka tamin'i Bina izy nandritra ny tantara manontolo. Fa raha izay ny mombamomba an'i Fatakamana dia mpandray anjara mpanampy vehivavy kosa no hojerena manaraka eto.

Zozefina : -“ tsara tarehy tokoa ilay zazavavy(Zozefina), tsy dia azo nampitahaina taminy loatra Ikemba, fa sakamalao sy havoza, ka samy mitondra ny haniny: zazavavy fotsy marirandrirana, somary miraika kely eo amin'ilay seza tsy misy mipetraka eo anoloany. Ny masony baliaka toa mihantsy hoe: iza re no ho anjarako?... Ny volony manalonalona toy ny onja, ary ny lambany dia toy ny silaky ny rahona nampitafina ny volana *fenomanana*.”(tak 52). Izany hatsaran'i Zozefina izany no nohararaotin'ny renibeny niveloman'izy mianaka, satria nipetraka tamin'ny renibeny izy hatramin'ny nahafatesan'ny reniny. Nivaro-tena izy, ary tsy dia nahita fianarana. Midika izany fa somary sahirana ara-pivelomana ny fianakaviany. Nivaro-tena no asany teo aloha, saingy nony nifankahita tamin'i Bina izy dia niova ka nanao ny asa zaitra. Tao ambadik'izany toetran'i Zozefina rehetra izany anefa dia nisy zavatra sady nampalahelo no nahagaga; rehefa nozohina mantsy ny tantara dia mba anisan'irony olona tsotra, tsara fanahy ary manam-pitiavana irony izy, saingy noho ny tsy fisiana dia nanaonao foana.

Marihina fa ny fahafantaran'i Bina izany toetran'i Zozefina izany no nahatonga azy tsy ho tafaraka taminy. Ary fitaovana iray nampiverina ny fon'i Bina tamin'Ikemba ny fahafantarany an'i Zozefina. Tsy naharitra hatramin'ny farany ity mpandray anjara ity fa maty teny an-tenantenany. Ramatoa Razafy kosa no reniben'i Zozefina

Ramatoa Razafy: Araka izany anarany izany dia vavy antitra ity ramatoa ity. Toa an'i Zozefina ihany dia ny tsy fisiana no tena nahatonga azy hivaro-janaka fa tsy dia fanahy niniana loatra akory. Nahatonga ny olona hieritreritra azy ho ratsy fanahy anefa izany, ka taty aoriana rehefa niova izy dia nanao izay fomba rehetra hanesorana izany fomba fijerin'ny olona ny aminy izany. Lasa tsy nisy toa azy raha ny hatsaram-panahy.

Tian'ny mpanoratra hasongadina ao anatin'izany ny ohabolan-drazana hoe “*ny toetra ratsy azo ovana fa ny fanahy ratsy tsy azo ovana*”. Maty teny an-tenantenany ihany koa Ramatoa Razafy. Mpanjaitra no tena asany, ary taty aoriana dia lasa mpanampy ny mahantra sy mpitory ny soratra masina izy. Tamin'izany fotoana izany dia nanam-bady lehilahy iray antsoina hoe Rabera izy.

Rabery: Endrika roa no nahalalana an-dRabery, dia Rabery ratsy fanahy sy ratsy toetra ary mpitsetsitra ny madinika; sy Rabery niova fo, tsara fanahy sy antra olona ary manampy ny madinika. Misy fotoanany tokoa ny zavatra rehetra ka na dia teo aza ny haratsiam-panahin-dRabery dia niova ho hatsarana ihany izany taty aoriana. Raha mafy fo izy teo aloha dia niova ho malemy fo, raha naka ny an'ny hafa dia lasa nizara ho an'ny hafa, raha tsy niraharaha an'Andriamanitra dia lasa natahotra an'Andriamanitra. Fahavalon'ny fitiavan'i Bina sy Ikemba izy teo aloha, saingy noho izany fiovan'ny izany dia lasa ray aman-dreny izy taty aoriana. Ny fisiany tao amin'ny tantara no anisan'ny azo lazaina fa nampivelatra ny tantaran'i Bina sy Ikemba.

Lehilahy nanana ny lazany sy ny maha-izy azy tokoa ity lehilahy ity tany amin'ny toerana rehetra izay nalehany, mpaka sary no asany no sady mpanao dabokandro ihany koa hany ka nahatety toerana maro. Merina valovotaka tany amin'iny faritra iny izy. Nanana ny ampy ary voalaza fa niteraka maromaro, saingy nosinganiny manokana tao anatin'izany i Raozy.

Raozy: “*Lehilahy nilalao Rabery. Teny am-pivezivezena teny no nananany tokantrano nifanisa tamin'ny tanàn-dehibe nolalovany, ary indrisy, mampalahelo fa misy vitsivitsy tamin'ireny namelany zaza sary! Iray dia iray monja taminy anefa no tsy foin-dRabery, nomeny anarana miangola hoe “Raozy” ary napetrany tamin'ny kilasimandry iray. Feno 16 taona Raozy.*”(tak 88) Raha ny fahazazan-dRaozy no jerena dia tsy misy

ahalalana azy, ankoatry ny hoe, tsy mba niara-nipetraka tamin'ny rainy izy fa ny reniny ihany no nitaiza azy. Nony lehibe izy vao tafaraka izy telo mianaka. Vavy tokana i Raozy, nihanta, ary nanana ny hatsaran-toetrany izy dia ny tsy faneken'ny tsy rariny atao amin'ny hafa, eny fa na dia ny reniny aza no manao ny tsy mety dia tsy ekeny velively.

Izy no vadin'i Fatakamana ary niteraka iray taminy. Noho ny fananan-drainy dia tsy nanana olana teo amin'ny fivelomany sy tao amin'ny lafiny ara-pitaovana i Raozy, na tamin'ny fotoana nianarany izany na teo amin'ny tokantranony. Mpikarakara tokantrano toa an'Ikemba ihany koa no asany fa tsy mba tafita tamin'ny fianarana izy. Araka ny efa voalaza teo dia anarana miangola ny anarana hoe Raozy. Anaram-boninkazo, mitory hatsarana, fitiavana, sns... Merina rainy, noho izany, dia manana rà merina izy na dia tanindrana aza reniny. Namana akaiky an'Ikemba izy ary Ibaomaria no reniny.

Ibaomaria : Nanana ny toetrany koa ity mpandray anjara iray ity, ary ankoatrandRabery dia mpandray anjara nanohitra ny mpandray anjara fototra ihany koa izy. Tia tena izy ary manao tsy mba faly hava-manana. Izany fitiavan-tena tao aminy izany no nahatonga azy nanakarama olona haka an-keriny an'Ikemba. Renim-pianakaviana ity vehivavy ity ary izy no niterahan-dRabery an-dRaozy. Renim-pianakaviana tsy mba modely anefa fa mpitari-bato vilam-bava.

Mampiseho ny toetra ratsy sy ny fialonana ny fisian'ity mpandray anjara iray ity, ary dia maty teny an-tenantenan'ny tantara izy noho izany toetrany izany.

1.2.1.3. Ny mpandray anjara ravaka

Sokajina ho ao anatin'ny mpandray anjara ravaka kosa ireto manaraka ireto satria azo lazaina fa niserana ihany no nahitana azy ary tsy dia nitana anjara toerana lehibe tao amin'ny tantara. Maromaro izy ireo, ary azo lazaina fa ny fisiany ao amin'ny tantara dia nampiroso azy ary nahafahan'ny mpanoratra nanasongadina ny hevitra tiany havoitra.

Ingivy : Tovolahy ranjanana sy matanjaka Ingivy, saingy tsy mba nampiasainy tamin-javatra tsara izany heriny izany fa nentiny nisetrasetra. Mpanao ambolettra izay izy, ary iray tamin'ireo jiolahy naka an-keriny an'Ikemba. Efa tia ity tovovavy ity ihany koa izy ary ny loniloniny tamin'i Bina no anisan'ny nahatonga azy hanao izany asa ratsy izany.

Ingahy Fara : Raha tantaram-pitiavana no vontootin'ny tantara dia azo lazaina fa anisan'ny tena nanehoan'ny mpanoratra izany ny tantaran'ity lehilahy ity. Ingahy Fara, lehilahy kivy teo amin'ny fiainana, tofoky ny fitiavana ny tena marina ka nitady izay fomba rehetra hanafoanana izany. Dokotera nahavita fianarana izy, saingy noho ny fahavoazany teo amin'ny lafiny ara-pitiavana dia nisafidy ny honina any anaty ala any izy mba hitady izay mety ho fanafodin'izany. Nihevitra azy ho adala avokoa ny olona teo an-tanàna, satria tsy nisy nahalala izay antony mahatonga azy hanao fihetsika hafahafa. I Bina ihany no nilazany izany tamin'ny fotoana nandalovany tao. Maty anefa izy iray andro taorian'io, noho ny fisotroany ny fanafodin'ny fitiavana hitany. Ny fifandraisan'ity mpandray anjara ity tamin'i Bina no tian'ny mpanoratra haseho satria ireo fihetsiny rehetra ireo dia nampieritreritra ity tovolahy ity rehefa nandona azy ny herin'ny fitiavana taty aoriana.

Nisy mpandray anjara iray koa izay azo lazaina fa nandray anjara betsaka tamin'ny fampirosoana ny tantara dia Rafotsy Renimanga.

Rafotsy Renimanga: Mpanasa lamba no asany, fa ankoatran'izay dia izy no mpitady lehilahy ho an'ireo tovoavavy namany, ka tao anatin'ireo i Zozefina. Tamin'ny alalany izany no nahitan'i Bina an'i Zozefina.

Teo ihany koa ny fisian'ilay tovolahy **mpampianatry ny misiona**; izy no mpitarika ireo tanora tao am-piangonana ary ny sarin'izy sy Ikemba miaraka no nalain-dRabery nataony fitaovana nandravana ny fitiavan'i Bina sy Ikemba. Nanampy an'Ikemba tamin'ny famahana ny olana hatramin'ny farany anefa izy sy i Pasitera ary ilay vazahavavy tsara fanahy nametrahan'i Bina ny fitaizana an' Ikemba.

Ankoatra ireo dia anisan'ny mpandray anjara nanana ny maha izy azy koa ireo **ray aman-drenin'i Bina sy Ikemba ary i Fatakamana**. Izy ireo no loharano nipoiran'ireto mpandray anjara ireto, nikolokolo azy ary nanampy azy tamin'ny famahana ireo olana samihafa.

Ireo mponin'i Mahafasa: Mpiray tanàna tamin'i Bina sy Ikemba izy ireo ary tamin'ny alalan'ny fitanisan'ny mpanoratra ny fihetsik'izy ireo no nahafahana nahalala ny fonenan'ireto mpandray anjara fototra ireto, sy ny toetr'endrik'Ikemba. Hoy indrindra ny mpanoratra manoritsoritra ny amin'izy ireo: *“(....) poa toy izay, dia indreny nivoaka ny tovoavavy sy ny ankizy ary nanarangarana teny am-baravarana ny antitra sy ny “mavozo”. Feno hehy sy korana ny alokaloky ny lavarangana ary nisy aina tery ny*

vodi-hatafa sy voaniho. Nifoha ilay tanàna kely rendriky ny torimaso teo amin'ny mitataovovonana.

Ny mahagaga kely dia toa tanànam-behivavy fotsiny izao Mahafasa. Nankaiza ny lehilahy?

(...)Indreny ny tovovavy manao andiany: volo lava atao hoe “lananana” no ataony siny.[...] .raha miara-matsaka izy dia Ikemba no tsy maintsy ataony eo aloha, fa tiany hianarana hono ny famindrany mitsatotsatoka, ary iriny mba ho azo ny ranjony toy ny notefena.’(tak 9)

Tao ihany koa **i Menavolo sy Raleka**: izy roa lahy ireo no naman'i Bina sy i Fatakamana nandranto fianarana taty Antananarivo, saingy fotoana fohy ihany no nandraisan'izy ireo anjara tao amin'ny tantara. Raha zohina ny antony nametrahana'ny mpanoratra azy ireo tao dia ny mba hilazana fa maromaro ry Bina no nandranto fianarana taty Antananarivo fa tsy izy sy i Fatakamana ihany.

Ireo mponina nolalovan'izy efadaky teny an-dalana : misongadina ao anatin'izany ireo mponin'Andranamby, izay toerana natorian'izy ireo voalohany teny an-dalana. Izy ireo no nahalalan'i Bina an'ingahy Fara.

Ireo mpanao hotely teny an-dalana: Toerana maro no nolalovan'i Bina sy ny namany vao tonga taty Antananarivo. Eny amin'ireny sisin-dalana ireny ihany dia efa misy sakafo, ary ireo tanàna amoron'arabe kosa dia mandray izay vahiny tratra alina eo aminy. Toa nentin'ny mpanoratra nanamarika izay mety ho fotoana lanin'izy ireo teny an-dalana sy ny halavitry ny toerana nalehany anefa no antony nametrahana azy ireny.

Ireo mpanampin'ilay vazahavavy: Nanana mpanampy roa ilay vazahavavy nitoeran'Ikemba, ary ireo no niray tetika tamin-dRabery tamin'ny fanasoketana an'Ikemba. Tia vola izy ireo, ary izany fanelanelanana teo amin-dRabery sy Ikemba izany no antom-pisiany ao amin'ny tantara.

Ireo fokonolona sy mpanao fanjakana tao Vohipeno: Olona miray hina, mampihatra ny lalàna. Izy ireo no loharano nahitana ireo olona naka an-keriny an'Ikemba. Vavolombelon'ny hatsaram-panahin'ny fianakaviana nisy an'i Bina sy Ikemba ihany koa izy ireo satria nifandray mivantana tamin'ireto farany.

Paul Bina sy Maria Rozy Raberisoa: Zanak'i Bina sy Ikemba, ary an'i Fatakamana sy Raozy, ireo no mitory ny hasambarana safomorona niainan'ireo mpivady ireo. Mitory ihany koa ny firaisan-tsaina sy ny fifankatiavana teo aminy.

Raha fintinina ireo voalaza ireo dia hita fa tsy mba tia mampiasa anarana vahiny ny mpanoratra, ary ny fampiasany izay amin'ny endrika nogasina, toy ny hoe "Robert" dia fanehoana fotsiny fa efa nanao anarana vahiny ny olona tamin'izany fotoana izany, ary efa nisy vazaha tafiditra teto Madagasikara. Maro ihany koa ireo mpandray anjara izay tsy voatonona amin'ny anarany fa tononina amin'ny andraikiny, na ny toerana misy azy, ireny anefa dia tsy mandeha irery fa manana fifandraisana hatrany amin'ny mpandray anjara fototra. Ary ny fifandraisan'ireo rehetra ireo sy ny fiarahany miasa no naha-tomombana ny tantara. Raha zohina ihany koa ny tantara, ireo mpandray anjara fototra sy izay nanakaiky azy dia saika zaza tokana, nanana ny ampy, ary nahay nifandray tamin'ny namana. Tsy mbola nisy nanam-bady izy ireo teo am-boalohany fa rehefa nivoatra ny tantara vao nisy ireo nifanambady ka niteraka.

Araka izany dia manana ny maha-izy azy ity mpanoratra ity eo amin'ny fomba fanehoana ny mpandray anjara ao amin'ny tantara foronina nosoratany ary ny fahaizany mampifandray sy mampihetsika ireo rehetra ireo miaraka dia manome endrika ity tantara ity ka mahatonga ny maro ho liana aminy.. Mbola hoporofointsika ihany izany amin'ny alalan'ny fijerena ny habaka ao anatin'ny tantaran'i Bina.

1.2.2. Ny habaka ao amin'ny tantara foronina BINA

Amin'ny maha mpanoratra tantara foronina an'i Auguste RAJON dia tsy maintsy mametraka ireo mpandray anjara noforoniny eo amin'ny toerana tokony hametrahana azy izy. Manana ny heviny maro ny habaka ao amin'ny tantara foronina, ary indraindray dia azo amaritana ny mahaizy azy ny tantara foronina iray izany²¹. Manana anjara toerana lehibe ao anatin'ny tantaran'i Bina sy Ikemba araka izany ny habaka, ka hita ao anatin'izany ireo toerana ara-jeografia, ireo singa samihafa entin'ny mpanoratra manoritsoritra ny toerana ary ny teknika entin'ny mpanoratra mijery izany.

1.2.2.1. Ny toerana ara-jeografia.

Ho hita ao anatin'izany ireo toerana tsy voafaritra mazava sy ireo toerana misy voafaritra mazava.

²¹BOURNEUF & QUELLET, *L'univers du roman*, Col. Sup, P.U.F, 1975, p100 : « *L'espace dans un roman s'exprime donc dans des formes et revêt des sens multiples jusqu'à constituer parfois la raison d'être de l'oeuvre* »

a. Ireo toerana tsy voafaritra mazava.

Fanaon'ity mpanoratra ity ny manondro toerana iray amin'ny ankapobeny fotsiny, na koa amin'ny alalan'ny zava-misy mampalaza io toerana io. Anisan'izany, ohatra, ny hoe: *tany am-patsakana, teny an-dàlana, tany am-panjonoana, ao an-trano, tany amin'ilay tanàna kely, teo amoron-drano, eny amin'ny tora-pasika, ery amin'ny faravodilanitra, teny amin'ny hôpitaly, tao anaty kirihitr'ala, sns...* Maneho izany ireto ohatra nalaina tao amin'ny tantara ireto:

I- Ikemba: “Fa ery amin'ny faravodilanitra kosa no mitankosona mifangaro ny mangan'ny lanitra sy ny mangan'ny rano.”(tak 11)

“ Tanànan'ny mpanarato io tanàna kely io, ka lasa ny lehilahy matanjaka nanjono fiana mena any ampovoan-dranomasina lavitra any.” (tak 9)

V- Rafahafatesana: “Teny an-dalana dia notantaraiko (Bina) tamin-dry zalahy ny momba an'ingahy Fara.”(tak 34)

“Tao amin'ny tanàna kely anankiray tany anaty ala no nifanenanay (Bina sy ny namany) tamin'ny dokotera avy nitety faritra.” (tak 34)

XXII- Vorondolo nitera-Boromanga: “Nifanoroka izy roa lahy (Bina sy Fatakamana) dia lasa niditra tao an-trano. Rendremana matory ny ankamaroany. Endrinibina sy Endrinikemba mitakoko sy mibitsibitsika eo an-joron-trano (...) Raozy mitan-takolaka eo akaikin'ny latabatra. Ibaomaria mandrimandry eo am-parafara tsy lavitra an-janany.”(tak 104)

Lazaina fa tsy voafaritra mazava ireo toerana ireo, satria, nolazaina tamin'ny ambangovangony fotsiny ihany. Hita ihany koa fa tia manondro toerana amin'ny alalan'ny mpisolo manondro i Auguste RAJON. Ampiasainy eto ny teny hoe: *ery, any, io, sns...* ; fa mbola fampiasany koa ny mpisolo toerana, toy ny hoe: *tao, teny, eo, sns ...* izay vao arahin'ireo toerana tsy voafaritra mazava. Santionany ihany ireo, fa mbola maro ireo hita ao anatin'ny tantara. Fa ireo habaka na toerana voafaritra mazava no tena manasongadina ity tantara ity.

b. Ireo toerana misy sy voafaritra mazava

Raha aseho amin'ny alalan'ny kisary aloha ny toerana nolalovan'ireo mpandray anjara ireo dia toy izao:

Farafangana: Mahafasa, Anosinakoho, Tapakala, Andranamby



Vohipeno: Matitanana, Lokomby, Betraka, Sandranata, Ikongo, Sahalanony,

Sahakondro



Fort- carnot: Ambalagoavy



Fianarantsoa: Vinanintelo, Alakamisy Itenina, Vatosola, Mandranofotsy, Rova



Antsirabe: Andraikiba, Tritriva, Ivohitra, Ambohimanatrika, Anjamana,



Antsampanimahazo

Antananarivo: Mahamasina, Anosy,



Farafangana:



Vohipeno: Mahamanina, Amboatavo sns...

Kisary maneho ireo toerana nolalovan'ny mpandray anjara fototra

Ao amin'ireo toerana voafaritra mazava ireo dia mizara roa ihany koa, dia ireo toerana manodidina ny faritanin'i Fianarantsoa, sy ny toerana manodidina ny faritanin'Antananarivo.

b₁. Ireo toerana manodidina ny faritanin'i Fianarantsoa

Ny morontsiraka atsinanana iny sy ny manodidina ny renivohitra no tiana holazaina. Ao anatin'izany i Farafangana, i Vohipeno, sy ireo tanàna ao aminy araka ny hita tao amin'ny kisary. Ireo tanàna lehibe roa ireo, sy ny tanàna manodidina azy no tena nanorenan'ny mpanoratra ny tantara. Raha azo lazaina fa tao Farafangana no nandanian'i Bina sy Ikemba ny fahazazany, dia tao Vohipeno kosa ny hatanorany, sns.... i Fianarantsoa sy iny ilany atsinanana mampitohy azy amin'i Farafangana sy Vohipeno iny kosa no toerana tsy maintsy nolalovana raha hamonjy ny Renivohitr'i

Madagasikara. Tononin'ny mpanoratra mihitsy izany ao amin'ireto fehezantsny nalaina tao amin'ny tantara ireto:

I- Ikemba: “(...) Mitanatana vava miandry tsiodrivotra hamelombelona azy ny trano falafan'i Mahafasan'i Farafangana.” (tak9)

II- Voady: “Iny, lakana salasala no misosa tsy rototra mamakivaky an'i Manampatra. (tak 13)

IV-“Nalain-kanirina, kanjo: “... Indry ery Impitiny feno trano tafo fanitson'ny mpivarotra. Iroa Anosinakoho, miampify eo amoron'i Manampatra, (...) atao veloma daholo ireny, fa ery am-pita i Tapakala toa efa manofahofa tàmàna handray ireto mpivahiny lavi-dalan-kaleha.”(tak 21)

V- Rafahafatesana: “ Hilaozantsika maimaika aloha i Vohipeno. [...] handalovantsika Lokomby hodidinin'ny voly kafé, dia hiakatra an'i Betraka isika.”(tak 25)

“ Andao hotohizana ihany ny dia. Iny ny renirano Sandrananta mikoriana manaraka an'Ikongo, ka eo amorony tsy lavitra loatra no iorenan'i Sahalanony sy Sahanandro.”tak 25

“ Holalovana maika koa i Fort- Carnot fa andao ho ato Ambalagoavy.”(tak 26)

VI- Ny dia: “ Tao Vinanintelo no nandriany (...) ny ampitso dia tao Alakamisy Itenina.”

“ Fianarantsoa. Ity tanàna ity hono no tandindon'Iarivo.”(tak 34), Sns.....

Rehefa narahina tsara ny dian'ireo mpandray anjara fototra ireo dia hita fa nambaran'ny mpanoratra amin'ny antsipiriany mihitsy ny toerana nolalovany, hatrany Farafangana ka hatreo Fianarantsoa. Midika izany fa fantatry ny mpanoratra tsara iny faritra iny. Nanampy tamin'ny fahazoana tsara ny tantara izany fomba nampiasain'ny mpanoratra izany, ary azo lazaina fa nampiavaka ity tantara ity. Ny fahafantaranay iny faritra iny ihany koa dia nanampy tamin'ny fanarahana akaiky ny habaka nivelaran'ny tantara.

b₂. Ireo toerana manodidina ny faritanin'Antananarivo.

Antananarivo renivohitra sy Antsirabe no tena voakasik'izany. Izany hoe, raha avy any atsimo ka ho aty Antananarivo dia tsy maintsy mandalo an'Antsirabe. Mbola manamafy ny fahafantaran'ny mpanoratra tsara ireo toerana nampiainany ny tantara ireo

ihany izany. Maneho izany ny fitantarana sy ny resadresak' ireo olona ao amin'ny tantara:

VI- **Ny dia:** “Antsirabe. Izany ka tanàna (...)”. (tak 36)

“Andraikiba: Io no ranomasina kely voatahiry aty am'povoan-tany”. (tak 37)

“Tritriva: Inona no holazaiko? Vahotra sy torovana aho nahita ity farihy kely, tehirizin'ny faravodin'ny lanitra”. (tak 37,38)

VII- **Antsirabe- Iarivo:** “Nanomboka ho hafa kely ny dia teto. Vao tonga tao Ambohimanatrika izy efa- dahy, dia ireo ny mpivaro-kani-masaka vonona hivarotra amin'ny mpandalo.” (tak 39)

“Efa mirefarefa ny masoandro vao tonga tao Anjamana izy efa-dahy.” (tak 40)

VIII- **Ny nilaozana:** “Ny diako teny an-dalana dia efa voasoratra amin'ny karine manokana, ka mbola hampitondraiko anao, (hoy i Bina tao amin'ny taratasy nalefany ho an'Ikemba) fa ny toetr'Antananarivo no tsy aritro ka hosoratako kely eto” (tak 44)

IX- **Bina sy ny fahoriany:** “Tsy nianatra tamin'izay ka lasa i Fatakamana sy i Bina naka toerana tery amin' ilay nosy kely ampovoan'Anosy hamaky ireo taratasy...”

(tak 50)

X- **Voavotra ihany:** “nisy vehivavy mpanasa lamba iray teo Atsimon'Imahamasina, sady manana no mipasoka ny akanjon'i Bina, (...). (tak 52)

Araka izany dia tsy iny faritr'i Fianarantsoa iny ihany no fantatry ny mpanoratra fa ny faritr'Antananarivo indrindra koa. Ary raha mamaky ity tantaran'i Bina ity dia mahatsiaro ho toy ny nanatri-tava ny hetsika rehetra ao noho ny fahaizan'ny mpanoratra mikirakira ny habaka ao aminy. Tsy vitan'izay aza fa mbola nampiany fanoritsoritana tamin'ny alalan'ireo zava-maniry sy biby ary singan-javatra samihafa koa izany mba hampazavazava kokoa azy:

1.2.2.2. Ireo biby sy zava-maniry ary singan-javatra samihafa

manasongadina ny habaka.

Tsara homarihina fa manana ny mampiavaka azy manokana i Auguste RAJON eo amin'ny fanoritsoritana ny habaka. Manavanana azy ny mampiasa ireny zavatra eny amin'ny lanitra ireny. Anisan'izany, ohatra, **ny rahona, ny masoandro, ny kintana,**

sns... Hita ihany koa ny fampiasany matetika ny rivotra sy ny ranomasina sns... Manoritsoritra zavatra hafa sy zava-maniry ihany izy indraindray, saingy tsy dia matetika. Anisan'izany, ohatra, ireto manaraka ireto:

Tranofalafa, siny, akanjo, ankorodao, tavoahangy, vilany, fandriana, vola, alitara, voaniho, ala, filao, bozaka, fehezam-boninkazo, feon-kira, katsaka, tsaramaso, sns... Ireo rehetra ireo, rehefa nodinihina dia nentin'ny mpanoratra naneho izay mety ho endrikendriky ny toerana sy ny zava-misy ao aminy, ny toetr'andro sy ny toe-tany, sy entiny anehoana ny mety ho fihetsiky ny mpandray anjara ihany koa, ka mety haneho vetsovetso izany, na koa alahelo na koa hafaliana, sns... Ireto misy ohatra nalaina tao amin'ny tantara maneho izany:

I-Ikamba: “Manga ny lanitra. Tony ny ranomasina. Migaina manempotra ny masoandron'i morontsiraka atsinanana. Mipariaka eny amin'ny torapasika fotsy manjelatra ny hazavana ka mamiratra mamono maso, (...).” (tak 9)

“Mitana-tana vava miandry tsio-drivotra mamelombelona azy ny trano falafan'i Mahafasan'i Farafangana. Nefa fofonaina mahamay no miakatra avy amin'ny torapasika eran'ny tanàna. Eny amin'ny aloky ny hatafa sy ny voaniho no toa misy aina kely mahavelona miampify, nefa aleo ihany mitsilailay eo ambonin'ny tsihy harefo tsara rary mivelatra ao an-trano.” (tak 9)

Vao manomboka ny tantara dia ny toetran' ny lanitra, ny ranomasina, ny fitsoky ny rivotra, ary ireo zavatra mampiavaka ny morontsiraka atsinanana no anombohan'ny mpanoratra azy. Izany hoe, ireo fanoritsoritana ireo dia natao hanasongadinana an'i Farafangana, izay toerana iorenan'ny tantara rahateo. Faritra mafana, madio rivotra, ary tsara matetika ny andro.

VII- Antsirabe-iarivo: “ Efa tafasondrotra mihoatra an'i Mandray ny masoandro takontakon-drahona, ...”

“Nahatsiaro ny tany lemak'i Vohipeno ery izy efa-dahy, nahita ny tampon-tanetin'i Vakinankaratra rakotry ny tsaramaso sy ny katsaka. Maitso mahafinaritra izay zavatra rehetra tazana, mba ranomasina hafa karazana koa, mivalombalona moramora nony injay tsofin'ny rivotra avy any atsinanana.” (tak 39)

Ireo indray dia maneho ny aty afovoan-tany. Izany hoe, ampifanatrehin'ny mpanoratra ny morontsiraka sy ny aty afovoan-tany amin'ny alalan'ny fampifanatrehana ireo zava-maniry, ny toetr'andro, ny toe-tany, sns...

V- **Rafahafatesana:** *Ingahy fara: "... niditra aho. Efitra lehibe anankiray, tsy misy afa-tsy vilany maromaro manodidina ny fatana eo ampovoan- trano. (tak 27)*

Ery an-joro firazanana: tavoahangy vitsivitsy. Eo ambanin'io: vilany kely madinidinika, voatavo arivolahy, kesika misarona, ary eny an-joron-trano rehetra eny: vava kesika milahadahatra."(tak 27)

Ireo fitaovana ireo kosa dia entina manasongadina ny trano ipetrahan'ny mpandray anjara sy ny fiaimpiainany ary ny asany. Na teo aza ireo rehetra ireo dia tsy nandeha ho azy ny fametrahan'ny mpanoratra azy, fa nanana ny teknikany izy nentiny nijery ireo toerana ireo.

1.2.2.3. Ny teknikana nentin'ny mpanoratra nijery ny habaka.

Ato amin'ny tantara foronina "Bina" dia ny teknikana'ny mpaka sarimihetsika no nentin'ny mpanoratra nandrafitra ireo habaka ao amin'ny tantara. Amin'izany dia manara-maso akaiky ireo mpandray anjara izy, hany ka hitany hatramin'ny any am-po tsy miloakan' izy ireo. Ohatra, ny filazàny ny fihetseham-pon'i Fatakamana hoe, "*mbola tsy hita akory izay antony dia efa faly volony sahady Fatakamana. Nisiotsioka sy miramirana ery! Efa tao am-pony ela ny nanana fikasana hangataka an'i Zozefina ho vady, nony tsy tanteraka ny azy sy Bina. Saro-kenatra ihany anefa Fatakamana, ka tany am-pony foana no nametsovetso, fa ny molony tsy afa-nisokatra namboraka ny fitiavany.*"(tak 76)

Mbola ahitana taratra ny mahaizy azy ity mpanoratra ity ihany koa, araka izany, ny fomba fikirakirany ny habaka ao amin'ny tantara. Fa ankoatra ireo dia tsy afa-misaraka amin'ny mpandray anjara sy ny habaka ihany koa ny fotoana, raha tsy izany dia handeha ila ny fitantarana ka tsy ho feno ny maha tantara ny tantara foronina. Manana ny fomba nikirakirany izany fotoana izany koa i Auguste RAJON.

1.2.3. Ny fotoana ao amin'ny tantara foronina **BINA**

Mazava ho azy fa raha avy niresaka ny mpandray anjara sy ny habaka isika dia tokony hoiresahina ihany koa ny amin'ny fotoana, satria, efa voalaza fa zavatra tsy afa-misaraka ireo. Misy karazany maromaro ny fotoana ao anatina tantara foronina, ka ireo no hoezahina hohadihadiana eto.

1.2.3.1. Ny fotoana niainan'ny mpanoratra sy ny nanoratany ny tantara.

Heverinay fa tokony hampifandraisina ireo fotoana roa ireo raha hanadihady tantara foronina mba hahafahana maminavina izay mety ho fihetsiky ny mpanoratra teo am-panoratana ny tantara.

I Auguste RAJON dia niaina teo anelanelan'ny taona 1890-1957. Ny tantara kosa dia nosoratana tamin'ny taona 1932, izany hoe, teo amin'ny faha 42 taonany. Azo lazaina araka izany fa efa tao anatin'ny fahalehibiazana tanteraka ny mpanoratra tamin'ny fotoana nanoratany ity tantara ity, ary azo antoka fa efa niaina tao anatin'ny fitiavana. Efa tafiditra teto Madagasikara ihany koa ny fivavahana kristianina tamin'io vanim-potoana niainany io ka izany no mety ho antony ahitana ireo tara-kevitra momba ny fivavahana ao amin'ny tantara. Izany hoe niaina tao anatin'ny vanim-potoana kristianina ny mpanoratra, ary nibahan- toerana teo amin' ny fiaraha-monina sady novoizin' ny mpanoratra tamin' izany ny fitiavana madio. Araka izany dia azo ambara fa ny zava- nisy teo amin' ny fiaraha-monina nisy ny mpanoratra nandritra ny vanim-potoana niainany no avoakany amin' ny alalan' ny asa sorany.

1.2.3.2. Ny fotoanan'ny mpamaky.

Ity tantara foronina mitondra ny lohateny hoe *BINA* ity dia anisan' ny tantara foronina nalaza nandritra ny vanim-potoana maro ary tian'ny olona tokoa. Hatramin'izao anefa dia mbola tsy lefy izany lazany izany, porofon' izany ny mbola ampianarana izany any an-tsekoly. Tsy ho an' ny ankizy any am-pianarana ihany anefa fa natao ho an' ny karazan' olona rehetra ity tantara ity, satria mifono anatra, indrindra ho an' ireo izay efa miaina ao anatin' ny fitiavana. Noho izany dia inoana fa mbola natao ho an' ny vanim- potoana manaraka eo ihany ity tantara ity. Tsara araka izany raha jerena koa ny amin' ny fotoanan' ny tantara.

1.2.3.3. Ny fotoanan'ny tantara.

Indraindray dia milaza daty mazava ny mpanoratra ao amin'ny asa sorany, indraindray koa anefa dia tsy avy hatrany dia milaza daty mazava ireny mpanoratra ireny fa fantarina amin'ny alalan'ireo zavatra nambarany ny mety ho fotoana

nitrangan'ilay tantara²². Taoriana kelin' ny vanim- potoana fakan- tahaka sy ny vanim- potoana kristianina no nanoratana ny tantara, koa tsy mahagaga raha mifandraika amin' izany ny aingam- panahin' ny mpanoratra. Mbola tsy nisy ny fitaovam- pitaterana tamin' izany nefa nilamina ny tany ka azo natao tsara ny nandeha an- tongotra. Milaza izany rehetra izany fa vanim-potoana tsy mbola nampisy ny ady navaivay teto amin'ny firenena no asehon'ny mpanoratra ao amin'ny asa sorany. Nomen' ny mpanoratra endrika azo inoana sy azo tsapain- tanana tsara ny tantara amin' ny alalan' ny fametrahany ireo fotoana mifandraika amin' ny tena zava-nisy marina ireo, eny fa na dia tsy nabaribariny aza izany.

1.2.3.4. Ny fotoana anatin'ny.

Tsy dia be fanoritsoritana ny fotoana ny mpanoratra, izany hoe tsy dia ampifandraisiny mivantana na koa tsy dia lazainy mivantana ao amin'ny tantara ny ora na ny andro sy ny volana ary ny taona lalovan'ireo mpandray anjara ireo, nefa ezahiny kosa ny haharahan' ny mpamaky ny zava- mitranga sy ny fisesin' ny hetsika rehetra ao amin' ny tantara.

Ahitana zotra roa kosa ny tantara, satria avy mitantara an' i Bina ny mpanoratra vao miverina mitantara an' Ikemba indray. Amin' ny fizarana sasantsasany ihany anefa no mitranga izany fa tsy mahenika ny tantara iray manontolo. Izany hoe, nandritra ny fotoana nisarahan'izy roa toerana. Hafainganiny ny fitantarana indraindray, nefa asongadiny tsara ireo zava- dehibe tiany hambara. Ohatra, manasongadina izany fotoana izany ireto manaraka ireto:

Mitatao vovonana (tak 9), tamin'ity takariva ity (tak 10), tamin'ity maraina ity (tak 17), ny harivan'iny (tak 20, 82), ny alina voalohany (tak 24) ... vao naneno ny akoho (tak 32), volana telo sahady no efa nikodia (tak 45), ny ampitso..(tak 54)., indroa andro(tak 46), iny indray andro tontolo iny (tak 52), telo andro talohan'ny (tak 75) , iny indray tolakandro (tak 81), efa ho iray volana (tak 85), sns...

Satria tsy nanome daty mazava ny mpanoratra ao amin'ity tantara ity dia sarotsarotra ny nijery izay tena faharetan'ny fotoana ao. Ny tena novantaniny dia ny fotoana nianaran'i Bina taty Antananarivo izay voalazany fa nandritra ny iray taona ,

²² *Littérature et langage*, vol 3 : « Le roman, le récit, le cinéma », coll. Dirigée par Henri MITTERAND, Ed, Fernand Nathan, Paris, 1971, p 141 : « en le datant d'une manière absolue ou en renvoyant à des signes extérieurs de l'écoulement temporel, l'auteur situe l'événement dans le temps »

araka ny ilazany azy ao amin'ny takila faha-18 sy⁷¹: “*Sady mba efa ela ihany izay herintaona tsy nahitana ny havana sy ny tany nahabe izay, hoy i Fatakamana*” raha nilaza ny fodiany tamin-dRamatoa Razafy. Raha dinihina kosa dia toa volana vitsivitsy talohan'io no nanomboka ny tantara, araka ny voalaza ao amin'ny takila faha-13 manao hoe: “*tianao ary aho, ry Bina, ka nahoana no hilaozanao ho any Antananarivo amin'ny faran'ny taona?*”. Raha ny fahitana azy ihany koa dia tsy ela taorian'ny nahavitany fianarana dia natao ny raharahan'izy sy Ikemba. Niasa tao Vohipeno i Bina, ary fotoana fohy taorian'izay dia niteraka izy mivady.

Raha hanandrana hanome ny faharetan'ny fotoana ao anatin'ity tantara ity ary isika dia azo atao ny maminavina fa tantara naharitra teo amin'ny 2 taona eo ho eo ity tantara ity.

1.2.4. Ny fomba fanehoan- kevitry i Auguste RAJON.

Ny fampiasana ny voambolana sy ny fehezan- teny ary ny sary samihafa ao anatin' ny tantara no hitarafana izany.

1.2.4.1. Ny fampiasana ny voambolana: Mampiasa matetika ny voambolana nalaina tamin' ny tontolo kristianina ny mpanoratra, nefa ankoatra ny teny gasy dia mampiasa teny vahiny koa izy ao amin' ny tantara.

a. Ny voambolana avy amin'ny tontolo kristianina:

“... Indreo fianakaviana mirijarija nijoro teo akaikin' ny alitara, tao amin' ny fiangonan' i Farafangana. ... izy mianakavy nitafy fotsy avokoa, nanatona ingahy Pasitera nisarona akanjo fotsy mirebareba. Asa! Toa ny anjely any ankoatra no indreo manatona azy dahy hatao batisa: Paul Bina sy Maria Rozy Raberison...” (tak 117) . Azo ambara araka ireo fa natao hanehoana ny maha kristianina ny mpanoratra sy ny mpandray anjara ireo voambolana ireo.

b. Ny voambolana avy amin' ny tontolo vahiny:

Mampiasa teny vahiny ny mpanoratra, ary indraindray aza dia azo adika amin'ny teny malagasy izany nefa toa fanahy iniany ajanona amin' ny teny vahiny. Ohatra amin'izany ny hita ao amin' ny takila faha-50: “ *tsy haditra ange? hoy i Bina...efa naditra a!... ka misy inona intsony ny future rehefa tsy nahomby ny passé!... voalà mon laboratoire! Hoy ingahy Fara, asseyez- vous donc mon enfant!* (hoy Ingahy Fara) (tak 27). Marina fa miezaka mampiseho ny tontolo tena malagasy ny mpanoratra any amin'ny sehatra hafa, toy hita tany amin' ny anaran'ny mpandray

anjara, saingy, asehony amin'ny alalan'ireo teny vahiny ireo kosa fa efa nisy vahiny tafiditra teto, no efa nisy Malagasy nanam-pahaizana afaka niteny vahiny. Tsy ny voambolana ihany fa mampisongadina ity mpanoratra ity indrindra koa ny fampiasana ny fehezan-teny.

1.2.4.2. Ny fampiasana ny fehezan-teny.

Amin' ny maha tantara foronina azy aloha dia lahatsoratra tsotra arahina resaka ifamaliana no ao. Misy fotoana ny mpitantara mitantara fotsiny, toy ny hita ao amin'ny fizarana fahenina, ka tsy misy teny ifamaliana. Misy fotoana kosa anefa resaka ifamaliana fotsiny, toy ny hita ao amin' ny fizarana faha 23. Noho izany dia azo lazaina fa mitovitovy ihany ny haben' ny lahatsoratra tsotra sy ny resaka ifamaliana ao amin'ity tantara ity.

Ny tena mampiavaka an' i Auguste RAJON dia ny fampiasany ny fehezan- teny miendrika tononkalo sy hira ary ohabolana. Maro dia maro izany ao amin'ny tantara, anisan' izany, ohatra, ireto manaraka ireto:

- ... “*Tanala very sampy ka ny manova no mety*”...(tak 52)

-“*Tsy manambina ka aza ahalelovana*

Ny manova no mety rase

Ny toerana ity midadasika

Ka haninona no hihafy eto ihany?”(tak 50)

-“*Nobanjiny izahay. Notanany ny soroko*

Natahotra ve aho? Nanahy ve?

Asa, tsy nisy tsaroako izany: nanaraka an'Ingahy Fara aho.”(tak 27)

-“*He kely sisa izao*

No hisentoanay

Dia hofafan' ny tananao

Ny ranomasonay” (tak 115)

- “Ato no mandry Ibaomaria

Fa nalentiky ny rano maria”(tak 114) sns...

Ankoatr’ ireo dia mampiasa sary koa ny mpanoratra ao amin’ ny tantara.

1.2.4.3. Ny sary ampiasainy.

a. Ireo kisary nataon-tanana

Ny tena mampiavaka ny tantaran’ i Bina dia ny fisian’ ireo sary mandravaka azy. Manampy be dia be amin’ ny fahazoana ny tantara, ary manome fahafinaretana ny maso izy ireny ary anisan’ ny iderana ity mpanoratra ity manokana. Sary nataon- tanana izany ary nentina naneho ny tontolon’ ny mpandray anjara.

b. Ireo sarin-teny samihafa

Mampiasa sarin-teny ihany koa izy izay toa mampihomehy ny sasany indraindray. Anisan’ izany ireto manaraka ireto:

“Diso dozy va re ny fananan’ ingahy Fara? Hoy ny eritreritro (Bina)” (tak 34)

“Impolokely izy no miherika ary impolokely no tena tafajanona mihitsy toa miandry olona” (tak 21)

“ Mamendrampendrana ny ranomasina, nidona moramora ny onja, nitsoka malefaka ny rivotra...” (tak 21)

1.2.5. Ny fomba fitantarana ao amin’ ny tantara foronina BINA

Manana ny fomba fitantarany ity mpanoratra ity izay saika itoviany amin’ ny ankamaroan’ ireo mpanoratra tantara foronina maro ihany. Namorona mpitantara manokana izy ao amin’ ny tantara, midika izany fa sady tsy izy mpanoratra no mitantara no tsy ny mpandray anjara ihany koa. Ny mpisolo tena laharana fahatelo no ampiasainy amin’ izany, dia ny “**izy**” izany.

Izay rehetra izay dia ampy hilazana fa zava-dehibe eo amin’ny fandrafetana tantara foronina ny fisian’ireo singa samihafa mandrafitra azy ireo. Na izany aza dia tsara raha tomorina akaiky amin’izay tena vontootin’ity asa soratra ity.


1.3. Ny fomba fijery ny tontolo tarafina amin'ny tantara foronina BINA

1.3.1. Ny fitiavana araka ny ahitana azy ao amin'ny tantara foronina BINA

Raha aseho amin' ny alalan' ny kisary ny fiaimpiainan' ireo mpandray anjara fototra ireo ny fitiavana ao amin' ny tantara foronina *BINA*, dia toy izao

BINA


Sary 1



ZOTRAM-PIAINAN'I BINA tarafina amin'ny SCHEMA FONCTIONNEL DE
BREMOND notovanan-DRATREMA WILLIAM

IKEMBA

Sary 2



ZOTRAM-PIAINAN'IKEMBA TARAFINA AMIN'NY SCHEMA FONCTIONNEL
DE BREMOND notovanan- dRATREMA WILLIAM

Toy izao hita amin’ny kisary izao ny zotram-piainan’i Bina sy Ikemba, teo amin’ny sehatry ny fitiavana ; ary izany no hoezahina hohadihadiana eto, hahalalana izay hevitr’i Auguste RAJAONARIVELO.

Iaraha- mahalala fa amin’ny ankapobeny, ny fitiavana dia misy fanombohany , misy fivelarany izay maneho ny sedram-pitiavana tsy maintsy lalovan’ny tsirairay, ary misy fiafarany. Anisan’ny maneho izany koa ity mpanoratra ity ka hojerena mifanesy eto ireo.

1.3.1.1. Ny fomba fitsirian' ny fitiavana.

Toe-javatra 3 no misongadina ho antony mampitsiry ny fitiavana ao amin’ny tantara foronina *BINA*, nosoratan’i Auguste RAJON: dia ny fifaneraserana, ny toetra anaty, ary ny endrika ivelany.

a. Ny fifaneraserana.

Ny zava- misy ao amin' ity tantara foronina iray ity dia manapororofo ny trangan-javatra fahita eny anivon' ny fiaraha-monina eny. Fahita matetika tokoa fa ny fifaneraserana maharitra na vetivety dia mety hampitsiry ny fitiavana. Ny fifaneraserana maharitra kosa no tena mibahan-toerana ao amin'ny tantaran' i Bina. Ny fiainan' ireo mpandray anjara no anehoan' ny mpanoratra izany, ka amin' ny alalan' i Fatakamana sy i Zozefina no anasongadinany azy.

Namana akaiky sady mahatoky an' i Bina i Fatakamana, nifampitondra ho toy ny mpirahalaha mihitsy aza izy roa lahy. I Zozefina kosa dia tovovavy kely merina, efa nifankatia tamin' i Bina nandritra ny fotoana fohy izy, nefa noho ny fivadihan- javatra tampoka dia nivadika ho fifankahazoana am- po sy fifanampiana fotsiny izany. Mba nifanerasera ihany koa anefa i Fatakamana sy i Zozefina nandritra izany fotoana izany, ary hay nitia ity zazavavy ity ihany koa izy, ka rehefa tsy raikitra ny an' i Bina sy i Zozefina dia naborany amin' izay ny fitiavany. Teo anatrehan' izany dia nilaza koa i Zozefina fa tia azy.

Hita taratra ao anatin'izany aloha fa tsy voatery hiaraka ny fitsirian'ny fitiavana eo amin'olon-droa. Matetika aza tena tsy miaraka fa arakaraka ny fihetsika ataon'izay mitia voalohany no mety hampitsiry koa ny fitiavan'ny ankilany. Asongadin' ny mpanoratra ihany koa fa ny fahasamihafana dia tsy mahasakana ny fitiavana tsy hitsiry rehefa mifanerasera matetika ny olona. Rehefa naborak' i Fatakamana tamin' i Zozefina ny fitiavany azy vao nahatsapa ity farany fa toa tia ity tovolahy ity koa, ka na dia eo aza ny firazanana tsy mitovy, ny fotoana sy ny elanelan- tany dia ho resin' ny fitiavana izany, satria, tia an' i Fatakamana koa izy. Maneho izany ny resaka nifanaovany tamin' ny renibeny rehefa nandray ny taratazin' i Fatakamana izy ireo: *“ka ahoana ity anaka?... ity fahalaviran' ny tany... ity razana samihafa...”* tsy rotoatra akory i Zozefina namaly hoe: *“mora foana izany ry neny. Zavatra roa no voalazanao, nefa tokana ihany....resena amin' ny fitiavana fotsiny. [...] tia ahy anie i Fatakamana, ry neny o! hitako porofo mihitsy tamin' izy taty ireny, fa noho izy saro -kenatra angamba no tsy nahasahiany niteny... efa ela no nanontaniako mangina ny foko, ka tiako izy.”* (tak 77)

Mbola nampiharina ny mpanoratra ihany izay fifaneraserana maharitra izay teo amin-dRabery sy Ramatoa Razafy, saingy ny endrika isehoany no samy hafa. Samy efa nahazo taona na Rabery na Razafy. Samy merina ihany koa nefa nampifanojoan'ny vintana tany Vohipeno. Tsy mba nifanerasera tsotra fotsiny izy ireo fa tena niray trano mihitsy. Nifampiresaka isan' andro, nifampitantara fiainana, nifampizara traikefa ary

nifananatra. Vokatr' izany dia lasa *“olom- baovao Rabery: olom- baovao koa Razafy. Ny fo efa nivoatra sy niova toy ireny ve tsy hahay hikambana! – tsy mahay mikambana ihany fa mifampitady ihany koa.”* (tak 88). Araka izany dia tsy mahasakana ny fitiavana tsy hitsiry ihany koa ny taona. Na dia efa antitra sy efa samy navezivezin' ny fiainana aza izy roa dia mbola nanana fo nitepo fitiavana ihany.

Fa ao anatin'izay fifaneraserana maharitra izay ihany dia tsy maintsy misy fifampijerena toetra, satria na dia mitsiry aza ny fitiavana nefa tsy mifanaraka ny toetra takian' ny roa tonta dia mety ho sarotra ny hamboraka izany. Izany indrindra no hojerena manaraka eto.

b. Ny toetra anaty.

Na dia tsy voalazan'ny mpanoratra mivantana aza ny nifankahitan' i Bina sy Ikemba dia nosoritsoritiny kosa ny momba azy, ka amin'ny alalan'ny fihetsika sy ny teny avoakany no anoritsoritany izay mety ho toetrany.

“Eo amin' ny hazandrano no ifanaritahan' ny vehivavy, fa maika hamonjy tsena eny an-tanàna. Tanora roa kosa no indreny mihataka kely: Bina sy Ikemba ireo.

- Nivavaka ho anao aho, rahavako hoy Ikemba. (tak12)

- Misaotra! hoy i Bina, sady norohany ny handrin' Ikemba. Nisy asany ny fivavahanao. Izaho today soa aman- tsara, ary ny lakanay sy Iabanibao feno hazandrano.” (tak12)

Milaza izany fa kristianina izy ireo, ary raha kristianina i Bina dia azo lazaina fa anisan' ny nitiavany an' Ikemba ny toetrany tia mivavaka. Saika ny hatsaran- toetra no tena asehon' ny mpanoratra amin' ny fiainan' ireo mpifankatia ao amin' ny tantara, ary ny fifamalian' izany no tena mamaritra ny ho avin' ny fifankatiavany. Raha samy niova fo Rabery sy Razafy, dia samy malemy fanahy i Fatakamana sy Raozy, ary samy malefedefaka kosa i Bina sy Ikemba. Raha tsorina izany, ny toetra anaty dia tsy inona akory fa ny toe- panahy ananan' ny tsirairay ka manintona ny hafa. Anisan' izany ny fahendrena, ny fahalemem- panahy, ny fananan-tsaina, ny fahatahorana an' Andriamanitra,... Na izany aza, matoa ny mpanoratra tsy manao ambanin- javatra ireny endrika ivelan' ny mpandray anjara ireny dia anisan' ny manana anjara toerana lehibe ao anatin' ny tantaram-pitiavana ireny.

d. Ny endrika ivelany.

Sokajina ho anisan' ny endrika ivelany ny hatsaran- tarehy amam- bika, ny toe- batana, ny fananana, ny fahaizana, ny asa, ny fihetsika, ny fiteny, ny fijery, sns...

“ Dimy ambin' ny folo taona Ikemba raha be dia be, zarazara hoditra, tsy lava tsy fohy. Tovovavy kely isan' ny tsara indrindra tao an- tanàna; maranidranitr' endrika, manga maso, avoavo orona. Ny ranjony anefa no dia tsy afaky ny tovovavy kely namany indrindra, fa ny toy izany angamba no nahavaky ny Ntaolo fahiny hoe: “eny iky, ry tsara voavitsy”! raha miara- matsaka izy dia Ikemba no ataony eo aloha fa tiany hianaraka, hono, ny famindrany mitsatotsatoka ary iriny ho azo ny ranjony toa notefena” (tak10)

Niavaka tao anatin'ny maro Ikemba, noho izany dia azo lazaina fa maro ireo tovolahy voasinton'ny hatsarany. Saingy tsy izy rehetra akory no nandrian'ny fon' ity tovovavy ity fa iray ihany, dia i Bina izany.

“Tovolahy kely tsy ampy roa- polo taona i Bina. Ranjanana sady vaventy, olioly volo, nefa mazava hoditra. Ny tratrany mivelatra, ny nofon-tsandriny mivalombalona. Mpianatra amin'ny taona fahatelo amin' ny sekoly anankiray ao an- tananan'i Farafangana izy, saingy nahazo andro ka mba lasa nanjono niaraka tamin' ny namany.” (tak12)

Teo ihany ny toetra ananan' i Bina fa ity toe- batany ity dia azo eritreretina fa anisan' ny nahafatifaty an' Ikemba taminy. Ary tsy Ikemba ihany fa i Zozefina koa, izay tovovavy tsy mba nitsiry fitiavana fa zatra ny nilalao tamin' izay rehetra nandalo teo aminy, nefa rehefa tojo an' i Bina izy dia lasa raiki- pitia.

I Zozefina kosa dia tsy latsa- danja amin' Ikemba , matoa saika nampiraikiraiky an' i Bina. Vao nahita ny sariny fotsiny izy dia fanina ka raiki- pitia sahady, satria: *“tovovavy: tsara tarehy tokoa ilay tovovavy (Zozefina), tsy dia azo nampitahaina taminy loatra Ikemba, fa sakamalao sy havoza ka samy manana ny haniny: zazavavy fotsy marirandrirana, ... ny masonry baliaka... ny volony manalonalona toy ny onja, ary ny lambany dia toy ny silaky ny rahona nampitafiana ny volana feno manana.” (tak 52)*

Hita araka izany fa ny tarehy amam- bika no tena mahasarika ireo tanora voalohany indrindra vao manaraka azy eo ny fahaizana sy ny fananana, toy ny vola ... Ny vola izay anisan' ny nahatonga an' i Zozefina hiditra tamin' i Bina sy ireo tovolahy hafa niaraka taminy tany aloha.

Ireo toe- javatra rehetra ireo dia milaza fa fifaneraserana no mahatonga ny olona roa hifampijery toetra. Na dia eo aza ny endrika ivelany ananan' ny olona iray, nefa tsy mifanaraka amin' izay tokony ho izy ny toetrany dia mety tsy ho raikitra ny fiarahana. Tsy mahasakana ny fitiavana tsy hitsiry kosa ny elanelan- taona sy ny firazanana. Hita taratra ao amin'ny tantaran' i Bina ihany koa fa mety ho maty eo am- pitsiriany ny fitiavana (toy ny nahazo an' i Bina sy i Zozefina/ Fatakamana sy Zozefina), saingy, hivelatra kosa izany raha toa ka tsy maty, ary hamela tantara amin' izay misedra azy. Andeha ary hojerena indray ny amin'ny sedram- pitiavana araka ny ahitana azy ao amin' ny tantara foronina *BINA* ihany.

1.3.1.2. Ny sedram- pitiavana.

Fiainana ny fitiavana, noho izany dia tsy maintsy sedrain' izay miaina azy izay mitranga rehetra ao anatin'ny. Mety hiovaova araka ny fotoana ny endrika isehoan' izany sedram-pitiavana izany ka izany indrindra no hojerena manaraka eto.

a. Endrika isehoan' ny sedram- pitiavana

a₁. Ny endrika isehoan'ny sedram-pitiavana eo am- piandohan'ny

Fotoana anisan' ny manan- danja amin' ny mpifankatia, ary matetika tsaroana eo amin' ny fotoana ilomanosana ao anatin' ny fitiavana ny fotoana niandohan' ny fitiavana. Amin' io fotoana io mantsy matetika no tena ahatsapan' ny mpifankatia ny mamany indrindra ao anatin' ny fitiavana, satria, itrangana toe- javatra mamela ny fahatsiarovana tsara indrindra. Anisan' izany ny teny mamany, ny voady, ny filaminana, ny fiezahana hanao izay hahafalifaly ny olon-tiana, izay mipaka hatrany amin' ny fifanomezan- toky. Ao amin'ny voalohandohan' ny tantaran' ny Bina sy Ikemba dia ny teny mamany sy ny voady ny ho mandrakizay no vontootin-dresak' ireto mpifankatia ireto.

“Bina! Hoy Ikemba (indray andro). Moa tia ahy ve ianao?”

Fanontaniana in- jato mivoaka teo amin' ny vavan' Ikemba io, rehefa izy sy i Bina irery no tafaresaka. In- jato koa no namalian' i Bina hoe “ENY” nefa mbola tsy mamany hono ny sofiny ka mbola te- handre ity “eny” mivoaka avy ao am -pon' i Bina ity” (tak 13). Dia toy izany hatrany ny resaka nifanaovan' izy roa isaky ny mangigina mandrapandehan' i Bina aty Antananarivo.

Fa eo amin' io fiandohan'ny fitiavana io koa dia mbola tsy dia misy loatra ny olana eo amin' ny mpifankatia .

Mbola manjaka ny filaminana eo am- piandohan' ny fifankatiavana satria amin' io matetika no fotoana ifampizahan' ny mpifankatia toetra hany ka mila fitandremana ny fihetsika rehetra. Raha zohina ny nanehoan' ny mpanoratra ny tantaran'ireto mpifankatia ireto dia anisan' ny mpifankatia notsiriritin' ny tanora niara- nitombo taminy izy roa (i Bina sy Ikemba), satria, nilamina tsara ny fiarahany teo am-boalohany. Izany hoe eo am-panombohan' ny fitiavana matetika dia mbola tsy dia misy ny olana, hany ka mbola tsara ny fisehon' ny toe- javatra, ary samy manao izay mahafalifaly ny olon- tiany ny tsirairay. Tsy vitan' ny hoe mitandrina ny fihetsika ihany fa miezaka ihany koa manao izay hisarihana bebe kokoa ny olon- tiana mba tsy hampihemotra azy. Fitaovana iray azo anehoana izany ny fanaovana izay mahafalifaly ny olon- tiana sy ny fanavahana azy amin' ny hafa mba hahatsapany fa misongadina eo imason'ny olon- tiany izy miohatra amin' ireo olon- kafa manodidina azy. Fialan-tsasatra ny andro tamin' izay , dia mba lasa nanaraka ny namany nanarato i Bina. Raha ny tena marina dia tsy mahazatra an' i Bina izany asa izany , indrindra amin' ny maha mpianatra azy, saingy noho ny fitiavany an' Ikemba dia lasa ihany izy.

“Ka hataonao inona anefa ireo (trondro ireo) no dia nanaovanao vy very ny ainao teny an-dranomasina teny? hoy Ikemba.....

Hividiananao haba volamena sy salovana. Hoy I Bina

Oy! Izaho efa manana, hoy Ikemba

Hanampy ny anao, hoy I Bina

Misaotra kanjo hoy Ikemba, sady nofihininy ny tanan' i Bina ary ny masonry manga sy manganohano natopiny moramora teny amin' ny salovan- tavany”.(tak12)

Midika izany fa tsy dia ny tsy fisiana loatra no nahatonga an' i Bina handeha hanarato fa ny fitiavany hamalifaly ny olon- tiany, sady mba hiavahany amin' ny hafa, satria, na efa nanana izay nananan'ireo namany aza Ikemba dia mbola tiany hanantombo izany. Ikemba koa etsy andaniny manao izay hahafalifaly an' i Bina amin' ny alalan' ny toetra sy fihetsika mendrika.

Eo amin' io fotoana voalohany io ihany dia efa manao izay hampirindra ny ho avy ny mpifankatia. Izany hoe, miezaka miady hevitra sy manaraka izay rafitra misy sy tokony harahina. Raha eo amin' ny resaka finoana, ohatra, dia ny vehivavy no tokony manaraka ny lehilahy, izany indrindra no asehon' i Auguste RAJON ao amin' ny tantara. Mbola tsy vita fifamofoana akory ireto tanora roa ireto dia efa niezaka

nanaraka an' i Bina tany amin' ny fiangonany Ikemba. Izany indrindra no nahatonga azy hiteny hoe: *“eo imason’ ny lanitra sy ny tany, sady nihenjana ny feony. Efa nentinao tany amin’ ny fiangonanareo aho, efa nasainao nianatra, efa mahalala izay ivavahanao. Eo anatrehan’ izany ivavahanao izany no ilazako sy ananganako tanana anio, fa ho anao irery aho, ary ho virijina mandra-pahatongan’ ilay fotoana volamena hikambanantsika eo amin’ ny fanambadiana masina.”*(tak 15)

Raha aravona ireo voalaza ireo dia eo amin' ny fotoana anombohan' ny fiainam- pitiavana no tena ivangongoan' ny soa rehetra hany ka toa tsy hisy olana mihitsy. Tsy izany anefa no miseho matetika, fa araka ny efa voalaza, ny FITIAVANA dia toy ny fiainana ka mety miovaova. Noho izany dia tsy maintsy ifamahofahoan'ny tsara sy ny ratsy. Raha tsy tapaka eo amin'ny fiandohany iny tokoa mantsy ny fifandraisan' ny mpifankatia dia tsy maintsy hivelatra ka hahenika ny fiainan' izay miaina azy. Araka ny tantaran' i Bina ihany ary no hijerena ny endrika isehoan' ny fitiavana eny am- pivelarany eny.

a2. Ny endrika isehoan' ny sedram-pitiavana eny am- pivelarany

Mivelatra, miaina, mitombo, mihena,...ny fitiavana. Raha ireo no zohina dia azo lazaina fa mety ho tsara ny fitiavana ary mety ho ratsy. Ratsy ny fitiavana raha misy ireo toe- javatra manova azy ho ratsy, fa tsara kosa rehefa miasa ireo toe- javatra mpandamina.

a2.1. Ireo toe- javatra mpanova ny fitiavana (olana)

Toe- javatra efatra lehibe no asongadin' ny mpanoratra ho toe- javatra mpanova ny fitiavana (antony mahatonga ny olana) ao amin' ny tantaran' i Bina, dia :

- Ny fisarahan- toerana eo amin' ny mpifankatia
- Ny tsy fahadiovan' ny vehivavy,
- Ny fahafatesana, ary
- Ny mpiara- monina

Ireo toe- javatra efatra ireo no hoezahina hovahavahana amin' ny alalan' ny fikirakirana ny tantaran' i Bina.

a2.1.1. Ny fisarahan- toerana

Azo lazaina fa poizina ho an' ny mpifankatia ny fisarahan- toerana. Ary tena asongadin' i Auguste RAJON tanteraka izany ato amin' ny tantaran' i Bina.

Mbola samy tanora fanahy i Bina sy Ikemba raha voatery nisara- toerana. I Bina lasa nanohy ny fianarany taty Antananarivo ary Ikemba kosa niara- nipetraka tamina vazaha- vavy iray tao Vohipeno satria io no natokisan' i Bina hitaiza sy hanara- maso azy. Nirindra tsara ny fifandraisana tao anatin' ny volana vitsivitsy, na dia lavitra aza ny elanelan- tany, saingy nony tsikaritry ny mpisompatra izany dia mba tonga koa izy hanatanteraka ny asa ratsiny. Nanomboka nihaodihaoody ireo tovolahy mba efa niambinambina an' Ikemba, nefa tsy nahataitra ity farany. Nony nangina ireo dia niditra an- tsehatra indray Rabery.

“Lehilahy sariaka Rabery, tia lalao, tia zava- maneno, mandrairay fisotro, mahazoazo daomy. Ao aminy no filasian' ny tovolahy isan- kariva, fa ny resany mamy , ny fandraisany olona mahafinaritra, ary izy tsy mbola manam -bady na dia efa niakatra ny fahadimam- polo taonany aza.

Indray andro, raha nanatitra zavatra hovidin' ilay vazahavavy nitaiza an' Ikemba izy dia nahatsikaritry tampoka ity tovovavy kely”,(tak46) ary dia nanomboka teo ny tetidratsiny. Fotoana fohy dia fantany daholo ny mombamomba an' Ikemba, rehefa izany dia nataony daholo izay fomba hahazoany azy. Tsy nandaitra aloha ny tetika voalohany, dia ny fanambazana vola aman- karena; mbola toy izany koa ny faharoa. Fa efa fantany ihany ny amin' ny Bina sy Ikemba dia ny hanakorontana izany no tetika farany hitany fa mety hahazoany an'ity zazavavy ity. Mpaka sary izy ary nisy sarin' Ikemba sy ny tanora namany tao aminy. Nosinganiny tao anatin'izany ny sarin' Ikemba sy ilay tovolahy kely mpampianatry ny misiona dia nakambany ary nalefany tany amin' i Bina, sady nasiany soratra hoe:

“Ikemba sy ny fofombadiny vaovao. Izay lavitry ny maso lavitry ny fo.” (tak 46)

Jambena, tofoka, kivy,...i Bina raha naharay ilay taratasy niaraka tamin' ny sary. Toa nitambesatra tao aminy avokoa ny fahoriana rehetra, hany ka na ny fianarany aza tsy nisy niditra tamin'ny lohany. Nibahan- toerana tao an- tsainy fa namadika azy ny olon-tiany, ary vokatr' izay dia vonona ny handrava ny fitiavan' izy roa izy.

“ Dia afoin' ise tokoa ve izany Ikemba? Hoy i Fatakamana raha tafaresaka izy roa lahy.

Afoiko mihitsy, hoy izy, satria efa namadika ahy” (tak 53); ary dia nihanahalana ny taratasy nalefany tany amin’ Ikemba na dia nitobaka kosa aza ny an’ ity farany. Potika ny fitiavany ary nanorina fitia vaovao indray izy, ka niantsampy tany amin’ i Zozefina.

Araka izany, ny fisarahan- toerana eo amin’ ny mpifankatia no mampirongatra ny fakam-panahy; ary ny tsy fahaiza- mamakafaka tsara ny zava- misy no manome vahana azy ireny, sady manome toerana ho an’ ireo mpitsiriritra sy ny mpisompatra hanatanteraka izay kasainy, ka miteraka ny fisarahan’ ny mpifankatia. Amin’ io fotoana io angamba no azo lazaina fa mahamay ny fizahan- toetra ka raha tsy mahazaka dia hivarina any an- kady. Mahimahina Ikemba raha nanoratra tamin’ i Bina ka hoy izy: *“Ory loatra aho ry Bina havako !tsy mahita tory aho amin’ ny alina. Dia halentiky ny fizahan- toetra ve ny fitiavantsika e!... sady ny taratasinao farany teo, ho aho, toa dia maimaika loatra e!*

“Nikaroka ny fonao tao anatin’ aho, ka indrisy toa tsy nahita!...enga anie ka ho diso aho!

“Matokia, fa na mifafy aza ny balan’ ny tsy tia, ary misoko mangina ny otrik’ afon’ ny fakam-panahy mamely ahy eto Farafangana, manana anao ho vatolampy ifikiran’ ny foko sy ny fitiavako aho, ka tsy manahy” (tak 51). Tsy nampiverin- dalana an’ i Bina anefa izany fa ny hamadika pejy ihany no tao an- tsainy satria namadika azy Ikemba.

Tsy ny fisarahan- toerana ihany fa anisan’ ny ahindrahindran’ i Auguste RAJON koa ny olana mety hateraky ny tsy ny fahadiovan’ ny vehivavy.

a2.1.2. Ny tsy fahadiovan’ ny vehivavy

“Ny tiako kosa hoy i Bina, sady noraisiny ny tanan’ Ikemba, dia ny hitoeranao ho virijiny mandra- piveriko” (tak 15), raha niresadresaka izy roa talohan’ ny hiaingany. Amin’ ity mpanoratra ity, dia mizara roa mazava tsara ny toetran’ ny lehilahy; ao ireo tsy dia mijery loatra ny maha virijiny ny vehivavy izay hiaraka aminy, toa an’ i Fatakamana, ao kosa ireo mametraka izany ho lohalaharana ka tsy afaka hitia izay tsy virijiny intsony anisan’ izany i Bina. Mazava ho azy fa tsy hanana olana amin’ ity lafiny ity izay manana io fisainana voalohany io; fa ato amin’ ny tranga faharoa no tena mipetraka ny olana.

Araka ny tantara dia i Bina no voaloham- pitiavan’ Ikemba, midika izany fa mbola virijiny izy. Nanaja izany i Bina ary tiany hanaja izany koa Ikemba mandrapahavitan’ ny fanambadiany. Ny finoa’ ity tovolahy ity fa efa namadika azy

anefa ikemba dia ampy ninoany koa fa tsy nahatana ny fahadiovany izy. Antony iray naha- tapa- kevitra azy, hisaraka amin'ity tovovavy ity koa izany, ka hitady olon- tiana hafa. Nony nifanena tamin'i Zozefina indray anefa izy dia tsy araka ny nampoiziny ny zava-nitranga. Tsara tarehy i Zozefina, ary naharaiki- pitia an'i Bina. Niezaka nanaja ity tovovavy ity izy ary nanadino an' Ikemba tsikelikely. Tsy fantany anefa fa *“i Zozefina no nataon- dreniny jono hamitahana ny tovolahy, mba hitondra vola hivelomana sy hihaingoan' izy mianaka”*.(tak 57) Indray andro raha namangy azy mianaka i Bina dia vonona ny hilaza ny marina i Zozefina:

“Misy piraivetra tiako hambara anao. Tiako loatra anie ianao, ry Bina! Mila ho adala aho raha tsy mahita anao indray andro. Nefa ... misy zavatra miafina mampidobodoboka ny ambavafoko loatra, tiako ho fantatrao alohan' ny hanaovana ny fanambadiana.

- Lazao fa mihaino aho, hoy i Bina.

- Bina ô! Hoy izy tamin'ny feo malefaka. Tsy virijina intsony araka ny niheveranao ahy sy izay nolazaiko anao anie aho e! ka moa mbola tianao ihany ve?”(tak 60)

Hendratra i Bina, ka na niezaka nanazava sy nifona taminy aza ity olon- tiany dia izao no teniny:

“ Zozefina! hoy Bina, sady natsangany razazavavy. Nanana fofombady tiako loatra aho tany aminay... tsy virijiny intsony koa izy, fa nivadika tamiko. Hanasitrana ny foko maratra no nitadiavako virijiny hasolo azy. Kanjo indrisy! diso fanantenana aho! veloma!(...) veloma ry Zozefina! hoy Bina. Tsy ianao no dokotera hanasitrana ny aretin' ny foko”(tak 61). Ary dia tapitra hatreo koa ny tamin' izy roa.

Araka izany, dia fahavalon' ny fitiavan' i Bina ny tsy fahadiovan' ny vehivavy, ary tsy ho an' i Bina irery fa ho an' ny lehilahy maro toa azy, indrindra teo amin' ny fiaraha-monina malagasy fahiny izay efa nidiran'ny fivavahana kristianina, na dia nisy ihany aza ireo hafa fijery toa an'i Fatakamana. Olana hafa indray no nampivadika ny lokom- pitiavan'i Fatakamana, dia ny fahafatesana.

a₂.1.3. Ny fahafatesana

Marina fa toe- javatra tsy maintsy diavin' ny manana aina rehetra ny fahafatesana, saingy mety hiara- maty amin' izany koa ve ny fitiavana? Rehefa hitan' i Fatakamana fa tsy raikitra ny amin' i Bina sy Zozefina dia niha nahazo vahana ny fitiavany an' ity zazavavy ity, izay efa mba tao am- pony hatramin' ny ela. Nony vita ny

fianarany ka tafaverina tany Farafangana izy dia naborany tamin' i Bina ny faniriany haka vady an' i Zozefina. Dia nanoratra izy ireo, nilaza ny faniriany ka *“naborany tao ny fitiavany sy ny faniriany azy ho kintan' ny tokantranony. Nasehony ny tsy fitovian-tsaranga, nefa mampaninona moa izany amin' ny fo mifankatia? Ary farany, raha manaiky ihany i Zozefina dia kasainy hampiarahina amin' ny an- dry Bina sy Ikemba ny raharaha”*. (tak 76)

Tetsy ankilany kosa, dia tsy nanda izany i Zozefina, ary vonona ny hidina any Farafangana hanao ny raharaha. Vao nitranga anefa dia nisosa. Raha tonga tao Vohipeno izy mianaka dia narary i Zozefina ka nitarika fahafatesana ho azy izany. Mafy ny nahazo an' i Fatakamana, saingy tsy naharitra ela dia nahita an-dRaozy izy, ka izy no lasa vadiny. Araka izany dia olana lehibe eo amin' ny fiarahana ny fisian' ny fahafatesan' ny anankiray, ary aretina sarotra sitranina tokoa.

Olana ny tsy fahadiovan' ny vehivavy, olana ny fisarahan- toerana sy ny fahafatesana, saingy olana lehibe koa ny fiaraha-monina sy ny manodidina.

a₂.1.4. Ny mpiara- monina sy ny manodidina

Ny fitiavana dia tsy natao hitoka- monina fa natao kosa hifandray amin' ny tontolo hafa manodidina azy, na iza ary na iza miaina ao anatin' ny fitiavana dia tsy maintsy mifanerasera amin' ny hafa. Izany hoe tsy maintsy miaina ao anatin' ny fiaraha-monina. Ao anatin' ny fiaraha-monina anefa no ahitana ny fahasamihafana, hany ka mety hisy ny tsy fifankahazoan- kevitra, ny fialonana , ny fitsiriritana, ny hasomparana... ireo rehetra ireo no mahatonga ady sy fifandirana, indrindra eo amin' ny mpifankatia raha tsy mitandrana.

Tao vohipeno no natao ny mariazin- dRaozy sy Fatakamana. Fotoana vitsy taorian' izay anefa dia izao no niseho; nahitan' i Fatakamana taratasim- pitiavana tao anaty paosin' akanjon-dRaozy raha sendra nijery zavatra tao anaty vata izy. Voa tamin' iny ny sainy ka nihazakazaka tany amin' i Bina mivady izy hitady vonjy.

“Omaly maraina, raha nitady zavatra tao am- batan- dRaozy aho, hoy izy (Fatakamana raha nitantara tamin' i Bina mivady), dia nisy taratasy hitako tao._ Indrisy! Rava ny paradisiko ry izy mivady. (tak 96)

Lalina loatra itony taranak' i Eva itony, hoy ny eritreritr' i Fatakamana...”. (tak 97)
Nijaly ny eritreriny ary saika tsy tanany ny fony raha tsy noraran' i Bina mafy. Ny tena marina anefa dia tsy an' i Raozy ilay taratasy fa an' ilay namany mitovy akanjo aminy,

saingy, nifanakalo ny akanjony rehefa nampanasaina, ka lasa tany aminy ilay akanjo nisy taratasy. Efa saika ratsy ny fandehan- javatra raha tsy nalaky nitranga ny marina.

Fa etsy ankilany kosa, na dia teo aza ny fisarahan' i Bina sy Ikemba toerana, dia azo lazaina fa ny manodidina azy ireo mihitsy no ratsy, dia Rabery izany, izay fototry ny olana teo amin' izy roa.

Raha aravona ireo, dia hita fa manahirana ny miaina ao anatin' ny fitiavana ary ilana fitandremana. Zavatra kely tsy ampoizina ataon'ny mpiara- monina sy ny manodidina dia mety handrava izany, ary ny tsy fahaiza- manadihady tsara ny zavamisy dia mety hanakorontana zavatra maro, sady mety hampivarina any an- kady. Zavatra tsy azo sakanana ny fahafatesana, saingy, ho an' i Auguste RAJON dia mety hanova ny fitiavana izany satria mety maty koa ny fitiavana. Na izany na tsy izany dia asehon'ity mpanoratra ity fa raha misy ny olana dia misy hatrany ny vahaolana. Tsy inona izany fa ireo toe- javatra azo lazaina fa nandravona ny olana ao amin' ny tantara.

a₂.2. Ireo toe- javatra mpandamina ny fitiavana

Voalazan' ny manam- pahaizana fa raha misy ny olana dia tokony hisy ny vahaolana mifanaraka amin' izany. Arakaraka ny ahitana vahaolana anefa no toa vao maika mampipoitra olana vaovao indray. Ity mpanoratra ity koa dia manana ny heviny ny amin' izany.

Raha ny olana eo amin'ny fitiavana no resahina dia misy ireo azo sokajiana ho olana madinidinika, ary misy kosa ireo azo lazaina ho olana lehibe sy saro- bahana. Olana azo lazaina fa lehibe ireo nasongadin' ny mpanoratra ireo ary saro- bahana nefa kosa raha vao miravona sy ahitam- bahaolana indray mandeha dia mety hitondra ho amin' ny filaminana sy hasambarana maharitra ho an' ny mpifankatia. Eo anatrehan' ireo olana mipetraka teo aloha ireo dia nisy hatrany ireo vahaolana nentin' ireo mpandray anjara nisedra izany.

a₂.2.1. Ny fifanatonana

Ny fisarahan- toerana no fototry ny olana teo amin' i Bina sy Ikemba. Raha misy ny fifanalavirana eo amin'ny lafiny ara- batana dia mety hisy fiantraikany amin' ny fifandraisan' ny fo koa izany; ny vahaolana araka izany dia ny fiezahan'ny fo roa mifanatona, indrindra indrindra ny fiezahana mifanatona toerana. Fomba iray azo anatanterahana izany ny fakana toro- hevitra amin' ny hafa (ny namana akaiky, ohatra). Toy izany no nataon' i Bina ka nahatonga azy sy Ikemba hilamina indray. Araka ny

tantara, na dia nino aza i Bina fa notanterahin' Ikemba ilay fitenenana hoe: *“izay lavitry ny maso lavitry ny fo”* dia nahatsapa izy fa mbola tena tia an' Ikemba ihany. Manaporofa izany ny teniny tamin' i Fatakamana hoe: *“ mbola tiako loatra Ikemba, ry ise, hoy indray izy (Bina). Ataoko izay hanadinoana azy; nefa... tsy mety! Ny masoko mahita porofo ny haratsiany, ny foko kosa mbola adala ihany tsy mety mino.”* (tak 49). Na izany aza dia nikiry biby ihany izy ny hanadino ka ny vahaolana hitany dia ny famindrany ny fitiavany tany amin' i Zozefina. Tsy nitsahatra ny nanoro hevitra azy anefa i Fatakamana izay azo lazaina fa namana akaiky azy indrindra mba hieritreritra sy handinika tsara ary koa hitady porofo bebe kokoa aloha vao manaonao foana. Hoy indrindra ity namany:

“Dia afoin' ise tokoa ve izany Ikemba?

Afoiko mihitsy hoy izy (Bina) satria efa namadika ahy.... (tak 53)

Aoka lahy mba hisy porofo bebe kokoa.... Aza dia maika loatra anefa ise hanorim-pitiavana amin'izay vorona sendra mandalo, ry Bina, hoy izy. Sao dia Tanana hanafosafo sy hanasitrana ny ferim- pitivana ao anatin' ise no tadiavin' ise, kanjo kosa hoho maranitra handrotika ny fon' ise mandrakizay!”(tak 53)

Na dia tsy nanaraka ny tenin' i Fatakamana aza i Bina dia tsy niraviravy tanana ity i Fatakamana fa nandray ny andraikiny. Ikemba koa tetsy andaniny nanao izay hampifanakaiky ny fony amin' ny an' i Bina hatrany na dia efa nahatsapa toe- javatra hafahafa aza. Farany rehefa niara- niasa ireto zavatra telo ireto: ny fitiavana, ny fanampian' ny namana ary ny fiezahana mampifanakaiky ny fo dia niravona ny olana ka niverina tamin' ny laoniny ny fifandraisan' ireto mpifankatia ireto. Anatra ho an' i Bina iny toe-javatra iny ka nony nahitam-bahaolana dia tsy niverina intsony. Na teo aza ireo rehetra ireo dia, anisan'ny vahaolana ho azy ireo koa ny faharavan'ny fikasan'i Bina ny hifamatotra tamin'i Zozefina. Azo lazaina fa tovolahy nanaja tena i Bina , satria na iza na iza vehivavy kasainy hiarahana dia tsy mba nihevitra ny hanao firaisana alohan'ny mariazy izy.

Amin' ity mpanoratra ity izany, ny fahadiovana alohan' ny mariazy koa dia anisan' ny antoky ny filaminan' ny mpifankatia.

a₂.2.2. Ny fitandremana ny fahadiovana alohan' ny fanambadiana

Nanaja an' Ikemba i Bina ary nanaja an' i Zozefina koa, dia i Zozefina izay noheveriny fa ho fanafody hanasitrana ny feriny tamin' Ikemba. Ny fahalalany fa tsy madio intsony anefa ity tovovavy ity dia nampiverin- dalana azy. Ary ny fahalalany fa hay tsy namadika azy Ikemba no nampiverina azy tamin'ity olon- tiany ity ka nampiravona indray ny olana teo aminy. Midika izany fa ny fanajan' i Bina tena sy ny fitakiany izany tamin' ny olon- tiany no nahitany ny marina ka nitondra vahaolana ho azy teo amin' ny fiainam- pitiavany.

Izany hoe fitandreman- tena mba hadio alohan' ny fanambadiana no vahaolana azo antoka fa hisoroka ny olana eo amin' ny tsy fahadiovana, indrindra eo amin'ny vehivavy; ny lehilahy mantsy no azo lazaina fa tena sarotiny amin' izany, na dia misy ihany aza ireo tsy dia mametraka izany ho loha- laharana.

Misy tokoa ireo lehilahy tsy dia mijery loatra ity fahadiovan'ny vehivavy ity fa mametraka kosa ny fitiavana ho loha- laharana

a₂.2.3. Ny fametrahana ny fitiavana ho loha- laharana.

Ny tantraran' i Fatakamana no nanehoan'ny mpanoratra izany ao amin' ny tantara. Tovolahy tsotra sady be fitiavana i Fatakamana hany ka napetrany ho lohalaharana izany fitiavana izany teo amin' ny fiainany.

Nandritra ny fiarahan' i Bina sy i Zozefina dia efa nanam- pitiavana ity zazavavy ity i Fatakamana, saingy nanaja ny finamàny tamin' i Bina izy ka notanany ho azy irery izany. Rehefa nisaraka i Bina sy i Zozefina dia fantany tsara fa ny tsy fahadiovan' i Zozefina intsony no nahatonga izany, nefa tsy nampihena ny fitiavany izany. Vao maika aza nampisisika azy hanambady an' ity tovovavy ity ihany. Aminy mantsy dia tsy olana ny tsy fahadiovan' ny vehivavy, fa ny fahaizana mifankatia no zava- dehibe.

Toa te hilaza araka izany ity mpanoratra ity fa misy fotoana, raha tena tia olona iray dia tsy mijery ny kilemany, fa miezaka manasongadina ny fitiavana mba hanakona izany kilema na fahalemena izany. Ny fiaraha-monina sy ny manodidina matetika no tena fositra mampiady ny mpifankatia, noho izany dia tokony hahay hanadihady tsara ny zava- misy ny tsirairay vao misendaotra sy manapa- kevitra mba tsy hanenenana.

a₂.2.4. Ny fahaiza- manadihady tsara ny zava- misy

Marina fa tokony hanara-maso ny fihetsiky ny olon- tiany ny tsirairay, nefa ilana fitandremana mafy ny fihetsika manoloana izany, satria, ny fihetsika tsy voatandrina no vao mainka mety hitera- doza. Zavatra mety hitranga, ohatra, ny fisian' ny hetsika tsy nahy ataon' ny olon- tiana ka mety hampisendaotra ny ankilany. Toy izany indrindra no nahazo an' i Fatakamana sy i Raozy tao amin' ny tantara, tamin' ny fotoana nahitan' i Fatakamana taratasy tao amin' ny paosin' akanjon- dRaozy raha sendra nijery zavatra tao anaty vata izy. Novakiny ilay taratasy ka rediredim- pitiavana avy amina lehilahy no tao anatin' y. Nitovitovy amin' ny nahazo an' i Bina sy Ikemba ihany ity nahazo an' i Fatakamana ity ka nilatsaka nanampy azy koa i Bina sy Ikemba.

“Aza dia malaky kivy hoatr’ izao hianao, Ranadahy, hoy Ikemba. Tsy tadidinao ve ireny nahazo anay sy Bina ireny?

Ny anareo manko sary azo amboamboarina, fa ny ahy tena soratra miharihary azo vakina.

Aza taitra foana, hoy Ikemba. Mandiniha, mikaroha porofo.”(tak 97)

Na Rabery rain' i Raozy aza nahatsapa fa tokony handinika tsara aloha manoloana izany olana izany, ka hoy indrindra izy: *“aza taitra loatra ianao, anaka, sady toa menatra an' i Fatakamana izy. Be ny tsy tia. Maro ny mpisompatra. Manàna saina mandanjalanja, mahay mikaroka ny marina”*. (tak 97) Dia nanaraka ny tenin' ireo namana sy ray amandreny i Fatakamana ka namerina ilay taratasy tamin' ny toerany sady mody tsy nahalala izany akory. Raozy anefa etsy andaniny tsy mahalala akory ny zava- misy. Indray alahady dia tonga tany amin' izy mivady ny mpanampin' ilay namany ka nilaza fa nifanakalo, hono, ny akanjo ka haka ny an' ity mpampiasa azy izy. Nahifika ny akanjo ka teo vao gaga i Raozy raha nahita ilay taratasy. Naborak' i Fatakamana teo amin' izay ny marina sady niala tsiny tamin' ny vadiny izy. Dia nitohy indray ny fifaliana tao an- trano ary sitrana ny aretin' i Fatakamana.

Azo lazaina, araka izany, fa teo ny fanampian' ireo havana aman- tsakaiza, saingy ny fahendren' i Fatakamana, nanaiky izany anatra izany no tena antoky ny firavonan' ny olana.

Ireo olana rehetra mandritra ny fahavelomana dia azo vahana ihany amin' ny alalan' ny fifampiresahan' ny mpifankatia, fa ny tena sarotra sitranina dia ny fahafatesana. Araka ny efa voalaza dia olana lehibe mipetraka eo amin' ny mpifankatia

ny fahafatesan' ny anankiray. Izay velona no tena ianjadian' izany olana izany, satria, mamoy olon- tiana. Araka ny fiheveran' i Auguste RAJON dia ny famindrana ny fitiavana amin' olon- kafa no fanafodiny.

a₂.2.5. Ny famindrana ny fitiavana amin' olon- kafa

Misy ny olona, raha vao manana olana amin' ny fiarahany amin' ny olon- tiany dia ny famindrana ny fitiavany amin'olon- kafa no heveriny fa vahaolana. Nanana izany fiheverana izany i Bina tamin' ny fotoana nananany olana tamin' Ikemba. Nony tena notanterahiny anefa izany dia hita fa tsy nahomby. Amin' ity mpanoratra ity izany dia ny fahafatesana ihany no afaka manova ny fitiavana, (ankoa try ny rendrarendra sy ny ditra toy ny nataon- dRabery taloha). Amin' izay fotoana izay dia tonga amin' ny fotoana tokony hitiavana olon- kafa indray izay namoy ny olon- tiany. Maneho izany ny nahazo an' i Fatakamana tamin' i Zozefina sy Raozy. Nitia an' i Zozefina tokoa izy, saingy tsy tanteraka ny faniriany satria maty ity farany. Mafy taminy izany saingy tsy namoy fo izy fa niezaka nitraka, ary farany dia niaraka tamin- dRaozy. Azo lazaina fa voavaha ny olana ary fitiavana feno hasambarana no niainany niaraka tamin- dRaozy.

Fa mifamadika amin'izay indray, ary toe-javatra tsy dia mateti-pitranga nefa mety hitranga dia ny fametrahana fa ny fahafatesana no fanafody afaka manafoana sy manasitrana ny aretim-pitiavana.

a₂.2.6. Ny fahafatesana

Misy mantsy ny olona no toa tsy mety mahita fifaliana sy hasambarana mihitsy eo amin' ny fiainam- pitiavany, ary ireny olona ireny dia miezaka hatrany hitady ny vahaolana mba hahafahany miaina amim- pilaminana ao anatin' izany fiainam- pitiavana izany.

Lehilahy manam- pahaizana Ingahy Fara, saingy noho ny aretim- pitiavana nahazo azy dia nifidy ny hipetraka tany Vohipeno izy mba hitady ny fanafody hanasitrany izany aretiny izany. Toy izao indrindra ny resany tamin' i Bina raha sendra nifanenaizy roa:

“Ny tantarako aloha, anaka, no tiako hatsidika kely aminao voalohany. Tsy Ingahy Fara no tena anarako, nefa mampaninona moa izany? Tao Antananarivo no nahaterahako, tao no nianarako, tao no nahazoako ireo diplaoma hitanao ireo, ary tao koa...indrisy! tao no nahitako ny mangidy indrindra, ka mbola ikarohako fanafana mandrak' izao...

Tsy maintsy hitako anefa ny fanafan' izy izay, anaka, hoy izy, sady nihenjana kely ny feony no namonkin- totohondry izy. Aretina mamely ny tanora loatra, mahafadiranovana ny lazondazony, ary misangisangy ny antitra aza, ka tsy maintsy reseko.

(...) Ny “fitiavana “, anaka, hoy Ingahy Fara. Ny fitiavana! Eny, ny fitiavana mpanakorontana ny fiainan' olombelona.

(...) Efa nanao fanandramana maro aho, hoy izy. Mahabe fanantenana izay efa hitako. Ireto rano samihafa loko anaty tavoahangy ireto no handreseko ity fitiavana, fitiavana ity. (...) (tak 29)

Fitiavana! Fitiavana! Nando ny fifaliako! Nanimba ny fiainako! Nofongorako hiala ato am-poko! ... ny fitiavana isankarazany no horeseko, hoy indray izy. Eran' ny fanosehana monja amin' ity rano menamena ity, dia hahafonana ny fitiavan- kavana. Indroany dia mahafoana ny fitiavan- dray aman-dreny. Ny fitiavam- bola anefa raha tsy impitony tsy mahasehaka mihitsy. Ary ny fitiavana mahadala, ny fitiavan' olon- tiana, raha tsy impitony mahery angaha tsy hahakosoka azy? [...] ireto vilany be ireto no mba ataoko solon' ny lalambika hikorohako ity “fanafody mamono fitiavana” ity, hoy izy. Ny alaben'ny tanala no ahitako ny karazan' ny fakan- kazo sy ravin- kazo ampiasaiko. Mino aho fa efa akaiky ny hanapahana ity “gadra” mangahy ny fon' ny olombelona ity.” (tak 30,31)

Tovovavy iray no nanimba ny fo amam- panahin' Ingahy Fara ka nahatonga azy hanao toy izany. Alohan' ny hanaovany fanandramana amin' ny tenany ihany, hoy izy, dia hohadinoiny avokoa aloha ny lasa rehetra. Ary anisan' izany ny sarin' ilay tovovavy nahavery fanahy azy.

“Anio alina, hoy Ingahy Fara, anio alina no hanaovako ny fanandramana farany. Ho tena olom-baovao anaka no ho hitanao rahampitso maraina fa tsy Ingahy Fara intsony” (tak 31), hoy izy raha namaramparana ny resany tamin' i Bina. Kinanjo nony maraina ny andro, dia ny fatin' Ingahy Fara no hitan' i Bina sy ny namany niampatra tao an-trano. Araka ny tantaran' ity lehilahy ity dia mankarary ny fitiavana, mampijaly ihany koa,... nefa ireo vahaolana naroso tany aloha ireo dia azo amahana izany fa tsy ny fanafody atelina akory. Hafa mihitsy ity karazana fitiavana iray ity, araka ny fanehoan' ny mpanoratra azy, noho izany dia arakaraka ny olana sy ny olona miatrika azy no ho antoky ny filaminana sy ny fiadanan- tsaina amin' ny fiainana azy. Etsy andaniny, mety ho zavatra tokony hatao, amin' ny karazan' olona sasany ny hitady vahaolana; fa etsy

ankilany kosa dia mety ho tena zava- tsarotra indrindra eo amin'ny sasany ny fiatrehany ny olan' ny fitiavany ka mety hiafara amin' ny famoizam- po sy famoizana aina ny tsy fahafahana miatrika izany olana izany.

Raha izany no zohina dia azo lazaina fa manana ny toetra mampiavaka azy ity karazam-pitiavana iray ity, dia ny fitiavana eo amin' olon- droa izany. Izany indrindra no hojerena manaraka eto.

1.3.1.3. Ny toetry ny fitiavana

Zavatra telo lehibe, nefa miavaka tsara no asehon' ny mpanoratra ato amin' ny tantara fa mety ho toetry ny fitiavana. Tsara homarihina fa misy ny fitiavana izay azo lazaina ho tsy tena fitiavana, fa fitiavana sarintsariny fotsiny ihany, vokatry ny haitraitra sy ny fanirian- dratsy ary ny filan- dratsy fotsiny (toy ny nataon-dRabery); fa misy kosa ny fitiavana tena fitiavana izay vokatry ny fo tokoa, ka izany indrindra no tena ifotoran' ny fanadihadiana .

Araka ny efa voalaza tany aloha dia misy ny fotoana maha tsara ny fitiavana ary misy ny fotoana maha- ratsy azy. Ao anatin' izany, tsara hohamafisina eto, fa ny tena fitiavana dia tsy resin' ny fotoana sy ny elanelan- tany. Faharesena ny fitiavana amin' ny lafiny iray, hany ka mankarary ary mety hiteraka fahafatesana na famoizam- po ho an' izay ianjadiany. Nefa koa, amin' ny lafiny iray , dia fandresena ny fitiavana ka mety hiteraka fahombiazana tanteraka ho an' izay miaina

a. Ny fitiavana dia tsy resin' ny fotoana sy ny elanelan- tany/ ary tsy resin' ny fiaraha-monina.

Toy izao no namaranan' Ikemba ny taratasiny raha nanoratra tamin' i Bina izy nandritra iny fotoana nampisafotofoto ny sain' i Bina iny: “... *Matokia, fa na mifafy aza ny balan' ny tsy tia, ary misoko mangina ny otrik' afon' ny fakam- panahy mamely ahy eto farafangana, manana anao ho vatolampy ifikiran' ny foko sy ny fitiavako aho, ka tsy manahy*”. (tak 51)

Ho an' Ikemba, na lavitra aza ny olon- tiany, na lava aza ny fotoana isarahany aminy dia tsy mampiova ny fitiavany velively izany. Tsy Ikemba ihany fa i Bina koa, satria, na dia nisy aza ny fisomparan' ny hafa ny fitiavan' izy roa, ka nampivadika an' i Bina dia mbola nitepo fitiavana an' Ikemba hatrany ny fony. Marina fa nandalo sedra sy fitsapana maro ireto mpifankatia ireto teo anivon' ny mpiara-monina sy ny manodidina azy, saingy, voatohitra hatrany izany, ary vao mainka aza nanamafy orina

ny fitiavany bebe kokoa. Izany no ahafahana manamafy hatrany fa ho an' i Auguste RAJON, ny tena fitiavana dia tsy mety ho resin' ny fotoana sy ny elanelan- tany. Raha nolazaina fa mety ho ratsy ny fitiavana ary mety ho tsara koa, dia azo lazaina fa sady fandresena ny fitiavana no faharesena.

b. Fandresena ny fitiavana

Fandresena ny fitiavana raha mitondra fiovana lehibe ho amin' ny tsara kokoa eo amin' ny fiainan' ny olona iray. Indrindra raha ahafahana manohitra ny ratsy rehetra. Araka ny efa voalaza dia tovovavy nitoeran' ny hatsarana Ikemba, noho izany, dia saika naniry azy ny tovolahy tao Farafangana sy Vohipeno. Efa niraikitra tao am- pon' ity zazavavy ity anefa ny fitiavany an' i Bina ka tsy nisy nampiraika azy intsony ny hafa rehetra. Nisedra olana sy fitsapana maro izy roa ireo, nefa noho ny fitiavana, tena fitiavana, nifamaly tao am- pony dia resiny avokoa izany rehetra izany. Ny fitiavana, araka izany, dia mandresy ny fakam- panahy sy ny asan' ny ratsy rehetra.

Raha nihevitra i Bina fa tsy hanambady an' Ikemba intsony, satria nanitsakitsaka ny fahadiovany ity zazavavy ity, dia hoy i Fatakamana: *“voadion' ny fo mibebaka ihany ny lasa, ry ise, fa ny heloka itsorana mody rariny.”*(tak 50) Tratra fanindroany tamin' i Zozefina i Bina ka nisaraka indray. Tsy nisy dikany tamin' i Fatakamana ireo olana napetrak' i Bina ireo fa aminy dia ny fitiavana no ambony indrindra, ka na ny heverin' ny sasany fa fahadisoana lehibe indrindra aza dia resin' ny fitiavana avokoa. Aminy dia fandresena ny hatezerana ny fitiavana, ary fandefarana ihany koa.

Fa na Rabery na i Zozefina dia samy nanarin' ny fitiavana avokoa ka afaka nandresy ny fahazaran- dratsy. Raha nilomano tao anatin' ny filalaovana vehivavy ity voalohany tany aloha, dia nilalao tao anatin'ny filan- dratsin'ny lehilahy kosa ity farany. Nony nifanena tamin' i Bina i Zozefina vao tena nahatsapa ny tena fitiavana tao anatin'ny hany ka nanomboka niala tamin' ny fahazaran-dratsiny. Nony nifanena tamin- dRamatoa Razafy kosa Rabery dia nahita ny tena fitiavana ka afaka nanadino ny ratsy fanao fahiny. Fandresena ny fitiavan- tena sy ny toetra ratsy ary ny fahazaran- dratsy ihany koa ny fitiavana. Mety ho faharesena ihany koa anefa izany fitiavana izany.

d. Faharesena ny fitiavana

Faharesena kosa ny fitiavana, ho an' i Auguste RAJON, raha toa ka mamela takaitra sy mitondra voka- dratsy eo amin'ny fiainan' izay miaina azy. Ohatra lehibe maneho izany ny nahazo an' Ingahy Fara. Resin' ny fitiavana izy ka tsy te hiherika izany intsony, niteraka famoizam-po tao anatin'ny izany ary niafara tamin' ny

fahafatesany aza. Ratsy ny fitiavana taminy, satria, nahitany ny mangidy indrindra teo amin' ny fiainany, ary nampilavolefona azy. Mahery ny sedram- pitiavana araka izany ka izay tsy mahazaka azy dia ho resiny.

Araka ireo voalaza teo aloha ireo dia azo lazaina fa manana ny anjara toerany na ny anjara asany lehibe eo amin' ny fiainan'ny zanak' olombelona ny fitiavana

1.3.1.4. Ny anjara toeran' (ny anjara asany) ny fitiavana araka ny ahitana
azy ao amin' ny tantara foronina BINA

Ankoatra ny maha fitaovana fampitomboana ny taranaka azy dia fitaovana enti- mandamina ny fiaraha-monina koa ny fitiavana.

a. Fitaovana enti- mandamina ny fiaraha-monina ny fitiavana

Raha ny toetran' ny fitiavana no itarina dia hita fa sady mpandamina ny fiaraha-monina ny fitiavana no mpandrava ihany koa. Raha vao miresaka anjara toerana anefa dia mazava ho azy fa ny zava- tsoa entin' ny zavatra iray no tiana hasongadina.

Azo lazaina fa mpifankatia niaina tao anatin'ny fitsapana maro raha i Bina sy Ikemba, raha ny nataon- dRabery sy Ibaomaria taminy no iverenana dia tsy tokony nifandray tamin' ireo olona ireo sy ny taranany intsony izy mivady ireto. Tsy izany anefa no nitranga fa ny fitiavana niainan' izy roa ireo dia tsy nataony ho zava- poana teo imason' ny manodidina, fa nifampizarany ary nanehoany ny fahamendrehana sy ny fifandeferana mba ho fianatry ny hafa. Tsy nitana alahelo tamin- dRabery i Bina sy Ikemba, ary izany dia niantraika tamin' ny manodidina azy. Lasa nahazo namana hiaramiatrika ny fiainana aminy Ramatoa Razafy, ary lasa nahazo olon- tiana tiany sady tia azy i Fatakamana. Tsy izay ihany aza fa nanova ny toetra ratsin' ireo olona ireo ny fahadiovam- pon' ireto mpifankatia ireto. Mpifankatia filamatra, mahay mandanjalanja ny fihetsika, mahay misintona lesona, ary mahay mampita lesona amin' ny manodidina ihany koa. Ny mpifankatia toy izany dia antoky ny filaminan' ny fiaraha-monina. Mpifankatia anisan' ny nikoizana koa Rabery sy Ramatoa Razafy. Asa aloha izay mbola ho toetran- dRabery raha tsy nifanena ny fitiavan' izy sy Razafy! Ny fantatra fotsiny dia ny fifanojoan' ny fitiavan' izy roa no nahatonga an- dRabery hiara- hipetraka tamin- dry Bina. Taty aoriana dia toa rava ny tsy fahatokisan' ny olona an'ity lehilahy ity noho ny fiovany, raha vao tafaraka tamin- dRazafy izy. Lasa fianatry ny manodidina ny fiainan' izy mivady ireto, satria, na efa antitra aza izy ireo dia tsy nitsahatra nanaporofo tamin'ny fiaraha-monina ny fiovany sy ny fahaizany mampiaraka ny fitiavany.

“Raha mba tsaratsara Rabery sy Ramatoa Razafy, dia indreny mivoaka. Ho aiza moa? Andao hozohina ny diany: Ramatoa Razafy manjokozoko mitondra kitapo kely Ingahy Rabery mikotrifatrifaka amin’ny tehina mivimbina boky. Indreny izy mivady miditra amin’ny tranokelin’ ny Antaimoro mbola mitoky amin’ny sampy sy ny ody. Indro Ingahy Rabery nanokatra ilay boky masina novimbiny. Mafana aoka izany ny fony mamaky andalana vitsivitsy ao. Mirotsaka ny ranomasony eo am- panazavana izay teny nofidiny hakana anatra tsotsotra.

Ny tenany no ataony ohatra, ny nanjo azy no akany fananarana,... vao mainka mampitombo ny hamamian-koditr’ izy mivady izany, ary nahataomany olona maro hanaraka ilay lalan’ny fibebahana nahazoany vonjy tamin’ i Jesosy Tompo.” (tak 101). Nandamina ny tsy fitoviam-pinoana tao amin’ny faritra nisy azy ny fahaizan’ izy mivady ireto nifankatia.

Fa samy miaiky kosa ny tsirairay fa ny fitiavana dia fitaovana iray entina mampitombo ny taranaka.

b. Fitaovana enti- mampitombo ny taranaka ny fitiavana.

“Manodidina ny fasan’ izy telo mianaka (Zozefina sy Rabery ary Ramatoa Razafy) ao vohipeno izy efatra mianadahy: Bina sy Ikemba ary Fatakamana sy Raozy. Iny ilay andro voalohan’ ny novambre, ilay daty kely ahatsiarovana loatra ny ngidin’ny famoiza- malala. Fohazin’ iny lahy ny alahelo ka toa manjombona hatramin’ ny lanitra. [...] (tak 114)

... soa ihany fa ny fanahy tsy voagehin’ ny satan’ ny tany, manana fanantenana manokana !... Eo vao mba velombelona kely, mitsikitsiky ihany.

Toa izany indrindra no nanjo azy efatra mianadahy tamin’ iny fotoana iny, ary mbola ho niondrika teo ihany izy raha tsy injay feon- jaza mitomany! Feo sady mampalahelo no mahafaly. Indray niherika Ikemba sy Raozy. Indray niontana ny fon- dreny be fitiavana. Indray nitsiky sy nihomehy anefa nony nahita ny mpiasany nitroto zazakely roa toa kambana: izato endrika kely toa misanasana vava! Izato maso mikiipy velona! Izato ranomaso migororoana! Izato tanana dofodofoka mamonkin- totohondry! Sady mahatsikaiky no mahafinaritra no mampalahelo. (tak 115)

Samy namonjy nandray ny zanany Ikemba sy raozy. Bina sy Fatakamana kosa samy nitehatehaka nampangina ny azy. Nijanona ny fitomaniana sy ny kiakiaka nony nahazo sakafo antonona azy izy dahy kely.”(tak 115)

Na i Bina mivady na i Fatakamana mivady dia samy nahazo tombontsoa tamin'ny fifankatiavana avokoa. Niteraka zazalahy i Bina sy Ikemba, ary niteraka zazavavy i Fatakamana sy Raozy.

1.4. Fehiny

Nanehoan' ny mpanoratra izany rehetra izany fa mahavita zavatra ny fitiavana, ary na dia misy aza ireo voka-dratsy ateraky ny fitiavana dia vokatry ny tsy fahaizana mitantana azy izany. Raha ny tena marina, raha mahay mifankatia ny olona roa, ary raha tena fitiavana marina no mifanojo fa tsy vokatry ny rendrarendra fotsiny ihany, dia tsy tokony hiteraka zava- dratsy ny fitiavana. Ilana toe-tsaina vonona tsara hiatrika ny zava-misy izany, ary ilana fandefarana ihany koa, satria, raha ny hita ao amin'ny tantaran' i Bina dia sarotra ny miaina ao anatin' ny fitiavana ka mila mitandrana tsara raha te hampaharitra azy. Fa mety ho hafahafa kokoa ny fahitan'i E.D. ANDRIAMALALA ny atao hoe fitiavana, ka andeha hojerena indray ny heviny ao amin'ny *FOFOMBADIKO*

Fizarana faharoa

FANADIHADIANA NY TANTARA FORONINA
FOFOMBADIKO

Toy ny natao teo amin'ny fanadihadiana teo aloha ihany dia tsara raha jerena ny karanondron'ny boky alohan'ny hidirana amin'ny vontootin'ny fanadihadiana.

2.1. Ny mombamomba ny boky.

Boky nosoratan'i E.D.ANDRIAMALALA, tamin'ny taona 1954, navoaka tamin'ny taona 1962. Izany hoe nosoratany teo amin'ny faha 36 taonany.

2.1.1. Ny endriky ny boky

Boky mifono maitso, mirefy 17,5/11,5cm, misy takila 222 mandrafitra azy. Eo amin'ny fonony no ahitana ny anaran'ny mpanoratra, tsy iza izany fa i E.D.ANDRIAMALALA, eo ankavian'izany dia misy ny sary famantarana ny Librairie Mixte, izay namoaka ny boky. Mbola hita eo amin'izany koa ny sarin'ny tanànan'Andekaleka sy ny mponina ao aminy. Ery amin'ny tapany ambany indrindra kosa no nametrahan'ny mpanoratra ny lohatenin'ny boky hoe: *FOFOMBADIKO*.

Manaraka izay dia misy takelaka fotsy iray izay inoana fa natao hiarovana ny boky. Aorianan' io dia misy pejy iray amerenana ny anaran'ny mpanoratra sy ny lohatenim-boky. Pejy iray ahitana ny mombamomba ny loka azon'ity boky ity no manaraka azy ao. Toy izao izany soratra izany: *“tantara nahazo ny loka natolotr'Andriamatoa AKBARALY DAOUDBHAY tamin'ny fifaninanana 1962”*

Takila 5 be izao kosa no natokana ho an'ny teny fanolorana nataon'i Charle RAVOAJANAHARY. Averiny amin'ny pejy iray indray avy eo ny lohatenim-boky, ary amin'ny sora-baventy izany. Ao amin'ny pejy faha 19 vao manomboka ny tena tantara ary mifarana ao amin'ny pejy faha- 212.

Aorian'ny tantara dia mbola ahitana izao soratra izao: TOAMASINA 1954

ANTANANARIVO 18-5-62

Tsy hadinon'ny mpanoratra ny nanokana takila efatra hanazavana ireo teny na fehezan-teny na andian-teny sarotra sy manan-danja ao anatin'ny tantara, miaraka amin'ny takila nahitana azy. Ao amin'ny takelaka farany no ahitana ny sary milazalaza ny amin'ny “Librairie Mixte” nanonta ny boky.

Araka ireo dia hita fa nezahin'ny mpanoratra izay hahamora ny famakian'ny mpamaky ny asa sorany. Voarindra hatramin'ny endrika ivelan'ny asa soratra, ary

mbola ho hitantsika ihany koa ny fanehoany ny vontootin'izany asa soratra izany. Marihina fa misy fizarana 14 miavaka tsara, nefa mifampitohy ao anatin'ny tantara, ka samy manana ny lohateniny avy ireo fizarana ireo. Eo amin'ny takila ankavanana hatrany no anombohany ny fizarana, ary tsy mihoatra ny 8 takila ny fizarana iray, sady 2 takila farafahakeliny

Tiana ihany koa ny hamintina fohifohy ity tantara mitondra ny lohateny hoe *FOFOMBADIKO* ity mba hahafahana manaraka akaiky ny fanadihadiana izay hatao manaraka eo.

2.1.2. Famintinana ny tantara

FOFOMBADIKO, nosoratan'i EDA

Tanora roa, izay efa samy nandalo fiainana no nampihaonin'ny kisendrasendra tao Andekaleka (toerana iray any amin'iny faritanin'i Toamasina iny) fa samy te hamohafoha ny talohany.

I Lisy zazavavy iray manam-pahaizana, efa nitia ary nianiana fa ny fitiavany dia tsy ho resin'ny fotoana sy ny elanelan-tany. Voalaza anefa fa maty io olon-tiany io, izay tsy mbola nifanatri-tava taminy akory, satria, tamin'ny alalan'ny taratasy nifandefasany no nifankatiavan'izy roa.

I Lala indray dia tovolahy manam-pahaizana, ary manana ny maha izy azy eo amin'ny sehatry ny asa soratra. Efa nitia koa izy, saingy, na toa kilalao maivana teo amin'ny olon-tiany ny fitiavany, na koa ravan'ny tsangan-kevitra noforonin'olombelona, dia ny finoana samy manana ny azy izany. Boboka izy ary izany no nahatonga azy tsy hino an'Andriamanitra indraindray.

Toy izany ny taloha izay nitambesatra tamin'i Lala sy i Lisy ka nahatonga ny fifanoheran-kevitra matetika teo amin'izy ireo taty aoriana.

Nifanindry tamin'ny raharahan'ny 1947 indrindra ny fifankalalan'izy roa tao Andekaleka, ary toa nisy hery nanosika azy hifanakaiky hatrany. Indray andro raha handeha hamangy ny namany fahazaza tany an'ala iny i Lala dia nanaraka azy tany i Lisy. Tamin'iny andro iny ihany dia nipoaka ny ady tany Moramanga izay nifanandrinan'ny Malagasy sy ireo miaramila Frantsay, hany ka tsy afaka niverina izy roa na dia andro iray ihany aza no saika nolaniany tany. Volana maromaro no nolaniany tany anaty ala tany niaraka tamin'ireo namany,

voatery nifampitonona ho mpivady aza i Lala sy i Lisy mba hanamora ny fandraisan'ireo namany azy. Tia an'i Lisy i Lala ary nilaza fa tia an'i Lala koa i Lisy, zavatra hafa anefa no niseho, satria, raha ady nifanandrinana ny fitiavan'izy roa dia azo lazaina fa resy alohan'ny fitsarana i Lala. Avelo tsy manan-kilema no notiavin'i Lisy teny aminy sy nanaovany fampitaha taminy, dia ny avelon'ilay olon-tiany teo aloha izany. Nanohitra tanteraka ny zavatra ny nofo i Lisy, tamin'ny fotoana nanorohan'i Lala azy voalohany anefa no nahatsapany fa tsy zava-poana ny nofo, ary nanomboka teo dia tena mpivady izy roa. Izany hoe, nanomboka teo dia sady niara-nipetraka izy roa, no nifankatia. Ary tao anatin'izany dia sady nisy fifandraisana ara-panahy teo aminy no nisy fifandraisana ara-nofo. Taorian'izany aza dia nitoe-jaza i Lisy. Nandray anjara betsaka tamin'ny ady sy ny famongorana ireo mpamadika tanindrazana tamin'ny 1947 i Lala sy i Lisy. Nisy fotoana ary, hadinon'i Lisy tanteraka ilay avelo ka niaina tao anatin'ny fitiavana safononoka izy roa. Tao anatin'izany dia toa niverina indray ilay avelo ka vao mainka nampisy elanelana teo amin'izy ireo, hany ka na dia teo aza ny zanaka niraisana dia tsy nahasakana ny fihetsik'i Lisy. Vaky vava i Lala ka nilaza fa, *“noheveriko hampody ny sainao ety ambonin'ny tany, ka hibanjinanao ny zava-boahary amin'ny endriny marina ny fananantsika solofo, kanjo tsy nampiraika anao akory ny fikitak'ilay rà iombonana ao an-kibonao...”* (tak 205). Tamin'ny fotoana nanadihadian'i Lala ny amin'io avelo io indray, izay efa nianianany tany aloha fa tsy hataony natobak'i Lisy tamin-katezerana teo anoloan'i Lala ireo tsiambaratelony (taratasy mirakitra ny sora-tanan'ilay olon-tiany) izay nafeniny hatramin'izay. Tamin'izay indrindra anefa no nahalalan'i Lala fa izy ihany io avelo tian'i Lisy io, ary ny fankafizan'i Lisy ny asa sorany no nahatonga azy hifanoratra ka nifamboraka fitia an-taratasy fahiny. Tsy te hifanatri-tava tamin'ity vadiny intsony i Lisy noho ny hatezerany ka tsy nisy na dia fotoana hanazavan'i Lala izany rehetra izany aza, ary dia niafara tamin'ny fisarahan'izy roa.

Tsy inona akory fa izany no nahatonga ity tantara *FOFOMBADIKO* ity, izay taratasy nosoratan'i Lala ho an'i Lisy, 20 andro taorian'ny fisarahany, hanazavany ny tena zava-nisy marina teo aminy.

Tantara bitsihina eo an-tsofin' ny olon-tiana, malefaka dia malefaka indraindray, tsaroana ho manindrantsindrona any am-po any koa anefa mazana.

2.2. Ireo singa samihafa mandrafitra ny asa soratra

Tsy inona izany fa ny mpandray anjara, ny habaka, ary ny fotoana.

2.2.1. Ny mpandray anjara.

Araka ny efa voalaza teo aloha dia hojerena ao anatin'ity fanadihadiana ny mpandray anjara ity ny anjara toerany, ny anarany, ny fiaviany, ny toetrany, ny farim-piainany, ny andraikiny, sns...

2.2.1.1. Ny mpandray anjara fototra

Misy roa ny mpandray anjara fototra ao amin'ny tantara foronina *FOFOMBADIKO*, dia i Lala sy i Lisy izany. Araka izao ahitana azy izao dia anarana Malagasy avokoa ny anaran'izy ireo. Manana ny fiaviany ireo mpandray anjara ireo fa tsy nataotaon'ny mpanoratra fotsiny amin'izao.

a. Ny fiaviany

Na i Lala na i Lisy dia samy avy eto Antananarivo avokoa. Voalazan'ny mpandinika mihitsy aza fa ny mpandray anjara fototra rehetra ao amin'ny tantara foronina nosoratan' ANDRIAMALALA dia saika avy aty afovoan-tany avokoa.²³

Raha zohina aloha ny tantara dia i Lala no tena mpandray anjara fototra voalohany ao, satria, ny tantarany nahatonga azy hifanena tamin'i Lisy no soratany ao amin'ilay taratasy. Azo omena laharana ao amin'ny mpandray anjara fototra faharoa kosa i Lisy, satria, niara-dalana tamin'i Lala hatrany izy ary mazava ho azy fa tsy nisy ny tantaran'i Lala raha tsy teo izy. Ny mpandinika ny tantara nosoratan'ity mpanoratra ity aza dia milaza fa ny tantara foronina nosoratan'i E.D.ANDRIAMALALA dia saika miorina amina mpandray anjara fototra iray avokoa. Porofon'izany, ireo mpandray anjara manakaiky indrindra ny mpandray anjara fototra ireo dia tsy dia soritsoritin'ny mpitantara loatra ny momba azy fa ataony amin'ny ambangovangony ihany. Matetika dia vehivavy ireo ary saika manana fifandraisana ara-pitiavana amin'ilay mpandray anjara fototra.²⁴ Toy izany i Lisy ao amin'ny *FOFOMBADIKO*, tsy mitovy toerana

²³ RATREMA William, *EDA, un écrivain à la charnière de deux mondes*, p 143 “*les personnages principaux des romans de EDA sont originaires des hautes- terres Malgache* ».

²⁴ RATREMA William, *EDA, un écrivain à la charnière de deux mondes*, p 166 : « *chaque roman de EDA est bâti autour d'un seul personnage. S'il en est ainsi, les autres personnages ne peuvent être que secondaires. Par conséquent, les informations que le narrateur nous donne à leur sujet ne sont toujours*

amin'i Lala izy saingy tsy azo sokajina ho anisan'ny mpandray anjara mpanampy ihany koa. Ny tiana hahatongavana amin'izany dia ny hoe , na dia samy nosokajina ho mpandray anjara fototra aza izy roa ireo dia misongadina kokoa i Lala, ary na samy avy eto Antananarivo aza izy roa dia voasoritsoritra manokana ny momba an'i Lala . Avy amina fianakaviana merina izy, saingy tany Toamasina kosa no nandaniany ny fahazazany. Fantany tsara iny faritra iny, ary manana sakaiza tanindrana izy izay vangiany matetika any amin'iny faritanin'ny Toamasina iny.

Raha samy merina i Lala sy i Lisy dia mba manao ahoana ny toetrany?

b. Ny toetrany

Araka ny voalazan'ireo mpandinika, ny mpandray anjara fototra ao amin'ny tantara foronina nosoratan'i E.D.ANDRIAMALALA dia saika tsy manana iray tampo avokoa, eo amin'ny toetra omeny azy no ahafahana milaza fa zaza tokana no tian'ny mpanoratra haseho. Tsy asehony ihany koa ny ray aman-dreniny.²⁵

Lala : hita taratra hatrany amin'ny fahazazany fa tovolahy be herim-po i Lala, porofon'izany ny tsy fanekenany ho resy rehefa manao fanenjika izy sy ireo namany fahazaza tany Toamasina. Fetsifetsy ihany koa izy ary manana risi-po amin'izay zavatra ataony. Hany ka na dia efa lehibe aza izy dia mbola tao aminy ihany izany toetra izany ; Na tany amin'ny ady aza dia ny hafetseny no tsy nandehanany nifanandrana nivantana tamin'ireo miaramila vazaha ka nahafahany nanohitra an'i Marolahy.

Tovolahy manam-pahaizana i Lala, ary nandranto fianarana tany ivelany izy.²⁶ Be fihetseham-po ihany koa ity tovolahy ity ka izany no nahatonga azy ho toa mino tsy

pas complètes. Toutefois comme les femmes sont les personnages les plus importants après les héros, nous disposons de données suffisantes pour tracer l'image de la femme en général dans l'oeuvre romanesque d'EDA. Pour la plupart , elles ont eu des relations sentimentales avec les personnages principaux

²⁵ RATREMA William, *EDA , un écrivain à la charnière de deux mondes*, p 156: « de toute façon, dans tous les romans de E.D.ANDRIAMALALA il n'est pas question de frère ou de soeur du personnage central. La famille se limite aux grands parents, aux parents de l'enfant unique. »

²⁶ RATREMA William, *EDA, un écrivain à la charnière de deux mondes*, p 160, « ce sont des êtres intelligents et d'une intelligence hors du commun à en croire l'auteur »

mino an'Andriamanitra izany, satria, tofoky ny fihetsik'ireo olon-tiany izay milaza fa tia an'Andriamanitra taminy izy. Araka ny tantara dia toa manankina ny fitiavany amin'ny zavatra ny nofo i Lala, ka matetika miteraka olana aminy sy ny olon-tiany izany. Mahagaga anefa fa toa izany toetrany izany no mampiraikiraiky ny tovovavy aminy. Marina mihitsy ny voalazan-dRATREMA William fa ny mpandray anjara fototra ao amin'ny asa soratr'i E.D.ANDRIAMALALA dia tsara tarehy, manan-karena, manam-pahaizana, sns ..., noho ireo toetrany ireo anefa no toa vao mainka mahasarika ny manodidina azy, indrindra ny vehivavy.²⁷

Tsy dia tia misehoseho ihany kosa ity tovolahy ity, ary na dia hita taratra fa manana ny ampy aza dia tsy mba misehoseho. Porofon'izany ny fanehoan'ny mpanoratra ireo entana tsotsotra tao an-tranony, raha tonga tao i Lisy. *“Mipetraha ianao! Hoy indray aho nanolotra seza tonta iray anao(...). Nitopy teny amin'ny fatankely ny masonao. Noraisinao ny ravim-boafotsy efa nangorovitsika dia nitady izay hisotroana azy ianao fa tsy nahita afa-tsy bakoly iray teo ambony kesika nihohoka. Tsy manana afa-tsy iny aho, hoy aho nihomehy, fa misotroa aloha ianao”*(tak 4). Tia namana i Lala ary tsy dia mba nanana ady tamin'ireo sakaizany izy fa saika nahazo fahafaham-po tamin'ny fifandraisany tamin'izy ireo.²⁸ Tsy azo hadinoina fa tia tanindrazana ihany koa izy, ary nasehony izany nandritra ny ady tamin'ny raharahan'ny 1947.

Lisy: tsy dia ahitana taratra ny fahazazan'ity tovovavy ity kosa ao amin'ny tantara. Nanomboka teo amin'ny fotoana nahalalany an'i Lala no nahitana fa tovovavy be fihetseham-po izy. Ny asa soratr'i Lala fotsiny, ohatra, dia ampy nitiavany ity tovolahy ity. *“Nisy tantara hafahafa niantefa teo ambany mason'ity tovovavy be vetsovetso iray, indray ndro, izay nanaitra azy mafy, ka nitarika azy hanatona mpanonta pirinty, mba hahalalany bebe kokoa ny amin'ilay nanao ny lahatsoratra... nanoratra ilay tovovavy,*

²⁷ RATREMA William, *EDA, un écrivain à la charnière de deux mondes*, p161, “Il n’y a rien de surprenant à ce que des individus aussi doués par la nature: beaux, riches, intelligents au coeur sensible se comportent en égocentriques dans la société. D’ailleurs, à cause des qualités que nous venons de citer ils ont un ascendant certain sur leur entourage.(...) les femmes sont attirées vers eux comme par une force magnétique qu’ils désignent... »,

²⁸ RATREMA William, *EDA, un écrivain à la charnière de deux mondes*, » p 164 “De ce point de vue le personnage principal de EDA n’a pas de problème avec ses amis. Par exemple, Lefandro se soumet à l’autorité de Lala dans Fofombadiko. Il obtempère chaque fois que ce dernier lui demande de faire quelque chose.

novalian'ilay tovolahy!///ary dia nanomboka teo ny taratazin'izy roa nifamoivoy.(...)nikisaka tsikeliksy hanjary fitiavana mantsy ny fifankahazoana am-po nisy teo aminy,...”(tak 207). Tsy vitan'izay fa vehivavy toy irony ambaran'ny olona fa tokam-po irony izy, satria, dia natokany ho an'ilay tovolahy nifanoratra sy nifankatia taminy voalohany ny fitiavany na dia tsy nifankahita maso aza izy roa. Ary na dia efa nisy nilaza taminy aza fa maty ilay tovolahy dia tsy maty tao am-pony ny fitiavany azy, hany ka na niezaka nitia olon-kafa izy dia ny avelon'ilay tovolahy ihany no notiaviny tao. *“avelon'olon-kafa ao ivohoko no tazanao raha manoroka ahy ianao(hoy i Lala), ary mbola “ izy” ihany no notiavinao teny amiko”(tak 24)*

Tovovavy tsara tarehy i Lisy, kristianina ary tia manankina ny fiainany amin'Andriamanitra. Izany no nahatonga azy hanankina ny fitiavany amin'ny zavatra ny fanahy. Izy no vadin'i Lala ary renin-janany. Mora mifandray amin'olona izy ary tsy miraviravy tanana eo anatrehan'izay zavatra tokony hataony. Araka izany, misy toetra iraisany ireto mpandray anjara fototra ireto, nefa misy toetrany mifanohitra ihany koa na dia iray fiaviana aza. I Lala rahateo moa tsy lehibe teto Antananarivo. Mba hahalalana bebe kokoa ny amin'izy ireo, tsara raha jerena ny fari-piainany sy ny andraikiny.

d. Ny fari-piainany sy ny andraikiny

Araka ny efa voalaza, ny mpandray anjara fototra ao amin'ny tantaran'i E.D.ANDRIAMALALA dia saika tokana, tsy manana iray tam-po, ary manana ny ampy avokoa. Toy izany koa i Lala ao amin'ny *FOFOMBADIKO*. Nalefa nianatra tany andafy izy, ary tsy ny zanaky ny olona rehetra akory no mahatakatra hampianatra ny zanany any toy izany. Mbola sekoly misiona koa aza no nianarany fahazaza: *“tsy izany ihany koa, fa izahay merina rehetra dia mpianatra tao amin'ny sekoly protestanta...”* (tak 58), hoy izy. Fantatsika fa i Lala dia mpanoratra, ary tamin'ny alalan'ny asa sorany no nahalalan'i Lisy azy. Ankoatr'izay dia tsy fantatra mazava izay tena asany; ny fantatra fotsiny dia ny hoe, mpitsabo ny vahoaka tany anaty ala izy nandritra ny ady tamin'ny 1947, izy rahateo moa efa nianatra momba ny fitsaboana tany am-pita na dia tsy tody hatramin'ny farany aza (tak96). Azo lazaina fa nivezivezy tokoa ity mpandray anjara ity talohan'ny nahatongavany tao Andekaleka. Voalazan'ny mpandinika aza fa niavaka ity tantara ity amin'izay lafiny izay raha oharina amin'ireo tantara maro

nosoratan'i E.D.ANDRIAMALALA.²⁹ Mpitovo izy tany am-boalohany, raha lasa raim-pianakaviana kosa taty aoriana.

Ho an'i Lisy indray dia vao mainka tsy fantatra izay tena asany. Marina fa nianatra tany am- pita koa izy saingy na ny fianarana nataony aza dia tsy fantatra. Nanampy an'i Lala tamin'ny fitsaboana nandritra ny ady no nataony, ary tsy nisaraka izy roa nandritra izany fotoana izany. Azo lazaina ihany koa fa tao anatina fianakaviana nanana ny ampy ity tovovavy ity raha ny lalana nizorany no dinihina. Nandritra ny fianarany tany andafy dia nanoratra ho an'i Lala hatrany izy na dia lavitra aza ny elanelana nisy azy.

Eo ihany ireo rehetra ireo fa andeha kosa horeshina ny amin'ireo anarana nomen'ny mpanoratra azy ireto mpandray anjara fototra ireto.

e. Ny momba ny anarana hoe Lala sy Lisy

Ny mpandinika dia milaza fa ny fanomezana anarana ny olona na zavatra iray no fomba tsotra indrindra ahazoa-manavaka azy amin'ny hafa” ary “tsy apetraky ny mpanoratra amin'izao ireny fa ezahiny ny hanome heviny ny anaran'ireny mpandray anjara ireny.³⁰ Noho izany, dia inoana fa izany koa no tanjon'i E.D.ANDRIAMALALA raha nanao ny anaran'ireto mpandray anjara ireto izy. Na izany na tsy izany dia misy dikany ny nanaovany ny anarany ho anarana gasy ; eo aloha ny maha Malagasy azy ireo, saingy, raha zohina ny tantara dia anarana ifanomezan'ny mpifankatia ny hoe Lala sy Lisy, ary ao amin'ny tantara aza dia izy roa ihany no nifanome anarana fa tsy fantatra izay tena anarany.

« Misy fotoana ahitako sarin'olon-droa eny aminao hoy aho(Lala) nibanjina anao. Ny voalohany dia (...) ary tiako homena anarana hoe : « Lisy »... (tak 64)

[...]Nefa ohatra ny misy hery manosika ahy (Lisy) ho tia anao, (...) sady te hiantso anao hoe “Lala”... (tak 65)

²⁹ RATREMA william, *EDA: un écrivain à la charnière de deux monde*, p 156: “Lala dans FOFOMBADIKO semble poser quelque problème à ce sujet. Rien ne nous permet de deviner sa véritable profession . tout ce que nous savons c’est qu’il a assuré la fonction de medecin au cours des evenements de 1947 ».

³⁰ WELLEK René et WARREN Austin, *La théorie littéraire*, Coll. Poétique, Ed du seuil, paris, P306 : « Le nom propre des personnages est le premier stade de leur individualisation »

Ireo andalana vitsy ireo dia manamarina fa i Lala sy i Lisy ihany no nifanome ireo anarana ireo fa tsy io no tena anarany. Araka ny efa fantatra dia niaina tao anatin'ny ady nifanaovana tamin'ny Vazaha ireo mpandray anjara ireo, noho izany, heverina fa mba hanavahana azy amin'ireo Vazaha ireo dia nampitondraina ny anarana amin'ny teny gasy ireo mpandray anjara Malagasy ireo.

Izay ny amin'ireo mpandray anjara fototra ireo fa misy ihany koa ireo mpandray anjara izay azo lazaina fa manakaiky azy ireo ka mahatonga ny tantara hiroso. Tsy iza izany fa ireo mpandray anjara mpanampy.

2.2.1.2. Ny mpandray anjara mpanampy.

Tsy mba vitsy toy ny mpandray anjara fototra kosa ny mpandray anjara mpanampy ato amin'ny tantara foronina *FOFOMBADIKO*. Misy maromaro izy ireo ary mizara roa miavaka tsara raha jerena ny fifandraisany amin'ireo mpandray anjara fototra. Ao ireo niara-dalana tamin'ny mpandray anjara fototra, toa an'i Lefandro, i Dokotera Raharo, Rahely, Tavaratra, Roger sy ny vadiny, sns...; ao koa ireo manohitra ny mpandray anjara fototra, ary azo lazaina fa fahavalony mihitsy aza. Anisan'izany i Marolahy sy ny namany, sns...

a. Ireo mpandray anjara niara-dalana tamin'ny mpandray anjara fototra

Mizara roa ihany koa ireo mpandray anjara ireo, dia ny mpandray anjara Malagasy izay mitondra ny anarana malagasy, ary ireo mpandray anjara Vazaha izay mitondra ny anarana vazaha mazava ho azy. Na dia eo aza anefa ireo fahasamihafana ireo dia hain'ny mpanoratra hatrany ny mampifandray azy ireo. I François MAURIAC aza dia nilaza mihitsy fa olona tena igagana ny mpanoratra satria afaka mifanindrandalana amina karazan'olona samihafa,³¹ ka afaka mampifandray izany fahasamihafana izany.

a₁. Ny fiaviany

Na ireo mpandray anjara Vazaha na ireo mpandray anjara Malagasy ireo dia samy niaina tany amin'iny faritra atsinanan'ny nosy iny avokoa. Na izany na tsy izany, dia misy ireo mpandray anjara Merina (ry i Dokotera Raharo mianakavy), ary misy kosa

³¹ François MAURIAC, *Le romancier et ses personnages*, éd. Buchet Chastel, Paris, 1993

ireo tanindrana (Lefandro, Tavaratra, Roger ...). Marihina fa nosokajina ho anisan'ny avy any Toamasina ireo mpandray anjara vazaha ireo, satria, hatramin'ny fahazazany dia efa tany no niainany. Samy manana ny toetrany anefa ireny olona ireny na dia samy nifandray akaiky tamin'ny mpandray anjara fototra aza.

a2. Ny toetrany

Mba hahalalana bebe kokoa ny aminy dia tsara raha jerena tsirairay izany.

Lefandro : Ity tovolahy ity no anisan'ny nanakaiky an'i Lala indrindra tao amin'ny tantara. Tsotra i Lefandro sady tia namana, ka hita taratra tamin'ny fihetsiny izany; izy ,ohatra, no niaro an'i Lala tsy hovanoin'i Marolahy nandritra ny ady. Ary araka ny efa voalaza dia saika nataony avokoa izay zavatra nangatahin'i Lala taminy. Niara-nitombo tamin'i Lala izy tany Toamasina ary na dia efa nisaraka ela aza dia mbola tsy nifanadino tamin'ity sakaiza fahazazany. Mbola tsy manam-bady i Lefandro. Izy no mitana ny laharana fahatelo raha alahatra ny mpandray anjara. Tsy mba nanana namana vehivavy mantsy i Lala fa saika lehilahy avokoa, ary i Lefandro no voalohany amin'izany. Araka ny voalazan'ireo mpandinika aza dia ny mpandray anjara fototra ao amin'ny tantara foronina nosoratan'i E.D.ANDRIAMALALA rehetra mihitsy no tsy mba manana namana vehivavy.³²

Roger: Miavaka kosa ity mpandray anjara iray ity noho izy vazaha nefa manana fomba fiaina malagasy. Tsotra ihany koa izy ary tia namana, hany ka na dia vazaha aza dia nanao izay fara heriny nanavotana an'i Lala teo am-pelantanan'ireo vazaha namany. Fantany rahateo koa moa ny soa vitan'i Lala tamin'ny vadiny nandritra ny ady ka niezaka namaly izany izy. Tsy mba anisan'ny nandray anjara tamin'ny famonoana Malagasy izy na dia nisy aza ireo toa azy nanao izany. Manana rahalahy iray atao hoe Maxim i Roger ary samy lehibe tany Toamasina izy ireo.

Rahely: Tsy misy mahalala ny fahazazan'ity tovovavy ity ihany koa, fa araka ny tantara dia misy 4 mianadahy izy ireo. Kambana Rahely ary izy no zokiny. Merina ny rainy sy ny reniny, saingy, ny asany no nahatonga azy honina tany amin'ny faritanin'ny Toamasina iny. Tovovavy tsara tarehy, tsotra ary manam-pitiavana izy. Porofon'izany

³² RATREMA William, *EDA: un écrivain à la charnière de deux monde*, p173 : “Après les femmes ce sont les amis des personnages principaux qui occupent la troisième place dans les romans de E.D.ANDRIAMALALA. Nous avons bien dit « amis » au masculin car les héros de E.D.ANDRIAMALALA n'ont jamais eu des relations purement amicales avec les jeunes femmes. »

ny nahafaizany ny ainy nanavotany an'i Lala izay efa olon-tiany sady mbola tiany rahateo. Tsy dia mba be resaka loatra, nefa tsy mba miavonavona, toa olona malahelohelo lava izany aza indraindray, ary angamba ny fahafatesan'ny reniny sy ny anadahiny nandritra ny ady no nahatonga izany. Dokotera ny rainy, dia Raharo izany.

Raharo: Araka ny efa voalaza dia izy no rain-dRahely. Raim-pianakaviana azo lazaina fa nitondra takaitra tamin'ny ady raha Raharo. Noho izany dia toa olona malahelohelo lava izy , ary izany aza no toa nahatonga azy tsy hino an'Andriamanitra intsony. Amin'ny lafiny iray koa anefa dia azo lazaina fa ny fananany herim-po no nahafahany nitondra ireo zanany sisa ireo nandositra.

Tavaratra: Tovolahy tanindrana i Tavaratra, ary anisan'ny azo lazaina fa namana akaiky an'i Lefandro. Tovolahy be fitiavana izy ary be herim-po ihany koa.

a₃. Ny fari-piainany sy ny andraikiny

Lefandro : na dia niara-nianatra aza i Lala sy i Lefandro tamin'ny fahazazany dia tsy mba tafita tamin'ny fianarany ity tovolahy ity. Nanabe voho ny tany ambanivohitra izy noho izany, ary nivelona tamin'ny asa fambolena. Tsy azo lazaina ho nanana izy nefa tsy azo sokajina ho mahantra ihany koa, araka izany dia tafiditra ao anatin'irony manana ny fari-piainana antonony irony i Lefandro. Tia tanindrazana izy ary azo lazaina fa mahery fon'ny 1947 mihitsy aza raha izay no mety hilazana azy. Izy no mpitari-tolona nandritra ny ady, ary tsy vitan'ny hoe nifanandrana mivantana tamin'ny vazaha ihany izy fa mbola niantoka ny famelomana ireo vahoaka maro niafina tany anaty ala ihany koa. Tsy nisara-dalana taminy i Tavaratra tamin'izany

Tavaratra : Toa an'i Lefandro ihany, azo lazaina fa manana ny fari-piainana antonony i Tavaratra na dia tsy tena nahitana izay mombamomba azy aza tao amin'ny tantara. Ny fahavitrihany dia ampy ilazana fa tovolahy tia karokaroka izy ary tsy mba irony manaiky ny fahantrana irony. Araka ny efa voalaza dia niara-dalana tamin'i Lefandro hatrany izy, ary izany dia midika fa anisan'ireo tia tanindrazana ity tovolahy ity.

Ankoatr'ireo dia misy ireo mpandray anjara mpanampy tsy voatanisa teo, satria, tsy dia nanana anjara betsaka tao amin'ny tantara. Anisan' izany, ohatra, ry: Maxime(rahalahin'i Roger, ary naman'i Lala fahazaza), ny vadin-dRoger (vehivavy bevohoka izy no tonga teo anatrehan'i Lala ary ity farany no nampiteraka azy).

Fa azo jerena ihany koa ny mombamomba ny anaran'ireo mpandray anjara mpanampy ireo.

a4. Ny mombamomba ny anarany

Tsy dia misy zava-dehibe ankoatr'ny hoe manavaka ny fiavian'ireo olona ireo ny anarana nomen'ny mpanoratra azy. Ny hoe **Lefandro** sy ny hoe **Tavaratra**, ohatra, dia milaza fa avy any anindran-tany izy ireo, ary tsy misy anaran'olona avy aty afovoan-tany toy izany. Ny hoe **Raharo** sy **Rahely** kosa dia milaza anarana avy aty afovoan-tany. Ary mazava ho azy fa ny anaran'i **Roger** sy **Maxime** dia mitory ny maha Vazaha azy.

Ankoatr'ireo dia misy ihany koa ireo mpandray anjara nanohitra ny mpandray anjara fototra.

b. Ireo mpandray anjara nanohitra ny mpandray anjara fototra

Ao anatin'ny tantara *FOFOMBADIKO* dia vitsy kokoa ireo mpandray anjara mpanampy nanohitra ny mpandray anjara fototra raha oharina amin'ireo niara-dalana taminy. I Marolahy no tena lohany tamin'izany

Marolahy: Tovolahy ranjanana, maherihery setra, ary tia manampatra fahefana. Tanindrana ihany koa izy, saingy tanindrana fetsifetsy sady tia vola. Izany fitiavam-bola tao aminy izany no nahatonga azy hamadika tanindrazana. Mpitarika ny mpikomy no nahalalana azy nefa niafina tao ambadik'izany anarana izany fotsiny izy fa ny hamono ireo Malagasy namany ary ny hitsikilo izay iafenan'izy ireo no tena asany. Izy ilay ambaran-dRATREMA William hoe mpamadika, na mpandray anjara manao izay mifanohitra amin'izay heverin'i E.D.ANDRIAMALALA ho tonga lafatra, na eo amin'ny lafiny ara-batana na eo amin'ny lafiny ara-tsaina.³³ Ankoatr'ireo mpandray anjara mpanampy ireo dia misy koa ireo mpandray anjara natao ho haingon'ny tantara fotsiny. Sehatra vitsivitsy ao amin'ny tantara no andraisan'izy ireo anjara, ary saika tsy nomen'ny mpanoratra anarana mihitsy fa tononiny amin'ny ankapobeny. Tsy voatery ho olona ihany koa ity karazana mpandray anjara ity fa mety ho zavatra, na biby, sns... ilaina anefa ny fisian'izy ireo ao mba hampiroso sy hanaingo ny tantara. Izany no nanomezana anarana azy ireo hoe mpandray anjara ravaka.

³³ RATREMA William, *EDA, un écrivain à la charnière de deux monde*, p 176 : « *Traître: le personnage qui représente le contraire de ce que EDA considère comme « l'homme idéal sur le plan physique et intellectuel »* »

2.2.1.3. Ny mpandray anjara ravaka

Maromaro izy ireo ka hotanisaina araka izay fomba nilazan'ny mpanoratra azy.

Ilay tovovavy mpaka sy mpanatitra ny taratasin'i Lisy taloha: azo lazaina fa namana akaiky an'i Lisy izy, ary raha tsy ny fahitan'i Lala azy sy ilay tovolahy namany nitondra ny taratasy nosoratany dia tsy ho toy ny hita ao amin'ity boky ity ny tantaran'i Lala sy i Lisy. Noho izany, dia azo lazaina fa manana anjara lehibe tamin'ny fampirosoana ny tantara ity tovovavy ity.

Ireo mponin'Andekaleka: Ao anatin'izany ireo tovovavy mpatsaka, sy izay rehetra nahita an'i Lala sy i Lisy, satria, ireo no vavolombelona napetraky ny mpanoratra hanamarina amin'ny mpamaky ny fihetsik'izy roa ireo.

Ireo miaramila Frantsay sy Senegaly: Izy ireo no nifanandrina mivantana tamin'ny Malagasy teto. Masiaka izy ireo, ary nandripaka aina Malagasy maro. Nampivelatra ny tantara ny fisiany, satria, ny fanenjehan'izy ireo ny vahoaka Malagasy hatrany anaty ala no nahatonga an'i Lala sy i Lisy ho tafajanona tany. Nanana namana malagasy izy ireo ary anisan'izany i Marolahy. Ny fananany vola no nahafahany nanakarama ireo malagasy sasany hamadika ny tanindrazany.

Ireo vatan-dehilahy Malagasy nifanandrina sy nanohitra ireo miaramila vazaha sy Senegaly, ka nahatonga ny ady ho ela vao nitsahatra.

Ireo vahoaka nandositra tany anaty ala ka nahatonga an'i Lala sy Lisy handray ny asan'ny dokotera noho ny aretina nahazo ireo vahoaka ireo. Singanina manokana amin'izany ilay tovolahy notapahin'i Lala tongotra, sy ny vadin'i Roger izay nanehoan'ny mpanoratra ny traikefan'i Lala nandritra ny fianarany ho mpitsabo. Ireo ihany koa no nahatonga azy ho voampangan'ireo mpanjanaka ka nampigadra azy rehefa tonga tany an-tanan-dehibe.

Ny kambana tamin-dRahely sy ny zandriny ary ny reniny izay maty novonoin'ireo manam-pahefana Frantsay. Ny fisian'izy ireo sy izany tantarany izany no nahatonga an'i Lala sy Rahely hifankahita indray.

Sns....

Raha fintinina dia tsy misy mandeha ho azy ireo mpandray anjara ireo fa misy ifandraisany mivantana na an-kolaka avokoa. Ny fiaraha-miasa, ny fifanolanana, sns ... misy eo amin'izy ireo no mampiroso ny tantara. Misy anefa ireo manakaiky kokoa ny

mpandray anjara fototra ary misy kosa ireo manohitra azy. izany rehetra izany dia manamarina ny zava-misy eny amin'ny fiainana andavan'andro eny, izay ifamahofahoan'ny fifanarahana sy ny fifanoherana. Tsara homarihina koa fa maty ny mpandray anjara mpanohitra ny mpandray anjara fototra any amin'ny faran'ny tantara.

Raha izay ny amin'ireo mpandray anjara ireo dia andeha ny fijerena ny habaka ao anatin'ity tantara ity indray no hanohizana ny fanadihadiana.

2.2.2. Ny habaka ao amin'ny tantara foronina FOFOMBADIKO

Manana traikefa amin'ny fikirakirana ny habaka ao amin'ny tantara foronina ny mpanoratra ity tantara ity , dia i E.D.ANDRIAMALALA izany. Hainy ny mametraka ireo mpandray anjara ireo eo amin'ny toerana tokony hisy azy, hany ka mamelombelona ny tantara izany, no sady manampy amin'ny fanarahan'ny mpamaky ny lalan-kizoran'ireny mpandray anjara ireny. Araho ange ny fanehoany izany e!

2.2.2.1. Ny toerana ara-jeografia.

Ho hita ao anatin'izany ny toerana misy voafaritra mazava sy ny toerana tsy voafaritra mazava.

a. Ireo toerana tsy voafaritra mazava

Ao amin'ny tantara FOFOMBADIKO dia nomen'ny mpanoratra anjara toerana ireny toerana tsy dia voafaritra mazava ireny, satria, na amin'ny fiainana andavanandro aza dia fampiasan'ny olona ny toy ireto hotanisaina manaraka eto ireto, hany ka manome endrika azo inoana ny tantara ihany koa:

Tao an-trano, teny amin'ny lalam-by, teo an-tokontany, teo amin'ilay dongona, teny an-dalana, teo an-davarangana, any amin'ny toerana misy fanjakana, teny amoron-drano, tany anaty ala, tany ivelany, teny am-pandosirana, ao anaty bozaka, ao anaty lozoka, tany an-tranomaizina, sns...

Maro dia maro izy ireny, saingy, tsy ary ho voatanisa avokoa. Ireo dia maneho fa tia mampiasa ity karazana habaka iray ity ny mpanoratra. Ireto misy ohatra vitsivitsy maneho izany, izay nalaina tao amin'ny tantara:

I-Ilay ora mpanova: “...Nijoro naharitra teo an-tokonana aho sombinaiko(...) Teo amin'ny toerana nitantanako anao [...] tsy sahy nijery anao nandefa nofinofy teo an-davarangana akory aho...” (tak 21)

IV- Ratram-panahy: “Koa tovolahy tsy miraharaha izay masina indrindra amin’ny olombelona, dia Andriamanitra sy ny fitiavana no mivoaka maneno akoho ny vohitra kely, tamin’iny indray maraina iny, nanaraka ny lalam-by mianavaratra. [...] Nitety ny tsivalan-kazo nipetrahan’ny lalam-by aho. [...] Indreny ny lalan-kelin’ny mpanjono orana fa mikorisa teo ambonin’ny renirano mbola somambisamby.[...]”, (tak 34)

V- Izaho sy ianao: “Tsy hitahtitako dia tafarina teo am-pandriana aho, ary mbola tsy hitahitako ihany koa no nivoaka ny trano. [...] ary ianao koa nisisika teo an-tratrako sady nisarika ahy hipetraka teo ambony dongona.” (tak 40)

IX- Lefandro: “(...) Fa ry zareo nahatozo hatramin’ny farany, ary ny anay notohizana fiandrasana omby taty ambanivohitra. [...] ny tranoko koa tokantranon-dahy tsy azoko aseho vahiny ka aoka angaha ny fanalahidin’itsy tranoko iray itsy no halaiko vetivety hivantananareo!...” (tak 71)

X- Tavaratra: “(...) Kanjo tarehy mirana misoritra sombin’alahelo kely no nasehon’ny hazavana napariakan’ny jiro solitany narehitrao teo ambony latabatra. (tak 77)

XXII- Valifaty: “Nosaronako ny lohako, dia nitsotra soa aman-tsara teo am-pandriana aho (lala). (tak 149)

Injany henoko ny fitolokon’ily vehivavy (ny vadin’i Roger) tao amin’ny trano heva...” (tak 149)

XXVI- Rahely: “Renirano kely iray izay tsy maintsy tohin’ily nandalo eo atsinanan-tranon- dry Lefandro fahiny no mikoriana teo akaikin’ny toby. (tak 172)

XXVII- Ny tantanana sy ny riandriana: “Izao no izy, hoy aho,... Iny sisin-dohasaha iny ihany no harahinareo, fa ao alohaloha ao misy lava-bato azo iafenana...” (tak 176)

Rehefa nodinihina, ny ankamaroan’ireo toerana rehetra ireo dia toerana falehan’ny olona isan’andro ihany, saingy nampian’ny mpanoratra ny fahaizany mandoko dia toa manaitaitra ny mpamaky, sy manome endrika hafa tsy toy ny andavan’andro ireny toerana ireny. Ny mpisolo manondro, sy ny mpisolo toerana toy ny: teo, tao, eo, iny, taty, itsy, sns... no tena ampiasain’ny mpanoratra miaraka amin’ireo toerana ireo. Ireo rehetra ireo no lazaina fa toerana tsy voafaritra mazava, saingy, azo inoana sy azo vinavinaina ho misy. Ankoatr’ireo dia ao koa ireo toerana tena nasongadin’ny mpanoratra ary nanomezany fanoritsoritana mba hahafahan’ny mpamaky maka sary an-tsaina izay tena endriny. Toerana tena misy izy ireny ao

amin'ny tantara *FOFOMBADIKO* ary fantan'ny mpanoratra tsara raha ny tantaram-piainany no jerena.

b. Ny toerana misy sy voafaritra mazava.

Azo sokajina ho roa mazava tsara ireo toerana misy sy voafaritra mazava ireo ao amin'ny tantara foronina *FOFOMBADIKO*, dia ny faritra eto afovoan-tany, sy ny faritra any anindran-tany. Izany hoe ny faritra manodidina an'Antananarivo sy ny faritra manodidina an'i Toamasina. Raha atao kisary kely aloha ireo toerana nizoran'ny mpandray anjara fototra ao amin'ity tantara ity dia toy izao:

Lala: Toamasina ----- Antananarivo ----- tany ampita----- (-----)-----

Andekaleka-----Antananarivo

Lisy: Antananarivo -----tany andafy----- (-----) -----

Andekaleka----- Antananarivo

Raha adika ireo kisary ireo dia toy izao:

Tany Toamasina no nitoeran'i Lala nandritra ny fahazazany, taorian'izay dia nonina teto Antananarivo indray izy vao nanohy ny fianarany tany andafy, ary niverina teto indray. Nisy fotoana izy naka rivotra tany Andekaleka vao niverina teto Antananarivo.

Teto Antananarivo kosa no nahalehibe an'i Lisy vao nianatra tany Andafy izy. Noy tonga teto izy dia mba niala sasatra kely tao Andekaleka, ary taorian'io dia tafaverina teto Antananarivo indray.

b₁. Ireo toerana manodidina an'Antananarivo:

Anisan'ny toerana nofidin'ny mpanoratra hanorenany ity tantara ity ny renivohitr'i Madagasikara. Raha miresaka an'Antananarivo manokana aloha izy dia toa tsy dia be resaka, hany ka hita fa toa te hanoritsoritra ny toerana niavian'ny mpandray anjara fotsiny ihany; fa raha miresaka ny manodidina ity toerana ity kosa dia toa manasongadina ireo toerana misy ifandraisany amin'ny fihetsiketsehana ho fitakiana ny fahaleovan-tena tamin'ny 1947.

Vitsivitsy aza ireo toerana teto Antananarivo sy ny manodidina ireo, ka ireto avy izany: Antananarivo, Ampasampito, Moramanga. I Moramanga, ohatra, no toerana

nipoahan'ny ady tamin'ny taona 1947, Ampasampito kosa no voalaza fa toerana nitondrana an'i Lala rehefa avy nogadraina izy.

Ireto no fehezan-teny ahitana izany ao amin'ny tantara:

XXIV-Ditra fahizay: “Efa nianatra tany Iarivo izahay efa-dahy tamin'izany(hoy i lala), dia izaho sy rakoto, ary Roger sy Maxim.” (tak 159). Midika izany fa nonina teto Antananarivo ireo olona ireo

XXXI- Tranomaizina: “ Misasakalina aho (Lala) no nentina tao an-tranomaizia dia nentina teny Ampasampito.”(tak 200).

X-Tavaratra: “... Mampitebiteby vahoaka anie izany raharaha tany Moramanga any izany e”, hoy i Lefandro raha nitantara tamin'i Lala. Tao Moramanga tokoa mantsy no nipoaka voalohany ny raharahan'ny 1947 ary tsy novan'ny mpanoratra izany fa tena nasehony.

Fa voasoritsoritra kokoa rehefa miresaka ny morontsiraka ny mpanoratra.

b2. Ny toerana manodidina an'i Toamasina.

Mbola anisan'ny toerana nanorenan'ny mpanoratra ny tantara koa iny faritra iny, ary toa mibahan-toerana kokoa aza satria saika tany avokoa no tena nisehoan'ny ankamaroan' ireo hetsika ao amin'ity tantara *FOFOMBADIKO* ity. Ireto avy ireo toerana ireo: *Toamasina, Bazary-be, eny an-tseranana, Vatomandry, sekoly protestanta, sekoly katolika, Antanambao, Ambatondrazaka, Andekaleka, sns...*

Ireto kosa no fehezan-teny maneho izany ao amin'ny tantara:

VII- Fahazazana: “Telopolo taona lasa izay, dia fianakaviana ambaniandro azo isaina no mbola hita tao Toamasina.(tak 58).

XXIV- Ditra fahizay- “Ny sisa heriko (hoy i Lala raha nitantara ny fahazazany sy ny lalao nataony) dia ny nitondra azy (Roger) lavitra an'Antanambao filalaovanay mba hahakivy azy. Efa tafahoatra an'i Bazary- be izahay roalahy, fa mbola taoriako tao ihany ilay tonaka. Dia nentiko tany Andranonandriana ary raha tsy efa teny an-tseranana izahay, tsy niantso ahy ilaiaka.”(tak 157)

IV- Ratram-panahy: “[...] Tanàna milampy amin'ny tendrombohitra sady manamorona ny renirano, mitety vato eo ambany andrefana. Nampahatsiahy fotoana mamy sy saro-bidy teo amin'ny fahavelomako ny fitsinjovana ilay vohitra kelin'ny

mpiompy ery am-pita, izay voaravaka sady voahodidin'ny voly isan-karazany fahita aty an-tsiraka atsinanana... (tak 31)Andekaleka!..."

Raha dinihina ireo dia hita fa miezaka manoritsoritra tokoa ny mpanoratra saingy tsy dia mivalampatra loatra amin'izany izy fa miezaka mampahafantatra bebe ireo toerana ireo; izany indrindra no mahatonga an-dRATREMA William hilaza fa miala amin'ny fanoritsoritana lava be i E.D.ANDRIAMALALA, izany anefa tsy midika fa manafoana ny fampahafantarana ireo toerana nanorenany ny tantara ireo izy.³⁴ Milazalaza ny fahazazany tany Toamasina tamin'i Lisy i Lala raha nitanisa ireo toerana ireo, izay toerana tena nisy sady mbola misy mandraka ankehitriny. Ny itantaran'i Lala izany dia ny mba hahazoan 'i Lisy ao an-tsaina tsara ny zava-nisy teo amin'ny tantaran'i Lala.

Fa tsy nijanona fotsiny tamin'izany ity mpanoratra ity fa mbola nanasongadina anaran-toerana vitsivitsy, izay azo lazaina fa natao hampihaingoana ny tantara sy ny hetsika rehetra ao anatin'ny hahafahan'ny mpamaky miaina sy manaiky ny fitantarany. Anisan'izany, ohatra, i Sahasinaka, Fianarantsoa, Ambatondrazaka, sns... ao koa ireo toerana tany Andafy toa an'i: Marseille, Le Havre, Eoropa, izay anasongadinany fa misy ifandraisany amin'ny zava-niseho tany ivelany ity tantara ity, ary nisy hetsika nataon'ireo mpandray anjara ireo koa tany an-toerana. Na eo aza ireo rehetra ireo dia mbola zava-dehibe manasongadina ny habaka koa ireo fanoritsoritana ny anjara toeran'ny biby sy ny zava-maniry ary ireo singan-javatra sasantsasany misongadina ao amin'ny tantara.

2.2.2.2. Ireo biby sy zava-maniry ary ireo singan-javatra samihafa

manasongadina ny habaka ao amin'ny tantara.

Mampiavaka ny tantara foronina amin'ny sombintantara ny fanoritsoritana. Na izany aza dia tsy dia be fanoritsoritana loatra i E.D.ANDRIAMALALA ao amin'ny tantara foronina *FOFOMBADIKO*. Misy ihany araka ireto hotanisaina ireto saingy tsy dia lava ny fanehoany azy. Matoa anefa ny mpanoratra manoritsoritra dia

³⁴ . RATREMA William, *EDA, un écrivain à la charnière de deux mondes*, p 88 : « nous avons donc pu constater que EDA évite les longues descriptions. Mais cela ne veut pas dire qu' il néglige la localisation de l'aventure qu'il raconte. »

hanasongadina ny fiainan'ny mpandray anjara sy ny lalana nodiaviny izy izay. Ireto misy ohatra vitsivitsy nalaina tao amin'ny tantara:

Ny alina, diabolana, ny renirano, ranomasina, vato, ny tohatra, voly isan-karazany, ravinala, fanaka isankarazany (basy, kaopy,...), vorona, endriky ny trano, vodihazo, ala, lakana, tetezana, ampalibe, ody gasy, orana, bozaka maitso, feom-borona, feom-basy, fofom-paty, haizim-pito, sns...

Anisan'ny mitana anjara toerana lehibe ao amin'ny tantara foronina nosoratan'ANDRIAMALALA ny "lanitra", dia ny zavatra eny aminy sy ny mombamomba azy izany. Tia mampilalao ireny mpandray anjara ireny amin'ny alina izy, indrindra amin'ny diabolana. Raha tsy izany dia amin'ny mody masoandro iny, na koa ny maraina vao miposaka.

Fa hita taratra matetika, ary tsy misaraka amin'ny ankamaroan'ireo asa sorany ny fanomezany anjara toerana ny "ranomasina" . Efa voalaza fa tiany ny mametraka ny tantara noforoniny any amorontsiraka, indrindra any Toamasina, miresaka ny moron-dranomasina ireo mpandray anjara ireo indraindray, saingy tsy lasa lavitra ny fijeriny fa eo ihany. Izany hoe toa ny moron-dranomasina no faritra farany ho an'ANDRIAMALALA.³⁵Mitranga koa izany ao amin'ny *FOFOMBADIKO* ka ny diabolana sy ny haizina, ny ranomasina sy ny tontolony sns... no anorenany ny fanoritsoritana ny toerana, ankoatran'ireo zavatra hafa toy ny fanaka fampiasa matetika ao an-trano, sy ireo bozaka sy zava-maintso samy hafa any anaty ala izay anisan'ny misongadina ihany koa.

³⁵ RATREMA.W , *EDA: un écrivain à la charnière de deux mondes*, p100- 101 : « *Le ciel y occupe une place importante. EDA, comme nous l'avons vu plus haut, aime présenter ses paysages en début de soirée ou en pleine nuit. Naturellement ce qu'on voit d'abord et qui fait voir ensuite le paysage c'est la lune et les étoiles ou tout simplement la luminosité du ciel. Nous avons remarqué que dans presque tous les romans de E.D.ANDRIAMALALA, le clair de la lune est un élément constant du paysages. L'élément qui vient troubler de temps à autre la sérénité du ciel c'est le nuage* ».

Mais ce qui nous a semblé surprenant c'est le peu de place qu'occupe la mer dans la plupart des romans de EDA. On s'attendrait plutôt au contraire si l'on pensait que ce dernier était un insulaire et que les personnages parlent quelquefois du bord de la mer, de la plage, mais leur regard ne va pas plus loin. Au lieu de voir en la mer une ouverture au monde ils la considèrent plutôt comme une limite de l'espace et même de la vie. »

Ireto, ohatra, ny fehezanteny nalaina tao amin'ny tantara maneho izany :

VI- Antsam-boronkely : « Nitopy teny amin'ny fatan-kely ny masonao (Lisy), dia nanatona azy tsy nisy fihambahambana ianao. Noraisinao ny ravim-boafotsy efa nangorovitsika dia nitady izay zavatra hisotroana azy ianao fa tsy nahita afa-tsy bakoly iray teo ambony kesika nihohoka.(tak 49)

-Tsy manana afatsy iny aho (Lala) ... (tak 49)

Milaza fanaka ny mpanoratra, nefa ny fanoritsoritana ny ao an-tranon'i Lala sy ny fomba fiainany no tiany hasongadina.

Hatao inona avokoa ireo basy ireo? Hoy i Lisy

-Hihazana, hoy aho. (tak 51)

Milazalaza sahady ny mombamomba ny toerana halehan'i Lala sy i Lisy izany, dia toerana feno ala, ala itoeran'ny vorona sy ny haza samihafa. Mamariparitra ny toetran'i Lala sy ny fomba fiainany ihany koa anefa.

“Hitako izao ny domoina, fa ilay voronkely mikalo indray no manintona ny saiko hofantarina. (...) vorona be ventsovento...” (tak 54)

“ (...) Vohitra iray any anaty ala be any no halehako...” Hoy i Lala raha nilaza tamin'i Lisy ny amin'izay toerana kasainy haleha. (tak 53)

Midika ireo rehetra ireo fa miompana amina toerana feno ala ity tantara ity, ary anisan'ny fanaon'ANDRIAMALALA izany. Voalazan-dRATREMA William tamin'ny fikarohana izay nataony fa somary misongadina kokoa ny fanoritsoritan' i E.D.ANDRIAMALALA rehefa miresaka ny ala sy ny habeny izy. Matetika fampiasany ny teny hoe “ala mikitroka” . Indraindray aza dia tanisainy amin'ny antsipiriany sy tsirairay ireny karazana ahitra mandrafitra ny ala ireny.³⁶ Ohatra, maneho izany ny hita ao amin'ny tantara FOFOMBADIKO:

³⁶ RATREMA William, *E.D.A : un ecrivain a la charnière de deux mondes*, p 106 : « EDA est beaucoup plus précis lorsqu' il parle de la flore ou de la faune. En ce qui concerne la flore, l'auteur insiste sur la densité de la forêt. Il emploie l'expression « ala mikitroka » qui signifie « forêt dance »...par ailleurs, à travers ces différents romans, EDA cite les différentes plantes qui constituent cette forêt, depuis les herbes jusqu'aux grands arbres en passant par les plantes aquatiques, les arbres fruitiers et les plantes à fleurs. »

IV- Ratram-pitia: “Nahoana aho no nanitsaka ny karao-bato niaraha-nandia? (hoy i Lala) Nahoana aho no nitombina teo ambonin’ny ahitra niaraha-nitorovoka?” (tak 34)

VI-Antsam-boronkely: “ Tsy refesi-mandidy amin’ny eritreritrao ianao hoy aho (Lala) sosotra ka namonjy nitombina teo ambony ahitra... Aminao, hoy aho nibanjina anao, dia izaho angamba no sarivelon’ny fahasahiana.” (tak 54)

XVII- Ny an’i kaisara: “ Nihamaro noho izany ny mpandositra, izay nizarazara ho toby mielanelana ho tokony indroa mahamasa-bary, ka trano tomboka nokendrena ho saron’ny ravinala sy ny lobolobo mba ho saro-tazanina avy eny ambony fiaramanidina no nitoerana. (tak 121)

IX- Lefandro: “Hazo vaventy vitsivitsy, nohotronin’ny alan-dongoza no nanaloka ny sisiny an-daniny avy, ka raha ilay lohataona iny, dia eo no filomanosan’ny kilonga sy ny vato-jaza.” (tak 69)

Voasarik’ireo karazan-javatra fahita amin’ny trano koa ny mpanoratra tamin’ity tantara ity ka ny tohatra sy ny varavarana no tena nanavanana azy , dia ny tohatra izay fiarahan’i Lala sy i Lisy mijoro na mifampitantana amin’iny hariva maty masoandro iny³⁷. Tsy ny tohatra ihany, fa ny endriky ny trano koa.

“Nidina ny tohatra aho,... dia ilay tohatra ilaharantsika rehefa miakatra azy. Ny sandriko misakambina anao ary ny lohanao miondana eo an-tsoroko ka mahasorena izay mifanena amintsika, satria voatery hiverina ilalana izy... ilay tohatra iampofoanao ahy, rehefa hilalao, ohatra ny ankizy isika, ka mitazana ny fihilan’ny masoandro mody eo am-baravaram-be”(tak 21)

IX- Lefandro: Nahasondriana anao ny fiedinedin’ny tranoambo fitahirizam-bary teo afovoan-tanàna, ny tafo ravim-potsy voalamina tsara sy ny rindrim-palafa voarary.” (tak70)

Ny tian’ny mpanoratra hahatongavana amin’izany dia ny fanoritsoritana ny trano itoeran’ny mpandray anjara fototra. Tiany ihany koa ny manoritsoritra ny tanàna amin’ny alalan’ny zava-misy manodidina azy, toy ny renirano, sns...

³⁷ RATREMA .W, E.D.A : un écrivain à la charnière de deux mondes : “ Dans FOFOMBADIKO, Lala semble attacher beaucoup d’importance à l’escalier ou il avait l’habitude de tenir Lisy dans ses bras ou de contempler avec elle le soleil couchant. »

Ny tekhnika'ny mpaka sarimihetsika no tena mibahan-toerana, satria, manaramaso akaiky izay toerana misy na alehan'ireo mpandray anjara fototra ny mpanoratra fa

tsy mba mitazan-davitra. Ny mpitantara rahateo moa, sady mpitantara no mpandray anjara fototra, hany ka niaina izay zava-niseho rehetra. Noho izany dia tsy dia misy toe-javatra tokony hotondroin-davitra ao.

Hita araka izany fa ilaina amin'ny famoronana tantara foronina ny fahaiza-mikirakira ny toerana na ny habaka izay anorenana azy. Ilana fahaiza-manao izany, ary i EDA dia anisan'ny manana traikefa amin'ny filalaovana ity habaka ity, eo amin'ny famoronana sy ny fanoritsoritana azy, indrindra eo amin'ny tekinka entiny maneho izany. Ny fotoana ao amin'ny *FOFOMBADIKO* kosa no hanohizana ny fanadihadiana.

2.2.3. Ny fotoana ao amin'ny *FOFOMBADIKO*

Noho ny mpanoratra sy ny asa soratra ary ny mpamaky tsy afa-misaraka dia tsy maitsy jerena avokoa ny fotoana mifanandrify amin'ireo. Ao anatin'izany ny fotoana niainan'ny mpanoratra sy nanoratany ny tantara, ao koa ny fotoanan'ny mpamaky, ary ny fotoanan'ny tantara tamin'ny vanim-potoana nanoratana ny tantara foronina sy ny fotoana anatin'ny tantara foronina.

2.2.3.1. Ny fotoana niainan'ny mpanoratra sy nanoratany ny tantara.

I E.D.ANDRIAMALALA dia niaina teo anelanelan'ny taona 1918-1979, ny boky *FOFOMBADIKO* kosa dia nosoratana tamin'ny taona 1954 ary navoaka tamin'ny 1962. azo lazaina fa niaina tanteraka tao anatin'ny vanim-potoana nampangotrakotraka ny ady teto Madagasikara sy eran'izao tontolo izao ny mpanoratra. Noho izany dia azo antoka fa naharaka tsara izay zava-nitranga, hatramin'ny ady lehibe tany ivelany, indrindra ny ady teto Madagasikara.

Tafiditra ao anatin'izany indrindra ny raharahan'ny 1947 izay tondroin'ny tantara *FOFOMBADIKO* ho nanomboka hatrany Moramanga. Taoriana kelin'io 1947 io no nanoratan'ny mpanoratra ity tantara ity, ary raha ampifandraisina amin'ny mpanoratra manokana io fotoana nanoratany ny tantara io dia azo lazaina fa efa afaka nitadidy izay tranga nisy teo amin'ny fiarahamonina nisy azy izy, satria 36 taona i E.D.ANDRIAMALALA raha nanoratra ny tantara *FOFOMBADIKO*. Ny fomba fijeriny izany zava-nisy izany no avoitrany ao amin'ny tantara. Ny fotoana ao anatin'ny tantara rahateo dia mifanandrify tsara amin'ny datin'ny 1947. Mifanindran-dalana amin'izany koa ny resaka fitiavana, satria, ankoatry ny maha tanora ny mpanoratra dia hita fa ny fotoanan'ny ady toy ireny dia mety hanova ny fihetsiky ny olona, ary mety hanova zavatra betsaka eo amin'ny fifandraisan'ny tsirairay.

Azo lazaina, araka izany, fa mifanindry tanteraka ny fotoana niainan'i E.D.ANDRIAMALALA sy ny fotoana nanoratany ny tantara. Tsara ho fantatra ihany koa ny anjara toeran'ny tantara eo amin'ny mpamaky, ka ny fotoanan'ny mpamaky no hitarafana izany.


2.2.3.2. Ny fotoanan'ny mpamaky.

Raha tamin'ny taona 1962 no nivoahan'ity tantara foronina *FOFOMBADIKO* ity dia voalaza fa efa tamin'izany izy ity no nalaza sy nanana ny toerany teo amin'ny mpankafy tantara foronina, ary tian'ny olona tokoa. Hatramin'izao taona 2009 izao anefa dia mbola tsy lefy ny lazan'izany. Manaporofy izany fa mahatety vanim-potoana maro ny tantara *FOFOMBADIKO*. Tsy vitan'izany fa mety amina karazana olona maro ihany koa; na ho an'ny tanora na no an'ny antitra, na ny lehilahy na ny vehivavy, sns...

Marihina fa mandray roa ity tantara ity raha ny vontointany no jerena, satria, mitana anjara toerana lehibe ao avokoa na ny tantaram-pitiavana na ny tantaram-pirenena. Ireo dia efa mety hahasarika ny karazan'olona hitia azy. Inoana aza fa mbola natao ho an'ny vanim-potoana ao aoriana ao ihany koa ny tantara foronina *FOFOMBADIKO*. Ankoatr'ireo dia ny fotoanan'ny tantara indray no hanohizana ny fanadihadiana.

2.2.3.3. Ny fotoanan'ny tantara. (temps historique)

Araka ny efa voalaza dia nifanandrify tsara tamin'ny vanim-potoanan'ny tolona navaivay teto Madagasikara ny zavatra tantaraina ao amin'ny tantara *FOFOMBADIKO*. Tolona izay nataon'ireo tia tanindrazana maro, ary misongadina amin'izany ny tamin'ny 1947 izay voasoritra mazava tsara ao amin'ny tantara foronina. Voafaoka ao anatin'izany koa ny zava-nisy tany ivelany. Raha aseho an-tsary izany dia toy izao:



Taoriana kelin'ny 1947 no nanoratana ny tantara, noho izany, tsy mahagaga raha mifototra amin'ny zava-nisy tamin'izany ny vontootiny. Manamafy izany koa ny fisian'ireo mpandray anjara sy toerana tena nisy sy marina tamin'io fotoana io. Anisan'izany ireo miaramila Frantsay sy Senegaly, ireo basy sy lefona nampiasain'ny mpifanandrina, i Moramanga sy ny ala atsinanana, sns...

Ny fametrahana ny tantara amina vanim-potoana mazava dia manome endrika azo inoana ny tantara, hojerena manaraka eto, araka izany, ny fotoana anatin'ny tantara.

2.2.3.4. Ny fotoana anatin'ny.

Amin'ity tantara *FOFOMBADIKO* ity dia azo lazaina fa mifanaraka tanteraka amin'ny zava-nitranga ny fitantarana. Indraindray, hafainganin'ny mpanoratra ny fitantarana nefa asongadiny tsara kosa ireo zavatra tiany hambara. Indraindray kosa

somary taritiny lavalava sady ataony amin'ny antsipiriany, hanehoana fa nisy zava-dehibe nitranga tao. Manasongadina ireo fotoana ireo, ohatra, ny fanehoany mazava izany, toy ny hoe:

Dimy taona mahery...(tak 20), herin'andro taorian'ny...(tak 23), 30 taona lasa izay...(tak 58), mitatao vovonana (tak 67), efa mitsotsorika ny masoandro...(tak 69), hefarana (tak 70), tamin'ny 5 sy sasany (tak 90), afakomaly (tak 92), maneno akoho (tak 103), vao vita sakafo hariva (tak 115), efa nandeha adiny 2...(tak 120), 2 volana mahery...(tak 121), ny andro fahaefatra...(tak 156), nandritra ny iray volana...(tak 170), sns...

Izany hoe ezahin'ny mpanoratra ny haharahan'ny mpamaky tsara ny zava-nitranga amin'ny alalan'ny fisesin'ireny fotoana ireny. Tamin'ny alalan'izany koa no nahalalana **fa 30 taona mahery** teo no naharetan'ny zava-nitranga tao amin'ity tantaran'i Lala sy i Lisy ao amin'ny *FOFOMBADIKO* ity. Raha teo anelanelan'ny taona 1950-1951 no heverina fa nanoratan'i Lala ity taratasy ity ho an'i Lisy (araka ny voalaza ao amin'ny boky, ao amin'ny takila faha-216), ao amin'ny takila faha-58 indray izy raha milazalaza ny fahazazany tany Toamasina dia milaza fa “*telopolo taona lasa izay...*” ; izany hoe tany amin'ny taona 1920 tany ho any izany io fahazazany io, ary 27 taona taorian'io fahazazany io no nipoaka ny raharahan'ny 1947. Ny fizotry ny tantara kosa no nahitana fa 3 taona mahery taorian'io izy sy i Lisy no nisaraka, satria raha nifankahita voalohany izy ireo ny taona 1947, dia teo anelanelan'io 1950-1951 io izy no nisaraka, ary 20 andro taorian'ny nisarahan'ny no nanoratana ity taratasy ity. (Tany amin'ny 1945 tany kosa no heverina fa niarahany voalohany tamin'ny alalan'ny taratasy raha milaza izy ao amin'ny takila faha-20 hoe: “*Rava tanteraka teo amin'ny fotoana tsy nampoizina ny fahasambarana nilomanosantsika nandritra ny 5 taona mahery*”).

1920: ny fahazazany

1945: taona nifandraisan'i Lala sy i Lisy tamin'ny alalan'ny taratasy

1947: taona nifanatrehan'ny tava voalohany

1950: taona nisarahan'ny sy nanoratan'i Lala ity taratasy ity.

Ny tantara dia manao zotra tokana, saingy, mifamadibadika ny fomba itantaran'ny mpitantara azy. Raha mampahatsiahy ny zava-nitranga herinandro taorian'ny nampakarana azy sy roapolo andro lasa talohan'ny nanoratany ny taratasy, ohatra, izy ao amin'ny fizarana voalohany sy faharoa ary fahatelo, dia miverina any

amin'ny fotoana nifanatrehany tava voalohany izy any amin'ny fizarana fahefatra, ary any amin'ny fizarana faha-33 sy faha- 34 farany kosa izy vao mitantara ny fotoana nanombohan'ny tantaran'izy roa. Ary raha arahina tsara ny tantara dia ny fotoana niarahan'i Lala sy i Lisy ihany no tena tantarainy ao hany ka tsy dia misy fitantarana atahorana ny hifanosona.

2.2.4. Ny fomba fanehoan-kevitr'i E.D.ANDRIAMALALA

Manana ny talentany amin'ny fomba fampiasany ny voambolana ity mpanoratra ity mba hahatonga izany ho fehezan-teny, ary izany no hojerena voalohany eto.

2.2.4.1. Ny fampiasana ny voambolana

Tsara ho fantatra amin'izany ny tontolo nanovozana azy sy ny fomba fampiasan'ny mpanoratra azy. Misy ireo voambolana avy amin'ny tontolo kristianina ary ao koa mazava ho azy ireo voambolana avy amin'ny tontolo malagasy.

a. Ireo voambolana avy amin'ny tontolo malagasy

ANDRIAMALALA dia mpanoratra malagasy nanoratra tamin'ny tenin-drazany, dia ny teny malagasy, toy ireo mpanoratra malagasy sasany ihany. Zavatra mandeha ho azy ny famoahana hevitra amin'ny tenin-dreny amin'ny olona rehetra, hahafahana mampiseho ny tena maha-izy azy ny tsirairay. Maneho ny maha izy an'i EDA tokoa ny fampiasany ireo teny malagasy fototra ary hazavainy izany any amin'ny faran'ny boky. Ohatra, amin'izany ireto hotanisaina manaraka ireto: dongona izay midika hoe *fasana*, tavilotra (tak 27)= *poti-bilany*, kionkiona(tak 60)=*bedibedy*; mitakizina= *mipetraka ao amin'ny aizina*, mivongika (tak76)= *mitondra entam-be mila tsy ho zaka; sns...*

Ohatra: “olona avy aiza avokoa, ry Lefandro, hoy aho(Lala), ireny mivongika entana mandalo antsika ireny?”(tak 76)

b. Ireo voambolana avy amin'ny tontolo kristianina

Mampiasa voambolana avy amin'ny tontolo kristianina vitsivitsy ny mpanoratra ao amin'ny tantara. Vitsivitsy, satria, raha ny fahitana azy dia nentiny naneho ny anjara toeran'ny fivavahana ao amin'ny tantara izany ary maneho ihany koa fa ny mpanoratra dia kristianina. Anisan'ny miverimberina ao ny teny hoe Andriamanitra, toy ny hita ao amin'ny takila faha- 189: “ Tsia, ry Lisy! hoy aho (Lala) ... ary izao dia omeo ahy ny Baibolinao, mba hinoako fa eo anilako mandrakariva ianao... mampanantena anao aho, fa tsy hihataka amin' Andriamanitrao intsony”...(tak 189)

Mampiavaka ity mpanoratra ity ihany koa ny fomba fampiasana ny teny.

d. Ny fomba fampiasany manokana ny teny

ANDRIAMALALA dia niezaka nanaja ny fahadiovan'ny teny malagasy ary niezaka izy nandika amin'ny teny malagasy ireo teny vahiny tsy maintsy nampiasaina na farafaharatsiny izany nogasiana fotsiny izao.³⁸ Ohatra, ny hita ao amin'ny takila faha- 178: “*Eo anelanelan'ny tantanana sy ny riandriana aho, ka aiza no tany halehako?* Fehezan-teny nalaina tamin'ny teny frantsay hoe: “je suis entre le marteau et l'enclume, à quel endroit dois je aller? »³⁹. Izany hoe tsy tia mampiasa teny vahiny ity mpanoratra ity fa miezaka kosa ny hampiasa teny malagasy manontolo ao amin'ny asa sorany.

2.2.4.2. Ny fomba fampiasana ny fehezan-teny :

Araka ny hita dia mifanahantsahana ny fehezan-teny maneho resaka ifamaliana sy ny lahatsoratra tsotra tsy misy teny ifamaliana ao amin'ny tantara. Manavanana an'i EDA koa ny fampiasana **fehezan-teny** miendrika hain-teny sy ohabolana. Ohatra, ny hoe: “*Ny fiaraha-monina moa toy ny jiafotsy ka vao tsy ialan-dromoromo ary tonta tsy ialan-kasokasoka.*” (tak 19)

“ *Ny olombelona dia tsy an'ny tenany tsy misy raorao, fa ny hafa no manam-be aminy.*” (tak 187); sns...

2.2.4.3. Ny sary ampiasainy:

Manome endrika kanto ny literatiora ny fandravahana azy amin'ny alalan'ny sary, ka tsy voatery ho sary ara-bakiteny izany fa sary aseho amin'ny alalan'ny soratra ihany koa. Araka ny efa hita tany amin'ny fanoritsoritana ny habaka dia fanehoana antsary ireo zavatra eny amin'ny lanitra sy ireo zavatra any anaty ala no tena mibahan-toerana ao.

Ny tena mampiavaka ity tantara foronina *FOFOMBADIKO* ity aza dia ny fomba fitantarana amin'ny alalan'ny **mpisolo anarana laharana voalohany “izaho”**, izay

³⁸ RATREMA. W, *E.D.A : un écrivain à la charnière de deux mondes* , p 31: « tout en défendant la “pureté” de la langue malgache, E.D.A a enrichi son langage en traduisant presque littéralement des expressions étrangères.”

³⁹ Taterin-dRATREMA W, *E.D.A Un écrivain à la charnière de deux mondes*, p 31

miantefa **amin’ny mpisolo anarana laharana faharoa “ianao”**. Tsy mba fahita amina tantara foronina maro ny toy ity ary anisan’ny nanome endrika ny tantara sy manavaka azy amin’ny maro ny fananany izany toetra izany.

2.2.5. Ny fomba fitantarana.

Manana ny mampiavaka azy manokana ity mpanoratra ity, indrindra ao amin’ny tantara foronina *FOFOMBADIKO*. Raha ny hita ao amin’ny tantara dia ny mpandray anjara fototra ihany no mpitantara. Ary amin’ny mpisolo tena laharana voalohany sy faharoa no anaovany izany fitantarana izany: **“izaho sy ianao”**

Raha fintinina izay rehetra izay dia hita fa mifameno ny mpandray anjara sy ny habaka ary ny fotoana ao amin’ny tantara foronina. Na izany aza dia manana ny mampiavaka azy manokana ny tantara foronina *FOFOMBADIKO* eo amin’ny fanehoan’ny mpanoratra ireo singa samihafa mandrafitra ny asa soratra ireo. Tsy vitan’izany fa mbola nampiany ny fahaizany mikirakira ireo voambolana sy fehezan-teny ihany koa, arahin’ireo kisary isan-karazany izay manome endrika ny tantara tokoa ka mahaliana ny mpamaky.

Tsy hijanona fotsiny amin’izay endrika ivelan’ny tantara izay ihany anefa isika fa hiditra amin’ny lalindalina kokoa, hijery izay mety ho fomba fijerin’ny mpanoratra ny tontolo ao anatin’ity tantara ity.

2.3. Ny fomba fijery ny tontolo, tarafina amin'ny tantara foronina FOFOMBADIKO nosoratan'i E.D.ANDRIAMALALA

Ny lafiny fitiavana eo amin'olon-droa, no hasian-teny amin'izany.

2.3.1. Ny fitiavana araka ny ahitana azy ao amin'ny tantara foronina

FOFOMBADIKO

Endrika iray maneho ny maha izy azy ny tantara foronina ny fisian'ny tantaram-pitiavana ao anatiny, manana ny fomba fahitany ny atao hoe fitiavana ny mpanoratra ao amin'ity tantara foronina ity. Hita taratra ao anatin'izany fa misy ny fomba fahaterahan'ny fitiavana, miseho amin'ny endrika maro ny fisedrana izany, ary manana ny anjara toerany eo anivon'ny fiainam-piaraha-monina izy.

2.3.1.1. Ny fomba fitsirian'ny fitiavana

Toe-javatra tsy dia voafehin'ny olombelona loatra, indrindra ny tanora ny fitiavana, hany ka raha vao mitsiry ao anatin'ny olona izany dia sarotra ny hitazonana azy tsy hivoaka. Misy fotoana araka izany itsirian'ny fitiavana ao amin'ny olona iray ary endrika maro no mety hisehoan'izany. Mety ho amin'ny alalan'ny endrika ivelany, ny toetra anaty, ny fifaneraserana, ary ny kisendrasendra, raha zohina ny fomba nanehoan'ny mpanoratra azy ao amin'ny tantara.

“ (...) Nanoratra ity tovovavy, novalian'ilay tovolahy!... ary dia nanomboka teo ny taratasin'izy roa nifamoivoy, dia taratasy fandalinana momba ny haisoratra ranofotsiny sy famakafakana ny zavatra ara-panahy (...). nikisaka tsikelikely hanjary fitiavana mantsy ny fifankahazoana am-po nisy teo aminy....”(tak 207-208)

a. Ny fifaneraserana

Fifaneraserana maharitra na vetivety, an-kolaka na mivantana; endrika iray mateti-pitranga mahatonga ny olon-droa hifankatia.

Fifaneraserana tsy mivantana fa an-kolaka tamin'ny alalan'ny sora-tanana no niandohan'ny fiarahan'i Lala sy i Lisy, dia fitiavana mametsovetso ny zavatra ara-panahy. Izany hoe tsy ny fifampikasohan'ny olona mivantana amin'ny alalan'ny fifampikasohan'ny nofo ihany no mampifankatia olon-droa, fa ny fitafan'ny fanahy roa mahay mifandresy lahatra ihany koa

Fa noho izany fifaneraserana an-taratasy teo aminy izany dia *“niova niaraka tamin’izay koa ny fisainan’ily tovovavy, fa tsy niriny intsony ny hahalala ilay tovolahy!...tsy tiany ho fantatra akory ny momba ny fiainany, tsy tiany ho fantatra na efa manam-bady izy na tsia, tsy tiany ho fantatra na ny salovan-tavany na ny bikany, mba hahafahany mitia azy araka ny ventsoventsony, dia fitiavana mahery vaika. Fitiavana soratana amin’ny sora-baventy, Fitiavana fotsiny izao!(...) toy izany no niandohan’ny tantaranareo ... (Lala sy i Lisy)”(tak 208)*

Araka izany dia afaka mifankatia tsara ny olona tsy mifankalala izay momba azy akory, ary izany fitiavana izany no ambaran’i E.D.ANDRIAMALALA ho tena fitiavana. Ny fifaneraserana mivantana dia mahatonga firosoana bebe kokoa amin’ny fandalinana izay mety ho toetra anatin’ ny olona, ka mety hanova ny fomba fijerin’ny tsirairay.

b. Ny toetra anaty

Endrika iray mety hahasarika ny ankamaroan’ny olona hitia na hankahala ny manodidina azy ny toetra anaty ananan’ny tsirairay. Asa izay antony fa anisan’ny manavanana an’ i E.D.ANDRIAMALALA ny fikirakirana ity fitiavana miorina amin’ny toetra anaty ity, dia ny fanahy izany. Maneho izany indrindra ity tenin’i Lala tamin’i Lisy ity hoe: *“... kanjo sarin’olon-droa no tsinjoko teny amin’ny endrikao dia ilay tovovavy niantsampy tsy tamim-pihatsarambelatsihy teny amiko, ka ... notiaviko sahady; dia ilay tovovavy “tatera-pahazavana”ka maso indray mitopy monja dia nahitako izay lalina indrindra tao anaty fanahiny...”*.

Vao nifanatri-tava tamin’i Lisy i Lala, ka nifampikasoka taminy fotoana fohy dia fantany sahady ny any anatin’ny. Ny faminaniany izay toetra anatin’i Lisy izay dia nisarika azy sahady hitia ity tovovavy ity. Ambara ho toetra anaty, araka izany, ny fanahy ananan’ny olona iray izay izay asehony amin’ny alalan’ny fihetsiny ety ivelany.

“Tadidiko koa izao (hoy i Lala) fa tamin’ily alina nitifiran’i Marolahy ahy, dia tsy nitsahatra ny namihina ahy Rahely, amin’izao fotoana izao vao fantatro fa ny hisalovana ny bala teo anoloako no tsy nialany teo an-tratrako!...

Dia homelohinao ve aho raha hasiako toerana kely hahatsiarovana azy ao an-tsisin’ny foko?”(tak 193)

Ny fo no taova ahafahana mandrefy ny herin’ny fitiavana. Noho izany, ny fihetsika avy ao anaty aseho olona iray dia mety handona ny fony ka hampitsiry ny

fitiavany. Na dia efa tsy nihevitra ny hametraka an-dRahely tao am-pony intsony aza i Lala, ny fihetsika nataon'ity tovovavy ity, izany hoe ny toetrany nahafofy ny ainy hiarovany an'i Lala dia ampy nahatsapan'ity farany ny fitiavan-dRahely azy ka nahatonga azy hanilaka ny fitiavany an'i Lisy. Fa hafa kosa ny fisehon'ny fitiavana teraka ao anatin'ny kisendrasendra.

d. Ny kisendrasendra

Izany angamba no lazaina hoe fifanojoan'ny lahatra sy ny anjara! Fa tsy vitsy ny tratran'ilay lazaina amin'ny teny frantsay hoe “coup de foudre” no mandraingiraingy mikaroka izay fomba hanatanterahany ny nofinofiny tao anatin'ny indray mipy maso. Toy izany indrindra no nahazo an'i Lala sy i Lisy teo amin'ny fifankahitany voalohany ka nahatonga azy hilaza fa: *“Nikoso-maso toy ny olona avy natory izaho sy ianao, samy sakodiavatra sy lasalasam-borona nony nahatsapa fa tsy mifankalala akory isika (...)* (tak 36)

Nanonofy isika, hoy indray, ianao (Lisy) toa verivery hevitra (...)diso fanantenana ve ianao?

Tsia hoy aho (Lala), nijery anao mahitsy vao namily ny fijeriko hitazana ny moron-drano tery am-pita... fitiavana teraka eo amin'ny indray mipy maso, fitiavana mipoitra ho azy avy ao amin'ny fo roa miara-mitempo...”(tak 37)

Fifankahitana na fifanojoana ao anatin'ny segondra na minitra vitsy monja dia efa ampy hampifankatia olon-droa. Olona tsy mbola nifankahita na nifankalala akory hatramin'izay niainany no ambara eto. Tsy mifankalala akory na toetra na farimpiainana na finoana... ; fotoana fohy dia fohy toy izany anefa dia afaka mitafa sahady ny fanahy roa samy manana ny fiaviany. Izany angamba no ambaran'ANDRIAMALALA fa fitia fanaperana. Asa, fa hoy indrindra ny tenin'i Lala raha nitantara ny momba azy sy Rahely tamin'i Lisy: *“vao nifanena voalohany ny masonay tamin'iny andro nahatongavany (rahely) iny dia fantatro fa izy ilay tovovavy tsy nanontaniako anarana, fa nifanoroka tamiko indray takarivan-diavolana notantaraiko anao... dia ilay fitia noesoisoinao hoe “fanaperana”.”* (tak 173)

Fa tsy misaraka amin'ireo rehetra efa voalaza ireo kosa ny endrika ivelany, izay maneho ny maha izy azy ny tsirairay.

e. Ny endrika ivelany

Ambara ho endrika ivelany izay rehetra mety ho endrika na fihetsika avy ety ivelany. Ao anatin'izany ny bika aman'endrika, ny asa aman'andraikitra, ny fiteny, ny fijery, ny famindra, sns... Voasarik'izany i Lala ao amin'ny tantara ka hoy indrindra izy raha nitantara tamin'i Lisy izay nahazo azy: “ *homenao tsiny aho aoriana kely raha hilaza fa tiako ny famindranao toa tsy mitehin-tany sy ny feonao iva toy ny mibitsibitsika, ...*”(tak 51)

Midika izany fa na dia eo aza ny toetra anaty manintona ny olona iray hitia tovovavy na tovolahy iray hafa dia tsy azo atao ambanin-javatra koa ny endrika ivelany. Tsy mahagaga raha toa ka ahitana fanoritsoritana ny mpandray anjara ny ankamaroan'ireo tantara foronina. Raha itarina aza dia hita taratra ao anatin'ity tantara foronina ity ihany koa ny resaka filàna. Matoa misy ny filàna dia misy ny banga. Raha nandeha naka rivotra tany Andekaleka na i Lala na i Lisy dia noho ny fahanginany sy ny fahatsiarovany ny lasa. Samy mila namana, araka izany, izy roa ireo hany ka nampifanenin'ny vintana kisendrasendra tamin'io toerana io. Vokatr'izany dia nifankatia izy ireo.

Raha fintinina ireo rehetra ireo dia azo lazaina fa ny filàna no miteraka ny kisendrasendra, ny kisendrasendra kosa no ahitana ny endrika ivelany, ary dia miroso amin'ny fandinihana ny toetra anaty rehefa mifanerasera ela. Fintinin'i Charle RAVOAJANAHARY ho toe-javatra roa lehibe ireo ao amin'ny teny mialoha nataony ka hoy indrindra izy: “*Fa misy lalana fahatelo koa aza asetrin'ny mpanoratra amin'ny fifankatiavana mahery vaika sy be anganongano hita eo amin'i Lisy sy i Lala, dia ny fifankatiavan-drahely sy i lala: tsotra nefa lalina sy mahery fa nihatra tamin'ny fahafatesan-drahely nisolo voina an'i Lala. Jereo ange, ny nitsimohan'ny fifankatiavan'i Lisy sy i lala dia avy amin'ny fifanoratana maharitra ela. Efa voaresaka tamin'izany ny endrika soa indrindra mety ho takatry ny olombelona eo amin'ny fiarahan'ny mpifankatia ary nifanarahan'izy roa izany. Ny an-dRahely sy i Lala kosa*” nitsiry ho azy teo amin'ny indray mipy maso” *tan-taratasy sy tsy nifanatri-tava ilay fitiavan'i Lisy sy i Lala no afaka nihaika, “ny fotoana sy ny elanelan-tany” fa nony tafahaona tokoa izy... tsy nahay niaraka. Marina fa tao ilay “avelo”. Fa nony tafahaona indray kosa i Lala sy Rahely... dia tsy levona ilay fitiavana fa nifarana tamin'ny fahafatesana.*”(tak 14-15) . Te hanasongadina, araka izany, ity mpandinika ity fa mahery kokoa ny fitiavana teraka tao anatin'ny indray mipy maso noho ny fitiavana teraka tao anatin'ny fifaneraserana. Ary mahery kokoa ny fitiavana miankina amin'ny

fanahy noho ny fitiavana miankina amin'ny nofo. Izany indray no mitarika antsika hijery ny amin'ny sedram-pitiavana.

2.3.1.2. Ny sedram-pitiavana

Raha iverenana ny kisary maneho ny fizotry ny tantaram-pitiavan'i Lala sy i Lisy dia toy izao:

Sary 3



Ny zava-manana aina rehetra dia samy manana ny zotram-piainany avokoa. Tsy maintsy misedra ireto zavatra telo ireto anefa ny tsirairay, dia ny fahaterahana, ny fahavelomana, ary ny fahafatesana. Toy ny fisedrana ny fiainana ihany, ny fitiavana koa dia zavatra tsy maintsy sedrain'ny zanak'olombelona. “ (...) *Teraka izy (ny fitiavana), dia mitombo raha tsy maty eo am-pahaterahana, dia lehibe, dia antitra, ary maty.*(...).⁴⁰ Ny fitsirian'ny fitiavana, araka izany, dia azo lazaina fa fanombohana ihany, fa raha tsy maty eo am-piandohana izany dia hahazo faka ka hamela soritra amin'ny fiainan'izay tojo azy. Izany indrindra no asehon'ny kisary izay milazalaza ny sedram-pitiavana niainan'i Lala sy i Lisy. Araka ny ahitana azy eo amin'ny kisary dia miovaova ny fizotran'izany, mbetika milamina, mbetika misy olana ary indraindray mitafotafo.

Amin'ny maha-tantaram-pitiavana azy dia havoitra araka ny ilazan'ny mpitantara azy ny endrika isehoan'ny sedram-pitiavana.

a. Ny endrika isehoan'ny sedram-pitiavana.

Asehon'ny mpanoratra amin'ireny tantaram-pitiavana ireny matetika ny fomba isedran'ireo mpandray anjara ny fiainam-pitiavana. Amin'ny alalan'ny toetra amam-pihetsik'ireo mpandray anjara sy ny fifandraisany ao anaty elanelan-toerana sy elanelam-potoana no anehoany azy.

Ny tantaram-pitiavana tena mahaliana dia ny tantaram-pitiavana ifamahofahoan'ny hasambarana sy ny fahoriana. Izany hoe, ifandrombonan'ny olana sy ny vahaolana. Mampiseho izany indrindra ity tantara nosoratan'i E.D. ANDRIAMALALA ity, saingy ao anatin'ny dia mibahan-toerana kokoa ny olana sedrain'ireo mpandray anjara. Tsy mitovy anefa ny fomba isehoan'izany sedra izany eo am-panombohan'ny fitiavana sy eny am-pivelarany eny, ka tsara raha jerena tsirairay ireo.

a₁. Ny endrika isehoan'ny sedram-pitiavana eo am-panombohan'ny fiarahana

Manomboka eo amin'ny fotoana ifanojoan'ny fitiavan'olon-droa ny fanombohan'ny tantaram-pitiavana. Fifaneraserana tamin'ny alalan'ny taratasy no

⁴⁰ Lisy Hary, Maresaka, sombintantara, “*Fitiavana*” lah 8782).

niandohan'ny fitiavan'i Lala sy i Lisy, hatreo dia tsy naniry ny hahalala ny momba an'i Lala intsony i Lisy *“mba hahafahany mitia azy araka ny vetsovetsony, dia fitiavana mahery vaika, Fitiavana soratana amin'ny sora-baventy, Fitiavana fotsiny izao”*(tak 208) . Nanomboka teo dia niaina tao anatin'ny fahasambarana izy roa, hany ka, *“maizina taminareo ny tany aman-danitra raha indray andro izy ireo no tsy maharay taratasy avy tamin'ny ankilany.”*(tak 208)

Mandritra ity fotoana voalohany iainana ny fitiavana ity matetika no tena ahatsapan'ny mpifankatia ny hamamin'ny fitiavana. Amin'io fotoana io ihany koa no manomboka mifampizaha toetra sy manao izay hifankalalana ny mpifankatia. Misy tranga hafahafa anefa apetraky ny mpanoratra ao amin'ny tantara, izay toa maneho ny fepetra maha fitiavana ny fitiavana ihany. Teo amin'i Lala sy i Lisy, ohatra, dia ny elanelana ara-nofo no toa nampifanakaiky kokoa ny ara-panahy. *“ Ny tsy fifankalalana ara-nofo teo amin'izy roa dia nahamora ny fifamborahana izay tsiambaratelo miafina indrindra” hany ka “ maizina taminy ny tany aman-danitra raha indray andro no tsy naharay taratasy avy amin'ny ankilany. Tsy olona roa intsony no nifampiheverany, fa tena iray, saina iray, fanahy iray!...”*(tak 208)

Teo amin'i Lala sy i Rahely indray kosa dia nisy avy hatrany ny fifandraisana mivantana. Nifankahita maso izy ireo, nifanoroka aza; nefa tsy mba afaka nifamboraka izay tao anatin'ny akory. Arakaraka ny ifampikasohan'ny nofo indray no toa mampifanalavitra ny fanahy. *“izy (Rahely) ilay tovovavy tsy nanontaniako anarana, fa nifanoroka tamiko (lala) indray takarivan-diavolana...”*(tak 173) ary tamin'iny fotoana iny ihany dia tsy nifankahita intsony aloha izy roa.

Araka izany dia eo am-panombohana no tena ahitana maminy amin'ity fitiavana ity, na ny fitiavana mifototra amin'ny ara-nofo izany na ny fitiavana vetsovetso fotsiny. Fanombohana ihany izany, santatra am-bavarano hoy ny fitenenana. Fa mba ahoana kosa ary ny fisehon'izany sedram-pitiavana izany eny am-pivelarany eny?

a₂. Ny endrika isehoan'ny sedram-pitiavana eny am-pivelarany

Eto amin'ity fotoana ivelaran'ny fitiavana ity no tena ahitana ny fisamboaravoarany. Araka ny efa voalaza dia toy ny fiainana ny fitiavana, noho izany dia mety hivadibadika ihany koa. Ao no tena itrangan'ny filaminana sy ny korontana, ny hasambarana, ny ady, ny fifanarahana sy ny fifandirana, ny fifaliana sy ny fijaliana, sns.... Raha tsorina dia misy ireo toe-javatra mpanova ny fitiavana ary misy kosa anefa ireo toe-javatra mpandamina azy.

a₂.1. Ireo toe-javatra mpanova ny fitiavana

Tsy maintsy mandalo fiovaovana sy fisedrana maro ny mpifankatia. Maro ireo tranga mahatonga izany fa ny tiana hasongadina eto dia ireo toe-javatra manakorontana sy mandrava ny fitiavana, araka ny hita ao amin'ny *FOFOMBADIKO*. Anisan'izany ny fisian'ny elanelana be loatra eo amin'ny mpifankatia, ny fivadiham-pitokisana, ny lainga sy ny fitaka, ny fahadisoam-panantenana, ny fiheverana tsy mitovy, ny tsy fifampiresahana, ...

a₂.1.1. Ny fisian'ny elanelana be loatra eo amin'ny

mpifankatia:

Ny fisian'ny elanelana be loatra no heverin'i E.D.ANDRIAMALALA fa fototra iray mampiditra an-kizo ny mpifankatia. Azo lazaina mantsy fa nandalo vetivety ihany ny hasambaran'i Lala sy i Lisy teo amin'ny fitiavana, indrindra teo amin'ny fiarahany voalohany, noho ny elanelana teo aminy. Izany hoe, ny elanelana eo amin'ny toerana no tiana hambara eto. Manampy trotraka izany koa ny tsy fisian'ny fifampitokisana.

a₂.1.2. Ny fivadiham-pifampitokisana.

“ Na izaho na ianao dia samy tsy nahatana ny dina natao. Fa nanaiky ny hampiasa ny herinao rehetra ianao hanadinoana azy, nefa tsy foinao akory ny handevona ireo atotan-taratasy nifanakalozanareo sy ilay diary kely fitehirizanao ny zava- madinika indrindra nifamborahanareo.” (tak 212)

Ny zavatra toy izany no tena fahavalon'ny fitiavana, ary raha ny nahazo an'i Lala sy i Lisy no dinihina dia ny fivadihana tamin'ny fianianana nifanaovan'izy ireo no tena nanimba zavatra teo aminy, satria nanaiky ny tsy hanadihady ny lasan'i Lisy i Lala ary nanaiky ny hanadino ny lasany izay nanelingelina ny fiarahan'izy roa i Lisy nefa tsy nisy nahatana izany izy roa; vokany teo noho eo ihany dia rava ny fiarahana. Miara-dalana amin'izany koa ny lainga sy ny fitapitaka isan-karazany.

a₂.1.3. Ny lainga sy ny fitaka.

“Tsy misy toerana ho an’ny lainga sy ny fihatsaram-belatsihy eo amintsika(hoy i Lala), ka aleoko mamoy anao toy izay hanorina ny fahasambarako eo amin’ny fitaka”.(tak 29)

Ny toetra tia afinafina, tsy zatra milaza ny marina, tia lainga,sns... dia fahavalon’ny fitiavana ka mety hanova izany ao anatin’ny fotoana fohy. Raha vao nifankatia voalohany i Lala sy i Lisy dia efa niseho izany zavatra izany. Nihanahalana ny taratasy nifanoratan’izy roa, ary ny fangatahan’i Lala fihaonana tamin’i Lisy no noheveriny fa nahatonga izany ka nahatezitra ity farany, “ *Ny marina anefa, dia efa tsy teto amin’ny nosy intsony ianao (Lisy) fa nanohy ny fianaranao tany am-pita, saingy tsy tianao ho fantany (ilay olon-tian’i Lisy taloha) izany, ka tsy nilaza na inona na inona taminy ianao... Zazavavy sakaizanao teto an-toerana no namelanao hafatra haka ny taratasy ao amin’ilay toerana famantanany sy handefa azy any aminao...*”(tak 209), Vokatr’izany dia nipetraka tao amin’i Lala ny ahiahy. Ny fahitany zazavavy iray nosakambinin-dehilahy, nivimbina ny taratasy nosoratany no naha-tapa-kevitra azy tsy hanoratra intsony. Nataony izay hinoan’i Lisy fa maty izy ary dia tapaka hatreo koa ny fifandraisany.

Araka ny efa hita teo, dia tamin’ny alalan’ny taratasy no nifandraisan’izy roa ireo, azo antoka izany fa tsy ampy ny fifandraisana teo amin’ny roa tonta, ary anisan’ny mahatonga ny olana eo amin’ny mpifankatia koa izany

a₂.1.4. Ny tsy fifampiresahana.

Anisan’ny olana goavana ny tsy fifampiresahana eo amin’ny mpifankatia, ary tsy hisy zavatra vanona raha izany no mitranga. Matetika rehefa henika ny hasambarana amin’ny voalohany iny ny mpifankatia dia hadino hatramin’ny mifampiresaka, ary toy izany no nahazo an’i Lala raha vao nifankahita voalohany tamin-dRahely.

“Iza no anarany?” hoy i Lisy raha niresahan’i Lala ny amin’ity tovovavy ity. *“tsy hino ianao, raha hilazako, fa tsy niserana tao an-tsaiko akory izay hanontany ny anarany...”* hoy i Lala. *Fohy loatra mantsy ny fotoana nihainanareo(hoy i Lisy) ka naleonao nolaniana tamin’ny fanorohana azy!... Izany no atao hoe fitiavana?...*(tak 42)

Mahagaga tokoa raha olona milaza fa nifankatia nefa tsy mifankalala anarana, midika izany fa tsy nifampiresaka mihitsy ireo mpifankatia ireo, ary fisarahana no vokany, satria na ny fomba hifampitadiavana aza tsy misy.

a₂.1.5. Ny fahadisoam-panantenana

Ny fahadisoam-panantenana ihany koa dia heverin'i E.D.ANDRIAMALALA ho mpanova ny endriky ny fitiavana. Fahadisoam-panantenana vokatry ny fihetsika tsy ampoizina ataon'ny anankiray, izay mety ho fanahy iniana na koa fihetsika tsy voatandrina. Izany no nahazo an'i Lala raha nitia an'i Lisy tamin'ny voalohany ka nahatonga azy hilaza hoe: *“Fa fitiavana voadio, fitiavana tsy nolotoin'ny faniriana aranofo, dia fifanintonan'ny fanahy roa hifamofo mandrakizay no nitiavako azy (hoy i Lala). Kinanjo indray hariva, inty izy mifanena tamiko nosakambinin-tovolahy... sady mivimbina ny taratady nosoratako ho azy. Nikorontana ambony ambany ny fisainako manontolo (...) nivoady anaty ny tsy hitia intsony aho”*(tak 32-33). Nihevitra mantsy i Lala fa namadika azy i Lisy, hany ka vonona ny hanapaka tarangana ny fifandraisana nisy teo amin'izy roa izy noho ny fahadisoam-panantenany.

Olana lehibe ireo voatanisa teo ireo fa ireto zavatra roa manaraka ireto kosa tsy azo atao tsinontsinona

a₂.1.6. Ny fiheverana tsy mitovy

Ny fiheverana tsy mitovy, indrindra ny finoana samy manana ny azy, dia miteraka disadisa eo amin'ny mpifankatia raha tsy mahay mifanaraka. *“ Fa ny zava-boary manontolo (hoy i Lala) dia nampahatsiaro ahy fa efa nitia aho sady notiavina, saingy resin'ny tsangan-kevitra noforonin'ny olombelona ny fitiavanay safomorona, dia ny finoana samy manana ny azy . Mahagaga anao ve raha mitsangana ho fahavalon'ny fivavahana sy izay rehetra mitovitovy loko aminy aho?”*(tak 32). Tsangan-kevitra tsy mitovy, satria raha nifankatia i Lala sy i lisy dia nifahatra tanteraka tamin'ny fifampitafan'ny fanahin'izy roa i Lisy ka *“ tsy niriny intsony ny hahalala ny amin'ilay tovolahy...”*(tak 208). Tetsy ankilany kosa anefa, nitady izay fihaonana mivantana i Lala ka niangavy hihaona tamin'i Lisy, saingy valin-teny hentitra sady tsy azo nohozongozonina no nasetriny azy: *“tsy ilaina ny fifanatrehan-tava”* (tak 208), satria tsy tiany hofehezina'ny nofo ny fitiavany an'i Lala. Mbola niseho ihany izany tsy fitovian-kevitra teo aminy izany rehefa nifankahita mivantana izy roa, ary vao nanomboka aza izany dia efa hitan'i Lala sahady ka nahatonga azy hilaza fa *“tsy fiheverana roa mifanohitra fotsiny izaho sy ianao fa... tafika roa mifanena, firenena roa mifamely, ka tsy maintsy miafara amin'ny fahalevonan'ny iray”*(tak 66). Efa fantany mantsy fa hiafara amin'ny faharavan'ny fitiavany ny fifanoheran-kevitra teo amin'izy roa, raha vao tsy misy iray afaka handefitra.

Tsy izovina amin'ny maro fa ny fampirafesana dia efitra mampisaraka ny fon'ny mpifankatia. Asehon'i E.D.ANDRIAMALALA ihany koa izany ao amin'ny *FOFOMBADIKO*.

a₂.1.7. Ny fampirafesana.

Tsy misy olona afaka hilaza fa mahatsiaro ho tena sambatra raha mampirafy ny olon-tiany. Ho an'i Lala dia mampirafy azy i Lisy, satria hoy izy: *“avelon'olon-kafa ao ivohoko no tazanao raha manoroka ahy ianao (Lisy), ary mbola “izy” ihany no notiavinao teny amiko.”*(tak 24, 205). Matetika, raha vao tonga amin'ity ambaratonga ity ny mpifankatia dia sarotra ny mitsabo azy, ary na heverina ho sitrana aza izany dia tsy maintsy misy takaitra avelany ihany. Ady ho an'izay iharan'izany ny fampirafesana, fijaliana sy fiaretana ka ny tsy fahatantesana izany dia midika ho faharesena, ary ny faharesena no miteraka ny fisarahana. *“ fa resy alohan'ny fitsarana aho sombinaiko (hoy i Lala), satria, avelo tsy manan-kilema no nanerenao ahy hanaovako fampitaha.... Fantatrao fa nijaly aho, ary ianao koa nijaly noho ny fijalianao samirery rahateo. Natahorako avokoa izay manodidina antsika, fa nahitako rafilahy handrombaka ny fahasambarako...na ny rivotra miserana na feon-kira mandalo, eny, na dia ny tsikinao aza, dia nahiahiako ho tara-pahatsiarovana hanamontsana nny fitiavako!... Potika izany ankehitriny!... Vaky teo amim-pilalaovana azy ilay bakoly tsara tarehy nireharehantsika, ka hahaloa-bava izay nahita ny sombiny hoe: “endrey!... izany hakanton'ny fasana simba.”*(tak 25). Raha tsorina dia fitiavana malemy sy marefo ny fitiavana elanelanin'ny fampirafesana, ary azo antoka fa tsy haharitra izany dia ho rava sy ho potika.

Raha fintinina izay rehetra izay dia hita fa manana traikefa manokana momba ny fitiavana ity mpanoratra ity, ary mandinika marina ny zava-misy eo amin'ny fiarahamonina ka mahatsikaritra ny trangan-javatra rehetra ao. Raha ireo rehetra ireo mantsy no dinihina dia azo lazaina fa toe-javatra mpitranga amin'ny fiarahamonina tokoa ary olana sedrain'ny olona matetika amin'ny fiainam-pitiavana. Noho izany dia asehon'ity mpanoratra ity tsara fa tsy zavatra mora araka ny iheverana azy ny fiainana izany fitiavana izany. Zavatra heverin'ny tsirairay ho tsotra, nefa zava-dehibe eo anatrehan'ny fitiavana ny fifanatonan'ny mpifankatia, na ara-nofo izany na ara-panahy. Ny fisian'ny elanelana be loatra ao amin'ny mpifankatia ihany koa no misakana ny fifanakalozan-kevitra sy ny fifankalalana bebe kokoa eo aminy. Voafetra mantsy amin'izany ny fotoana azony iresahana ka miteraka kiafinafina sy fihatsarambelatsihy eo amin'ny andaniny sy ny ankilany, ary mety hiafara amin'ny disadisa sy ny fisarahana

mihitsy aza. Ny momba ny fifampitokisana ihany koa dia mety hiteraka disadisa eo amin'ny mpifankatia. Ny fivadihan'ny iray amin'izany no mahatonga fahatezerana ho an'ny ankilany ka handiso fanatenana azy. Indrindra moa fa raha lasa lavitra any amin'ny fampirafesana izany dia tsy iadian-kevitra fa mananontanona ny fahamontsanana'ny fifandraisana. Toe-javatra toa mateti-pitranga ny tsy fitovian-kevitra eo amin'ny mpifankatian, endrika iray mampiseho izany ny finoana samy manana ny azy. Amin'izay fotoana izay, raha samy mihizingizina amin'ny heviny ny roa tonta fa tsy misy afaka hampandefitra ny hambony dia azo inoana ihany koa fa handrava ny fifamatorana izany.

Olana lehibe mipetraka, araka izany, ireo rehetra ireo, nefa moa raha misy ny olana dia tokony hisy koa ny vahaolana azo raisina, na ny fitandremana azo atao mifanaraka amin'izany. Hojerena manaraka eto izany araka ny anehoan' ANDRIAMALALA azy ao amin'ny tantara foronina *FOFOMBADIKO* ihany.

a₂.2. Ireo toe-javatra mpandamina ny fitiavana. (Vahaolana)

Maro ireo vahaolana sy fandaminana azo raisina hamahana ny olana eo anivon'ny mpifankatia. Ho hitantsika amin'ny fandalinana ny tantara foronina *FOFOMBADIKO* eto anefa fa mety hahomby ireo vahaolana ireo nefa mety tsy hahomby ihany koa, ary arakaraka ny olana misy sy atrehina ny vahaolana tokony ho raisina handaminana ny olana.

a₂.2.1. Ny fifanatonan'ny mpifankatia

Raha ny elanelana be loatra eo amin'ny mpifankatia no lazaina fa olana, mazava ho azy fa ny fifanatonana bebe kokoa no vahaolana.

Ny elanelana be loatra teo amin'i Lala sy i Lisy no voalaza fa nandrava ny fitiavany. Marina fa mety hiteraka olana izany, nefa matoa mandeha na mirenireny ireny mpandray anjara ireny dia misy zavatra katsahiny ao. Na izy ireny mikatsaka harena, fitiavana na fiadanana, na mety mitady hanadino sy hikosoka ny fitiavana nandrotika azy, na koa mikendry ny hahita fahafaham-po fotsiny⁴¹. Taty aoriana anefa dia ny fifanantonan'izy roa bebe kokoa no nandamina sy nampiravona azy indray. “Tsy

⁴¹ BOURNEUF & QUELLET, *L'univers du roman*, Coll. Sup, P.U.F, p 127: “*Les personnages qui partent (en voyage) (...) vont à la conquête de la puissance, de la passion, du bonheur, ceux qui errent (...) cherchent à éteindre ou à satisfaire quelque passion dévorante* »

hitahitako (hoy i Lala) dia tafarina teo am-pandriana aho, ary mbola tsy hitahitako koa ny nivoahako ny trano sy nijoroako teo amin'ny diabolana mangoratsaka.

Mbola izaho ihany indray! (hoy i Lisy)

Nitady anao aho (hoy i Lala)

Dia tamy aho (Lisy). (tak 40)

[...] hahita anao ve aho rahampitso (Lisy)

Angamba tsia... handeha hihaza aho...

... Hiaraka aminao aho

... Miandry anao aho.”(tak 45)

Nanomboka tamin'iny dia tsy te-hisaraka intsony izy roa, lasa niara-nipetraka aza ka niara-nisedra ny mamy sy ny mangidy nadritra ny raharahan'ny 1947.

Tsapa, araka izany, fa ny fifanatonan'ny nofo sy ny fanahy miaraka no ahatsapana ny tena fitiavana. Ny fahatsapan'i Lisy izany no nahatonga azy hilaza hoe: *“Lala!(Hoy izy) nampananontanona ny molony teo ambany saokan’(i Lala)... Noheveriko ho tsy misy heviny ara-panahy ny fifanorohana hatramin’izay, ka nanome tsiny anao aho... ary ankehitriny, aza miteny ny “aminy” (avelo) intsony, fa ny rangolahy no aoka ho fasany.”(tak 169)* Nanova betsaka ny fifandraisan'izy ireo izany, ary fiovana ho amin'ny tsara fa tsy ho amin'ny ratsy. Hita taratra tao anatin'izany ihany koa ny fahaizan'ny mpifankatia mifanaraka.

a₂.2.2. Ny fahaiza-mifanaraka

Raha zohina ny tantara dia midika ho fandresen'ny foto-kevitry'i Lala ny faneken'i Lisy hampifangaro ny zavatra ny nofo sy ny zavatra ny fanahy. Midika izany fa raha misy tsy fitovian-kevitra na finoana tsy mitovy

araka ny ilazan'ny mpanoratra azy, eo amin'ny mpifankatia, dia ny fandresena na ny fampandresena ny foto-kevitry ny iray amin'izy ireo no vahaolana misakana ny faharavan'ny fitiavana.

Raha fanahy fotsiny no nitiavan'i Lisy teo aloha, araka ny teniny hoe: *“fanahy iray no nitiavako ry Lala, fanahy iray no notiaaviko, fa tsy endrika na vatana akory..., ny*

anomezako tsiny anao dia ianao ohatra ny manery ny Fitiavako hifahatra amin'ny zavatra ny nofo... Ny iriko dia ny tsy hanananao endrika, ny tsy hahitako ny bikanao sy ny tsy handrenesako ny feonao, raha azo atao, fa ny hahatsapako fotsiny fa miaramihira amin'ny fanahiko ny fanahinao.”(tak 77); dia nifahatra tamin'ny nofo kosa i Lala araka ny nambarany tamin'i Lisy hoe: “satria tsy mety ho azonao veroka ny fitambotsorako hatramin'ny roa taona lasa talohan'izao, dia fitambotsorana tsy hijery afatsy ny lafiny hita vatana sy azo tsapain-tanana eo amin'ny fitiavana ihany, faniriana hihosina eo amin'ny fahafaham-pon'ny nofo... sy tsy hanaiky ho misy afatsy izay manintona ny faniriako ny amin'ny tovovavy ihany.”(tak 84), na dia tsy toetrany hatrany am-boalohany aza izany

Araka izany, dia tsy afaka hiara-manjaka ny nofo sy ny fanahy, fa tsy maintsy misy iray ho potika sy ho resy. Raha mahazo vahana ny nofo dia hangina ny fanahy, ary raha mahazo vahana ny fanahy dia hangina ny nofo. “*fitiavana mifamono sy mifanohitra !...(hoy i Lala), satria raha entanin'ny fitiavana aho ka hanoroka anao, dia adikanao ho filan'ny nofo izany, ka tsy ho tia ahy ianao. Rehefa tsinjoko kosa anefa fa tsy tia ahy ianao dia tsy hiraharaha anao aho, ary nefa heveriko ho fandreseko ny arabatana izany, dia ho tia ahy indray ianao!... Dia toy ny voaozona hifandimby miakatra toy izany ny fitiavantsika, fa tsy mety hiaraka mandrakizay”.*(tak 98)

Ny fandresen'ny mpifankatia izany fahasamihafana be loatra izany anefa no miteraka filaminana, ary ny fahatsapan'i Lisy ny tsy fetezan'izany no nampiova ny fifandraisany tamin'i Lala, ka hadinony hatramin'ny fisian'ilay avelo nandrafesany azy.

a₂.2.3. Ny fanafoanana ny fampirafesana.

Araka izany, ny fifanatonana bebe kokoa sy ny fahaiza-mifanaraka eo amin'ny mpifankatia ihany koa dia fitaovana iray manafoana ny fampirafesana. Ao amin'ny tantara dia hadinon'i Lisy tanteraka aloha ilay aloka nanelanelana azy sy i Lala hatreo amin'ny fotoana nifanohofan'ny molotr'izy roa. “*Nianiana ny tsy hanadihady ny “aminy” aho (hoy i Lala), ary nianiana ny tsy hifampitolona amin'ny fahiny koa ianao, dia nifanohoka ela ny molotsika nakamban'ny fahasambarana.”* (tak 170)

Araka izany, dia ilaina ny fifampiresahan'ny mpifankatia hahafahana mifamboraka izay ao am-po.

a₂.2.4. Ny fifampiresahana.

Tsy misy fomba hamahana olana afatsy ny fifampiresahana, ary tsy misy fomba hampitomboana sy hanamafisana ny fitiavana afatsy izany. Tamin'ny fotoana nifampiresahan'i Lala sy Rahely dia afaka nifampilaza anarana sy nifankalala toetra tsara izy ireo, izany no toa nampifoha indray ny fitiavany, ary lasa nahazo toerana indray tao am-pon'i Lala ity zazavavy ity noho ny fahafantarany ny toetrany. Ilaina, araka izany, ny fanehoana ny fomba sy ny toetra amin'ny olon-tiana, ary ny fifampiresahana no fomba haingana ahafahana manao izany.

Raha atao indray mijery dia, sarotra tokoa ny misedra ireny olana samihafa ao amin'ny fitiavana ireny, satria mantsy, na misy aza ireo vahaolana azo amahana ireo olana ireo dia matetika vahaolana tsy maharitra izany. Arakaraka ny isian'ny vahaolana aza no toa mampipoitra olana hafa indray. Azo lazaina fa niravona ny olana teo amin'i Lala sy i Lisy, nefa azo lazaina ihany koa fa fotoana voafetra no niainany izany. Tsy ela akory dia niverina indray ireo olana ireo, ary toa vao mainka aza nihamafy ny heriny, ary dia ny fisarahana no fanafody hita farany fa hampilamina ny tsirairay.

Ho an'i Lala sy Rahely indray dia toa teo amin'ny fotoana nifanakaikazany kokoa no maty Rahely. Efa fantatr'ity tovovavy ity fa tsy ho azy intsony i Lala, ka dia nanao izay fara heriny izy hiarovana ity olon-tiany sy hanaporofonany fa tia an'i Lala izy na dia eo aza i Lisy. Ny fahafatesana, izany hoe, ny fahafoizany ny ainy ho an'i Lala no hitany fa vahaolana hampilamina azy.

Amin'ny alalan'ireo endrika isehoan'ny sedram-pitiavana ireo indray no andeha hisintonantsika izay mety ho toetry ny fitiavana.

2.3.1.3. Ny toetry ny fitiavana

Raha vao miresaka toetra isika dia ny tsara sy ny ratsy no tonga ao an-tsaina voalohany. Ilaina ny fitiavana indraindray, nefa toa tsy misy ilana azy kosa amin'ny fotoana sasany. Toy ny hita tany amin'ny fanadihadiana tany aloha ihany, amin'ny fotoana ahatsapan'ny olona fa tsara ny fitiavana dia mahatsapa fandresena izy, faharesena kosa no dikany rehefa tofoky ny fitiavana ny olona iray.

Sady fandresena araka izany ny fitiavana no mety ho faharesena ihany koa.

a. Fandresena ny fitiavana.

“... Amiko ny fitiavana dia fandresena fa tsy faharesena! Fandresena ny fitiavan-tena sy izay maizimaizina rehetra, fandresena ny fanontaniana madinika mipoitra noho ny fanadinoana fa ny vontootin’ny fanirian’olombelona dia ny hamerina ilay fiainana tany alohan’ny Ota!...” (tak 41)

Fandresena ny fitiavana, araka io tenin’i Lala io, ary ny olona rehetra manampitiavana dia saika mikatsaka izany fandresena izany avokoa eo anatrehan’ny mpifanandrina aminy, dia ny olon-tiany izany.

Inona tokoa moa no atao hoe fandresena? Tsy inona akory izany fa fahazoana ny rariny eo anatrehan’ny mpifanandrina amin’ny tena, na fandresena lahatra ny mpifaninana; izany no fandresena. Eo amin’ny fitiavana indray dia ny fandresena lahatra ny olon-tiana sy ny fahazoana rariny eo anatrehany no fandresena. Tsy izay ihany anefa, fa ny faharesen’ny tena lahatra sy ny fanomezana rariny ny olon-tiana koa dia midika ho fandresena, ary izay no ambaran’i Lala ho *“fandresena ny fitiavan-tena”*. (tak 41) Ireo rehetra ireo no miteraka fahasambarana sy filaminana eo anivon’ny mpifankatia. Matoa tokoa mantsy misy ny mandresy dia, satria misy ny manaiky ho resy; izany hoe, ny fandresena dia midika ho fandeferana, filaminana, fifanarahana ary fahasambarana. Fandresena ho an’ i Lala ny nandresen’ny foto-keviny, nefa fandresena ho an’i Lisy ihany koa ny nileferany. Vokatr’izay dia niaina tao anatin’ny fahasambarana indray izy roa. Hoy indrindra i Lala raha nitantara ny tenin’i Lisy: *“Lala havako! Hoy ianao niantsampy teny an-tsoroko. Misaotra anao aho saingy tsy hamaly ny fanontaniana akory i dokotera Raharo.[...]Nitohoka ny molotro ny molotrao ary tamin’iny segondra tokana iny, dia tsapako fa ahy manontolo na ny tenanao, na ny fanahinao!... ary, volan-tantely nitafofafom-pitiavana hipoka no niainantsika nandritra ny fotoana manaraka ny fanomezan-tsiny an’Andriamanitra nataon’i dokotera Raharo iny.”* (tak 168-169)

Fa etsy ankilany kosa, raha nanaiky teo anatrehan’i Lisy ny tsy hisaraka amin’ Andriamanitra i Lala dia nilaza fa: *“...ary izao dia omeo ahy ny baibolinao, mba hinoako fa eo anilako mandrakariva ianao... Mampanantena anao aho, fa tsy hihataka amin’Andriamanitra intsony.”* (tak 189). Nampandresy ny foto-keviny indray i Lisy teto, resiny ny ditran’i Lala tsy nety hino an’Andriamanitra teo aloha. Na izany aza dia nandresy ihany koa i Lala, satria nanaiky ny nampandefitra ny hambom-pony. Ny fandresena niarahan’izy roa, araka izany, no niantoka ny fahasambarany. *“Amiko hoy aho (Lala), ny fitiavana dia tsy fandresena fotsiny ihany, fa hira!... hira ka ny fiseran’ny*

kalo indray mihelina monja dia tokony hahaloa-bava hoe: “mba kanto lahy izany fiaraham-peo izany” na “tsy tiako izany antsa izany.” (tak 41). Izany no ambaran’i Lisy hoe: “fitafan’ny fanahy roa te hivelona”(tak 41), tsy ny fanahy ihany anefa fa ny nofo ihany koa. Raha mirindra tsara ny hira dia ahitana fahafinaretana, raha mahay mampiara-peo ny mpihira dia hahaliana ny mpijery sy ny mpihaino ka hahatonga fifalianan ho an’izay manao azy. Toy izany koa ny fitiavana, raha mahay miara-dia, mahay mifanaraka, mahay miady hevitra, ary miray saina ny mpifankatia dia hahita maminy amin’izany fitiavana izany ary ho fianatry ny manodidina. Raha tsy izany kosa no mitranga dia ho toy ny nahazo an’i Lala sy i Lisy ka nahatonga an’i Lala hiteny hoe: “... potika izy ankehitriny!... vaky teo am-pilalaovana azy ilay bakoly tsara tarehy nireharehantsika ka hahaloa-bava izay mahita ny sombiny hoe: “endrey! Izany hakanton’ity fanaka simba! ” (tak 25)

Araka izany, dia toy ny zavatra rehetra ihany ny fitiavana, ka arakaraka ny ikolokoloana sy itandremana azy no tsy hahasimba azy, ary hahazoana fandresena eo anatrehany. Satria, rehefa tsy misy fandresena dia faharesena no dikany ary ny fitiavana dia faharesena ihany koa.

b. Faharesena ny fitiavana.

Faharesena! Midika ho tsy fahitana ny rariny izany. Voadona, hoy ny fitenenana, raha ny olona iray no resin’ny fitiavana. Izany dia vokatr’ireo olona maro efa voatanisa tany aloha ireo.

Ny olombelona rehetra dia samy mikatsaka fahasambarana ao anatin’ny fitiavana avokoa, maro anefa no tsy mahita izany. Mety ho hita ihany, saingy, mandalo fotsiny ka tsy hitahita dia mivadika ho faharesena na fiaretana na koa fijaliana indray. Toy izany no nahazo ireto olona fototry ny tantara ao amin’ny *FOFOMBADIKO* ireto, dia i Lala sy i Lisy izany. Tsy naharitra fotoana ela akory ny fanadinoan’i Lisy ilay olon-tiany taloha izay nampirafesiny tamin’i Lala dia niverina indray; nankarary an’i Lala izany ka nahatonga azy hiteny hoe: “*fa resy alohan’ny fitsarana aho sombinaiko, satria avelo tsy manan-kilema no nanerenao ahy hanaovako fampitaha... fantatrao fa nijaly aho, ary ianao koa nijaly noho ny fijalianao rahateo...*” (tak 25) Tsy midika ho faharesena fotsiny ny faneken’i Lala ho resy eto fa fitiavana te hiala ao anatin’izany faharesena izany ihany koa, izay fantany fa tsy hiteraka fahasambarana ho azy .

Ny fitiavana ahitana fijaliana sy fahoriana matetika dia miafara amin'ny fisarahana hatrany, ary dia hitady izay hahasambatra azy indray izay voadona avy eo. Midika izany fa azo afindra ny fitiavana.

d. Azo afindra ny fitiavana

Angamba ho an'i E.D.ANDRIAMALALA dia ny lehilahy no tena manana traikefa amin'ity famindrafindrana ny fitiavana ity. Satria raha zohina ny tantara dia olona iray ihany no notiavin'i Lisy na teny amin'i Lala aza, dia ny avelon'ilay olon-tiany tany aloha izay noheveriny fa efa maty. Azo heverina fa raha fantany fa i Lala ihany io olon-tiany io dia mety tsy ho nisaraka izy roa. Ho an'i Lala indray dia nafindrafindrany ny fitiavany, satria toa tsy mamaly ny filàny avokoa izay tonga eo. Raha niaraka tamin'i Lisy izy tany am-boalohany dia nitia olon-kafa indray. Hoy indrindra izy mitantara izany: “ *saingy tsy nampoiziko ho tao anatin'ny hotohotom-pitiavako kila no nitsimohan'ny fitiavana iray faharoa izay noheveriko ho tapitr'ohatra tamin'ny fangarangarany sy ny hasoany! Nitia fanindroany aho. Notiavina koa... Na farafaharatsiny, ninoako ho izany!...*”(tak 32)

Tsy vitan'ny hoe azo afindra fa azo zarazaraina ihany koa ny fitiavana. Efa nifankatia i Lala sy Rahely tany aloha, tsy afaka nivelatra anefa izany noho ny fotoana sy ny elanelan-tany ka dia nifankatia tamin'i Lisy indray i Lala. Nony nifanena tamin-dRahely izy taty aoriana dia lasa nahazo toerana tao am-pony indray ity tovovavy ity. Izany hoe, sady nitia an'i Lisy izy no nitia an-dRahely. Nanambara izany tamin'i Lisy izy ao amin'ny tantara manao hoe: “*dia homelohinao ve aho raha hasiako toerana kely hahatsiarovana azy (Rahely) ao an-tsisin'ny foko?*”(tak 193). Ary voalazan'ireo mpandinika aza fa ny fitiavana niaraka tamin-dRahely no tena fitiavana nokatsahin'i Lala.

Raha aravona ireo rehetra ireo dia hita fa tsy mitovy ny fiasan'ny fitiavana eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy. Tsy dia tia mifahatra amin'ny zavatra ny nofo ny vehivavy, hany ka mankarary azy ny fanaovana tsinontsinona ny vatany alohan'ny fanamasinana azy ho amin'ny fanambadiana. Manamarina izany ny tenin'i Lisy hoe: “*koa satria efa izany no sitrakao dia ataovy izay tianao hatao... nianiana ny tsy hanoroka afatsy izay hitantana ahy eo anoloan'ny alitara masina aho, nefa resinao ny faniriako ka tsy misy azoko atao afa-tsy ny miondrika eo anatrehan'ny sitraponao.*”(tak 152)

Tokana ny fitiavana ho an'ny vehivavy, ary tsy azo afindra; fa azo afindrafindra sy azo zarazaraina kosa izany ho an'ny lehilahy. Araka ny hevitr'i E.D.ANDRIAMALALA, ny lehilahy dia saika mifahatra amin'ny zavatra ny nofo na farafaharatsiny mampifangaro ny ara-panahy sy ny ara-nofo, raha vao tafiditra ao anatin'ny fitiavana.

Raha izany ary, dia inona kosa no anjara toeranan' (asa) ny fitiavana eo anivon'ny fiarahamonina.

2.3.1.4. Ny anjara toeran' (asa) ny fitiavana eo anivon'ny fiaraha-monina

Tsy misy olombelona afaka hiaina ivelan'ny fitiavana. Tsy azo ialana izany na dia misy ihany aza ireo miezaka ny mandositra azy, izay azo lazaina fa manao sorona ny fitiavany ihany. Araka ny efa hita tany aloha dia antoky ny fahasambarana sy ny fahafinaretana ny fitiavana. Tsy izay ihany anefa, fa asongadin'i E.D.ANDRIAMALALA ihany koa fa fitaovana enti-mandamina sy mandrindra ny fiarahamonina izany, ary antoky ny fampitomboana ny taranaka ihany koa

a. Fitaovana enti-mandamina ny fiarahamonina ny fitiavana

Voajanahary eo amin'ny olombelona ny fitiavana, ary “*Andriamanitra dia fitiavana (...) ary tsy hahatakatra izany fitiavana izany isika olombelona (...).*”⁴²Noho izany dia zavatra ara-dalana ny fifanenan'izany amin'ny fotoana tsy ampoizina, toy ny nahazo an'i Lala sy i Lisy. Lamina napetrak'Andriamanitra izany ka inoana fa tsy dia ny hanakorontana ny fiainan'ny olona loatra no tanjony..

Fitaovana enti-mandamina ny fiarahamonina ny fitiavana, mampiseho izany ny zava-nisy teo amin'i Lala sy i Lisy tany anaty ala tany nandritra ny raharahan'ny 1947. Ny fitiavana no nahatonga azy roa ho tafaraka tany, ka nony tonga tany dia voatery nifampitonona ho mpivady izy roa mba hanamora ny fandraisan'ireo naman'i Lala azy.

“*Ary izy angaha no vadin'ise? hoy i Lefandro.*

Eny tompoko!... hoy ianao (Lisy) nitsatsaingoka raha vao nahita ahy sanganehana.

[...] ho nataoko ahoana moa no fandà izany teo anatrehan'i Lefandro (hoy i Lala). Fa na dia zaza niara-nihosim-bovoka aza izahay, ho sahala amin'inona ny bikako tafaraka amin-jazavavy aty anaty ala samy irery, ka io zazavavy io hilaza fa vadiko, ary izaho

⁴² Lisy Hary, Maresaka, sombintantara “*Fitiavana*”, lah 7856

kosa hilaza fa tsy izany?... tsy azo lavina fa raha nisy nahalala antsika ho tsy mpifaninona akory, dia tsy fantatra izay ho nanjo antsika.”(tak 70-71)

Izany hoe, raha tsy nisy fifankatiavana teo amin’izy roa ireto dia tsy ho tafaraka tamin’i Lala i Lisy, ary mety ho zavatra hafa no nahazo an’i Lala nandritra ny ady. Ny fisian’i Lisy no tsy namonoan-dry Marolahy sy ny namany an’i Lala; ary raha tsy nifampitonona ho mpivady izy roa dia mety ho hafahafa no niheveran’ireo olona ireo an’i Lala, eny fa na ry Lefandro aza. Noho ny fisian’i Lisy ihany koa no tsy nahafahan’i Lala nandositra ka nahafahany nanampy ireo vahoaka tany am-pandosirana. Mahavita zavatra araka izany ny fitiavana. Fa mbola antoky ny fitombon’ny taranaka ihany koa izy.

b. Fitaovana enti-mampitombo ny taranaka ny fitiavana

Raha niroborobo ny fifandraisan’i Lala sy i Lisy dia nitoe-jaza ity farany. Tsy izy roa ihany fa mbola maneho izany koa i Roger (naman’i Lala fahazaza) sy ny vadiny (nampiterahin’i Lala tany an’ala). Efatra mianadahy no zanak’i Dokotera Raharo, ary anisan’izany Rahely, zanany tamin’ily vadiny tiany nefa nafoiny noho ny setrasetrany mpanjanaka.

Ny fitiavana, araka izany, dia tsy natao holalaovina fotsiny, araka ny fanaon’ny tanora ankehitriny, fa natao hampiasaina amin’izay ilàna azy sy tokony hampiasana azy. Ao anatin’izany ny fampitomboana ny taranaka sy ny fanasoavana ny fiarahamonina. Ankoatr’izay dia tsara hojerena ihany ny mety ho fiafaran’ny fitiavana, araka ny ahitana azy ao amin’ny tantara sy araka ny nanarahantsika azy tamin’izay fanadihadiana efa natao izay.

2.3.1.5. Ny mety ho fiafaran’ny sedram-pitiavana

Mazava ho azy, fa na fisarahana velona na fisaraha amin’ny alalan’ny fahafatesana no mety ho fiafaran’ny fitiavana. Ny tsy mampitovy ireo anefa dia, matoa ny olona misaraka velona dia efa rava izay ny fifankatiavany, hany ka mety ho rava hatramin’ny firaisan’ny fanahy. Raha fahafatesana kosa no mampisaraka, (toy ny nahazo an’i Lisy sy ilay olon-tiany taloha, i Dokotera Raharo sy ny vadiny, ary i Lala sy Rahely) dia tsy tapaka tarangana tanteraka ny fitiavana. Tsy maty izany ny fitiavana amin’izay fotoana izay, saingy, amin’ny alalan’ny fitafan’ny fanahy no ahavelomany. Sarotra kokoa ny handrava na hanadino ny fitiavana nosarahin’ny fahafatesana, na ny marimarina kokoa noelanelanin’ny fahafatesana. Ny zavatra tsapa ihany koa dia izao, raha ny fitiavana no mitratrevatreva any am-boalohany, dia tokony ho mailo ny

mpifankatia, satria tsy maintsy hisy fivadihany izany. Vao vita, ohatra, ny raharahan'i Lala sy i Lisy dia “ *hasambarana safononoka sy haravoana mitafotafo*” no niainany. “*tsy foinao (Lisy) ny hisaraka amiko na dia iray segondra monja aza (hoy i lala), ary fotoana mahalana no tsy nifanohofan'ny molotsika nifampibitsika fitiavana.*

Naharaiki-tahotra ahy ny fitratrevatrevan'ny safosafonao, satria fantatro fa toy ny tahon'afokasoka ny fitiavana, ka raha atao indray mandrehitra, dia hidedaka mbamin'ny tranony, ary nefa dia ho lavenona sisa. Fantatro koa fa aorian'ny fisamboaravoaran'ny nofo, tsy maintsy hanao tampody fohy ny fanahy, ka hitaky ny trosany sy hampihiratra ny masontsika hahitantsika fa tsy izany no atao hoe fitiavana. Kanjo tokoa, tsy nahafaty iray volana akory, dia” rava ny fitiavany. (tak 203)

2.4. Fehiny

Raha fintinina izay rehetra voalaza momba ny fitiavana ao amin'ny tantara foronina mitondra ny lohantenany hoe *FOFOMBADIKO* izay dia azo ambara fa mitana anjara toerana lehibe eo amin'ny fiainan'ny zanak'olombelona ny fitiavana. Toy ny zava-manana aina rehetra dia teraka ny fitiavana, mivelona raha tsy maty eo ampitsiriany ary mety maty. Tsy afaka hivelatra mihitsy ny fiainan'ny zanak'olombelona raha tsy misy fitiavana, ary toy ny fiainana ihany dia zavatra tsy maintsy sedraina izany. Eo am-pisedrana azy anefa dia mila mitandrana ny tsirairay mba tsy hitanondrika eo anatrehany. Nefa moa zavatra mety hiseho ny olana eo amin'ny mpifankatia ka tokony hahazaka izay ho vokany izay tafiditra amin'izany. Fisaraha velona na amin'ny alalan'ny fahafatesana no tsy maintsy hiafaran'ny fitiavan'olon-droa; azo lazaina araka izany fa tsy maintsy mamela takaitra ny fitiavana na ahoana na ahoana fisehony.

Fizarana fahatelo

FANADIHADIANA NY TANTARA FORONINA
ORIMBATON'NY FIADANANA

3.1. Ny mombamomba ny boky

Tantara foronina nosoratan' i Michel ANDRIANJAFY tamin' ny taona 1958, ary natonta fanindiminy ny taona 1987. Izany hoe, boky nosoratany teo amin' ny faha-46 taonany.

3.1.1. Ny endriky ny boky

Boky mifono manga, mirefy 20,5/13cm. Takila 176 no mandrafitra azy. Eo amin'ny fonony no ahitana ny anaran'ny mpanoratra sy ny lohantenin' ny boky ary ny sary famantarana ny FOFIPA 1989 izay nanonta azy. Ao amin'ny takelaka voalohany dia mbola misy ny sarin' ny mpanoratra indray.

Ny takelaka manaraka dia mamerina ny lohantenim- boky sy ny anaran' ny mpanoratra. Manasongadina ihany koa fa ity boky ity dia mirakitra "tantara foronina" nahazo ny " Grand Prix Littéraire TAKARIVA 1958", natonta fanindiminy tamin' ny taona 1987, TRANO PIRINTY FOFIPA D.L 895-87- tir 1000. Ny takelaka aorian'izay no misy ny fialohana izay mampiditra sahadry ny tantara, sady manome fanazavana ihany koa.

Ao amin' ny takila faha-11 vao manomboka ny fizarana voalohany, ary mamarana azy ny fizarana fahadimy, ao amin'ny takila faha- 171. Aorian' izay dia mbola misy takelaka fotsy roa, izay heverina fa natao mba hiarovana ireo takelaka mirakitra ny tantara tsy ho simba na haloto.

Raha jerena amin' ny ankapobeny fotsiny aza dia efa hita ny fahasamihafana eo amin' ny fomba fanehoan' ireo mpanoratra ireo ny endriky ny asa sorany. Marihina fa misy fizarana 5 ity tantara ity, saingy, tsy mba ahitana lohatenim-pizarana. Ireo fahasamihafana ireo no ahatsapana ny maha izy azy ny mpanoratra tsirairay. Fa alohan'ny hijerena ireo singa samihafa mandrafitra ity tantara foronina ity dia tsara raha fintinina fohifohy ny tantara mba haharahantsika ny fizotry ny fanadihadiana.

3.1.2. Famintinana ny tantara.

ORIMBATON'NY FIADANANA, nosoratan'i Michel ANDRIANJAFY

Tantarana vehivavy mahery fo iray sady manam-panahy, no ambaran' ny mpanoratra ao amin' ny tantara foronina *ORIMBATON'NY FIADANANA*. Razanajaza no anarany ary ao Ambohijafy (Carion) no fiaviany. Tovovavy tsara tarehy, manifinify ary niavaka tamin' ny maro tokoa raha Razanajaza tamin'ny fahatanorany; noho izany dia tsy nilaozan' izay haka vady azy sy nifamofo taminy.

Vao 7 taona no nanombohan' ny fanjanahan- tany teto Madagasikara, ka naparitaka eran'ny Nosy ireo manam-boninahitra sy manam- pahefana Frantsay. Anisan' ny nandray ny 2 tamin' izy ireo ny tao Ambohijafy. Ny fifampikasohan' ireo sy ny firaisany tamin' ny Malagasy dia sady niteraka voka- tsoa no niteraka voka- dratsy teo amin'ny fiaraha-monina niarahan' izy ireo. Vokatry ny fifanankalozana teo amin'ny kolon- tsaina gasy sy ny vahiny dia ota ny fadin' ny fiarahamonina ka nifankatia hatramin' ny zanaky ny mpirahavavy. Rava noho izany ny tamin- dRazanajaza sy ilay nifamofo taminy ary lasa fanesoeson' ny mpiara- monina aza izy mandra- pahavitan' ny ala ondrana sy ny raharahany.

Tsy araka ny nanampoizana azy anefa fa tsy niteraka Razanajaza ka lasa halan' ny rafozany sy ny zaobaviny. Nataon' izy ireo izay haharava ny tokatranony, tsy nahazaka izany anefa ralehilahy ka namoy fo ary nanaraka hatramin' ny ainy.

Nandry tamin- dRazanajaza kosa ny fon' ny iray tamin' ireo vazaha tao Ambohijafy, ary lasa nitondra ny anaran' Ingahy Courdy izy. Safononoka ny hasambarany, ary nahagaga fa tsy ela akory izy dia niteraka an' i Hubert Courdy. Niadana tokoa Razanajaza rehefa nanam- bady vazaha, nefa tsy mba nanadino velively ny havany sy ny mpiara- belona taminy izy. Efa nianatra tany ampita ity zanany ity vao maty i Mr Courdy vadin- dRazanajaza, izay azo lazaina fa mamy hoditra tamin' ny Malagasy tokoa. Am- polo taonany maro no tsy nahitan-dRazanajaza ny zanany, nefa tsy mba namoy fo izy. Ny fotoana namangiany voalohany ny fasam- badiny no nifankahitan' izy mianaka tamin' ny fomba mahagaga, ary dia niverina indray ny hasambarany. Tsy vitan' izany anefa fa mbola nanam- bady vazaha indray izy, ary nanaiky izany ny zanany.

Azo lazaina fa nanahaka an- dreniny i Dokotera Hubert teo amin' ny toetra amam-panahiny, izy mianaka ireto aza no azo lazaina fa nanafoana ny elanelana sy ny

fanavakavahana teo amin' ny Malagasy sy ny vazaha, ny mainty sy ny fotsy hoditra; hany ka nanakoako eran' ny nosy ny lazan' izany.

Raha tsorina dia ny fanambadiana vazaha no niteraka fahasambarana teo amin' ity vehivevy Malagasy ity.

Fanamarihana

Tantara tena nisy, araka ny voalazan' ny mpanoratra, ity tantara mitondra ny lohateny hoe *ORIMBATON'NY FIADANANA* ity. Na izany aza anefa, amin' ny maha tantara foronina azy dia maro ihany ireo zavatra noforonina ao anatiny. Anjaran' ny mpanoratra kosa no manao izay haneken' ny mpamaky ny famoronana ataony.

Toy ny hita tany amin' ny tantaran' i Bina sy ny tany amin'ny *FOFOMBADIKO* ihany dia hokirakiraina ao anatin' ny fanadihadiana ity tantara foronina ity ihany koa ireo singa samihafa mandrafitra ny asa soratra. Ho hita ao anatin' izany ny mpandray anjara, ny habaka, ny fotoana, ary ny fomba fijery ny tontolo hita taratra amin' ny fanehoan- kevitry ny mpanoratra

3.2. Ireo singa mandrafitra ny asa soratra

Tsy iadian-kevitra fa tsy misy dikany ny fandinihana literatiora raha tsy fantatra ny fomba nentina mandrafitra sy nandrindra ny asa soratra⁴³. Izany hoe, ny fijerena ny endrika ivelan'ireny asa soratra ireny no ahafahana miroso lalindalina kokoa amin'ny vontoatiny⁴⁴. Noho izany dia tsara raha jerena mifanesy eto ny mpandray anjara, sy ny habaka ary ny fotoana nanorenan'ny mpanoratra ny tantara alohan'ny hidirana amin'ny vontoatiny.

3.2.1. Ny mpandray anjara

Hojerena mifanaraka eto ny amin'ny mpandray anjara fototra, sy ny mpandray anjara mpanampy, ary ny mpandray anjara ravaka.

3.2.1.1. Ny mpandray anjara fototra.

Miavaka ihany koa ity tantara ity raha ny fomba nanehoan' ny mpanoratra ny mpandray anjara fototra no jerena. Raha nandinika tsara isika dia roa ny mpandray anjara fototra tao amin' ireo tantara foronina roa efa nohadihadina ireo, ary ny lehilahy amin' izy roa ireo no tena mitana izany anjara toerana izany voalohany. Ato amin' ny *ORIMBATON'NY FIADANANA* indray dia, tokana ihany ny mpandray anjara fototra sady vehivavy: tsy iza izany fa “RAZANAJAZA”. Mba hahalalantsika bebe kokoa ny momba azy dia andeha hojerena ny fiaviany, ny toetrany, ary ny farim-piainanay sy ny andraikiny

a. Ny fiaviany

RAZANAJAZA Séraphine no tena anarany, merina avy any Ambohijafy Carion izy. Nonina tao Angavokely sy tamin' iny faritra atsinanan' ny nosy iny ihany koa, ankoatra ny nipetrahany teto Antananarivo renivohitra. Ravonimbero no anaran-dreniny, ary efa maty kosa Rainizanajaza rainy.

⁴³ WELLEK & WARREN, *La théorie littéraire*, Ed. seuil, Col. Poétique, Paris, 1971, p 141 : « *La littérature n'est qu'un miroir de la vie, une reproduction et donc un document social. Elle (les études littéraires) n'ont de sens que si l'on connaît la technique artistique du romancier en question* »

⁴⁴ ROBBE- GRILLET , *Pour un nouveau roman*, Ed. Gallimard, Paris 1963, p 41 : « *un roman : c'est dans leur forme que réside leur réalité (...) c'est aussi dans leur forme que réside leur sens, leur signification profonde, c'est- à- dire leur contenu* »

b. Ny toetrany

Ny mpanoratra dia manara-maso tsara ireny mpandray anjara noforoniny ireny, toy ny fanarahana maso ataon'ny mpampianatra amin'ny mpianany.⁴⁵ Noho izany dia fantany avy ny toetran' ireny mpandray anjara ireny sy ny momba azy rehetra. Raha vao miresaka toetra isika dia ny toetra ivelany sy ny toetra anaty no mitambatra ao anatin' izany. “ *Razanajaza nahavery anarana an' Itompokolahy dia vavy tokana. Tovovavy vao misandratra eo amin' ny enina ambin' ny folo ranonorana. Vavy mainty ngalingaly, marirandrirana amin' izato toetr' endrika nalaina lasitra tamin' ny karana. Tsy mba tsipoapoa- manga fa fantakoliravina araka ny fitenin' ny ntaolo.*”(tak 11)

Araka izany dia 16 taona eo ho eo Razanajaza no nanomboka ny tantara. Tsara tarehy izy sady tsara bika raha lazaina amin' ny teny tokana. Tsara fanahy ihany koa ary be fandeferana hany ka na ny fahavalony aza dia nanehoany ny hatsarany avokoa. Tia havana izy ary tsy nijanona teo amin' ny havany ihany izany fa nitatra tamin' ny fitiavany ny mpiara- monina taminy mihitsy. Tsy mba nanary izay solafaka taminy izy fa nananatra ireny ary nanampy izay te hioitra amin' ny fiainana. Nahita ngidiny teo amin' ny fiainam-pitiavana Razanajaza, nefa tsy mba mora kivy fa nioitra hatrany ka isan' ny reharen' ny fianakaviany sy ny mpiara-monina taminy. Mora maka anatra amin' izay zava-mitranga aminy raha Razanajaza mba ho anaty ny ampitso.

d. Ny fari- piainany sy ny andraikiny

Amin' ny maha vavy tokana azy dia azo lazaina fa zaza nihanta Razanajaza teo amin' ny fahazazany. Nefa na nihanta aza izy dia azo lazaina fa zaza voataiza araka ny tokony ho izy, ary na dia nisy aza ny fotoana nahasolafaka azy tamin- dRasolomanana, izay tsy iza fa zana-drahavavin- dreniny ihany dia tsy azo lazaina velively ho ditra izany fa vokatry ny fidiran' ny zava- baovao teo amin'ny fiaraha-monina nisy azy ka nanova ny fihetsiky ny maro.

Ny fandaniana nataon' izy ireo nandritra ny fiomanana ny amin' ny famadihana ny rainy dia midika fa nanana ny antonony ihany izy na dia tsy tena nanana ny ampy aza. Maro ny lalana nolalovan' ity vehivavy ity vao tena marin- toerana ny fiainany; nanana fofombady izy saingy rava izany. Nanam-bady indray izy nefa fanambadiana nitondra fijaliana ho azy izany sady niteraka aretim- panahy tao aminy ka tsy naharitra

⁴⁵ . François MAURIAC, *Le romancier et ses personnages*, p 100: “*En somme, je suis, vis- a- vis de mes personnages, comme un maître d’école sévère*”

ela akory dia rava. Ny fanambadiany fanintelony no tena azo itarafana ny farim-piainan-dRazanajaza, dia ny fanambadiany vazaha izany. Fanambadiana naharitra ary nahitany ny mamy na teo amin' ny lafiny ara- tsaina izany na teo amin' ny lafiny ara-batana, arapitaovana, sns... Hatreo dia nanana ny ampy Razanajaza ary araka ny tantara dia tsy nisy toa azy ny teo amin' ny manodidina azy. Nanana ny hajany sy ny maha- izy azy ihany koa izy.

Tsy misy olona afaka hivelona raha tsy mampiasa ny rantsany, ireo mpandray anjara napetraky ny mpanoratra koa dia toy izany, ary tsy maintsy manao hetsika.⁴⁶ Renim-pianakaviana Razanajaza ary nanana adidy lehibe tamin' ny fijerena izay hahasoana ny zanany. Ankoatran' izay dia nanana andraikitra tamin' ny fitondrana loloha ihany koa izy, dia ny fiahiana ireo ray aman- dreniny sy ireo havany efa antitra. Nosahaniny koa ny fanabeazana ny fiaraha-monina mba hahay handray nefa hahay handanjalanja izay zavatra entin' ny vahiny. Satria tokoa mantsy na nanam-bady vazaha aza Razanajaza dia tsy mba niray petsapetsa tamin' ireo izay nitady hanapotika ny tanindrazany. Porofon' izany ny valinteniny rehefa nasain' Ingahy Leblond nivarotra divay izy hivelomany: “ *misaotra anao Mosé, fa tsy mitsahatra ny manoro hevitra ahy ianao, hatramin'ny ela fa tsy vao izao. Kanefa amin'ity toro-hevitrao indray mitoraka ity, dia manao azafady anao aho fa avy hatrany dia holaviko ny teninao.*

(...)Tsy afeniko anao, Mosé, fa ny masoandrom- pandrosoana ampamirapiratinareo Vazaha ato an- tanindrazanay dia maizininareo kosa indray amin' ny alalan' ny zava- pisotro misy alkaola. Io izao no tondra- drano hanafotra anay Malagasy. Mety hampanan-arena karena ahy vetivety ny varo- divay, araka ny antsoinao, sy araka ny hitan' ny maso tokoa, kanefa kosa hampidi- doza ny fireneko. Rehefa nahazo fitia tamim- bazaha ve aho dia hanampoizina ny tanindrazako? Aoka ho an'ny tsy mandinika Mosé, fa izaho tsy afaka hanampoizina ny fireneko.” (tak 151)

Ankoatran' izay dia tsy afaka ny handeha irery akory ireny mpandray anjara fototra ireny fa tsy maintsy miara- monina amin' ny hafa hatrany, toy ny olona ao amin' ny fiaraha-monina ihany koa. Maro ireo mpandray anjara hafa izay niara- dalana na nifanindran- dalana tamin-dRazanajaza.

⁴⁶ François MAURIAC, *Le romancier et ses personnages*, p 95: “ *Mais il y a plus, aucun homme n'existe isolement, nous sommes tous engagés profondément dans la pâte humaine. L'individu, tel que l'étudie le romancier, est une fiction.* »

3.2.1.2. Ny mpandray anjara mpanampy

Dia mbola maneho ny maha-izy azy ity mpanoratra ity ihany koa ny fahaizany mampihetsika ireto mpandray anjara mpanampy maro dia maro ireto. Mizara roa miavaka tsara ireo mpandray anjara mpanampy ireo raha ny firazanany no anasokajiana azy, dia ireo Malagasy ary ireo Vazaha.

a. Ireo mpandray anjara mpanampy Malagasy

Tamin' izy ireo dia tao ireo nijoro ho fahavalon- dRazanajaza fa tao kosa ireo nijoro ho sakaizany. Eo amin' ny fanoritsoritana ny mombamomba azy ireo tsirairay avy no hahalalantsika izany.

Ravonimbero: Renim- pianakaviana manano- tena, manana zanaka iray, dia Razanajaza izany. mipetraka ao Ambohijafy ihany koa izy, manana rahavavy iray izay efa tsy nanam-bady toa azy koa. Asa na fitiavan- janaka na fiarovana ny voninahitra fa dia ity reniny ity ihany no nitondra an- dRazanajaza nanala zaza tany amin'ny renin- jaza. Na izany na tsy izany dia nanana adidy lehibe izy tamin' ny fitaizana an- janany ka nahatonga an- dRazanajaza tamin' ny toerana nisy azy izay notsiriritin' ny maro tokoa.

Misy kosa mpandray anjara izay natao hanakorontana sy hampijaly ny mpandray anjara fototra fotsiny, ⁴⁷ dia Raketamalala sy Rambolasoa, Razorizety, ... izany.

Raketamalala: Zanaky ny rahavavin- drenin- dRazanajaza, nefa zaobaviny tamin- dRasolomanana vadiny voalohany ihany koa. Tovovavy tsara tarehy, sahisahy nefa nanana toetra ratsy hany ka rehefa misy zavatra tiany hotanterahina dia tsy afaka ny hampandefitra ny faniriany mihitsy izy eny fa na dia hanaonao foana aza. “*Raketamalala no zana-dRambolasoa miara- mitoetra aminy. Miara- mananotena ao izy mianaka. Fa Rambolasoa moa efa antokon' ny hazo amoron- tevana, ary raketamalala kosa na mbola vao eo amin' ny faharoa amby telopolo taonany aza, dia zary mpitondra tena tsy fidiny fa Itompokolahy Ralaivao novinadiny dia anisan' ireo enimpolo lahy voaheloka tamin' ny fampandrian- tany: (...)*” (tak 16)

Araka izany dia vavitokana tsy manan- dray Raketamalala, ary efa maty vady tamin' ny fomba mampalahelo. Nanam- paniriana tanteraka ny hanam- bady Vazaha izy

⁴⁷ François MAURIAC, *Le romancier et ses personnages*, p106: “*Mais il y a tellement de manière, pour un héros de roman, comme pour chacun de nous hélas! d’être malheureux et de faire souffrir les autres* »

taorian' io nefa tsy nety nitsiky taminy ny vintana. Tonga hatramin'ny famosaviana mihitsy aza mba hahatanterahany ny faniriany, saingy, tsy nety. Nitongilana tany amina sinoa mpivarotra iray kosa ny vintany nefa tsy naharitra ela dia maty nisy namono izy ka lasan' ny hafa indray ny toerany. Izy no anisan' ny azo lazaina fa fahavalon-dRazanajaza indrindra tao amin'ny tantara, sady nanenjika ity farany mandrapahafatiny. Izy izany no avy amin' ilay fitenenana hoe “ory hava- manana”. Tsy izy irery anefa fa ny reniny koa.

Rambolasoa: Izy kosa no voalaza teo fa renin-dRaketamalala. Manano- tena izy ary manan-janaka roa, lahy sy vavy, saingy tsy mipetraka aminy ny zanany lahy fa eny amin' ny zaobaviny eny Ambohimiadana. Tsy dia manana traikefa amin' ny fitaizana zanaka vavy izy, hany ka izay tian' ity farany hataony dia tanterahiny. Vokatr' izay dia namoy ny zanany izy ary nitontongana ny fiainany. Isan' ny nanao izay hanapotika ny fiainan- dRazanajaza koa Rambolasoa, saingy, ity zana- drahavaviny ity ihany no niafarany tamin' ny farany. Nanampy azy mianaka tamin' ireo teti- dratsiny ireo ity tovovavy iray ity dia,

Razorizety: *“Ianao moa toa hoe tsierombavy avy ao Ambohimiadana atsinanan' Antananarivo?”* (tak 63), hoy i Tala raha nanontany ny fiavian- drazorizety. Saingy, ny ho mpahandron' Ingahy Courdy no nahatongavany tao Angavokely, akaikin' Ambohijafy ihany. Tsy dia ampy fivelomana izy ary nitovy aretina tamin-dRaketamalala mihitsy teo amin' ny faniriany hanamabady Vazaha. Na dia somary nifandrafy aza izy roa teo am- boalohany dia tafaraka ihany, ary tsy nisy mpinamana toa azy tao. Naniry Vazaha izy ary nankahala an- dRanajaza ihany koa nefa ity farany ihany no niafarana rehefa sendra ny patsa iray tsy homby vava. Niavonavona mihitsy aza izy raha misy gasy mitovy aminy nanao resa-pitiavana taminy.

Rasolomanana: Tovolahy ranjanana Rasolomanana, izy no zana-dRambolasoa ary anadahin-dRaketamalala. Vadin-dRazanajaza voalohany ihany koa saingy araka ny efa voalaza dia nisaraka izy roa. Azo lazaina fa tsy manana hazon- damosina ity tovolahy ity, ary tsy mba afaka nijoro tamin' ny heviny, hany ka niteraka famoizam- po teo aminy izany. Sady te hanaraka ny hevitra ny reniny sy ny iray tam- po aminy izy no tsy nahafoy ny vadiny ihany koa ka dia naleony niala lavitra ary tany no namoizany ny ainy.

Razafimpananina: Izy indray kosa no reny nitaiza an- dRasolomanana. Mananotena ihany koa izy ary tsy niteraka ka izany no nahatonga azy hanangana an- dRasolo. Vehivavy tsara fanahy, tia zanaka ary tsy mba mampanaram- po azy. Lalin- tsaina izy

ary efa niala tamin' ny fitompoanana amin' ny ody gasy. Tiany ny vinantovaviny ary notohanany hatramin' ny farany, satria, nanohitra ny fisainan- dRambolasoa mianaka izy.

Itala: *“Ary izaho kosa tsierondahy avy ao Imahazoarivo, atsimonareo ao ihany”* (tak 63), hoy ihany Itala nanohy ny resany tamin- dRazorizety. Mpahandron' ny iray tamin' izy roa lahy Vazaha tao Angavokely kosa Itala. Nanaja ny asany izy ary nanana ny fahendreny teo anatrehan' ny mpampiasa azy sy ny mpiara- monina taminy. Nanampitiavana an-dRazorizety izy ka na dia nolavin' ity farany aza izany dia tanteraka ihany. Nanam-bady an'Ivaotsirofo mpiara-miasa taminy aloha izy teo anelanelan' izany.

Ivaotsirofo: Ankizivavy nipetraka teny amin' ny manodidina an-dRazanajaza teny ihany, nalainy hanampy an' Itala tamin' ny raharaha tao aminy. Tia an- dRazanajaza izy ary niaraka taminy hatramin' ny farany. Tao amin' ity tokantrano ity kosa no nifankahitan' izy sy Itala ka nahatonga azy roa hifankatia.

Ravainaofo: Randrema no tena anarany, saingy, noho ny asany dia raikitra tamin'ny hoe Ravainaofo izy. Izy no ombiasin-dRaketamalala sy Razorizety, ka nahatonga ny famosaviana sy ny teti-dratsin'izy roa ireo. Mpanao fanafody malaza Ravainaofo, indrindra tamin'ny fotoana mbola tsy nidiran'ny fivavahana teto, saingy, nony tafiditra teto ny fivavahana dia maro ireo olona tsy nanatona azy intsony, hany ka nihalefy ny lazany.

Rakotovahiny: Ity no anisan' ny mpandray anjara voalohany tao amin' ny tantara, niaraka tamin- dRazanajaza. *“Rakotovahiny kosa dia mpita lohasaha, araka ny fomban' ny mpitady tokantrano, fa terak' Ambanitsena, dia ilay vohitra kely manan- daza eo andafy atsinana' Isoavina... tovolahy azo notombanana teo amin' ny sivy ambin' ny folo taona teo kosa Rakotovahiny, saingy zaza maroroka sy mafy toton' ny asa angady ka antitrantitra endrika amin' ny taolan- tava miranirany sy ny maso lalindalina ary ny feo besobeso. Zarazara fihodirana kosa izy, somary fonemponentana anefa tsy mba karazan' ity botrefona fa nofosana. Kamboty tanteraka izy. Ary raha ambara ny kileman- tarehiny dia ny orony petaka sy ny molony matevina mimolo- tsenegaly, raha ampitahaina amin- dRazanajaza dia tonga amin' ny fitenenana hoe “Ratsy tarehy maka vady ka ny anaran-drany no eti- mangataka”. Ny anaran' Itompokolahy Rainizanakolona rainy no navesa- danja tao an- tsain- dry Ravonimbero mianakavy ao Ambohijafy.”*(tak 11)

Araka izany, dia kamboty Rakotovahiny, ary ao Ambanitsena no misy azy. Itoeran' ny haratsiana rehetra izy raha miohatra amin- dRazanajaza raha ny endrika ivelany no jerena, nefa nanaiky ny hanambady azy ihany ity farany noho izy avy amina fianakaviana manana ny maha izy azy. Na dia mbola 19 taona fotsiny aza izy dia efa vonona ny hanana tokantrano, midika izany fa lehilahy vonona ny hiatrika ny fiainana Rakotovahiny. Na teo aza anefa ny fitiavany an-dRazanajaza dia tsy mba nanaiky ny hanitsakitsahana ny fitiavany kosa izy, hany ka raha vao henony ny momba an-dRazanajaza sy Rasolo dia nandray fanapahan- kevitra ny hihemotra izy. Raha lazaina fohifohy dia tovolahy manana ny maha izy azy Rakotovahiny ka tsy azo atao tsinintsinona .

Hajanontsika eo ny fitanisana ireo Malagasy mpandray anjara mpanampy ireo, fa ho hita eto kosa fa tena nanana anjara toerana lehibe tao amin' ny tantara ireto mpandray anjara vahiny ho hita manaraka eto ireto;

b. Ireo mpandray anjara mpanampy vahiny

M. Courdy: I Max Courdy no tena anarany, solontenan' ny fitondram- panjakana nisahana ny momba ny rano sy ny ala tamin' iny faritra Ambohijafy iny izy. Lehilahy nitoeran' ny hatsarana sy ny fahatsorana, ka raha nilatsa-paka tao an- tsain' ny Malagasy maro fa ratsy avokoa ireo Vazaha tonga teto dia ity lehilahy ity kosa no nanaisotra izany tao an- tsain'ireo mponina tao Ambohijafy sy ny manodidina, ary izay nahalala azy.

Izy no vadin- dRazanajaza na i Madame Séraphine Courdy, ary raim- pianakaviana niteraka zazalahy iray dia i Hubert Courdy . Nifandray betsaka tamin' ny Malagasy niara- nonina taminy izy, ary nanaraka ny fombany raha nilainy izany. Nitondra fiovana tao Ambohijafy ihany koa ary mamby hoditra tamin' ny vahoaka izay nolalovany. Tia vady izy ary tsy mba tamim- pihatsaram- belatsihy fa tamim- pitiavana tanteraka, tsy mba nanambany ny Malagasy ihany koa. Azon' ny tazo mahery anefa izy ka tsy nahatohitra izany ary namoy ny ainy. I M. Dubosc kosa no niara- niasa taminy.

M. Dubosc: Izy no vazaha tonga voalohany tao Ambohijafy nitantana ny amin' ny rano sy ala. Tsara fanahy koa izy ary nahay niara- nonina tamin' ny mponina tao an- toerana. Nanana ny ampy ary nizara tamin' ireo Malagasy niara- nonina taminy. Avy any Frantsa ity lehilahy ity mazava ho azy ary manam- bady Vazaha toa azy ihany, namana akaiky sady lehiben' i M.courdy izy, saingy, rehefa niala tao an- toerana i M.Dubosc dia i M. Courdy no nisolo ny toerany.

I Hubert Courdy: “ *Tena tera-dRazanajaza marina ity. Tena zanak’i Rakoridia. Tarana-boanjo foto-boanemba*”(tak 165), hoy ireo vahoakan-Ambohijafy raha nahita azy sy ny zavatra nataony.

Izy no lahitokan- dRazanajaza sy i M. Courdy, teraka tao Ambohijafy izy, saingy lehibe tany Frantsa ka tany no nahazoany ny marim- pahaizana maha dokotera azy. Dokotera miaramila izy ary nifidy ny hiasa eto Madagasikara mba hanabe voho ny tany misy ny reniny sady hitady azy ihany koa. Vazaha izy nefa manana rà Malagasy, noho izany, na dia nosakanan’ ireo namany tsy hiraharaha izay reny malagasy taty aza izy dia tsy nety maty tao aminy ihany ny fitiavany ny hihaona tamin’ ilay reniny. Hoy indrindra izy raha namaly ireo namany: “ *amiko rehefa reny dia mamy, na somalia izy na martinika. Aminareo kosa dia hateveno ihany ny rindrim- bolon-koditra ho entinareo manala voninahitra an’ i France naniraka anareo. Misaotra an’ Andriamanitra kosa aho fa nohariny ho metisy; ka hijoro aho ho apostolin’ ny fampihavanana.(...) tsy mba fantatrareo angaha ny tantara Masina, fa ny fitiavana no hery “teolojika” nahababoan’ i Kristy an’ izao tontolo izao? Ary tsy mba novakinareo angaha ny tantaran’ ity nosy ity, fa fitiavana no tetika politika nahavorian’ Andrianampoinimerina an’ Imerina? Ny HERY mandresy vetivety fa ny FITIAVANA kosa mandresy maharitra.*” (tak 160). Tenin’olon-kendry tanteraka izany ary ahalalana avy hatrany ny toetran’ ity tovolahy ity. Nanam- bady izy dia i Madame Philomène Courdy izany. Izy ihany koa no lehiben’ ny mpitsabo tao amin’ny hopitaly miaramila tamin’ izany fotoana izany.

Mme Philomène Courdy: Tovovavy alzeria, tsara tarehy sady manam- pahaizana. Izy no vadin’ i Hubert sady eo ambany fifehezany rahateo koa teo amin’ ny sehatry ny asa. Manana toetra manavakava- bolon- koditra izy, izany hoe tsy tia Malagasy toy ireo mpiara-miasa amin’ i Hubert ihany, hany ka saika nanapaka tarangana ny aminy sy ny vadiny ny fahafantarany an- dRazanajaza ho rafozany. Vehivavy miavonavona, manambany olona, sns... nisy fotoana aza izy nangataka fisaraha ka rehefa tanteraka tokoa izany dia lasa adala izy ary Razanajaza mianaka ihany no nitsabo azy.

I Same- Tave: Sinoa lahy mpivarotra entana tao Inandihizana andrefan’ Ambohijafy ihany izy. Ratsiratsy toetra, mpanambaka sy mpitsetsitra olona sady mpilalao vehivavy ihany koa. Mpivarotra no asany, nanan- karena izy ary tsy niraharaha izay Malagasy akory. Nanam- bady an- dRaketamalala izy na dia tsy vita fomba aza izy roa. Izy ihany koa anefa no nahihina ho namono an- dRaketamalala. Tsy mba isan’ ireo Vazaha mpanjanaka i Same- Tave nefa toa izy indray no nitsentsitra ny Malagasy kokoa noho

ireo nolazaina fa mpanjanaka raha ny zavatra nataony tao Ambohijafy sy ny manodidina no jerena. Izy no nahafaka ny aretin- dRaketamalala tamin' ny fitiavam-bazaha tsy tanteraka, sady nampionona azy ka nahafaka an- dRazanajaza teo ambanin' ny odin' ity zaobaviny taloha.

I M. Leblond: Vazaha tsara fanahy ary malala- tsaina. Izy no lehiben' i M. Courdy fahavelony, ary nanampy an- dRazanajaza izy nony maty ity olom- peheziny ity. Efa retirety izy no tonga teto Madagasikara i Hubert nefa mbola ny fanampiany ihany no nahitan- dRazanajaza ity zanany ity. Noho izany fifaneraserana naharitra teo aminy izany dia lasa vadin- dRazanajaza izy taty aoriana ka nahatonga ity farany hitondra ny anarana hoe “*Mme Séraphine Leblond*”.

Ireo indray no mpandray anjara Vazaha na vahiny tao amin' ny tantara izay nanana ny lanjany tokoa teo amin' ny tantaran- dRazanajaza, satria, raha tsy teo izy ireo dia mety tsy ho tanteraka ny nofinofin' ity tovovavy ity, dia ny “FIADANANA” izany.

Raha atao bango tokana ny amin'ireo mpandray anjara mpanampy ireo dia azo lazaina fa nanjaka tanteraka ny fahasamihafana, na teo amin' ny fiaviany izany na teo amin' ny foto-kevitra nentina nifandray tamin' ny Mpandray anjara fototra. Hamafisina hatrany anefa fa mbola ny fahaizan' ny mpanoratra nikirakira ny fahasamihafana nisy teo amin' izy ireo ihany no nahatomombana ity tantara foronina ity. Tsy vitan' izy ireo ihany aza fa mbola tao koa ireo mpandray anjara mitselitselika indraindray tao anatin' ny tantara ka manome endrika azy, sady manampy ny mpamaky amin' ny fahazoana ny tantara.

3.2.1.3. Ny mpandray anjara ravaka.

Maro dia maro ihany koa ny mpandray anjara ravaka ato amin' ny tantara foronina *ORIMBATON'NY FIADANANA* noho izany dia tsy ary ho voatanisa avokoa izy ireny fa izay tena misongadina no hotanisaina eto.

Tao ireo fianakavian- dRakotovahiny namolavola ny fotoana hanaovana ny raharahan' izy sy Razanajaza, niaraka tamin' ny fianakavian' ity farany. Izy ireo ihany koa no iraka nilaza ny amin' ny hanafoanana ny fanambadian' ny ankizy rehefa nandre ny tantaran- dRazanajaza.

Tao ihany koa **ny rain- dRazanajaza** izay saika havadika ka nahatonga ny fianarana dihy tao Ambohijafy. Raha tsy nisy tokoa mantsy ny fikasana hamadika an' i

Rainizanajaza dia tsy nisy ny fianarana dihy ka ho tanteraka ihany ny fanambadian-dRazanajaza sy Rakotovahiny, ary tsy ho nanambady vazaha Razanajaza.

Rasoazavona: Nenitoan- dRazanajaza ary izy no nampiantrano azy tao Anjeva tamin' ny fotoana nanalany ny zanany tamin- dRasolo. Vavolombelona tami' izany no atompisan'ity vehivavy ity. Rafaniry no renin- jaza nanao izany

Rafaniry: “ ... *vehivavy tsy vanona. Io mamotsotra zanak' olona an- kibo io foana no ataony raharaha.*” (tak 21)

Ny vadin' Ingahy Dubosc: vazaha izy saingy nanahatahaka ny vadiny ihany teo amin' ny toetra ama- pihetsika. Ny fahatongavany kosa no nahatonga saina an- dRaketamalala ka nampionona azy fa tsy ho azy intsony i Dubosc.

Rasanjy: Governora prinsipaly: Izy no nanatitra ireo vazaha ireo tao Ambohijafy. Araka ny voalazan' ireo mpandinika efa nanadihady ny amin' ity asa soratra ity dia isan' ireo mpila ranondranony tamin' ireo mpanjanaka Rasanjy. Amin'ny maha tantara tena nisy ity tantara ity ihany koa dia voalaza fa olona tena nisy Ingahy Rasanjy, ary voamarina fa tsy zarizary ny taranak' ity Rasanjy ity hatramin' izay ka hatramin' izao, noho ny alahelon'ny olona tamin' ny famadihana tanindrazana nataony, (araka ny fanadihadiana nataon-dRamatoa RAHARIMANGA Fidèle)

Ireo mponin'Anjiro, niray petsapetsa tamin' i M. Courdy mivady, ary nifanampy tamin' izy ireo tamin' ny lafiny rehetra. Izy ireo ihany koa no nanampy an- dRazanajaza tamin' ny fikarakarana ny vadiny, hatramin' ny naharariany ka mandrapahafatiny.

Ireo dokotera/ mpampivelona, nitsabo sy nanoro hevitra an-dRazanajaza, Malagasy izy ireo ary tsara fanahy sy nanao ny asany tokoa, hany ka izay marary tonga ao aminy dia afa- po amin' ny toro hevitra sy ny fandraisana tokoa.

Ireo naman' i Hubert sy ny mpiara- miasa taminy: izay nitory ny tsy fitovian-kevitra tamin' ireo samy vazaha tonga teto Madagasikara. Raha nisy ireo niezaka namboly fihavanana sy fitiavana teto, izy ireo kosa nametraka ny fahasamihafana teo amin' ny mpanjanaka sy ny zanahina, ary teo amin' ny mainty sy ny fotsy. Tamin' ny alalan' ny fanehoan' izy ireo izany fisainany izany kosa anefa no nampipoitra ny fo volamenan' i Dokotera Hubert Courdy izay niezaka nampiray ny Malagasy sy ny Vazaha.

I Mme juliette Sarraz mivady: Any Alberville izy ireo no monina ary anabavin i M. Courdy ity ramatoa ity ka izy ireo no nitaiza an' i Hubert nandritra ny nitoerany tany

andafy. Ratsy toetra izy ary tsy tia mainty hoditra, noho izany dia nataony avokoa izay fomba rehetra tsy hihaonan- dRazanajaza tamin- janany.

Tao ihany koa ireo **mpitondra fivavahana sy ireo masera** mpanabe teto andrenivohitra izay nanamasina ny fanambadian- dRazanajaza mivady, sy nampianatra an' i Hubert kely.

Sns....

Araka izany, na ireo mpandray anjara ravaka ireo koa aza dia nanana ny lanjany lehibe tamin' ny famoronana ity tantara ity, noho izany dia tsy azo hamaivanina ny fisiany. Mizara roa izy ireo, dia ny Malagasy sy ny Vazaha. Tsy vitan' izay fa mbola tao koa ireo niara- dalana tamin' ny mpandray anjara fototra sy ireo nifanindran- dalana taminy.

3.2.2. Ny habaka ao amin' ny tantara foronina ORIMBATON'NY FIADANANA

Tsy latsa- danja amin'izay vitan'i Auguste RAJON sy ny an'i E.D. ANDRIAMALALA ny sangan' asan' i Michel ANDRIANJAFY amin' ny fanehoana ny habaka. Hita ao anatin' ity tantara foronina nosoratany ity koa ny toerana ara-jeografia, ireo singa samihafa entiny manasongadina ny toerana, ary manana ny teknikany manokana koa izy nanehoany ireo habaka ao amin' ny tantara.

3.2.2.1. Ireo toerana ara- jeografia.

Toy ireo tantara teo aloha ihany dia misy ireo toerana tsy dia voafaritra mazava ary misy ihany koa ireo toerana tena misy voafaritra mazava.

a. Ireo toerana tsy voafaritra mazava.

Ny toerana manodidina ny tanàna sy ny ao anaty trano no tena manavanana ity mpanoratra ity ny mampiasa azy. Ohatra amin' izany ireto manaraka ireto:

Ao atsinanan- trano, ao ambony rihana, aroa amin-dR..., any an- tongodrihana, ny lohasaha, atsimon- tanana, andrefan' ny lapa, somary atsimo, ao am- parafara, eo an- tokotany, tao an' efitra, ny tohatra, eo am- baravarana- kely, eo an- kavia, anaty kirihitr' ala, eo afovoan-tokotany, tao an- trano, amin' ny train, sns....

Ho hitantsika amin' ireto fehezan- teny vitsivitsy nalaina tao amin' ny tantara ireto izany;

Tak 11: “Nangala- dia fotoana fohy tao atsinanan- trano Rakotovahiny sy Razanajaza no nanamafy ny dinan’ ny fony”

Tak 15: “... Dia hita fa ny tranon- dRambolasoa mianaka no mba malaladalaka sady mendrimendrika ny ao ambany rihina (...).”

Tak 23: “Tamin’ izay dia iny nitsangana Rasolomanana, nanao mbay lalana an- dRasoazavona, dia nitsarapaka any an- tongodrihana.”

Tak 28: “Eo amin’ ny tany marimarina, andrefan’ ny lapa somary atsimo, no nadaboka ny omby.”

Tak 38: “Eo an- kavia ny varavarana tery mankao amin’ ny efitra fandraisana olona...”

Tak 46: “ Eo am- parafara izy (Raketamalala) no mihohoka mitomany eo ambony ondana...”

Tak 52: “Nigadona eo an- tokotany indrindra ry zareo (...) .”

Tak 53: Tao an’ efitra, teo ambonin’ ny farafara kely fitsapana sy fihainoana dia menamenatra nivoara- mena Razanajaza.”

Tak 55: “Sempotra ery Razanajaza niakatra ny tohatra ka saiky tsy vitany akory ny arahaba hilazany ny mahamaika azy.”

Tak 115: “..., Kanefa tsy mba manaraka ny lalana falehan’ ny olona fa avy any anaty kirihitr’ ala no nipoirany (Razorizety).”

“ Nitsatoka teo afovoan- tokotany izy nihararetry ny hatsiaka ary angamba reraky ny hanoanana”

Tak 117: “ Naiditra tao an- trano fitobian’ entana aloha Razorizety...”

Tak 123: “Aza gaga loatra mahita zavatra eny amin’ ny train fa mahamenatra vazaha hafa.”

Tak 160: “ Dia nofonosiny (Razanajaza) tsara izy rehetra (ny antontan- taratasy rehetra) ka natsofony tao anaty poketrany hiandry ny andro maraina hitondrany azy.”

Tak 168: “Lotika mafy Madama Hubert Courdy, ka nametraka fitarainana tany amin’ ny commissaire de police sy nampiditra fangatahana fisaraham- panambadiana tany amin’ ny fitsarana.”

Sns....

Tsapa araka izany fa anisan' ny manavanana ny mpanoratra ny fampiasana ny lafy efatra: **atsimo, avaratra, andrefana, atsinanana**. Toy izany koa ny hoe: **an-kavia sy ny an-kavanana**. Tsikaritra ihany koa fa ny toerana manodidina ny trano fonenana no tena ampiasany betsaka ireo toerana tsy voafaritra mazava ireo. Ny anaran- tanàna kosa no tena betsaka amin'ireo toerana misy voafaritra mazava.

b. Ny toerana misy voafaritra mazava.

Teto Antananarivo no tena nanorenan' ny mpanoratra ny tantara. Na dia nisy fotoana aza ny mpandray anjara fototra nandalo tamin' iny faritanin' i Toamasina iny dia azo lazaina fa fotoana fohy izany ary tsy dia nahalalana izay momba an' i Toamasina akory.

Tsy mifanalavitra amin' ny tantara efa hita teo aloha fa dia saika toerana tena misy avokoa no hita ato amin' ny tantara foronina *ORIMBATON'NY FIADANANA*, ary mbola azo hamarinina mandraka ankehitriny ny fisian' izany toerana izany. Na ny lalan-kizoran' ny mpandray anjara, sy ny toerana tazaniny amin' izany aza dia maneho ny maha tantara tena nisy ity tantara ity. Ohatra amin' izany ireto tanàna hotanisaina manaraka ireto:

Ambohijafy no toerana tena niorenan' ny tantara, ary nampifandraisin' ny mpanoratra tamin' ireo toerana manodidina azy izany: *Angavokely (tak 11), Carion (tak11), Ambanitsena (tak 21), Isoavina(tak 34), Anjeva (tak 19), Inandihizana (tak 62, Ambohimiadana (tak 46) , Manjakandrinana (tak 94), Ampamaho (tak 62), Ambatovory (tak 41), Ambatomanga (tak 88, 34), Ambohimiadana (tak 54), sns...* Nampifandraisina tamin'Antananarivo renivohitra ihany koa ary nipaka hatrany Toamasina. Voatanisa ao anatin'izany ireto toerana ireto: *Imahamasina, Anosy (tak 45), Ambohimangakely (tak 48), Ambohimanambola (ta k48), Andraisoro (tak 48), Ampanantonandoha (tak 48), Hopitaly Isoavinandriana (tak 48), Manjakamiadana (tak 48), Andafiavaratra (tak 48), Andrainarivo (tak 49), Ampasanimalo (tak 49), Ambohidempona (tak 49), Ankatso (tak 49), Ifaliarivo (tak 49), Ambanidia (tak 49), Ambatonilita (tak 5), Ankadifotsy (tak 50), , Imahazoarivo (tak 63), Isoraka (tak 111), Andohalo (tak 112), Hotely National Ambatovinaky (tak 111), Andravoangy (tak 137), , Toamasina (tak 51, 125), Anjiro (tak 137), ambila (tak 124), Brickaville (tak 124) sns...*

Araka ireo hita ireo dia toerana tena nisy ary mbola misy mandraka ankehitriny no nanorenan' ny mpanoratra ny tantaran- dRazanajaza. Vokatr' izany dia azo tsapain-tànana koa ny tantara ary azo arahina tsara ny lalana nizoran' ireo mpandray anjara ireo.

Raha mamaky ity tantara ity dia hita taratra amin' ny alalan' ny fikirakirana ireo toerana ireo ny maha tantara tena nisy ny tantaran- dRazanajaza (RAJAONARISAONA Edward). Ary azo lazaina fa nampiasaina ity mpanoratra ity mihitsy ny fikirakirana ireo habaka ireo. Na ireo toerana tsy voafaritra mazava ireo aza dia toa ahitana sary antaina ny toerana misy ny mpandray anjara na dia tsy manatri-maso ny zava-nitranga ny mpamaky. Manampy trotraka izany ny fametrahany ireo singa samihafa nanasongadinany izany habaka izany.

3.2.2.2. Ireo singa samihafa nentina nanasongadina ny habaka.

Saika fitaovana fampiasa ao an- tokantrano na fampiasa amin' ny vatana no tena ampiasain' ny mpanoratra hanoritsoritana ny toerana. Ka na izany natao hanasongadinana ny toerana na koa hanasongadinana ny mpandray anjara. Indraindray aza dia sady manasongadina ny toerana no manasongadina ny mpandray anjara. Tonga dia horaisintsika ireo andian- teny manasongadina izany ao amin' ny tantara:

Tak 38: *“fa manao ahoana moa izato mba tokantranon- dRavainafy? Vao miditra dia mivantana amin' ny efitra mitomandavana kely, izay fisokon' akoho ny andamosina ary ilaharan' ny sinibe anankiroa fandoman- tambavy ny anoloana. Ao ambonin' ireo ny fatana fandrahoan- kanina, izay anihina amin' ny tohatra mitsatoka eo am- pototry ny varavarambe ka mamingana ny vahiny tsy mijery ambany.*

Eo an- kavia ny varavarana tery mankao amin' ny efitra fandraisana olona, izay malaladalaka ihany saingy maizimaizina noho ny varavarankely ety sady diso avo. Toa fanahy niniana natao angamba izany mba tsy hahazoan' ny ao alatrano manaranganana manongilan- tsofina. Maintin- tsetroka ny rindrina. Miharihary ny lafin- drihana ambony izay ravadravahan' ny molaly sy ikorotsahan'ny vovoka raha sendra misy mandalo ao an- trano fandriana. Sobiky vitsivitsy mifanongoa feno tapatapa-kazo ary saronankarona feno fitaovana madinika no manodidina an- dRandrema Ravainafy, (...).”

Ireo singan-javatra maro voalaza ireo dia sady manoritsoritra ny habaka no manoritsoritra ny mpandray anjara ihany koa. Izany hoe, manoritsoritra ny trano any ambanivohitra, ary tsy vitan' ny hoe trano any ambanivohitra ihany fa mbola tranon' ombiasy ihany koa, ka ahitana singan- javatra tsy fahita amin' ny tranon' olon- tsotra.

Tak 129: “ *namboariny (M.Courdy) ny tranon- drafozany. Nohavaozina daholo na anatin' ny ivelany. Nohalalahina sy novolena fitaratra na varavaram- be na varavaran- kely. Natao gorodona na ambony na ambany. Novana ho tohatra hazo miolaka misy arofanina ny tongo-drihana tany. Nosoloana tany manga ny tafo bozaka. Naorina ny lakoza any alatrano sy ny kabine. Nohodidina tamboho biriky (...) ny tanàna, ka vavahady tokan- dela no fidirana sy fivoahana avy ao andrefana.*”

Ireo rehetra ireo kosa dia manasongadina ny habaka. Izany hoe manasongadina ny fiovana teo amin' ny tranon' ny mpandray anjara. Fa ao ambadik' izany dia milaza fiovana na fandrosoana eo amin' ny mpandray anjara ihany koa. Ankoatra ireo dia misy koa ireo toerana tany ampitan-dranomasina izay tsy dia nibahan-toerana loatra.

Fa azo aseho amin' ny alalan'ny kisary ny elanelana teo amin' ny habaka ao amin' ity tantara ity.

Elanelana lehibe indrindra: Madagasikara _____ Frantsa

Antananarivo _____ Toamasina

Elanelana antonony: Antananarivo _____ Ambohitafy

Ambohitafy _____ Anjira, sns...

Elanelana kely indrindra: Ao an- trano _____ Eny an- tokontany/ any alatrano

An- tanàna _____ Any an- tsena, sns.....

Mivelatra tokoa ny mpanoratra teo amin' ny fampiasana ny habaka. Amin' ny ankapobeny dia ny elanelana antonony no tena mibahan- toerana. Tao anatin' izany dia nanana ny teknikany ihany koa ity mpanoratra ity nentiny nijery ireo habaka ireo.

3.2.2.3. Ny teknika nentin' ny mpanoratra nijery ny habaka.

Ny teknikan' ny mpaka sary mihetsika ihany koa no tena ampiasain' ny mpanoratra ao amin' ny tantara *ORIMBATON'NY FIADANANA*, satria, mijery akaiky sady manara- maso ny mpandray anjara tsirairay avy ny mpitantara, ary mahita maso izay mitranga rehetra.

Tsy hijanona amin' ny fikirakirana ny mpandray anjara sy ny toerana ihany isika, fa mba hahafeno ny ireo singa mandrafitra ny asa soratra ireo dia tsara raha jerena koa ny momba ny fotoana.

3.2.3. Ny fotoana ao amin' ny tantara foronina *ORIMBATON'NY FIADANANA*

Mbola tsy misy valaka amin' ny fomba nitondrana ny fanadihadiana teo aloha ihany ny fomba hijerena ny fotoana eto.

3.2.3.1. Ny fotoana niainan' ny mpanoratra sy nanoratany ny tantara

Niaina teo anelanelan' ny taona 1912-1969 i Michel Andrianjafy. Ity tantara ity kosa dia nosoratany tamin' ny taona 1958. Izany hoe 46 taona izy no nanoratra ny tantara. Raha izany no dinihina dia azo lazaina fa naharaka tsara ny zava- nisy teto amin' ny firenena ny mpanoratra, ary tsy mahagaga raha tantara mifandraika amin' izany no ambaran' ity tantara ity. Tamin' izany 1958 izany dia efa nihaodihaoody ny fahaleovan- tenan' i Madagasikara, noho izany dia efa azo natao ny nanao jery todika sy nijery izay mety ho vokatry ny fanjanahantany. Toe-javatra roa no tokony ho tsapan' ny olona , dia ny hoe nampitondra takaitra ny fanjanahantany, nefa namela zavatra tsara ihany koa. Izany no avoitry ny mpanoratra ao amin' ny tantara.

3.2.3.2. Ny fotoanan' ny mpamaky.

Ny fahaizan' ny mpanoratra naneho ity tantara ity ho toy ny tena nisy, (na dia tsy fantatry ny mpamaky aza fa tantara tena nisy no avoitra ao) dia ampy haminanian' ny mpamaky ny maha zava- misy ity tantara ity. Nahatety vanim- potoana maro ny tantara foronina *ORIMBATON'NY FIADANANA* ary nampidirina tao anatin' ny fandaharam- pianarana mihitsy aza izany. Mety amina karazan' olona maro ihany koa, satria, dia ny fiainana fahita eny ami' ny fiaraha-monina eny no hita ao na amin' izao fotoana izao aza, fa tsy ny fiainana tamin' izany fotoana izany ihany; ao ihany koa ny maha tantaram- pitiavana azy izay matetika mahasarika ny karazan' olona rehetra. Toy ireo tantara roa teo aloha ihany koa dia inoana fa mbola natao ho an' ny vanim- potoana ho avy ity tantara ity.

3.2.3.3. Ny fotoanan' ny tantara (temps historique)

Azo lazaina fa nifanandrify tamin' ny vanim- potoana nitakiana ny fahaleovan- tena teto Madagasikara ny taona 1958, izay nanorenan'ny mpanoratra ity tantara ity. Manamarina izany ihany koa ny fisian'ireo mpandray anjara tena nisy tamin'izany vanim-potoana izany ao amin'ny tantara, anisan'izany, ohatra, ireo senegaly, Ingahy Rasanjy izay voalazan'ny mpanao fanadihadiana fa olona tena nisy ary anisan'ireo mpila ranondranony tamin'ny mpanjanaka. (Ramatoa Raharimanga) mbola manamarina izany ihany koa ny fisian'ireo vanim-potoana voafaritra mazava tsara ato amin'ny

tantara, toy ny hita ao amin'ny takila faha-9 hoe: “*TAONA 1903. Vao fito taona mahery kely no niatombohan'ny Fahefana Frantsay teto amin'ny Nosy* ». Niaina ireo tranga maro teto Madagasikara ireo ny mpanoratra, ao anatin' izany ny fampandrian-tany nataon' ny vazaha teto izay voalaza mivantana ao amin' ny tantara.

Azo lazaina izany fa mipetraka amina vanim- potoana mazava tsara ny tantara, ary izany dia manome endrika azo inoana azy.

3.2.3.4. Ny fotoana anatin'ny.

Tsy dia be fanoritsoritana ny mpanoratra fa ny resaka ifamalian' ny mpandray anjara no tena misesy. Noho izany dia tsy dia mitarazoka ny fitantarana. Misesy toy izany ihany koa ny fametrahana ny fotoana ao amin' ny tantara. Misongadina araka izany ny zava- dehibe tian' ny mpanoratra haseho mifanaraka amin' ny fotoana. Toy izao ny fanehoany izany:

Herinandro taorian' ny...(tak 14), indray tolakandro... (tak 20), tapabolana taorian' izay (tak 27), herintaona sy tapany(tak 33), efa 8 taona izao (tak 48), 10 taona mahery kely izay... (tak 48), vao 7 taona mahery kely.. (tak 9), indray misasak' alina..(tak 59), 1901& 1902 (tak 50), intelo alina...(tak 87), telo volana...(tak 88), nandritra ny tapabolana (tak88), naharitra roatokombolana...(tak 115), 9 volana...(tak 84), marsa 1912(tak 119) , 1925 (tak 147), novambra 1932 (tak 152), tamin' ny 2 ora sy 20 minitra... (tak 141), iray volana taorian' izay...(tak 89), fevrier 1933 (tak 168) volana aout 1914 (tak 139) vao amin'ny telo ora sy 20minitra (tak 161) volana juillet taona 1906 (tak 111), sns...

Fotoana lava no nolalovan' ny tantara araka izany, hany ka tsy maintsy nataon' ny mpanoratra mazava tsara ireny fotoana ireny mba hahatonga ny mpamaky haharaka tsara ny fisesin' ny tantara, ary koa ny toetoetry ny mpandray anjara sy izay mety ho fiovaovana ao.

Tamin' ny alalan' ny fanarahana akaiky ireo toe- javatra ireo no nahitana fa mirakitra tantaran' olona nandritra ny **31 taona** mahery teo ho eo ity tantara foronina ity.

Raha nolazainy fa “*vao 7 taona mahery kely no niantombohan' ny fahefana frantsay teto amin' ny nosy*”(tak 9), dia hazavainy tsara fa tamin' ny 1925 tany dia feno 30 taona ny naha zanatany antsika, “*nitsidika tamin'izay ny taona 1925. Katroka*

telopolo taona no naha- frantsay ny Nosy malagasy”, tak 147. Ny tantara anefa tsy mijanona raha tsy aty amin’ ny taona 1933 aty, (tak 168).

1925-30=1895 ____ Io no fotoana nanombohan’ ny fanjanahantany

1895+7= 1902 ____ Teo kosa no nanomboka ny tantaran- dRazanajaza raha vao 16taona izy.

1933-1902=31 taona ____ Io no faharetan’ ny tantara

Araka izany dia anisan’ ny mampiavaka ity mpanoratra ity ny fahaizany mikirakira ny fotoana. Ankoatran’ izay dia tsy mandeha ho azy akory ny famoronana ireny lahatsoratra milaza tantara ireny fa tsy maintsy misy famolahana ny teny sy ny fehezan- teny mba hampivoaka ny endrika kanto ao aminy. Araka izany dia manana ny fomba fanehoan- keviny i Michel ANDRIANJAFY ao amin’ny *ORIMBATON’NY FIADANANA*

3.2.4. Ny fomba fanehoan-kevitry i Michel ANDRIANJAFY

Ny fanehoana hevitra amin’ny alalan’ny voambolana sy ny fehezan-teny no tiana hambara amin’izany.

3.2.4.1. Ny fomba fampiasana ny voambolana

Anisan’ ny mpanoratra tia mampiasa voambolana nalaina avy amin’ ny tontolo kristianina koa ity mpanoratra ity sady mampiasa ireo voambolana nalaina avy amin’ ny tontolo Malagasy.

a. Voambolana nalaina tamin’ ny tontolo kristianina

“Tsy mba fantatrareo angaha ny tantara masina? Fa fitiavana no hery “teolojika” nahababoan’ i Kristy izao tontolo izao. Tak 160, “manao fialan’ ny Jiosy” (tak88).

“ Eny”, hoy ny fanahy, namaly azy avy ao amin’ ny tsindrimandrin’ ny nofy: “ mitsinjo anao mandrakariva aho mandra- pihaonantsika aty ampovoan’ ny mandrakizay”.... (tak 141)

b. Voambolana nalaina tamin' ny tontolo malagasy

Ny tiana hotenenina amin' izany dia ireo voambolana tena malagasy fampiasa hatramin' ny faha ntaolo. Anisan' izany ireo anaram- bintana toy ny hoe: adimizana, adaoro,... ao koa ireo teny hafa toy ny hoe: maivan-kitsaka (tak12), nitemontemona (tak 38),sns...

d. Ny voambolana avy amin' ny teny vahiny

Maro dia maro tokoa ireo voambolana avy amin' ny teny vahiny notaterin' ny mpanoratra ao amin' ny tantara. Ohatra, ny hoe: amour et fraternité (tak 150), madame, cimetière (tak 157), sns...

Ao koa anefa ireo voambolana tamin' ny teny vahiny, saingy nogasiana fotsiny, toy ny hoe : mose, telefaonina, fotografy, aotomobilina (tak 160-162), sns..

Ankoatry ny fampiasana ny voambolana dia misongadina ihany koa ny fahaizan' ny mpanoratra nilalao ny fehezan- teny.

3.2.4.2. Ny fomba fampiasana ny fehezan- teny.

Ny fehezan- teny miseho amin' ny alalan' ny oha- pitenenana na ohabolana, ny fehezan- teny mampihomehy, ary ny fehezan- teny nalaina tao amin' ny Baiboly sy ireo fehezan- teny narafitra ho toy ny tononkalo na hira, ankoatry ny fehezan- teny tsotra no tena manavanana ny mpanoratra.

a. Fehezan-teny miendrika oha- pitenenana

“ *Ratsy tarehy maka vady ka ny anaran- dray no enti- mangataka*” (tak 12)

“ *Dakalaka ny fiainana...*”(tak 47), sns...

b. Ireo fehezan- teny mampihomehy

“... *Ny orony petaka sy ny molony matevina mimolo-tsenegaly...*” (tak 12)

“ *Daino amin' izay ary, zalahy a!...*” (tak 30)

Hoy Ravainao: “ *Eo ambany lakan- drano ny tanimbarinareo an?*

Raketaka:”*Eny tompoko*

Ravainao: “*Lehilahy ity anadahinao an?*

Raketaka: “Eny tompoko.” (tak 39) Sns...

d. Ireo fehezan- teny nalaina tao amin’ ny Baiboly

“Mifalia amin’ ny fanantenana”... “ny fanantenana dia famelombelomana ny kivy, fanatanjahana ny reraka,... ny fanantenana dia lanitra efa miandry ao am- pon’ ny mino.”(tak 45)

e. Ireo fehezan- teny narafitra ho toy ny tononkalo na hira

“Mba hitanareo ve izay zanako izay?

Fa nankaiza o?

Tsy ditra na ranto

Fa famoizam- po

Onjam- pitia no tsy zaka

Raha maty ambarao hamoizana

Raha tsinjonareo any ho any kosa

Mba atoroy ny lalana mody ...(tak 88)

“ jourd’ hui moi n’ a pas piment

Demain sam’ di mais ça va bazar

Acheter des p’ tits patates

Grillées pour moi toute la journée » (tak126).

Toy ny tantara foronina rehetra ihany koa dia ahitana lahatsoratra tsotra elanelanin’ ny resaka ifamaliana ao amin’ ny tantara foronina *ORIMBATON’NY FIADANANA*.

3 .2.4.3. Ny sary ampiasain’ ny mpanoratra

Sary amin’ ny alalan’ ireo oha- pitenenana toy ny efa hita teo aloha ireo no tena ampiasain’ ny mpanoratra. Na eo amin’ ny fotoana ifampiresahan’ ny mpandray anjara, na eo amin’ ny fotoana itantaran’ ny mpitantara dia ahitana izany avokoa. Eo amin’ izay indrindra dia tsara raha jerena ny fomba fitantarana ao amin’ ity asa soratra ity.

3.2.5. Ny fomba fitantarana ao amin' ny tantara *ORIMBATON'NY FIADANANA*

Namorona mpitantara manokana ny mpanoratra, ka sady tsy izy mpanoratra izany no tsy ny mpandray anjara ihany koa. Ny mpisolo tena laharana fahatelo “**izy**” kosa no nentin' ny mpitantara nanao ny fitantarany.

Araka ireo rehetra ireo dia azo lazaina fa ny fomba fitantarana sy ny fomba fanehoan- kevitry ny mpanoratra no anisan' ny mamaritra ny hakanton' ny asa soratra iray, noho izany, tsy maintsy miezaka maneho ny maha- izy azy ny mpanoratra, satria, arakaraky ny hakanton' ny asa soratra no mahatonga ny olona ho liana aminy ka haharahany izay rehetra ao anatin'ny.


3.3. Ny fomba fijery ny tontolo tarafina amin'ny tantara foronina

ORIMBATON'NY FIADANANA

3.3.1. Ny fitiavana araka ny ahitana azy ao amin' ny *ORIMBATON'NY FIADANANA*

Alohan' ny hanadihadiana izany lohahevitra fitiavana izany dia tsara raha aseho an- tsary eto ny lalana nodiavin' ny mpandray anjara fototra teo amin' ny sehatry ny fitiavana.

Sary 4



ZOTRAM-PIAINAN'NY MPANDRAY ANJARA FOTOTRA TARAFINA
AMIN'NY SHEMA FONCTIONNEL DE BREMOND, nohatevenin-dRATREMA
WILLIAM

Toy izao hita amin'ny kisary izao ny zotram-piainan-dRazanajaza.

Tantaram-pitiavana, nefa manasongadina ihany koa ny zava-nisy teto amin'ny firenena ny tantaran-dRazanajaza. Midika izany fa na inona na inona tranga misy eo amin'ny fiaraha-monina dia tsy afa-misaraka amin'ny fitiavana, satria, “*ny fitiavana no lehibe amin'ireo*”⁴⁸ Tantaram-pitiavana manana ny maha izy azy ary ahafahana mamantatra tsara izay mety ho mombamomba ny fitiavana ity tantara nosoratan'i Michel Andrianjafy, nampitondrainy ny lohateny hoe *ORIMBATON'NY FIADANANA* ity.

Tantaram-pitiavana roa no efa nanompanana ny fanadihadiana ny amin'ity fitiavana ity, nefa ny hevitra ny maro, hono, mahataka-davitra, ka tsara raha jerena indray ny hevitra'i Michel ANDRIANJAFY.

“*Raha fitiavana no resahina dia zavatra telo lehibe no tonga ao an-tsaina avy hatrany: ny endriky ny fitiavana eo am-pitsiriany, ny onjan'ny fitiavana na ny zavatra manahirana samihafa sedrain'ny fitiavana, ny faharavan'ny dinam-pitiavana*”⁴⁹. Ny zavatra rehetra tokoa mantsy dia misy fanombohany ary misy fiafarany avokoa. Raha oharina amin'ny renirano aza ny fitiavana, dia misy ny loharano nipoirany, rehefa mihaona amina toerana iray izany dia mety hahazo vahana ka hitombo sady hitatra. Arakaraky ny zava-misy manodidina azy sy ny fitsokan'ny rivotra sedrainy indray no mety hampilamina na hampisamboaravoara azy. Farany dia tsy maintsy misy fiafarany ny lalana izoran'izany.

Ireo toe-javatra telo ireo no hoezahina havoitra amin'ny alalan'ny fikirakirana ny tantara *ORIMBATON'NY FIADANANA*.

3.3.1.1. Ny fomba fitsiriana ny fitiavana

Toy ny hita tany amin'ny tantara foronina “Bina” ihany, zavatra 3 no tena mahatonga ny olona hitsiry fitiavana, dia ny fifaneraserana sy ny endrika ivelany ary ny toetra anaty. Tsara homarihina anefa fa ny endrika ivelany no tena mibahan-toerana ato amin'ny *ORIMBATON'NY FIADANANA*.

⁴⁸ I Korintianina 13 :13

⁴⁹ S. RAJAONA, Takelaka notsongaina I, « ny fitiavana eo amin'ny tononkalo Malagasy », natonta fanindroany, Ambozontany, Fianarantsoa, 1972, tak.14

a. Ny fifaneraserana

Na ny fifaneraserana eo anivon'ny fiaraha-monina, na ny fifaneraserana eo amin'ny fifampizarana traikefa sy any amin'ny toeram-pianarana dia hita fa mety hampitsiry ny fitiavana eo anivon'ny tanora lahy sy vavy.

a₁. Ny fifaneraserana eo amin'ny fianarana

Rehefa ny olona na ny mpiara-monina no mifanerasera maharitra dia maro ny toe-javatra mety hitranga. Fa mbola mety tsy hampoizina kokoa no hiseho eo amin'ny olon-droa lahy sy vavy mifampikasokasoka matetika. Anisan'ny mety hitrangan'izany ny resaka fianarana, toy ny fianarana dihy hita ao amin'ny tantara.

“Nianarana izany karazana dihy miara-misonenika dia miara-misongadina. Dihy “valsa”, hono, no anarany; fa dihy “valitra”, hoy ny mpihaino vilana. Tsy ela dia rendrika ny tanoranora sy ny malain-ko antitra rehetra. [...] na izany aza anefa dia nisy mpianadahy izay niavaka noho ny hafa rehatra, na teo amin'ny tsy fahalalana vizana na tamin'ny fahamalinana, indrindra tamin'ny fahaiza-miaraka, dia Andriamatoa Rasolomanana sy Ramatoakely Razanajaza. Izy mianadahy mihitsy no tompon'ny sehatra... »(tak 18)

Ny dihy « valsa » dia dihy vahiny nampianarin'ireo Vazaha tonga teto ny Malagasy niara-nonina taminy. Anisan'ny nampianatra izany i M. Dubosc tao Ambohijafy. Dihy mahasakodiavatra ny Malagasy ihany anefa, satria, mampifampitankisina ny lehilahy sy ny vehivevy, saingy, nony ela dia zatra ka afaka henatra hatramin'ny mpianakavy.

« vaky vava hatramin'ingahy Dubosc : mahay izy roa. (tak 19)

Aminay Malagasy, Mosé, dia ny mpivady ihany no atao hoe : izy roa... » (tak 19)

Toa nandaitra anefa ny tenin'ilay vazaha fa “ nitoe-jaza Izanajaza” ary “nanala zaza hay hono no nipetrahan'izy mianaka tany Anjeva.”(tak 21)

“ ka iza hono no nahadiso azy e?(...) Isolo hono e!”. (tak 25)

Ny fifampikasohana matetika tamin'ny alalan'ny fianarana dihy no asehon'i Michel ANDRIANJAFY eto fa antony iray mampitsiry ny fitiavana eo amin'ny olon-droa lahy sy vavy. Ny zavatra iray azo sintonina koa dia ny hoe; ny fady isan-karazany dia tsy mahasakana velively ny fitiavana tsy hitsiry, voasoritra manokana amin'izany ny fady noho ny rà iraisana, dia ny kibo tsy omby izany.

a₂. Ny fifaneraserana eo amin'ny asa amana andraikitra

Ny fifaneraserana eo amin'ny asa aman-draharaha koa dia tsy ferana, toy ny nitranga teo amin'Itala sy Razorizety izay samy mpahandrom-bazaha daholo. Ary satria niray fonenana ny vazaha niasan'izy ireo dia tsy maintsy nifanerasera koa izy samy mpiasa.

“ Mba manan-kolazaina aminao aho, Razory (hoy Itala indray andro) ka mangataka anao mba hihaino tsara sy handinika tsara. (...) . Hianao manko mpahandron'i Courdy ary izaho mpahandron'i Dubosc. Samy mpahandro, ka tsy tokony ny sakafom-bazaha ihany no hatao tsara masaka fa ny vetsovetson'ny fo amam-panahy koa tokony hatao tsara tanika. (tak 62)

Haka vady ahy ve no hevitr'Itala e?(tak 63)

Koa efa fantatrao sahadry ny tiako holazaina. (...) tena resaka anie ny ahy e!” (tak 63)

Raha zohina ny tantara dia Itala no nitia voalohany fa Razorizety kosa tsy rototra. Milaza izany fa tsy dia voatery hiara-mitsiry ny fitiavana eo amin'olon-droa. Teo ihany ny fifaneraseran'izy roa ireo, na izany na tsy izany anefa, tanora roa samy manana ny fiaviany ireo vao tafahaona tao Ambohijafy. Izany indrindra no nampino an'Itala fa “ *toa natorak'Andriamanitra hifanohatohan-tsy ho lavo*” tao izy ireo. Izany hoe, misy idiran'ny hery tsy hita ny fitiavana, dia ny vintana sy ny anjara, sns... izany. Angamba, azo lazaina fa efa anjaran'izy roa ireo mihitsy ny hiaraka, satria, na nanda mafy toy izany aza Razory dia nampihaonin'ny lahatra indray izy roa taty aoriana. “*...heny fa mpahandro sy mpampihinana ao amin'ny vazahan'ny misiona Protesatanta ao Imanakavaly “Izy roa”.*”(tak 147)

Toy izany ihany koa no niseho teo amin'Itala sy Ivaotsirofo. Rehefa lasa Razory dia Ivao no nisolo azy, ka indray andro raha nanampy an'Ivao namatotra kitay Itala dia tafaresaka taminy hoe: “*raha mba mafy fatotra tahaka iny iky ny fifankatiavantsika!*” *sadaikatra ihany ny ankilany naheno izany nefa, “resy lahatra Ivao ka nanjai-molotra kely aloha. Fa niaraka tamin'izay dia ren'ny ampongan-tsofiny ny fidobodoboky ny fony , kanefa tsy tombo-defona fa tsela-baratra. (...). samy nahazo aretina ny fo ka samy tankina kely aloha ny feo. Ny dia no somary nadankadanina fa efa tratra antso ny tanàna.” (tak 108)*

a₃. Ny fifaneraserana eo anivon'ny fiarahamonina

Fifaneraserana eo amin'ny samy mpiara-monina, mpiray tanàna, ohatra, na mpifankalala fotsiny, dia endrika iray mety hiteraka fifankatiavana. Izany indrindra no nitranga teo amin'ny fianakavian-dRazanajaza sy i M. Courdy, ka nampifankatia ity farany sy Razanajaza. Fa *“raha mbola lasam-binany andro aman'alina teo Itala sy Razorizety, M. Courdy kosa tsy mahatombin-tsiraka mandranto resaka sy fanalan'andro eny Ambohijafy. Mba naharavo azy ny nianatra fanorona tamin'ny Ntaolo lahy, (...). navadika ho trano filalaovana mihitsy ao ambani-rihin-dRavonimbero mianaka(...). Tokam-po toy ny siny anefa ny tovolahin'Ambohijafy ka tsy manampo afatsy ny rano. Lalao dia lalao tokoa no fantany. Misy vy miaina anefa ao izay loharan' ny hery manosika sy manafana azy. Misy tsiambaratelo ao, dia tsiambaratelon'ny fon'olon-droa. Dia fon'olon-droa izay nitsimohan'ny voninkazodia. Eny voninkazodia tsy fanta-niaviana fa tongatonga ho azy tsy nambolena na notondrahina fa nitsiry sy nandravina toy ny ahi-dratsy anefa hamelana sy ho vaky vony hampiseho ny fiandrianany. Dia “fitondran'Andriamanitra” (...). (tak 100)*Tsy iza ireo fa i M. Courdy sy Razanajaza. Fifankatiavana nitsiry tao anatin'ny fifaneraserana, ka na ny fiaviana tsy mitovy aza tsy nahasakana azy.

Mandritra ny fifaneraserana eo amin'ny fiarahamonina sy ny manodidina dia misy hatrany ny fifampizahan-toetra, na ho an'ny olona tsy mbola mifankatia aza. Ary ny fifankalalana eo amin'izay toetra anaty izay koa dia mety hampitsiry ny fitiavana, raha ny hita ao amin'ny tantara no jerena.

b. Ny toetra anaty.

Ny ambara fa toetra anaty dia ny fivoaky ny ao anaty sy ny fisehony ety ivelany. Izany hoe, ny fihetsika, ny fiteny, ny fomba fifandraisana amin'ny hafa, ary ny fametrahana ny tena eo anivon'ny fiarahamonina.

Na dia ambara fa fifaneraserana aza no nampifankatia an'Itala sy Ivao dia azo lazaina fa misy idiran'ny toetra anaty ihany izany. Na Itala na ny manodidina dia samy nampitaha ny toetran'Ivao sy Razory avokoa. Naboraky ny mpitantara *“ fa akory ny hafalian'i M.Courdy nahita ny fifankahazoan'Ivaotsirofo sy Itala. Hirahira izao, farahehy izao. Toa tsy misy azy sy ahy ny raharaha; tafaray samy kinga, nifanojo samy diabolana....”* fa *“ niteny irery Itala any am-pakana anjavidy hanaovana arina: - misaotra anao aho Andriamanitra fa tsy navelanao hanambady an'ikala Zorizety iny. Tena Andriamanitra tsy tia ratsy izao Andriamanitra ao izao.”*(tak 107)

Fa tsy eo amin'ny tanora ihany no mitranga izany fifampizahan-toetra izany fa na eo amin'ny samy efa lehibe koa aza. Namoy vazaha Razanajaza fa tojo vazaha koa. Tsy iza izany fa i M. Leblond, lehiben'i M. Courdy taloha. Efa samy lehibe izy ireo ary efa samy tsy manam-bady. Efa nifanerasera naharitra ihany koa, saingy raha dinihina dia ny toetra nananany no tena nampifankatia azy. Indray andro mantsy, raha sendra tafaresaka izy ireo, ka nanoro hevitra an-dRazanajaza i Leblond mba hiakatra honina aty Antananarivo sady hanokatra botika fivarotan-divay mba hahamora ny fivelomany, dia novalin-dRazanajaza hoe: *“misaotra anao aho Mosé, fa tsy mitsahatra ny manoro hevitra ahy ianao, hatramin'ny ela fa tsy vao izao. Kanefa (...) mety hampanan-karena ahy vetivety ny varo-divay, araka ny antsoinao sy araka ny hitan'ny maso tokoa, kanefa kosa hampidi-doza ny fireneko. Rehefa nahazo fitia tamim-bazaha ve aho dia hanampoizina ny tanindrazako? Aoka ho an'ny tsy mandinika Mosé, fa izaho tsy afaka hano izany.*

Somary niasafosafo handrina kely Ingahy vazaha vao nahita havaly:- midera anao amin'ny foko rehetra aho, madama. Miala satroka anao mihitsy aho, fa tena vehivavy hendry ianao”(tak 151-152). Nanampy an-dRazanajaza hatrany ity vazaha ity tamin'ny fampifanatonana azy sy ny zanany (Hubert) ary dia niafara tamin'ny fifanatonan'ny fon'izy roa izany. Razanajaza avy aza no *“niova ladiresy hoe: Madame Seraphine Leblond”.(tak 169)*

Teo ihany ny fifaneraserana sy ny toetra anaty, fa ny endrika ivelany no dia tena mibahan-toerana kokoa ao amin'ny *ORIMBATON'NY FIADANANA*.

d. Ny endrika ivelany

Miseho amina endrika maro ity endrika ivelany ity ao amin'ny tantara: Ny hatsaran-tarehy amam-bika, ny fikatsahana tombontsoa, ary ny fitsiriritana vazaha dia samy antony mety hampitsiry ny fitiavana avokoa.

d₁. Ny bika aman'endrika

Vao manomboka ny tantara dia ny mombamomba an-dRazanajaza sy Rakotovahiny no resahin'ny mpitantara. *“Razanajaza, nahavery anarana an'Itompokolahy dia vavy tokana. Tovovavy vao misandratra eo amin'ny enina ambin'ny folo ranonorana. Vavy mainty ngalingaly, marirandrirana, amin'izato toetr'endrika nalaina lasitra tamin'ny karana. Tsy mba tsipoapoa-manga, fa fantakoliravina hoy ny fitenin'ny Ntaolo.”(tak 11)*Araka izany dia anisan'ireny

tovovavy azo lazaina fa tsara tarehy ireny Razanajaza, noho izany dia azo antoka fa nahasintona lehilahy maro, ary anisan'izany Rakotovahiny sy ny fianakaviany.

“Rakotovahiny kosa dia mpita lohasaha, araka ny fomban'ny mpitady tokantrano(...). tovolahy azo notombanana teo amin'ny sivy ambin'ny folo taona teo, saingy zaza maroroka sy mafy toton'ny angady ka antitrantitra endrika amin'ny taolan-tava miranirany sy ny maso lalindalina ary ny feo mibesobeso. Zarazara hoditra kosa izy, somary fonemponentana anefa tsy mba karazan'ny botrefona fa nofosana kosa.

Kamboty taneraka izy. Ary raha ambara ny kileman-tarehiny dia ny orony petaka sy ny molony matevina mimolo-tsenegaly, raha ampitahaina amin-dRazanajaza dia tonga amin'ny fitenenana hoe: “ratsy tarehy maka vady ka ny anaran-drany no enti-mangataka”. Ny anaran'Itompokolahy Rainizanakolona rainy no navesatra tao an-tsain-dRavonimbero mianakavy ao Ambohitany”. (tak 11-12)

Ny hatsaran-tarehy nananan-dRazanajaza, araka izany no nitiavan-dRakotovahiny azy fa ny fananan-dRakotovahiny kosa no nitiavan-dRazanajaza ity farany.

Hita taratra sahady ary fa mety tsy hitovy ny fomba itsiriana ny fitiavana eo amin'ny olon-droa. Matetika dia ny vehivavy no tena voasariky ny resaka tombontsoa, fa ny lehilahy kosa no mijery ny hatsaran-tarehy amam-bika. Ny fifaneraserana no nampifankatia an-dRazanajaza sy i M. Courdy, saingy, azo antoka kosa fa misy idiran'ny endrika ivelany tao. Teo aloha ny hatsaran-dRazanajaza izay mety nanaitra an'ingahy Courdy, fa teo ihany koa ny hatsaran'ity Ingahy Courdy sy ny haren'ny, izay mety nampiraika an-dRazanajaza. Tsy mba toy izany kosa no nitranga teo amin-dRaketamalala sy Razorizety. Nitampisaka tao anatin'izy ireo loatra ny fitiavam-bazaha ka nahatonga azy ireo hanao izay fomba rehetra hisintonana ireo vazaha ireo hitia azy.

d₂. Ny fikatsahana tombontsoa

Toetra raiki-tampisaka ao an-tsain'ny tovovavy Malagasy maro ity fitiavam-bazaha ity, ary hay efa tamin'izany fotoana izany no nisy. Ny resaka saranga, izany hoe ny faniriana hanakatra ny saranga heverina fa ambony noho ny misy ny tena ihany koa dia mety hampitsiry ny fitiavana. Raha tsorina dia ny fikatsahana tombontsoa no anisan'ny avoitra ny mpanoratra amin' izany. Izany hoe, toa zavatra mandeha ho azy, indrindra eo amin'ny vehivavy ny fitsiana ny fitiavana amin'izay olona mety hahitany tombontsoa. Amin'ity tranga ity no ahitana fa tsy voatery hifamaly ny fitiavana eo amin'ny olon-droa fa mety ny iray ihany no tia. Mazava ho azy fa amin'izany dia tsy ho tanteraka ny fifankatiavana ary mety ho levona miandalana eny ihany izany.

Raketamalala sy Razorizety, ohatra, dia nanam-pitiavana an'Ingahy Dubosc sy Courdy, ireto farany kosa anefa tsy nahalala ary tsy nieritreritra izany na dia nataon'izy roa aza izay hampiraika azy. Farany dia nihalefy tao amin'izy roa vavy izany fitiavany izany.

Raha fintinina dia, ny fifaneraserana, ny fijerena ny toetra anaty, ary fijerena ny endrika ivelany; izany hoe ny bika aman'endrika sy ny filàna ary ny fikatsahana tombontsoa, ireo no tena asongadin'i Michel ANDRIANJAFY fa antony mampitsiry ny fitiavana ao amin'ny tantara foronina *ORIMBATON'NY FIADANANA*. Ny fifaneraseran'ireo tovovavy Malagasy tamin'ireo vahiny aza no tena avoitrany ao raha ny tena marina. Ireo tovovavy toa an-dRazanajaza, Raketamalala, Razorizety,... dia voasariky ny filàna sy ny fikatsahana tombontsoa nanoloana ireo Vazaha sy ny haren'ny. Ireo Vazaha, toa an-dry M. Courdy sy M. Leblond kosa dia voasariky ny toetra sy ny tarehy amam-bikan'ny tovovavy Malagasy. Ny zava-misy anefa dia tsy voatery hifanojo ny fitiavana ary tsy voatery ho tanteraka ny faniriana. Vokatr'izany dia mety ho maty eo am-pitsiriana ny fitiavana. Etsy ankilany kosa mety hifanojo izany ka ho velona, ary manomboka eo ny tantaram-pitiavana.

Mitsiry ny fitiavana, ary raha tiana ny hahavelona izany dia tsy maintsy avela haka ny toerany izy. Sarotra anefa ny mampifanaraka fomba roa samy manana ny fiaviany, noho izany dia tsy maintsy misedra izay mety ho vokany ny roa tonta.

3.3.1.2. Ny sedram-pitiavana araka ny ahitana azy ao amin'ny tantara

foronina *ORIMBATON'NY FIADANANA*

Raha hisedra ny lalana hizarany ny renirano dia tsy maintsy maka endrika maro, arakaraky ny toerana lalovany. Toy izany koa ny fitiavana; arakaraky ny toerana ametrahana azy ny mety ho endriny. Tiana hasongadina ao anatin'izany sedram-pitiavana izany ary ny endrika isehoany. Amin'ny alalan'ny endrika isehoany kosa no hamantarana izay mety ho toetran' ny fitiavana , sy ny anjara toerany eo anivon'ny fiarahamonina.

a. Ny endrika isehoan'ny sedram-pitiavana

Eo amin'ny fiainana dia tsy maintsy miady mafy ny tsirairay vao tafita amina dingana iray, toy izany koa eo amin'ny fiainam-pitiavana. Sedraina izany eo ampanombohany, mbola sedraina ihany koa eny am-pivelarany eny, mandra-pahatapitry ny tantara.

a₁. Ny endrika isehoan'ny sedram-pitiavana eo am-panombohany

Raha vao miresaka sedra dia misy zava-tsarotra tsy maintsy holalovana ao. Amin'ny ankapobeny dia mbola tsy dia hita taratra izany eo am-piandohan'ny fiainam-pitiavan'ny mpifankatia, matetika dia mbola ny filaminana no tena mibahan-toerana, saingy, ny fe-potoana iainana izany no tsy mitovy, fa mety ho vetivety ary mety haharitra. Ohatra, azo raisina amin'izany ny tantaran-dRazanajaza sy Rakotovahiny, izay tsy naharitra ela akory dia tapitra. Nifanohitra tamin'izay kosa ny an-dRazanajaza sy Ingahy Courdy izay tsy tapitra raha tsy maty ny iray.

a₂. Ny endrika isehoan'ny sedram-pitiavana eny am-pivelarany

Ny fitiavana tokoa dia tsy ilaozan'ireo toe-javatra samihafa mampisamboaravoara azy, na manova azy, ary mety handrava azy mihitsy aza. Ao anatin'ny mangidy no misy ny mamy, hoy ny fitenenana, na eo aza ireo olana ireo dia misy ihany ireo vahaolana arosan'ny mpanoratra amin'izany izay mety hitondra fandresena ho an'i mpifankatia indraindray. Andeha hojerena tsirairay ireo toe-javatra roa ireo.

a₂.1. Ireo toe-javatra samihafa mampisamboaravoara ny fitiavana.

Maro dia maro ireo tranga mety hiteraka olana eo anivon'ny mpifankatia. Anisan'izany ireto asehon'i Michel ANDRIANJAFY ao amin'ny tantara *ORIMBATON'NY FIADANANA* ireto. Ao, ohatra, ny fidiran'ny fomba hafa avy any ivelany izay mety hanova ny toe-tsain'ny tanora, ny tsy fahafahan'ny vehivavy miteraka, ny fifandraisana amin'ny fiarahamonina sy ny manodidina, ny fiarahana na ny **tokantrano** tsy miorina amin'ny fitiavana, ny fahafatesana, sns...

a₂.1.1. Ny fidiran'ny fomba hafa avy any ivelany

“Vao fito taona mahery kely no niantombohan'ny Fahefana Frantsay teto amin'ny Nosy”, (tak 9) no tonga tao Ambohijafy ny solontenan'ny vazaha mpitondra fanjakana, dia ingahy Dubosc sy ingahy Courdy izany. Rehefa tonga tao Ambohijafy ireo solontenan'ny vazaha mpitondra fanjakana ireo dia nifanakalo traikefa tamin'ireo Malagasy tao an-toerana. Ny dihy no nanombohana izany, ary amin'ny maha zava-baovao azy dia nampirona ny Malagasy tompon-tany tokoa ny dihy vahiny nentin'ireo vazaha ireo. Nifankahazo tsara ny Vazaha sy ny Malagasy tao an-tanàna, araka izany, ary tao amin'ny trano nisy an-dRazanajaza no nianarana ny dihy.

“Fa misy fikoranana matetika kosa ao amin-dRavonimbero mianaka.[...]. Fikoranana inona anefa moa? Ho fankalazana ilay famadihana lehibe omanina, dia mifamory mianatra dihy isan-kariva izy mianakavy.[...]. Ny dia miara-be amin’ny “afindrafindrao “no niarahana voalohany. Anisan’ny karazan-dihy mahasondriana ny mpitazana sady mahajenitra ny mpanao azy. Tsy afaka hiangaly azy raha tsy kingakinga sy jefijefy. Hany ka revo aoka izany ny zatovo. Indray hariva aza, dia mba tsy nahatsindry Ingahy Dubosc ka nirotsaka ho anisan’ny mpianatra. Nifandimbiasana noraisina Razanajaza sy Raketamalala, ka tehaka izao. Akoralava izao. Nony avy eo dia mba nijoro ho mpampianatra koa Ingahy vazaha. Nalainy ny angorodaolava fanalany andro, dia nampianariny dihy vazaha ry zareo. Tamin’ny voalohany, noho ny toe-tsaina Malagasy nentim-paharazana dia samy saikatsaikatra be ihany amin’ity mpianaka sy mpiana-dahy toa mifampisavika. Be no vaky nandositra fa tsy te-hijery. Ny mpianaka aza nisomampy rà noho ny henatra, ka nisy nikimpy teny am-pandihizana. Kanefa nony afaka andro vitsivitsy, na ireo nandositra aza dia nifandimby nanarangarana. Farany, zatra ihany. ...”.(tak 17-18)

Toe-javatra iray mety hanakorontana na handrava ny rafitra misy ao amina fiarahamonina iray ny fidiran’ny fomba hafa avy any ivelany. Ny Malagasy dia anisan’ny azo lazaina fa sarotiny indrindra amin’ny fanitsakitsahana ny fombany sy ny fadin-drazany. Aminy ny olom-pady na ny olon-tsy heny dia tsy tokony hifampikasokasoka na hifampitankisina mihitsy, eny fa na hatramin’ny fitafiany aza. Noho ny fidiran’ny fomba vahiny teto anefa dia niova tsikelikely izany, ary niteraka fiovana maro teo amin’ny fiarahamonina malagasy.

Tao Ambohijafy no nitranga ny tantara, tantarana tanora maromaro sy fianakaviana ary mpiara-monina, izay nizaka sy niaina ny vokatry ny fidiran’ny fomba vahiny nentin’ireo mpanjana-tany tao aminy. Nampiova ny toe-tsain’ny tanora tao Ambohijafy ny fidiran’ny dihy vahiny tao amin’ny fiaraha-monina nisy azy, ka na ny mpifady aza lasa afaka henatra.

Betsaka ny tanora nahay ny dihy nampianarin’Ingahy Dubosc, “na izany aza anefa dia nisy mpianadahy izay niavaka noho ny hafa rehetra, na tamin’ny tsy fahalalana vizana na tamin’ny hamailahana, indrindra tamin’ny fahaiza-miaraka, dia Andriamatoa Rasolomanana sy Ramatoakely Razanajaza. Izy roa mihitsy no tompon’ny sehatra. Nanjary toy ny olom-baovao nifantohan’ny maso rehetra izy....”.(tak 18-19) Nihoa-pampana anefa ka tsy voafehy izany fifampikasohana izany, hany ka nanaitaitra ny fitiavan’ireto tanora ireto. Vokatr’izany dia nitoe-jaza Razanajaza. Nezahin’izy

mianaka nafenina izany ary nesoriny mihitsy aza ny zaza. Tsy misy takona tsy ho hita anefa ary tsy misy afenina tsy hivoaka; nihanahia Razanajaza ary sahiran-tsaina ny fiarahamonina namantatra ny antony. Farany nivaky tamin'ny fianakaviana Ravonimbero. Nahoraka ny raharaha, “ny teny hono toy ny atody ka raha foy manana elatra, ary ny mpamosavy mandeha alina aza misy mahita”; hany ka na Rakotovahiny mianakavy aza nandre ny vaovao.

“Tonga teto, hono, Rakotovahiny avy any Ambanitsena anefa niveri-maina, tamin'ny fotoana mbola naha tany Anjeva anay mianaka. Afak'omaly maraina anefa dia nihelina kely vetivety taty Ingahy Rabefahitra sy Rabetanety, rahalahin'itompokolahy Rainizanakolona nilaza tamin'ny teny indraim-bava somary avona fa foanany toy ny tsy nisy, hono, ny raharahan'ny ankizy kasaina hatao amin'izao vavan'adijady izao...”(tak 23)

Gaga daholo ny fianakaviana vory tao nilazan-dRavonimbero izany vaovao izany, ka vaky vava hatramin- dRazafimpananina, reny nitaiza an-dRasolomanana .
“Izaho anie efa tsiravina tamin'ireny dihim-bazaha sy fisotroam-bazaha teo ireny, fa ianareo no tsy azo nakisoka. Niana-kendry amin'izay tsy fanaon-drazana sy tsy fisotron-drazana, ka ny ankizy avy no potraka amin'ny tsy tokony hahapotrahany.”
(tak 26) Dia rava hatreo ny amin-dRazanajaza sy Rakotovahiny, fa nanomboka teo kosa ny amin'izy sy Rasolomanana .

Araka izany, dia mety hanova ny toe-tsain'ny olona ao amina fiarahamonina iray ny fidiran'ny fomba hafa avy any ivelany, indrindra ny tanora. Mety hisy fiantraikany amin'ny fifandraisan'ny mpifankatia aza izany raha tsy mitandrina.

Ny anambadian-kiterahana, hoy ny Ntaolo, zava-dehibe ny taranaka ary matetika miteraka olana ao an-tokantrano ny tsy fiterahana, indrindra raha ny vehivavy no tsy miteraka.

a₂.1.2. Ny tsy fahafahan'ny vehivavy miteraka.

Nanomboka indray ny tantaram-piainan-dRazanajaza sy Rasolomanana, satria nivady izy roa rehefa vita ny ala ondrana. Nakotrokotroka ny fanambadiana ary nangina hatreo koa ny vavan'ny olona. Volombolon'olona nankasitraka koa ny fahitana an-dRambolasoa sy Raketamalala(reny niteraka/sy anabavin-dRasolomanana). Vao dify anefa ny herintaona dia nivadika ny rasa. Tsy nety nitoe-jaza Razanajaza nandritra izay herintaona mahery izay. Nanomboka nifosafosa ny manodidina ary nanomboka sorena koa Rambolasoa mianaka.

Indray andro raha nandeha nanatona mpisikidy izy mianaka ireo dia nitsiry hevi-dratsy, na dia zavatra hafa aza no anton-diany.

“Toa tsy hiteraka ity Izanajaza ry neny ka ho vato kiboribory amin’iny ny anadahiko. Jereo ity havitsiantsika.(hoy raketamalala tamin-dreniny)

Mba lasa dia lasa tokoa ity ny eritreritro, ry Iketaka. Efa hadiva ho roa taona izao . (hoy Rambolasoa). Ny tahaka izao kay ry neny, no mahatsara ny fifampizahan-toetra araka ny fomban’ny ntaolo.(Raketamalala)

Ka rehefa fantampantatra fa tsy hifanambina dia mifampitsodrano . (Rambolasoa)

Ka ataovy mihitsy izay ho resaka ry neny rehefa mby ato amin-dRavainafo fa tsy voa ka. Izao no hevitra : rehefa tsy ho Ikoto tsy ho Ikala, dia aleo izay hisarahany no hatao” (tak 35-36). Nanomboka teo dia nanao ny asany niaraka tamin-dRavainafo Rambolasoa mianaka. Nataony aloha izay hialan-dRazanajaza mivady teny amin-dRazafimpananina, mba hitoeran-dRasolo eo akaikiny, amin’izay mora ny hanatanterahany ny teti-dratsiny. Tsy vitan’izany, fa “tsikaritry ny mpanarangarana fa manao mikitran-dava ny tokantranon’izy roa. Voamariky ny mpandinika koa fa isaky ny avy miserana eny Ambohijafy Rasolomanana no mazana mafanafana ny ady madinik’izy mivady. Mahay moa Rambolasoa sy Raketamalala fa Rasolo dia sady vokisany hevitra no vokisany tambavy : ka nony mody eny Ambohimiadana dia manampatra ny havokisana sahala amin’ny mamon-toaka mampahory ny andefimandry. (tak 46)

Izao no izy, ry ity a, hoy ny fikizan’Isolo tamin’Izanajaza: omeko andro herintaona hiala-nenina koa raha tsy mbola miteraka amin’izay ihany itena dia hateriko eny Ambohijafy tsy misy adihevitra.”(tak 46)

Dia toy izany hatrany no ataon-dRasolo isaky ny mahazo vahana eny amin-dreniny. Niezaka ihany Razafimpananina nitondra azy niala nenina tany amin’ny dokotera, saingy, mbola haharitra, hono, vao hahitam-bokatra ka tsy nampangina ny vavan’ ny tsy tia.

“Hatezerana moa izany ny an-dRambolasoa mianaka nandre an-dRazafimpananina telo mianaka hoe lasa nitsabo tena any Antananarivo.[...]- mipempena foana izy telo mianaka, fa Izanajaza iza re no hiteraka e! raha miteraka ity vatan-drindrana ity dia miteraka iny!”(hoy Raketamalala), (tak54)

Rehefa voasinton’izy mianaka ho eny aminy izy roa kely dia nataony indray izay hahaleo monina an-dRazanajaza . Nanaho ny heviny ny mpitantara teo anatrehan’izany

ka vaky vava hoe: *“Havarina amin’ny vintana ary ve ny andraikitra ? sa hatolaka amin’ny tsiny? Fetsy ny olombelona ka manadidy ny tononandro sy ny razana, kanefa izy indrindra no tena tompon’antoka. Dia Rasolomanana sy Razanajaza; tompon’ny fony sy ny safidiny; ary Rambolasoa sy Raketamalala tompon’ny hasomparana sy ny mosavy. Fanambadian’iza no tsy hosedrain’ny rivo-mahery, fa ny foto-kazo marivo faka no tsy menatra ny hidaraboka.*

Tsy misy fanantenana itsony ny haharetan’ny tokantranon-dRasolomanana sy Razanajaza. Izay andro hirodanany no sisa andrasana.”(tak 76)

Indray andro aza dia tsy nody an-trano Rasolo, noheverin’ny vadiny ho eny amin-dRambolasoa nefa tsy teny, ity reniny koa nihevitra azy ho eny amin’Izafindrahasy (tovovavy nasisi-dRaketamalala tamin-dRasolo) nefa tsy tany koa izy. Teo vao gaga ny rehetra nefa tsy niverina intsony Isolo. Nifarana hatreo indray ny tantaran’izy sy Razanajaza. Efa volana vitsivitsy taty aoriana mantsy vao fantatra fa maty izy, raha nanolo-tena hampandry tany tany atsimo tany. Ny tsy fiterahan-dRazanajaza no nahatonga izany olana rehetra izany ka niafara tamin’ny famoizandRasolomanana ny ainy.

Fa na teo aza ny tsy fiterahan-dRazanajaza, dia ny fiarahamonina sy ny manodidina azy mihitsy no azo lazaina fa tena fototry ny olana ka nahatonga andRasolo hankahala an-dRazanajaza.

a₂.1.3. Ny fiarahamonina sy ny manodidina.

Matetika dia ny fiarahamonina sy ny manodidina ihany no miditra an-tsehatra amin’ny fanakorontanana ny fifandraisan’ny mpifankatia miara-monina aminy. Ny tsy fifankahazoana eo amin’ny vinanto sy ny rafozana! azo lazaina fa loza mitatao ho an’ny mpifankatia. Mikasika izany indrindra ny zava-niseho teo amin-dRazanajaza. Araky ny tantara mantsy dia ny rafozany sy ny zaobaviny mihitsy no niaraka tsy tia andRazanajaza, ny mpiara-monina rahateo koa moa nanampy trotraka tamin’ny esoeso sns... noho ny zava-nisy hatrany am-boalohany hany ka vao maika niha-mafy ny nahazo azy. Teo ihany ny filalaovan-dRaketamalala ny fanafodin-dRavainafo, saingy, tsy nijanona tamin’izany izy fa niditra an-tsehatra tamin’ny fitadiavana vehivavy hafa ho an’ny anadahiny koa. Indray andro raha sendra tafaresaka izy telo mianaka dia toy izao ny resany:

“.... Henoinao tsara indray fa tsy hanolo-bato mafana anao akory izahay, hoy Raketamalala.

Novonjen-dRambolasoa notohizana ny resaka. Efa nihevitra vady ho anao izahay matoa manao izany tetika izany. Tsy mitomemaka fotsiny akory izahay mianaka, fa mampiady loha andro aman'alina amin'izay hahasoa anao.

Dia iza indray ary no ho vadiko hoy ianareo?

Izafindrahasy zafikelin-dra...

Zafikelin-dRaberesaka etsy imaharidaza ve?

Fantatrao tsara, bikan-janak'olona ireny an? Sahala amin'ny kinaoly Izanajaza mitaha aminy.

Toa falifaly nanaiki-molotra Rasolomanana. Nisava tampoka teo ny andohany nanelo(....).”

Nikorontana ambony ambany ny tokantranon-dRazanajaza sy Rasolomanana vokatr'izany.

Nifandriotra tao an-tsain-dRasolo ny fitiavam-bady sy ny fitiavan-kavana nefa tsy hainy ny nandanjalanja azy ka niafara tamin'ny famoizam-mpo izany.

Talohan'ny nanambadianan-dRasolo an'Izanany dia mba efa notilitiliany tokoa ity Izafindrahasy ity saingy voafatotra tampoka izy ka tapaka ny fikasany. (tak 58)

Olana avy amin'ny fiarahamonina sy ny manodidina izany, fa misy ihany koa ny olana mivantana avy amin'ny mpifankatia mihitsy. Raha itarina izay voalaza teo, dia sendra solafaka fotsiny ihany ireto tanora roa ireto fa tsy tena fitiavana no nampifamatotra azy. Raha tsy tena fitiavana anefa no entina manorina tokantrano dia ho tokantrano marivo fototra izany ka tsy ho ela dia hirodana.

a₂.1.4. Ny fiarahana tsy miorina amin'ny tena fitiavana.

Miseho amin'ny endrika maro ity tranga iray ity. Ao, ohatra, ny fitiavana amboarina, ao koa ny fitiavana tsy mifamaly fa miorina amin'ny fikatsahana tombontsoa ihany.

. Ny fitiavana miorina amin'ny fikatsahana tombontsoa

“Ambarako anao, ry Izanany, fa izaho anie ka mpiasa be. Tsy mba mahalala sorona aho, fa soron'afo no fantatro. Rehefa izany dia izany.

Matokia ianao, Rakoto. Ny efa nekena tsy mba ivadihana. Raiso ny tanako, fa eto anoloan'ny fasana ilevenan'Idada isika no mifanaiky.

Nangala-dia fotoana fohy tao atsinanan-trano Rakotovahiny sy Razanajaza no nanamafy ny dinan'ny fony.” (tak 11)

Mpifamfo Razanajaza sy Rakotovahiny, ary mialoha ny fotoana hanaovana ny raharahan'izy roa no nitranga izao toe-javatra izao. Toy ny mpifankatia rehetra dia mafana tokoa ny fiarahana eo am-boalohany. Araky ny efa voalaza anefa dia, tovovavy tsara tarehy Razanajaza, ka rariny raha nahasarika an-dRakoto. Rakoto kosa dia tsy mba nanana ny bika aman'endrika fa ny haren'ny no nahasarika ny fianakavian-dRazanajaza. Izany hoe, ny fitiavam-boninahitra no nahatonga an-dRazanajaza nanaiky hanambady an-dRakotovahiny, fa tsy dia ny fitiavany azy loatra. Vao nanomboka naka toerana ny fitiavan'ireto tanora ireto tamin'izany nefa tsy ampy tapa-bolana akory taorian'izay dia nihalohalo sahady ny raho-mainty hando azy. Azo lazaina aloha fa tsy mafy fototra hatrany am-boalohany ny fifandraisan'izy roa ireto. Tsy nitovy ihany koa ny tadin-dokanga fa Rakotovahiny nifototra marina tamin'ny fitiavany an-dRazanajaza, fa ity farany kosa nifototra tamin'ny resaka tombontsoa fotsiny. Sarotra anefa ny hanakambana fo roa tsy miara-mitepo fitiavana ary tsy maitsy hipetraka foana ny olana na ho ela na ho haingana. Tsy nandilatra ny iray volana dia efa nahita lalana ny fon-dRazanajaza, ary nitarika ny faharavan'ny fifandraisan'ny roa tonta izany.

Fa etsy ankilany kosa dia ny momba an-dRaketamalala. Tovovavy tsara tarehy Raketamalala, saingy, nanana toe-tsaina hafa kely ity tovovavy ity, dia ny fitiavana hanakatra ny avo; hany ka na dia efa hita fa tsy ho takatra aza dia mbola nisisihana ihany. Faniriany ny mba hanambady ny iray tamin'ireo vazaha tao Ambohijafy ireo ka nataony avokoa izay fomba rehetra hahazoany ny fon'ireto farany. Tsy nisy nahomby anefa ny tetika rehetra nampiasainy ka niteraka aretin-tsaina sy aretim-batana ho azy izany. Indray andro aza raha nampahalalain'ingahy Dubosc ny mponina fa vadiny ilay vazahavavy tonga tao aminy dia mba nampahalalainy ny vadiny koa fa anabaviny Raketamalala ary reniny Ravonimbero.

“Jenjina Raketamalala fa tratry ny vokabolary tsy zakan'ny fony. Nivalomainty niaraka tamin'ny vava ny tarehiny, Rambolasoa koa etsy tsy avy niaina, toa voan'ny tazo teo noho teo ka nanetsetra tampoka. Razorizety koa ery nangenahena am-pitsanganana, izay nilatsaham-potaka aza tsy tahaka azy...kanefa dia azy telo mianaka any an-kibony any aloha ny aretina fa ny be sy ny maro tsy nisy nahafantatra. (tak 78). [...] vao tonga tany an-trano Raketamalala dia namonjy fandraiana. Tsy nahavela lamba akory fa avy

dia nidaboka ohatra ny amalo-maty. Nihohoka nanoroka ny kido, nirarak'ivy amin'ny ondana, nirakotra ny lamba notinafiny sady nifokofoko nanasa ny tavany amin'ny ranomaso. (tak 80)

[...]Nojerena izato izy miemponempona mafy dia mafy. Notsapaina ka mahamay sahala amin'ny rano mangotraka. Nisahirana izy mianaka (Rambolasoa sy Izafindrahasy) nampakatra ny tongony hahazo kido, dia namadika azy hitsilany sady nandrakodamba azy.(.....) dia nihoaka nandoa izy nanary ny hanina rehetra ahatsiarovany ny teny angavokely.” (tak 81)

Nahatsiaro Raketamalala fa hay olona tsy tia azy akory ity tereny ho tia azy ity, ka rehefa tsy nivaly izany fitiavany izany dia niteraka aretina ho azy. Farany najanony hatreo ny fitiavany an'Ingahy Dubosc.

Fa mbola hita taratra ao amin'ny tantara ihany koa ny fitiavana terena amin'ny alalan'ny fanambadiana amboarina.

. Ny fanambadiana amboarina

Araky ny efa voalaza dia noterena hivady Razanajaza sy Rasolo noho ny zavany teo aminy. Satria, na nisy aza ny fotoana voalaza fa nampifankatia azy roa dia hita fa tsy naharitra izany, ary tsy tena fitiavana fa vokatry ny fahataitairana fotsiny ihany. Azo lazaina fa ny fianakaviana izany no namboatra ny fanambadiany fa tsy ny sitrapon'izy roa, hany ka tsy naharitra izany fitiavana izany fa mbola tsy namoa akory dia efa maty.

Eo ihany ireo rehetra ireo fa tsy miala amin'ny fiainan'ny olombelona ihany koa ny fahafatesana, ary anisan'ny toe-javatra mety hosedrain'ny mpifankatia ny fisarahana amin'ny alalan'ny fahafatesana izay mahatonga fahoriana ho an'izay sisa velona.

a₂.1.5. Ny fahafatesana

Na nisaraka tamin'ny alalan'ny fahafatesana aza Razanajaza sy Rasolo/Raketamalala sy i Same-Tave dia efa voalaza fa tsy niorina tamin'ny fifankatiavana ny fiarahan'izy ireo. Hafa kosa ny fifandraisan-dRazanajaza sy Ingahy Courdy. Na dia teo aza ny fitiavan-dRazanajaza harena dia tao anatin'ny kosa ny fitiavany ity lehilahy ity, izay tia azy rahateo koa. Hasambarana sy fifaliana no niainan'izy mivady ireto ary nahazo izay niriny Razanajaza, satria, niteraka izy ary niteraka zazalahy. Noho ny aina tsy mifametra anefa dia nodonin'aretina tampoka Ingahy Courdy ka nindaosin'ny fahafatesana. “ *Nikatona teo amin'ny fahafito amby telo-polo taonany ny ridao*”(tak

141). Niteraka fijaliana ho an-dRazanajaza sy ny fitiavany izany ary nanomboka teo koa aza dia toa nihareraka ny vatany.

Araka ireo rehetra voalaza ireo dia tsy misy fitiavana tsy misedra olana, fa ny fisehon'izany olana izany sy ny heriny no tsy mitovy. Mety hitranga amina olona tokana ireo karazana olana voatanisa ireo, toy ny nitrangany tamin-dRazanajaza, nefa mety tsy ho izany. Ny tsy azo lavina fotsiny dia ny hoe: arakaraka ny mampahery ny fifankatiavan'ny mpifankatia no mampalefaka ny olana sedraina, ary arakaraka ny tsy fisian'ny fitiavana no mampahery vaika azy. Tsy voatery hitovy ihany koa ny toe-javatra mahatonga ny olana eo amin'ny mpifankatia, satria, samy manana ny fomba iainany izany fitiavana izany ny tsirairay.

Na izany na tsy izany dia mahita koa ity mpanoratra ity fa ireo olana mianjady amin'ny mpifankatia ireo dia natao hosedraina, noho izany, dia tsy maintsy mitady izay vahaolana mety hifanaraka aminy ny tsirairay izay iharany. Tsy nokoboniny ho azy irery ary izay mba fiheverany fa nasehony amin'ny alalaln'ity tantara ity, araka izay ho hita manaraka eto.

a₂.2. ireo toe-javatra mpandamina ny fitiavana (vahaolana)

Rehefa misy ny olana dia ny vahaolana mifanaraka amin'izany ihany no ezahina amahana azy. Arak' izany, dia ny vahaolana mifanaraka amin'ireo olana ao anatin'ny tantara ihany no arosen'ny mpanoratra hamahana ny olana ao. Anisan'izany, ohatra, ny fahaiza-mampifandanja ireo fomba amam-panao samihafa mifamahofaho ao amin'ny fiarahamonina, ny fitsaboana tena mba hahafahana miteraka sy ny fananana faharetana ny amin'izany, ny fandeferana sy ny fanetren-tena ao anatin'ny fiarahamonina, ny fisarahana manoloana ny fahabangan'ny fitiavana, ny fametrahana ny fitiavana ho ambonin'ny zavatra rehetra, ny famelan'ny ray aman-ndreny ny zanany hanana ny safidiny, ny famindrana ny fitiavana ho amin'olon-kafa izay mbola velona, ary ny fanamboarana ny toen-tsaina hoenti-miatrika izany fitiavana izany.

a₂.2.1. Ny fahaiza-mandanjanja ireo fomba amam-panao samihafa ao amin'ny fiarahamonina

Tsy misy olombelona afaka hivoatra raha tsy mifandray amin'ny hafa. Noho izany, ilaina ny fifaneraserana ary ilaina ihany koa ny fahasamihafana mba hahafahana mampivelatra ny tena sy ny fiaraha-monina. Araky ny efa fantatra anefa dia mety hiteraka korontana eo amin'ny fiarahamonina izany ary mety hisy fiantraikany any

amin'ny fiainam-pitiavan'ny tsirairay mihitsy. Amin'ny maha mpanoro hevitra sy mpamolavola ny fiarahamonina ny mpanoratra dia tsy nionona fotsiny izy fa niezaka naneho izay fomba mety hisedrana izany olana izany.

Raha nolazaina fa ny fidiran'ny fomba vahiny tao an-tanàna no nahasolafaka an-dRazanajaza ka niteraka ny fijaliany teo amin'ny sehatry ny fitiavana, dia nahay nandray izany ho anatry ny aty aoriana kosa izy ka nahafahany nanarina sy nanatsara ny fiainany. Nony nisaraka izy sy Rasolo dia nanambady an'Ingahy Courdy izy. Olona roa tsy mitovy firazanana, tsy mitovy fiteny, tsy mitovy fomba amam-mpanao ... no niray trano, nefa tsy kivy Razanajaza fa niezaka nanao izay hampifanaraka izany toe-javatra tsy mitovy izany mba hampilamina sy hampiroborobo ny fitiavany.

Raha izany dia azo lazaina fa tsy voatery ho olana hatrany ny fidiran'ny fomba hafa avy any ivelany fa ny fahaiza-mandanjalanja sy mampifandray ireo fomba amam-mpanao samy hafa ireo no miantoka ny fahombiazan'ny tsirairay. Manaraka izany toa fomba fijery raiki-tampisaka ao amin'ny Malagasy ny fiheverana fa ny vehivavy no tsy miteraka , raha vao tsy mahazo zaza ny mpivady. Mba hialana amin' izany tsy fiterahana izany dia ambaran'ny mpanoratra fa ny fitsaboana tena no vahaolana azo raisina, nefa mila faharetana izany.

a₂.2.2. Ny fitsaboana-tena mba hahafahana miteraka

Ny marary rehetra dia mila fitsaboana avokoa. Azo lazaina ho aretina ihany koa ny tsy fiterahana, noho izany, dia tokony hotsaboana. Mety ho ny fitsaboan'ny dokotera no ilaina amin'izany, nefa mety ny fifampitsaboan'ny mpivady, na ny mpifankatia ihany koa, saingy, ny tsy azo lavina dia ny hoe, mila faharetana avokoa izany. Raha tsy nety nitoe-jaza Razanajaza dia nanoro hevitra azy Razafimpananina rafozany mba hitsabo tena any amin'ny Dokotera. *“Aoka hiara-mitsabo tena ianareo roa (hoy Razafimpananina). Hiaraka aminareo sy hitarika anareo aho sady hiantoka ny lany rehetra”* (tak 47). Dia namonjy ny mpitsabo taty an-drenivohitra izy ireo.

Manao ny asany ihany ireny mpitsabo ireny, saingy, mitaky hetsika avy amin'izay voakasika ihany koa ny fitsaboana. *“koa raha te- hanam-para aman-dimby ianareo, sombinaiko? (hoy ny dokotera nitsabo azy ireo), dia ovay ny fomba fiaina. Fa ny fanafody fanafody ihany, ny fitsaboana dia fitsaboana ihany, fa ny filaminantsainareo, ny fifaliam-ponareo no antoky ny fahasoavana ho anareo izay tsy lavitra hoy aho, fa eo am-poto-moty saingy miandry anareo hahay mifandrindra”* (tak 53). Tonga saina tamin'izany Rasolomanana ary fantany fa izy no tian'ilay mpitsabo hotenenina.

Ilay mpampivelona aza dia nilaza hoe “*aza mamoy amin’ny tsy hiteraka, kanefa mbola ho ela ihany*”.

Izany hoe mila faharetana ny fiandrasana ny taranaka, ary faharetana arahina filaminan-tsaina sy fifaliana, satria ny toe-batan’ny vehivavy dia mila izany mandrakariva mba hahafahany mameno ireo fepetra hahazoany mitoe-jaza.

Fa na dia misy aza ny setrasetran’ny fiaraha-monina sy ny manodidina handrava sy hamotika ny fitiavana dia toetra tsara ananana ny fandeferana sy ny fanetren-tena manoloana izany.

a₂.2.3. Ny fandeferana sy ny fanetren-tena.

Toetra iray anisan’ny nampiavaka an-dRazanajaza ny fandeferana sy ny fanetren-tena. Na dia maro aza ireo olona tsy tia azy dia nandefitra nanana ny rariny hatrany izy. “*Nangidy anie ny nentin’Izanajaza tamin-dRambolasoa mianaka izay e!*” (tak 110), nefa noleferiny hatrany izany na dia namoizany an-dRasolo aza. Na dia efa vadim-bazaha aza izy dia tsy nariany izany toetra tsara nananany izany; “*mahagaga ity Izanajazan-dRavonimbero(hoy ny manodididna) tahaka ny tsy mba vadim-bazaha fa vary lena amim-bahoaka. Hafa koa mantsy ry Iketamalala, firinga mievotra, fa vao tokatranomason-tsinoa dia tsy mijery ambany. Izao no raki-miafin’ny fon’olombelona: ny fahambonian’ny sainy no ahaizany manetry tena; fa ny fahambanian’ny sainy kosa no iavonavonany*”. (tak 102) Vokatr’izany toetra maha-te ho tia nananan-dRazanajaza izany dia lavitry ny ady lava sy ny taintaina toy ny tany amin-dRasolo ny tokantranony tao amin’i M. Courdy.

Araka izany dia azo lazaina fa fototra lehibe iorenan’ny fitiavana ny fandeferana na eo anivon’ny fiaraha-monina izany, indrindra indrindra eo amin’ny samy mpifankatia.

Fa indraindray dia mandeha ho azy ireo toe-javatra ireo raha miorina marina amin’ny fifankatiavan’ny andaniny sy ny ankilany ny tokantrano na ny fiarahana. Raha fiarahana na tokantrano tsy misy fitiavana mantsy dia ny misaraka no mety, satria, na ho ela na ho haingana dia ho tonga min’izany dingana izany ihany.

a₂.2.4. Ny fisarahana manoloana ny fahabangan'ny fitiavana.

Matoa mikitran-dava ny tokantrano iray, na koa miady lava ny mpifankatia dia, satria misy zavatra banga ao. Matetika dia ny fitiavana no banga amin'izany, ka na izany efa mihalefy na koa tsy mifamaly mihitsy . Ny fisarahana amin'izay dia tsy midika ho fanaovana tsinontsinona ny hafa, fa midika kosa ho fifanajana sy fanomezana fahalalahana ny hafa hitady ny tena fitiavany. Raha tonga tany amin-dRavonimbero ny solon-tenan-dRakotovahiny hilaza ny fisarahany amin-dRazanajaza dia nilaza fa: “*ny varo-tsy raikitra ,hono,(mantsy) tsy maharatsy tany, ka dia mitso-drano ny zaza tsy ho diso izay ho anjara tokantranony na hianatsimo na hianavaratra, na hiatsinanana na hiankandrefana, na ho lavitra na ho akaiky, na ho lahy fotsy na ho lahy mainty...*” (tak 23), ary dia nahita ny anjarany tokoa Razanajaza.

Araka izany dia ny tokony homena ny toerana tokony hisy azy ny fitiavana fa tsy hapetrpetraka amin'izay toerana rehetra malalaka izao. Rehefa hita fa tsy amin'ny toerany izany dia tokony hoesorina haingana hitady izay tena tokony hisy azy.

a₂.2.5. Ny famindrana ny fitiavana.

Na misara-belona na misara-maty dia samy mangirifiry avokoa ka ilàna vahaolana. Tanala very sampy, hono, ka ny manova no mety. Azo lazaina fa mitondra fijaliana kokoa ny nilaozan'ny maty (izany hoe izay sisa velona), satria, raha ny nahazo an-dRazanajaza dia nitonda ny anarana hoe “*Madama veuve Courdy*” izy (tak 169) nandritra ny taona maromaro, nampijaly azy izany fandoazan'ny vadiny azy izany, nankarary ny fo amam-panahiny ary nihatra tamin'ny vatany mihitsy aza. Saingy, taty aoriana izy dia nahatsapa fa tokony hitraka ary anisan'ny nampitraka azy ny fahitany an'Ingahy Leblond (lehiben'i Mr Courdy taloha). Nivadibadika teny ny andro ka niova ho “Mme Séraphine Leblond” Razanajaza.

Raha aravona ireo rehetra ireo dia tsapa fa tsy ilaozan'izay mety ho olana ny fitiavana; mety ho olana avy any ivelany izany, nefa mety ho avy amin'ny mpifankatia ihany koa. Tsy ilaozan'izay mety ho vahaolana koa anefa ireo rehetra ireo, noho izany dia ny fahaizan'ny tsirairay mandanjalanja azy no tena zava-dehibe miantoka ny fahombiazan'ny mpifankatia. Raha ilaina aza ny fisarahana dia atao izany mba hahasoa ny tsirairay avy, ny fitia tsy raikitra, hono, tsy tokony haharatsy fihavanana. Na izany na tsy izany, dia azon'ireo zokiolona sy ny ray aman-dreny atao koa ny manelanelana sy mandamina ny disadisa raha ilaina izany.

Raha itarina izany rehetra izany dia tsapa fa hafa raha samy fitiavana ity karazam-pitiavana iray ity. Izany indrindra no nahatsapana fa manana ny toetra mampiavaka azy manokana ity fitiavana ity, ka hojerena araka ny nanehoan'ny mpanoratra azy ao amin'ny tantara izany.

3.3.1.3. Ny toetry ny fitiavana

Toy ny efa hita tany amin'ny fanadihadiana teo aloha, raha vao miresaka toetra dia ny tsara sy ny ratsy no tonga ao an-tsaina voalohany. Raha tarafina amin'ny boky *ORIMBATON'NY FIADANANA* ny fiheveran'i Michel ANDRIANJAFY dia toa ahazoana milaza fa, ny fitiavan'olon-droa dia “*tsy toy ny an'ny havana, sady feno no be mananamby*”⁵⁰ fa mety hiovaova ny fitrangany eo amin'ny mpifankatia. Tsara ny fitiavana raha toa ka miteraka vokatra tsara eo amin'ny fiainan'izay miaina azy, fa ratsy kosa raha toa ka mitondra voka-dratsy.

a. Mety ho ratsy ny fitiavana

Fototra iorenan'ny fiainan'ny zanak'olombelona, manomboka any an-kibo ka mandra-maty ny fitiavana. Amin'ity karazana fitiavana iray ity anefa dia toa hafahafa ihany ny fisehoan-javatra, satria, lasa manapotika ny fiainana izany fitiavana izany indraindray. Ao amin'ny tantara *ORIMBATON'NY FIADANANA* dia asongadin'ny mpanoratra amin'ny alalan'ny fanehoana ny fijalian'ny olona noho ny fitiavana, ny fahafatesana noho ny fitiavana, famoizam-po noho ny fitiavana,... izany faharatsian'ny fitiavana izany.

a₁. Ratsy ny fitiavana raha mitondra fijaliana

Fijaliana ara-batana, ara-tsaina, ary ara-panahy no ateraky ny fitiavana; dia ny fitiavana tsy voalanjalanja sy tsy voapetraka amin'ny toerana tokony hisy azy.

Maro tamin'ireo tovovavy tao Ambohijafy no naniry ny hanambady vazaha, ary anisan'izany Raketamalala sy Razorizety. Nampiasa tetika maro ireto tanora ireto mba hanatratrarany izany tanjona izany, nefa tsy nisy nahomby avokoa izay natao rehetra. Ny fitiavana, hono, tsy azo teren-ko masaka toy ny voalobo-jaza, hany ka na niezaka nanao an-keriny tamin'ny alalan'ireo fanafody gasy sy ny fomba maro aza izy ireo dia tsy nisy vokany izany. Fitiavana diso toerana ny azy, satria na dia tia aza izy, ireto

⁵⁰ S.RAJAONA, Takelaka notsongaina I, « ny fitiavana eo amin'ny tononkalo Malagasy », natonta fanindroany, Ambozontany, Fianarantsoa, 1972, tak.17

vazaha kosa tsy niraika taminy. Narary Raketamalala sy Razorizety, saingy, narary tsy nisy mpitsabo ka nijaly mafy dia mafy tokoa. Araky ny efa hita tany aloha dia narary ny fon-dRaketamalala raha nahare fa efa manam-bady ingahy Dubosc, ary tsy vitan'ny hoe ny fony ihany no narary fa nihatra tamin'ny vatany mihitsy izany ary nahavoa ny sainy. Razorizety koa tetsy andaniny, nony nahita fa Razanajaza no nofidin'ingahy Courdy ho andefimandriny dia nifidy ny hisintaka lavitra, kinanjo nahita loza tamin'ireo miaramila senegaly tsy mifady trovana, vao nibabobaboka. Ny adin-tsaina sy ny hareraham-batana tamin'izany manginy fotsiny ary vorokitsay no nentina nifona tany amin-dRazanajaza rehefa nokaikerin'ny nenina.

Tsy hoe mampijaly fotsiny, fa mety hiteraka famoizam-po ho an'izay tratrany koa ity fitiavana ity.

a₂. Ratsy ihany koa ny fitiavana raha mampamoifo

Eo amin'ny tanora no tena matetim-piseho ity tranga iray ity. Tovolahy vao herotreronny tokoa Rasolomanana raha tsy nahazaka ny onjan'ny fitiavana ka nanaonao foana. Tsy mba nety ho marin-toerana ny fitiavany ary tsy hitany izay toerana tokony hametrahany azy; any amin-Razanajaza izy misy misintona ho any amin'Izafindrahasy, any amin'Izafindrahasy koa anefa izy misy misarika ho any amin-dRazanajaza. Nanimba ny sainy izany fifamahofahoana izany ka naleony niala teo an-tanàna, hany ka na dia efa fantany izao aza fa ady mafana no any amin'ny fampandrian-tany dia mbola nirotsaka an-tsitra-po ihany izy. Ary dia tany an'ady no namoizan-dRasolomanana ny ainy. Araka izany, dia hita fa mahafaty mihitsy ny fitiavana.

a₃. Ratsy ny fitiavana raha mahafaty

Ny tsy fahazakana ny onjan'ny fitiavana no tena mahatonga ny olona sasany hamoy ny ainy. Ao amin'ny tantara dia tsy Rasolomanana ihany no ratsy fiafara toy izany fa Raketamalala ihany koa. Matetika dia fahafatesana amin'ny fomba mampalahelo sy mampihoron-koditra hatrany no ateraky ny tsy fahaiza-miaina ny fitiavana. Raha maty tany an'ady Rasolo dia maty nisy namono kosa Raketamalala rehefa nanambady an'i Same-Tave.

Raha zohina izay efa voalaza hatramin'izay dia azo lazaina fa ny fitia diso toerana, sy ny tsy fahaiza-mandanjanja ny fitiavana no mahatonga ny fitiavana ho ratsy. Raha ny tokony ho izy mantsy dia natao ho tsara ary hanatsara ny fiainan'ny olona ny fitiavana, ary hita taratra tanteraka izany toetran'ny fitiavana izany ato amin'ny tantara *ORIMBATON'NY FIADANANA*.

b. Mety ho tsara ny fitiavana.

Amin'ity toetry ny fitiavana iray ity dia asongadin'ny mpanoratra fa raha ny tena samy fitiavana no mifanojo dia mandeha ho azy ny fiainana rehetra. Fa tsy misaraka amin'izany koa ny fanambadiana vazaha. Nampijaly an-dRazanajaza ny fanorenany ny fitiavany tamin-dRasolo, satria, tsy natao hiara-dalana izy roa, ary na izy tompon-tena aza dia nahatsapa izany. Nony tafahaona tamin'i Courdy anefa izy dia nahatsapa fa niankina tamin'ity lehilahy ity ny fiadanany sy ny hasambarany, satria tafahaona samy tia izy roa. Ny zaza tsy azony tamin-dRasolo azony tamin'i M.Courdy, ary ny harena tsy azony tamin'ny Malagasy azony tamin'ny Vazaha. Nahazo toerana araka izany ny fitiavany ary nandeha ho azy ny fiainany. Tian'ny mpanoratra hasongadina ihany koa fa tsara kokoa ny fitiavana aorina amina Vazaha noho ny aorina amin'ny Malagasy. Izany hoe mety mahay mitia kokoa ny lehilahy Vazaha noho ny lehilahy Malagasy.

Nasongadin'ny mpanoratra tsara tao amin'ny tantara fa mahasambatra kokoa ny manambady Vazaha noho ny manambady Malagasy. Mahasambatra eo amin'ny lafiny ara-batana, ara-tsaina, ara-panahy ,..., satria sady ampy fitiavana no ampy tambitamby no ampy fananana ihany koa.

Fa raha dinihina dia manana anjara toerana sy anjara asa lehibe eo anivon'ny fiaraha-monina ny fitiavana ka izany indrindra no hojerena manaraka eto.

3.3.1.4. Ny anjara toeran'ny fitiavana eo anivon'ny fiaraha-monina.

Matoa lazaina fa tsara ny fitiavana dia noho ny fahatsapana ny fiasany eo amin'ny fiainana. Mety hitondra fivoarana ny fitiavana, mety hitondra vahaolana ihany koa ary indrindra indrindra , mampitombo ny taranaka ny fitiavana.

a. Mitondra fivoarana ny fitiavana

Na inona aloha na inona mety ho toetran'ny fitiavana dia azo antoka fa ny lafiny tsara hatrany no tena kendren'ny tsirairay amin'izany. Indrindra indrindra ny mba hitondra fivoarana eo amin'ny fiainana. Asehon'ny mpanoratra izany amin'ny alalan'ny tantaran-dRazanajaza izay niezaka nikaroka ny soa sy ny tsara tao anatin'izany fitiavana izany; nony azony anefa izay niriny dia tsy izy irery ihany no nahita tombontsoa fa ny manodidina azy koa. Nampivoatra an'Ambohijafy iray vohitra ny fanambadianan-dRazanajaza an'i Mr Courdy. Toa mamintina izany ity tononkalo nosoratan'i Jasmine Ratsimiseta ity, izay nentin'ny mpanoratra namarana ity tantara ity ihany koa, manao hoe:

MISITERAN'ANGAVOKELY

“Nanan-jo ilay Ambohijafy

Nisy izany Razanajaza

Zazavavy tena nihafy

Kanjo tonga olo-malaza

“Nanam-bady an-dRakordia

Dia niteraka Lietenà

Ka vazaha nefa... sanatria

Tsy mba niavona noho ny rà

“Tena ambony ny tarigetra

Nihetraketraka aloha ny basy

Dia fitiavana no hasetra...

‘Zay no tokin’ny Malagasy;

Fa mamoa ny fitiava-namana,

“ORIMBATON’ILAY FIADANANA” (tak171)

Tsy vitan’ny mitondra fivoarana ihany, fa mety mamaha olana ihany koa ny fitiavana.

b. Mitondra vahaolana ny fitiavana, sady fitaovana enti-
mampitombo ny taranaka

Araky ny hita tany amin’ny olana dia mety tsy hahazoana taranaka ny tsy fiorenan’ny tokantrano amin’ny tena fitiavana, satria, ny korontana sy ny alahelo aterak’izany dia mety hisakana ny fipetrahan’ny zaza. Ny tantaran-dRasolomana sy Razanajaza no nanehoan’ny mpanoratra izany. Fa ny vahaolana tamin’izany dia ny fahitan-dRazanajaza an’Ingahy Courdy izay tiany no tia azy koa. Vokatr’izany fitia mifamaly izany dia niteraka ihany Razanajaza ary voavaha ny olany. Araka izany dia fitaovana enti-mampitombo ny taranaka ihany koa ny fitiavana.

Na izany na tsy izany , toy ny hita tany amin'ny tantaran'i Bina ihany dia tsy voatery hitondra soa eo amin'ny fiainan'ny olona hatrany ny fitiavana fa mety hanapotika ny fiainana ihany koa.

3.4. Fehiny

Raha fintinina izay rehetra voalaza momba ny tantara *ORIMBATON'NY FIADANANA* izay dia hita fa fomba maro no mety hampitsiry ny fitiavana eo amin'ny olona roa. Tsy voatery hifamaly anefa ny fitiavana, saingy, raha mitranga kosa ny fifamalian'izany dia hivelatra ny fitiavana ka hamelana sy hamony. Ny fitiavana, hoy ny Ntaolo, “ *toy ny jiafotsy ka vao tsy ialan-kasokasoka ary tonta tsy ialan-dromoromo*”; tsy ialan'izay olana mety hanakorontana azy ny mpifankatia, mety ho olana avy amin'ny fiarahamonina sy ny tontolo manodidina izany na avy amin'ny mpifankatia mivantana ihany koa. Misy hatrany anefa ireo vahaolana azo raisina sy ampiharina, na dia tsy voatery hahomby aza.

Famintinana ny fizarana voalohany sy faharoa ary fahatelo

Ho fehin'izay rehetra voalaza izay dia tsapa fa samy manana ny fomba fanehoany ireo singa telo tsy afaka misaraka amin'ny tantara foronina ireo ny mpanoratra. Raha ny momba ny mpandray anjara manokana no asian-teny dia hita fa manana traikefa amin'ny fomba fanehoana izany ny mpanoratra Malagasy toa an'i E.D.ANDRIAMALALA sy i Auguste RAJON ary i Michel ANDRIANJAFY. Azo atao tsara ny manorina ny tantara foronina amina mpandray anjara fototra tokana na koa roa; ho an'i E.D.ANDRIAMALALA sy i Auguste RAJON manokana dia roa avy ny mpandray anjara fototra, ary lahy sy vavy. Ho an'i Michel ANDRIANJAFY kosa dia tokana ihany izany, ary vehivavy. Ireo mpandray anjara fototra ireo dia mahenika ny tantara iray manontolo, ary misy aza ny mpandray anjara hafa azo lazaina fa tena manakaiky azy ireo ary azo lazaina ihany koa fa laharana voalohany ao amin'ny mpandray anjara mpanampy.

Tsy voafetra kosa ny isan'ny mpandray anjara mpanampy sy ny mpandray anjara ravaka. Saingy, tsy maintsy misy izy ireo, satria ny fahabangany ao amin' ny tantara dia midika ho faninganan'ireo mpandray anjara fototra ireo, ary midika ho tsy fahafenoan'ny fepetra maha- tantara foronina ny tantara foronina. Isika rehetra anefa dia

miara- manaiky *fa ireny mpandray anjara ireny dia olona tsy nofo aman- drà fa sary namboarina ka natao izay haha-kanto azy.*⁵¹ Noho izany, dia maneho ny maha kanto ny tantara foronina tokoa ny fahaizan' ny mpanoratra milalao ireny mpandray anjara ireny. Mahafehy izany rehetra izany ny hita ao amin' ny « Encyclopédie Universalis » hoe: *ny mpandray anjara ao amin' ny tantara foronina dia mpitondra tenin' ny mpitantara, izay maneho amin' ny alalan'ny soratra ireo lafin- javatra maro miafina ao an' eritreriny.*⁵²

*Azo dinihina amin' ny alalan' ny fiainan' ny mpandray anjara avokoa ny lafin- javatra maro, satria, amin' ny alalan' ireny mpandray anjara ireny no anehoan' ny mpanoratra ny heviny manoloana ny zava- misy ara- tantara sy ara- piaraha-monina.*⁵³

Tsy ny fisian' ireo karazana mpandray anjara telo ireo ao amin' ny tantara foronina anefa no ahafahana milaza fa feno ny maha tantara foronina ny tantara foronina, tsy afaka hihetsika ireo raha tsy misy ny toerana hanatanterahany izany. Noho izany dia singa lehibe tsy azo atao tsinontsinona ihany koa ny habaka ao amin'ny tantara foronina.

Raha ny momba ny habaka kosa no asian-teny dia hita fa samy manana ny maha-izy azy tokoa ny mpanoratra tsirairay eo amin' ny fanehoana ny habaka ao anatin' ny tantara foronina. Samy manana ny mampiavaka azy ihany koa, saingy, ny tsy azo lavina amin' ireo tantara telo ireo dia ny hoe, samy naorin' ny mpanoratra amina toerana tena misy avokoa ny tantara ary azo tsapain- tanana ny fisian' izany, indrindra eto Madagasikara. Raha ny fomba fanehoan' izy ireo azy dia nahatsapana fa toerana efa fantany tsara ireo toerana nanorenany ny tantara ireo ka tiany haseho amin' ny mpamaky amin' ny alalan' ny fanoritsoritana izany mba hiombon- kevitra sy hiombona fihetseham- po ny mpanoratra sy ny mpamaky. Vokatr' izany rehetra izany, raha mamaky ireo asa zoratra ireo dia mahatsapa ho toy ny miaina ao anatin'ny ihany koa ary toy ny mahita maso ny zava- mitranga.

⁵¹ François MAURIAC, Le romancier et ses personnages, p 116, : « *acceptons humblement que les personnages romanesques forment une humanité qui n'est pas une humanité de chair et d'os, mais qui en est une image transposée et stylisée* »

⁵² Encyclopédie universalis, tome 14, Le roman: « *le personnage du roman est le porte-parole d'un narrateur exprimant par une écriture les multiples de sa conscience.* »

⁵³ Encyclopédie universalis, tome 14, Le roman: « *Le personnage à pour mission primordiale de traduire le sens qu'un écrivain attribue à une réalité.* »

Ny momba ireo fotoana ao amin' ny tantara *FOFOMBADIKO* sy *BINA* ary *ORIMBATON'NY FIADANANA* ireo indray dia hita fa manavaka ireo mpanoratra tsirairay ireo, ary maneho ny maha izy azy ny fahaizany mikirakira ny fotoana. Hain' izy ireo ny mampifanaraka ny halavan' ny fotoana ao amin' ny tantara sy ny haben' ny takelaka mandrakitra azy, hany ka raha roa taona monja, araka ny vinavina natao, ny faharetan' ny tantara ao amin' ny tantaran' i *BINA* dia ny azy no fohy indrindra ny tantara. Matevintevina kokoa, araka izany, ny boky mirakitra ny tantara foronina *FOFOMBADIKO* sy ny *ORIMBATON'NY FIADANANA*.

Raha ny zava- misy dia maika ny olona hijery avy hatrany ny vontootin' ny asa soratra nefa anisan' ny zavatra tokony hasongadina ihany koa ny endrika ivelany mandrafitra ireny asa soratra ireny.

Na i E.D.ANDRIAMALALA na i Auguste RAJON na i Michel Andrianjafy dia samy nanana ny fomba nentiny naneho hevitra ao amin' ny asa sorany. Novolavolaina avy amin' ny teny ny asa soratra nefa na izany aza “ *izaho (teny) dia baingan- tany maty, kanefa rehefa eo ny mpanoratra dia manjary manome aina mahafinaritra*”.⁵⁴Noho izany dia anisan' ny zava- dehibe amin' ny fandrafetana asa soratra ny fahaizan' ny mpanoratra maneho hevitra. Hita taratra amin' ny alalan' ny fampiasana ny voambolana sy ny fehezan- teny ary ny fomba fanoratra sy ny teny ampiasain' ny mpanoratra izany.

Raha idirana kosa ny amin'ny vontootin'ny asa soratra dia tantaram-pitiavana no tena mibahan-toerana amin'ireo tantara telo ireo. Tsy dia mifanalavitra amin'ny zava- misy eny amin'ny fiarahamonina ny fomba fijerin'ireo mpanoratra ireo, ary hita ao anatin'izany fa tsy mora ny miaina ao anatin'ny fitiavana. Samy manana ny fomba itsirian'ny fitiavana eo aminy ny olona tsirairay, toy izany koa ny fisedrana azy, ary na fisarahana velona na fisarahana amin'ny alalan'ny fahafatesana no mety hiafaran'izany fitiavana izany. Ao amin'ny sedram-pitiavana dia mifamahofaho ny mamy sy ny mangidy, nefa ny fahaizan'ny tsirairay miatrika izany olana izany no antoky ny faharetan'ny fifandraisan'ny mpifankatia.

Fa mba hahitana bebe kokoa ny maha izy azy ireo mpanoratra ireo tsirairay avy sy ny fahasamihafana misy eo aminy dia andeha hiroso amin'ny fampitahana ny asa soratra isika

⁵⁴ RANDZA ZANAMIHOATRA, *Vainafo tononkira*, lib. Ambozontany Fianarantsoa, 1969

Fizarana fahefatra

**A n d r A n A F A m p i t A h A n A T A N T A R A
F O R O N I N A**

S Y

**a n d r a m - P A N A Z A V A N A N y V O K A T R Y N Y
F A M P I T A H A N A**

4.1. Andrana fampitahana ny asa soratra

4.1.1. Fampitahana ireo singa mandrafitra ny asa soratra

4.1.1.1. Fampitahana ny fomba fanehoany ny mpandray anjara

Hampifanatrehina amin'ny alalan'ny fafana izany mba hahitana izay tena fahasamihafana sy ny fitoviana misy amin'ireo asa soratra ireo.

	<i>BINA</i>	<i>ORIMBATON'NY FIADANANA</i>	<i>FOFOMBADIKO</i>
Ny mpandray anjara fototra	Roa: lahy sy vavy ary mpifankatia	Iray: vavy, nifankatia tamina mpandray anjara mpanampy	Roa: lahy sy vavy ary mpifankatia
Anarana	Malagasy: Bina sy Ikemba	Malagasy sy vazaha mifangaro: Razanajaza Seraphine	Malagasy: Lala sy Lisy
Fiaviany	Tanindrana: Farafangana	Merina: Antananarivo	Merina: Antananrivo
Toetrany:	-Tsara toetra amam-pihetsika, manam-pahaizana i Bina; tsy tafita kosa Ikemba -Tokam-po ary sarotiny amin'ny fahadiovana	-Tsara fanahy, lalin-tsaina na dia tsy dia nahita fianarana aza -Niovaova olon-tiana	-Samy be hambom-po, Manam-pahaizana daholo na ny lehilahy na ny vehivavy -Miovaova vehivavy i Lala, fa tokam-po kosa i Lisy
Asany	Mpampianatra i Bina ary mpikarakara tokantrano Ikemba	Mpikarakara tokantrano	Tsy fantatra mazava ny tena asan'izy ireo
Fari-piainany	-Manana ny ampy sady -Zaza tokana avy izy roa	-Manana ny ampy -Zaza tokana	-Asehon'ny mpanoratra ho toy ny Zaza tokana avy izy roa na dia tsy lazainy mivantana aza
Ny fianakaviany	Niteraka zaza tokana izay tsy nandray anjara	Niteraka zaza tokana ary nandray anjara	Niteraka zaza tokana ary tsy nandray anjara

	betsaka tao amin'ny tantara.	betsaka tao amin'ny tantara.	betsaka ao amin'ny tantara ihany koa.
Ny mpandray anjara mpanampy	-Misy miara-dalana amin'ny mpandray anjara fototra -Misy ireo nanohitra azy, ary amin' ireo nanohitra ireo dia maty ny sasany fa ny hafa kosa lasa niara-dalana taminy ihany	Nisy ireo niara-dalana tamin'ny mpandray anjara fototra. Nisy kosa ireo nanohitra ny mpandray anjara fototra, izay marihina fa maty talohan'ny fiafaran'ny tantara	-Misy ireo miara-dalana amin'ny mpandray anjara fototra -Misy kosa ireo nanohitra azy ary maty ireo mpanohitra ireo tamin'ny farany
Ny fiaviany	Tanindrana, merina, ary vazaha	Merina sy vazaha	Tanindrana, merina, ary vazaha
Ny mpandray anjara ravaka	Misy tononina amin'ny anarany, fa misy tononina amin'ny asany, sns...	Mitovy amin'izay hita ao amin'ny tantaran'i Bina	Mitovy amin'ny fanehoan'i Auguste RAJON

Araky ny fafana dia samy manana ny fomba nanehoany ny mpandray anjara isan-tsokajiny avy ireo mpanoratra telo ireo. Eo amin'ny fanehoana ny mpandray anjara fototra anefa no dia tena ahitana fahasamihafana kokoa, satria misy safidy ao na dia samy tantaram-pitiavana aza. Ho an'i E.D.ANDRIAMALALA sy i Auguste RAJON dia mpandray anjara fototra roa no nosafidiny ary ankoatran'izay dia mpifankatia ireo. Ho an'i Michel ANDRIANJAFY kosa dia tokana ihany ny mpandray anjara fototra ary vehivavy, fa sokajina ho mpandray anjara mpanampy izay nifankatia taminy.

Azo lazaina, araka izany, fa saika mitovitovy fomba fijery i E.D.ANDRIAMALALA sy i Auguste RAJON eo amin'ny fanehoana ny mpandray anjara, fa manana ny fomba fijeriny manokana kosa i Michel ANDRIANJAFY. Na izany na tsy izany dia samy manana ny maha izy azy ireo fomba fijery ireo, ka ahafahana manasongadina ny tantara foronina malagasy.

Tsara ihany koa aza raha mbola anaovana fampitahana ireo toerana nanorenan'ny mpanoratra ny tantara.

4.1.1.2. Fampitahana ny fomba nanehoan'ny mpanoratra ny habaka.

Ireto ihany no zavatra tena misongadina amin'izany.

	<i>BINA</i>	<i>ORIMBATON'NY FIADANANA</i>	<i>FOFOMBADIKO</i>
Ireo toerana misy sy voafaritra mazava nanorenany ny tantara	Faritanin' Antananarivo -Faritanin'i Fianarantsoa	Faritanin' Antananarivo -Misy faritanin' i Toamasina ihany koa.	Faritanin' Antananarivo Faritanin'i Toamasina
Ny fomba nandraisany ireo toerana ireo	Toerana nipetrahan'i Auguste RAJON, ary fantany tsara.	Toerana fantany fotsiny, ary nivezivezeny nandritra ny naha mpitandrina azy	Toerana tena misy ary fantan'ny mpanoratra: tena niainan'i E.D. ANDRIAMALALA
Ny elanelana lehibe indrindra	Antananarivo/ Farafangana	Madagasikara/ Andafy	Madagasikara/ Andafy

Raha jerena indray ny amin'ity habaka ity dia mbola hita taratra ihany ny mampitovitovy hevitra an'i E.D.ANDRIAMALALA sy i Auguste RAJON na dia tsy nivelatra firy aza ity farany teo amin'ny elanelana. Azo lazaina izany fa manana ny teknikany, azy manokana i Michel Andrianjafy. Na izany aza dia misy itoviany ihany ireo. Ny tsy azo lavina dia ny hoe, miezaka maneho mazava sy ara-jeografia ireny

toerana ireny ny mpanoratra mba haharahan'ny mpamaky tsara ny vontoatin'ny tantara.

55

Aleo hojerena indray ny amin'ny fomba nanehoan'izy ireo ny fotoana mba hahafahana manara-maso akaiky izany fahasamihafana sy fitoviana izany.

4.1.1.3. Fampitahana ny fomba fanehoana ny fotoana

	<i>BINA</i>	<i>ORIMBATONNY</i> <i>FIADANANA</i>	<i>FOFOMBADIKO</i>
Fotoana niainan'ny mpanoratra	1890-1957	1912-1969	1918-1979
Fotoana nanoratany ny tantara	Teo amin'ny faha 42 taonany: 1932	Teo amin'y faha 46 taonany kosa: 1958	Teo amin'ny faha 36 taonany: 1954
Fotoanan'ny mpamaky	Tantara mahasedra vanim-potoana maro	Mahatety vanimpotoana maro	Tantara mahasedra vanim-potoana maro
Fotoana anatin'ny	Tsy fantatra mazava ny tena faharetany fa raha ny vinavina natao dia eo amin'ny 2 taona eo ny faharetan'ny tantara.	Tantara nandritra ny 32 taona eo ho eo.	Tantara nandritra ny 30 taona mahery.
Ny fomba nanehoany azy	Asehony amin'ny alalan'ny fitantarana ny zava-nisy fa tsy	Mametraka daty mazava: fanjanahan-tany	Asehony amin'ny alalan'ny daty mazava: ady tamin'ny

⁵⁵ BOURNEUF & QUELLET, *L'univers du roman*, coll. Sup. P.U.F, p 99 : « *Le romancier fournit toujours un minimum d'indication géographique qu'elle soit de simples points de repère pour lancer l'imagination du lecteur* »

	mametraka daty mazava izy	talohan'ny 1903	1947
Ny faharetan'ny fotoana ao amin'ny tantara	Tsy fantatra ny mazava ny faharetan'ny tantara izay voarakitra ao anatin'ny 117 pejy	Tantara nandritra ny 31 taona, voarakitra ao anatin'ny 172 pejy	Tantara nandritra ny 30 taona, voarakitra ao anatin'ny 212 pejy
Zotra narahina	Manaraka zotra roa ny (sady mitantara an'i Bina no mitantara an'Ikemba)	Zotra tokana, ary tsy misy fitantarana mifamadibadika	Manaraka zotra tokana, saingy mifamadibadika kosa ny fitantarana

Eo amin'ny fanehoana ny fotoana indray dia i Michel ANDRIANJAFY sy i E.D.ANDRIAMALALA no mitovitovy hevitra. Tia mametraka zavatra mazava izy ireo, saingy, i Auguste RAJON kosa dia tsy latsa-danja amin'ny fahaizany manasongadina ny fotoana amin'ny alalan'ny fanoritsoritana ny zava-nitranga tamin'ny vanim-potoana nanorenany ny tantara. Fa ny fomba fanoratra sy fanehoan-kevitra aza no dia mahaliana tokoa ny fanehoan'ny tsirairay azy.

4.1.1.4. Fampitahana ny fomba fanoratra sy ny fomba fanehoan-kevitra

	<i>BINA</i>	<i>ORIMBATON'NY FIADANANA</i>	<i>FOFOMBADIKO</i>
boky	-Nahazo ny loka voalohany. -Ahitana fizarana sy lohatenim-pizarana -Manisy kisary ao amin'ny tantara Nosoratana tamin'ny taona 1932	-Nahazo ny loka voalohany -Tsy ahitana lohateny ny fizarana tsirairay Nosoratana tamin'ny taona 1958	-Nahazo ny loka voalohany tamina fifaninanana natao Mametraka fizarana sy lohatenim-pizarana Nosoratana tamin'ny taona 1954
Ny vontoin'ny tantara	Tantaram-pitiavana sady tantara kristianina, araka ny voalazan'ny mpanolotra ny tantara	Tantaram-pitiavana sy tantaram-pirenena	Tantaram-pitiavana sy tantaram-pirenena miaraka

fitantarana	-Mampiasa mpisolo anarana laharana fahatelo: “izy” -Betsaka ny fitantarana noho ny teny ifamaliana -Olona samihafa ny mpanoratra sy ny mpitantara ary ny mpandray anjara fototra.	-Mampiasa mpisolo anarana laharana fahatelo: “izy” -Mitovitovy ny fitantarana sy ny teny ifamaliana. -Olona samihafa ihany koa ny mpanoratra sy ny mpitantara ary ny mpandray anjara fototra.	-Amin’ny mpisolo tena laharana voalohany sy faharoa ny fitantarana: “izaho, ianao” Tsy dia be fanoritsoritana. -Olona hafa ny mpanoratra, saingy olona iray kosa ny mpitantara sy ny mpandray anjara fototra.
Ny voambolana sy ny fehezan-teny ampiasainy	-Voambolana nalaina avy amin’ny tontolo kristianina sy tontolo malagasy maoderina, ary avy amin’ny teny frantsay. -Fehezan-teny miendrika ohabolana, sy fomba fiteny ary tononkalo na tononkira.	-Voambolana nalaina avy amina tontolo kristianina sy tontolo malagasy. -Fehezan-teny miendrika ohabolana sy fomba fiteny ary tononkalo na tononkira.	-Nalaina avy amin’ny tontolo kristianina sy tontolo Malagasy ny voambolana. -Mampiasa matetika karazana sarin-teny, sy ohabolana -Tsy ahitana fehezan-teny na teny amin’ny teny frantsay.

Eto kosa no ahitana fa samy manana ny maha izy azy ireo mpanoratra telo ireo eo amin’ny fanoratana tantara foronina, na eo amin’ny fanehoana ny endrika ivelany mandrafitra ny tantara izany na eo amin’ny fanehoana ny vontoatiny. Eo amin’ny fomba fanehoana ny boky fotsiny dia efa hita taratra sahady ny fisongadinan’ny maha izy azy ireo mpanoratra ireo tsirairay avy. Ho an’i Auguste RAJON sy i Michel ANDRIANJAFY, ohatra, dia nasehony mazava tsara tany am-boalohany ny tanjona nanoratany ny asa sorany. Ankoatry ny maha fifaninanana sy izay hevitra tiany hampitaina ao anatin’ny tantara dia fahatsiarovana koa ireo tantara foronina nosoratany

ireo. Hita izany ao amin'ny teny mialohan'ireo boky ireo. Ho an'i E.D.ANDRIAMALALA kosa dia ny vontootin'ny tantara no tena nanehoany fa ny raharaha teto amin'ny firenena no tena tiany hasongadina

Na izany na tsy izany, matoa samy nahazo ny loka tamin'ny vanim-potoana nanaovany ny fifaninanana ireo dia noho ny fahaizan'ny mpanoratra manokana sy ny fananany ny maha izy azy.

Eo amin'ny fomba fanoratra sy ny fomba fitantarana ihany koa, araka ny fahana eo ambony dia hita fa manasongadina tanteraka ny maha mpanoratra manana ny maha izy azy ireto mpanoratra ireto. Miavaka tanteraka, ohatra, i E.D. ANDRIAMALALA eo amin'ny fomba fitantarana, satria tsy dia fahita loatra ity teknika nampiasainy ao amin'ny tantara foronina *FOFOMBADIKO* ity: ny mpandray anjara fototra ihany no mpitantara ary mazava ho azy fa ny **mpisololo anarana laharana voalohany sy faharoa** no nampiasainy. Tsy vitan'izay fa mbola miendrika taratasy nosoratan'i Lala ho an'i Lisy koa ity tantara ity fa tsy mivantana amin'ny mpamaky. Anisan' ny tena mampiavaka ity mpanoratra ity moa izay fomba fitantarana izay, ary saika miovaova isaky ny tantara noforonina nosoratany izany. Efa mahazatra amin'ireo tantara foronina maro kosa ny fampiasana ny mpisololo tena laharana fahatelo, toy ny nampiasain'i Auguste RAJON sy i Michel ANDRIANJAFY ao amin'ny tantaran'i Bina sy ny ORIMBATON'NY FIADANANA.

Raha aravona dia hita fa teknika mitovitovy ihany no nentin'izy ireo nanoratra. Teo amin'ny fanehoana ny toerana, ohatra, dia toerana tena nisy sy voafaritry mazava, ary efa fantatry ny mpanoratra tsara no nanorenany ny tantara. I E.D.ANDRIAMALALA dia nametraka vanim-potoana mazava tao amin'ny asa sorany, ohatra, amin'izany ny vanim-potoana tamin'ny 1947. Ny an'i Auguste RAJON indray dia ny fiaimpiainan'ny mpandray anjara ihany no nanehoany ny vanim-potoana, nefa fantatra ihany rehefa vakina ny tantara. Ohatra, amin'izany ny fametrahany fa fotoana mbola tsy nampisy ny fitaovam-pitaterana teto Madagasikara io fotoana io. Ho an'i Michel ANDRIANJAFY kosa dia tena nasesiny ireo fotoana ao amin'ny tantara, ary asehony mivantana amin'ny alalan'ny daty sy ny taona izany. Ohatra, ny hoe, taona 1903,...

Saika nahitana mpandray anjara malagasy sy vahiny daholo ireo tantara ireo, saingy, iray ihany izany ao amin'ny tantaran'i *BINA*, misy vitsivitsy ao amin'ny *FOFOMBADIKO* ary maromaro ao amin'ny *ORIMBATON'NY FIADANANA*. Eo amin'ny fanehoana ny mpandray anjara indray dia miavaka ny hita ao amin'ny

ORIMBATON'NY FIADANANA, satria tokana ny mpandray anjara fototra, raha roa avy ny hita ao amin'ny *BINA* sy *FOFOMBADIKO*.

Ny *FOFOMBADIKO* kosa no miavaka amin'ny fomba fitantarana, satria, ny mpandray anjara fototra ihany no mpitantara, ary amin'ny alalan'ny taratasy nalefany ho an'ny vadiny no nanaovany izany. Amin'ny mpisolo anarana laharana voalohany “première personne” no itantarany ny tenany, fa amin'ny mpisolo tena laharana faharoa indray no iresahany amin'i Lisy. Marihina fa tsy dia fahita ity endrika ity, na amin'ireo tantara nosoratan'i E.D.ANDRIAMALALA ihany aza afa-tsy amin'ny *FOFOMBADIKO*.⁵⁶ Ny tantara *BINA* sy *ORIMBATON'NY FIADANANA* dia manana mpitantara manokana izay noforonin'ny mpanoratra, ary amin'ny mpisolo anarana laharana fahatelo kosa no itantarany, ka mivantana amin'ny mpamaky avy hatrany ny fitantarana.

Fa raha izay ny amin'ireo singa samy hafa mandrafitra ny tantara foronina ireo, dia tsara ihany koa raha ampitahaina ny fomba fijerin'ireo mpanoratra ireo ny tontolo tarafina amin'ny asa sorany tsirairay avy. Ary, satria ny tantaram-pitiavana no tena mibahan-toerana amin'ireo asa soratra ireo dia ny fomba fijeriny ny amin'izay fitiavana izay indrindra no hampitahaina eto.

4.1.2. Fampitahana ny fomba fijery ny tontolo tarafina amin'ireo asa soratra ireo

Mba hahamora ny famakiana azy anefa dia nofidinay hatrany ny hampiasa fafana.

4.1.2.1. Fafana

⁵⁶ RATREMA William, *E.D.A : un écrivain à la charnière de deux mondes* , p 136: « il y a un autre roman de E.D.ANDRIAMALALA écrit à la première personne. Il s'agit de *FOFOMBADIKO*. Le narrateur n'est aussi autre que le personnage principal. Mais au lieu de s'adresser au lecteur, il s'adresse à sa fiancée de jadis et à son ancienne femme. *FOFOMBADIKO*, nous l'avons déjà dit, est une lettre adressée par Lala à Lisy après leur séparation . Pour désigner la destinataire de la lettre, Lala utilise la deuxième personne du singulier « ianao », qui peut tout aussi être rendu par « tu » par « vous » dans le cadre d'un vouvoiement de politesse. Dans *FOFOMBADIKO*, « ianao » se situe entre « tu » et « vous » et plutôt vers « vous » que vers « tu ».

TANTARA		BINA.	FOFOMBADIKO	ORIMBATON'NY FIADANANA....
Ny fomba fitsirian'ny fitiavana		-Fifaneraserana -Toetra anaty - -Endrika ivelany -Filàna	-Fifaneraserana -Toetra anaty - Kisendrasendra -Endrika ivelany -Filàna	-Fifaneraserana -Toetra anaty - -Endrika ivelany -Filàna
Ny sedram pitiavana Endrika isehoany				
	Eo am- panombohan ny fiarahana	-Filaminana -Fifampizahan-toetra -Fifanomezan-toky sy voady	-Filaminana -Mety hivatravatra -Fifampizahan-toetra	-Filaminana vetivety na maharitra -Mety hivatravatra
		Olana -Ny fisarahan- toerana(ny elanelana)	Olana -Elanelana be loatra eo amin'ny mpifankatia -Ny fivadiham- pitokisana -Ny lainga	Olana -Ny fidiran'ny fomba hafa avy any ivelany izay mety hanova ny toe-tsaina - Ny fitia tsy mifamaly

Eny am-pivelaran'ny fiarahana		- Ny tsy fisian'ny fifampiresahana - Ny fahadisoampanantenana -Ny fiheverana sy ny finoana tsy mitovy	-Ny fanavakavahana
	-Ny tsy fahadiovan'ny vehivavy (fampirafesana) -Ny fahafatesana -Ny fiarahamonina sy ny manodidina	-Ny fampirafesana -Ny fahafatesana	- Ny tsy fahafahan'ny vehivavy miteraka -Ny fahafatesana -Ny fiarahamonina sy ny manodididna
	Vahaolana -Fiezahana mifanatona (ara-panahy sy ara-batana -Fitandremana ny fahadiovana alohan'ny mariazny -Fahaiza-manadihady tsara ny fihetsiky ny	Vahaolana -Ny fifanatonana -Ny fifampitokisana tsara -Ny fiezahana milaza ny marina	Vahaolana -Fahaiza-mandanjalanja sy mampifandray ireo fomba samihafa -Fitsaboan-tena mba hahazoan-taranaka -Fametravana ny fitiavana ho lohalaharana

		manodidina	-Ny fifampiresahana -Fifandeferana -Fanajana ny olon-tiana	- fandeferana/fanetrzen-tena -Famelan'ny ray aman-dreny ny zanany hisafidy ny olon-tiany -Fanamboarana ny toe-tsaina tia tombotsoa
		-Famindrana ny fitiavana	-Famindrana ny fitiavana	-Famindrana ny fitiavana
Ny mety hiafaran'ny fitiavana efa voasedra		-Mety ho rava ny fitiavana -Mety ho faty ihany koa ny fitiavana	-Mety ho rava ny fitiavana (amin'ny alalan'ny fahafatesana na amin'ny alalan'ny fisarahana velona) -Mety ho faty ny fitiavana	-Mety ho rava amin'ny alalan'ny fahafatesana na amin'ny alalan'ny fisarahana velona ny fitiavana -Mety ho faty ny fitiavana
Ny mety ho toetry ny fitiavana		-Fandresena ny fitiavana -Faharesena ny fitiavana -Mety ho azo afindra ny fitiavana	-Fandresena ny fitiavana -Faharesena ny fitiavana -Mety ho azo afindra ny fitiavana -Azo zarazaraina ny	-Mety ho ratsy ny fitiavana raha: .Mampijaly .Mampivarilavo .Mahafaty -Mety ho tsara ihany koa ny fitiavana

	-Tsy resin'ny fotoana sy ny elanelan-tany ary ny fiarahamonina ny fitiavana	fitiavana	
Ny anjara asa/ anjara toeran'ny fitiavana eo amin'ny fiarahamonina	-Mpandamina ny fiarahamonina ny fitiavana -Mampitombo ny taranaka *Mety hanapotika fiainana anefa indraindray	-Mpandamina ny fiarahamonina ny fitiavana -Mampitombo ny taranaka ny fitiavana *Mety hanapotika fiainana koa anefa	-Mpandamina ny fiarahamonina, sady mitondra fivoarana no mitondra vahaolana -Mampitombo ny taranaka *Mety hanapotika fiainana ihany koa
Ny tanjona kendrena amin'ny fitiavana	<u>Fahasambarana</u> sy <u>fiadanana</u> : eo amin'ny lafiny ara-tsaina sy ara-batana	<u>Fahasambarana</u> : fanomezana fahafaham-po ny lafiny ara-tsaina	<u>Fiadanana</u> : fanomezana fahafaham-po ny lafiny ara-batana

Fafana mamintina sy mampifanatrika ny fiheveran'i E.D.ANDRIAMALALA sy i Auguste RAJAONARIVELO ary i Michel ANDRIANJAFY ny FITIAVANA araka ny ahitana azy ao amin'ny boky *FOFOMBADIKO, BINA*, ary

ORIMBATON'NY FIADANANA

Tsara raha arahina fanadihadiana ity fafana ity mba hampivoitra tsara izay tiana hambara.

4.1.2.2. Fanadihadiana ny fafana

Rehefa nampifanatrehina ny fiheveran'ireto mpanoratra telo ireto mikasika ny fitiavana eo amin'olon-droa dia hita fa misy ireo fiheverana mitovy na iraisan'izy ireo. Tsy dia ahitana taratra hevitra mifanohitra kosa mibahan-toerana ao anatin'izany fa ny fiheverana mifameno no tena misongadina ao, satria misy toe-javatra tsy voalazan'ny mpanoratra iray, ohatra, fa voalazan'ny hafa, nefa izany dia tsy manohitra velively izay voalazan'ny ankilany. Any amin'ny fiheverana izay mety ho toetry ny fitiavana no hita taratra ny tsy fitovian-kevitra. Hita kosa anefa fa arakaraky ny vanim-potoana nanoratana ny tantara ny fiheverana raketiny.

Rehefa nosintonina ireo hevi-dehibe tao amin'ny tantara, na tamin'ny tantara *FOFOMBADIKO* izany na tao amin'ny tantaran'ny *BINA*, na tao amin'ny tantara *ORIMBATON'NY FIADANANA*, dia hita fa misy ary maro ny hevitra niraisan'ireo mpanoratra ireo. Misy kosa anefa ireo hevitra ny tsirairay manokana. Mba hampazavazava kokoa izany dia tsara raha raisina isaky ny zana-dohahevitra ny fampitahana.

a. Fampitahana ny fomba fitsirian'ny fitiavana

Tamin'ny alalan'ny fanadihadiana no nahatsapana fa: miara-manaiky ireto mpanoratra ireto fa voajanahary ny fitiavana, saingy, ny fomba ahatongavan'izany amin'ny tsirairay no tsy mitovy. Misy araka izany ireo fomba mety hahaterahan'ny fitiavana eo amin'ny olona tsiriray, na eo amin'ny mpifankatia. Hevi-dehibe telo no tena iraisan'izy ireo, dia:

- Amin'ny alalan'ny fifaneraserana, izay mahatonga fifankahazoana am-po ka mety hiteraka ny fitiavana,
- Amin'ny alalan'ny fijerena ny toetra anaty, izay matetika toe-javatra ifampijeren'izay mifanerasera rehetra,
- Ary amin'ny alalan'ny fijerena ny endrika ivelany, toy ny hatsaran-tarehy amam-bika, ny fananana ,...; izay mety hahasrika sy hambabo haingana ny fon'ny maro.

Misy kosa anefa ireo fiheverana ankoatran'ireo voalaza ireo, izay hitan'ireo mpanoratra sasany fa tsy hitan'ny hafa. I Auguste RAJAONARIVELO sy i E.D. ANDRIAMALALA, ohatra, dia nahita fa, ny fitiavana ihany koa dia mety ho teraka amin'ny alalan'ny kisendrasendra, izay mety hampifanena tampotampoka ny fitiavan'olon-droa. I E.D.ANDRIAMALALA sy i Michel ANDRIANJAFY kosa dia

nahita fa, ny fitsiriany'ny fitiavana ihany koa dia mety ho avy amin'ny filan'ny olona, na ny filana eo amin'ny lafiny namana izany na eo amin'ny lafiny fitadiavana tombontsoa.

Raha zohina ireo rehetra ireo dia hita fa, miara-manaiky ireto mpanoratra ireto fa eo am-pitsiriany, dia mety ho faty sahadry izany fitiavana izany raha toa tsy kolokoloina avy hatrany, indrindra, raha tsy misy ny fifamalian'izany eo amin'ny olon-droa, raha tsy izany dia mety hahazo vahana ny fifandraisana ka hitombo. Rehefa mitombo anefa ny fitiavana ka iainana dia tsy maintsy misy ny atao hoe sedram-pitiavana ka mety hifamahofaho ao anatin'izany ny tsara sy ny ratsy. Amin'izay lafiny izay indray no hampifanatrehana ny fiheveran'ireo mpanoratra ireo.

b. Fampitahana ny amin'ny sedram-pitiavana

Hita taratra teo amin'ny fafana fa misy ny endrika isehoan'ny sedram-pitiavana , nefa toy ny zavatra rehetra ihany dia mety hisy fiafarany ny fitiavana rehefa voasedra.

b₁. Eo amin'ny endrika isehoan'ny sedram-pitiavana

Mety ho samihafa ny fisehon'izany eo am-panombohan'ny fiarahan'ny mpifankatia sy eny am-pivelarany eny.

. Ny endrika isehoan'ny sedram-pitiavana eo am-piandohan'ny fiarahana

Solomaso tokana no nahitan'ireto mpanoratra ireto ny endrika isehoan'ny sedram-pitiavana eo am-piandohan'ny fiarahan'ny olon-droa, satria, samy nahatsapa ny tsirairay fa ireto zavatra ireto no mety hiseho mandritra izany fotoana izany. Mety hivatravatra ny fitiavana eo am-piandohana, izany hoe samy miezaka maneho izay tratan'ny heriny hanehoana ny fitiavany amin'ny olon-tiany ny andaniny sy ny ankilany. Amin'izay fotoana izay dia matetika manjaka tanteraka ny filaminana, satria, mbola tsy dia mifankalala loatra hany ka samy manao izay tsy hahatafintohina ny olon-tiany avy. Mibahan-toerana, araka izany, ny fifanomezan-toky sy ny voady isankarazany Izany dia ahazoana milaza fa fotoanan'ny fizahan-toetra ity fotoana voalohandohany amin'ny fiarahana ity. I Michel ANDRIANJAFY anefa ao amin'ilay tantara mitondra ny lohateny hoe *ORIMBATON'NY FIADANANA* dia mametraka fa; izany filaminana izany dia mety handalo vetivety nefa mety haharitra ihany koa arakaraka ny mpifankatia.

Raha tsorina dia manam-piovana toy ny zavatra rehetra ihany koa ny fitiavana ka arakaraka ny idirana lalina amin'izany no mety hampipoitra ireo olana samihafa mety hanakorontana azy.

. Ny endrika isehoan'ny sedam-pitiavana eny am-pivelarany

Raha zohina ny tantara dia hita fa, samy mahatsapa ihany koa ireto mpanoratra ireto fa ny fitiavana dia natao hisedra ary tsy maintsy misedra olana. Manoloana ireo olana ireo anefa dia misy hatrany ireo vahaolana azo ampifanarahina aminy. Eto dia samy manana ny heviny na i E.D.ANDRIAMALALA na i RAJAONARIVELO na koa i Michel ANDRIANJAFY. Na izany aza dia tsapa kosa fa tsy dia mifanohitra ny fiheveran'izy ireo fa mifandray tsara. Tsy hitanisa ireo intsony isika fa efa voazavan'ny fafana izany. Na izany aza dia mety hisy ny olana ho voavaha, fa mety hisy koa ireo olana mitondra any amin'ny fisarahana.

b₂. Eo amin'izay mety hiafaran'ny sedram-pitiavana

Toe-javatra roa mazava tsara no asehon'ireto mpanoratra ireto, ary iarahany manaiky fa mety hiafaran'ny sedram- pitiavana, dia ny fisarahana sy ny firavonan'ny olana. Ny fiaharan'ny fitiavana kosa dia, na fisarahana velona na fisarahana amin'ny alalan'ny fahafatesana. Na izany na tsy izany dia samy mihevitra ireo mpanoratra ireo fa manana anjara toerana/anjara asa lehibe eo amin'ny fiarahamonina ny fitiavana.

d. Fampitahana ny anjara toerana/asan'ny

fitiavana eo amin'ny fiarahamonina

Mpandamina ny fiarahamonina ny fitiavana amin'ny lafiny iray, fitaovana natao hampitomboana ny taranaka ihany koa anefa izy mazava ho azy. Saingy, mety hanakorontana ny fiarahamonina ny fitiavana rehefa tsy hay ny mampiasa sy mandanjalanja azy. Hevitra iraisan'ireo mpanoratra telo lahy ireo izany, ary inoana fa mahafehy ireo fiheverana maro mety ho re eny rehetra eny. Hamaranana azy dia ny amin'izay mety ho toetran' ny fitiavana.

e. Fampitahana izay mety ho toetry ny fitiavana

Iaraha-manaiky fa ny fitiavana dia mety ho tsara ary mety ho ratsy, arakaraky ny fomba fijerin'ny olona sy ny zava-mitranga. Tsy mitovy kosa ny fomba nanehoan'ireto mpanoratra ireto izany, na dia ireo ihany aza no hevitra tiany hasongadina ao.

Ho an'ANDRIAMALALA dia fandresena ny fitiavana nefa mety ho faharesena ihany koa. Tsy vitan'izay fa azo afindrafindra sy azo zarazaraina ny fitiavana eo amin'ny olona sasany, fa tsy resin'ny elanelan-tany kosa izany ho an'ny hafa.

Fandresena sy faharesena ihany koa ny fitiavana ho an'i Auguste RAJON, ary tsy resin'ny fotoana sy ny elanelan-tany izany no sady tsy resin'ny hetraketraky ny fiarahamonina sy ny manodidina. Mety ho ratsy ny fitiavana araka ny hevitr'i Michel ANDRIANJAFY nefa natao hitondra fahasoavana amin'ny ankapobeny, indrindra raha hay ny mandanjalanja azy. Mety maty ny fitiavana ary azo afindrafindra toy ny ketsa ihany koa. Raha dinihina ireo rehetra ireo dia ny fiheveran'i Michel ANDRIANJAFY sy ny an'i Auguste RAJON no akamban'i E.D. ANDRIAMALALA ao amin'ny fofombasiko. Izany hoe tsy dia misy fiheverana mifanohitra tao, azo lazaina hatrany aza fa mifameno.

4.1.3. Famintinana ny fampitahana

Raha aravona izay fampitahana izay dia azo lazaina fa samy mpanoratra manana ny maha izy azy tokoa ireo mpanoratra 3 ireo. Samy mpanoratra zokiny, samy niaina tao anatin'ny fanjanahan-tany ary samy mahafeno ny maha mpanoratra tantara foronina azy avy. Na izany aza dia samy manana ny fomba fanehoan-keviny sy ny fomba fandraisany ny zava-misy kosa ny tsirairay. Ny zava-misy tamin'ny fiarahamonina sy ny fotoana niainany no ambaran'ireo mpanoratra ireo. Ary amin'ny mahatantaram-pitiavana azy dia avoitrany ao koa ny zava-nisy teo amin'ny sehatry ny fitiavana. Na izany aza dia azo lazaina fa samy manara-maso akaiky ny zava-mitranga ny mpitantara ka mitantara izany araky ny fahitany azy.

Amin'ny maha mpilaza ny zava-misy eo amin'ny fiarahamonina amin'ny vanim-potoana niainany ny mpanoratra dia tsy mahagaga raha mitovitovy hevitra izy ireo. Raha jerena tokoa mantsy dia tsy mifanalavitra loatra ny vanim-potoana niainan'ireo mpanoratra ireo.

Tsara, araka izany, raha ampifandraisina amin'ny tantaram-piainan'ny mpanoratra ny tantara mba hahafahana mamoka sy maminavina izay tena antony nanoratany azy. Hampifandraisina amin'ny tantaram-pirenena ihany koa, satria heverina fa tsy dia mivaona amin'ny zava-nisy tamin'ny fotoan'androny ny vontootin'ny asa soratra. Amin'ny alalan'ny andram-panazavana no hijerena izany rehetra izany.

4.2. Andram-panazavana ny vokatry ny fampitahana

Mba hahafahana miditra lalindalina kokoa amin'ny fifandraisan'ny mpanoratra sy ny asa soratra dia tsara raha atao ny andram-panazavana. Dingana telo lehibe no hoentina manatanteraka izany, dia ny andram-panazavana miainga amin'ny tantaram-

piainan'ny mpanoratra⁵⁷, ny andram-panazavana miainga amin'ny tantaram-pirenena, ary ny andram-panazavana miainga amin'izay mety ho fivoaran'ny fiarahamonina.

4.2.1. Andram-panazavana miainga amin'ny tantaram-piainan'ny mpanoratra

Teboka vitsivitsy no horaisina mba hahafahana manao ny andram-panazavana. Ao anatin'izany ny taona nahaterahan'ny mpanoratra izay mety hisy fiantraikany amin'ny asa soratra izay nataony tokoa.

I Auguste RAJON no zokiny indrindra amin'ireo mpanoratra telo ireo, satria teraka tamin'ny taona 1890 izy, manaraka azy ao i Michel ANDRIANJAFY izay teraka tamin'ny taona 1912, ary i E.D. ANDRIAMALALA, teraka tamin'ny taona 1918 kosa no zandriny indrindra. Azo lazaina, araka izany, fa misy fiantraikany amin'ny asa soratr'ireto mpanoratra ireto ny vanim-potoana niainany.

Raha jerena, ohatra, ny fomba fanehoany ny tantara dia efa ahitana taratra izany. Ao amin'ny tantara foronina *BINA* dia mampiasa kisary ny mpanoratra isaky ny fizarana, izany angamba no noheveriny fa hahazoan'ny mpamaky bebe kokoa izay tiany hambara, sy hahasarika ny mpamaky amin'ny asa sorany. Mihamivoatra kosa izany aty amin'ny tantara foronina *ORIMBATON'NY FIADANANA* ka ny fanelanelanana ny asa soratra amina tononkalo sy tononkira indray no noheverina fa hahasarika ny mpamaky. Tao amin'ny *FOFOMBADIKO* indray dia azo lazaina fa niezaka nanatsara kokoa ny fomba fiasa ny mpanoratra, hany ka ny rindran-damina nentina nanatanteraka ny tantara foronina mihitsy no nohatsarainy. Ao anatin'izany ny fanomezana lohateny ny fizarana tsirairay avy, ny fomba fanoratra amin'ny alalana taratasy alefa, eny fa hatrany amin'ny vontoatin'ny asa soratra mihitsy aza, izay toa be vetsovetso miohatra amin'ny hafa..

Marina fa samy miresaka fitiavana ireto mpanoratra ireto, saingy, ho an'i Auguste RAJON dia ny endrika isehoan'izany teo amin'ny fiarahamonina nisy azy no asehony, ny an'i Michel ANDRIANJAFY ihany koa toraka izany, fa ny an'i E.D. ANDRIAMALALA no toa hafa kokoa, satria ny zavatra any an-tsainy izay toa miditra lalina kokoa any amin'ny lafiny psikôlôzika no asehony. Ao anatin'izany ny fikatsahana ny "*fitia fanaperana*".

⁵⁷ Jereo any amin'ny tovana

Teo amin'ny fanehoana ny habaka kosa anefa dia niavaka ihany koa i Michel ANDRIANJAFY, satri, raha toerana efa nipetrahany naharitra, sady efa fantany tsara no nanorenan'i E.D. ANDRIAMALALA sy i Auguste RAJON ireo tantara nosoratany ireo, dia voalazan'Andriamatoa RAJAONARISAONA Edouard kosa fa ny toerana manodidina an'i Carion izay nanorenan'i Michel ANDRIANJAFY ny tantara *ORIMBATON'NY FIADANANA* dia ireo tanàna nolalovany nandritra ny fotoana naha-mpitandrina azy fa tsy tanàna nonenany akory⁵⁸.

Araka izany, dia hita fa mety hisy fiantraikany amin'ny fomba fanatanterahana ny asa soratry ny mpanoratra iray ny taonany sy ny vanim-potoana niainany ary ny asa aman'andraikiny. Eo amin'izay vanim-potoana izay indrindra dia azo atao ihany koa ny mametraka ireto tantara ireto eo amin'ny vanim-potoana nolalovan'ny firenena.

4.2.2. Andram-panazavana miainga amin'ny tantaram-pirenena.

Samy tantara foronina mirakitra tantaram-pitiavana avokoa na ny tantara *BINA* na ny *FOFOMBADIKO* na ny *ORIMBATON'NY FIADANANA*. Na izany aza dia samihafa ny vanim-potoana nanoratana azy ka mety hanome endrika samihafa ny tantara izany. Raha tany amin'ny taona 1932 no nanoratana ny tantara foronina *BINA* dia azo inoana fa ny zava-nisy talohan'io taona io no avoitran' ny mpanoratra ao. Azo resahina ao anatin'izany ny vanim-potoana kristianina sy ny vanim-potoanan'ny fakantahaka, izany hoe, tsy mbola nisy tranga ara-pôlitika firy tao. Ao amin'ny tantaran'i Bina ihany koa dia tsy ahitana taratra izany resaka pôlitika izany fa tantaram-pitiavana tsotra no voarakitra ao. Ny zava-nisy talohan'ny fanjanahan-tany teto Madagasikara no heverina fa ambaran'i Auguste RAJON ao amin'ny tantaran'i Bina. Tsy mbola nisy ny tranga izay nanamarika ny firenena, noho izany, tsy mahagaga raha tsy mametraka daty mazava ao amin'ny asa sorany izy.

Tsy dia mifanalavitra kosa ny fotoana nanoratana ny tantara foronina *FOFOMBADIKO* sy ny *ORIMBATON'NY FIADANANA*, noho izany dia azo heverina fa mety hisy fifandraisany ny zavatra raketin'ny tantara. Ny taona 1954 no nanoratana ny *FOFOMBADIKO*, ary ny taona 1958 ny *ORIMBATON'NY FIADANANA*. Araka izany dia azo lazaina fa navaivay ny tolona nifanaovan'ny Malagasy tamin'ny mpanjanaka talohan'ireo taona ireo na dia efa nanakaiky aza ny fotoana nahazoana ny fahaleovan-tena, 2 taona taorian'ny 1958. Izany tranga izany no azo lazaina fa

⁵⁸ Voalaza any amin'ny tovana

nahatonga ireo mpanoratra roa ireo hampifangaro ny tantaram-pitiavana amin'ny raharaham-pirenena. Na ny fomba nanehoany ny mpandray anjara, na ny habaka sy ny fotoana aza dia misy ifandraisany amin'ny raharaha pôlitika teto Madagasikara avokoa. Mpandray anjara vahiny sy malagasy mifanandrina, na miara-monina amina fiarahamonina iray, toerana tena misy sady nisehoan'ireo tranga tantarainy ao tokoa, ary fotoana mazava tsara, sns... Mbola hita taratra ihany koa ny fomba fijery amin'ny maha Mpitandrina an'i Michel ANDRIANJAFY, satria raha samy milaza ny fanjanahana nataon'ny Frantsay teto amin'ny Nosy izy sy i E.D.ANDRIAMALALA dia vokatraty ratsy hatrany no atranga'ANDRIAMALALA. Izany hoe, niteraka korontana teto amin'ny firenena, ary nampitondra takaitra ny vahoaka Malagasy ny fanjanahantany. Ny an'i Michel ANDRIANJAFY kosa dia nezahiny nojerena ny lafy ratsiny sy ny lafy tsarany. Izany hoe, mety nikorontana tokoa ny fiarahamonina tamin'ny voalohan'ny fahatongavan'ireo mpanjanaka ireo, saingy, rehefa zatra nifandray tamin'ny malagasy kosa izy ireo dia nitondra fahombiazana sy fiovana ary fiadanana ho antsika ny fiarahana nonina tamin'ireo vahiny ireo.⁵⁹

Zava-dehibe teo amin'ny Malagasy ny fihavanana, noho izany, na dia nisy aza ny korontana teto amin'ny firenena dia noezahina hatrany ny hisian'ny fampihavanana. Nanomboka teo amin'ny vanim-potoana kristianina dia efa nisy fizarazaran-kevitra teo amin'ny samy Malagasy, ka ny sasany nanaraka ity fivavahana ity ary ny sasany kosa nijanona tamin'ny fanompoana an'Ikelimalaza sy ny tariny. Nizarazara ihany koa ny fomba fisainana taty amin'ny vanim-potoanan'ny fakan-tahaka, ka tao ireo nanenjika ny fomba amam-panao vahiny, fa tao kosa ireo nanaja ny maha malagasy. Niova ho fifanandrinana izany taty amin'ny vanim-potoanan'ny tolona ka tetsy andaniny ireo Vazaha mpanjanaka sy ny Malagasy sasany niara-dia taminy, tetsy ankilany kosa ireo Malagasy nitolona mba hahazoana ny fahaleovan-tena. Na teo aza anefa izany rehetra izany dia nijanona ho zava-dehibe teo amin'ny fiarahamonina malagasy hatrany ny fihavanana, ary asehon'ireto mpanoratra ireto ao amin'ny asa sorany ny fahaizan'ny Malagasy nanao ny fampihavanana na dia teo aza ny hevitra tsy mitovy sy ny ady nifanandrinana.

Tao amin'ny tantara foronina *BINA* dia ny fahaiza-mamela heloka no nanehoany izany. “... efa nahalala nibebaka aho, (hoy Rabery)ka mino fa voavela heloka. Hianareo anefa sisa no tian'ny Tompo hangatahako famelana (...) Ry Ingahy Rabery ô, hoy izy mivady

⁵⁹ Jereo any amin'ny tovana

(i Bina sy Ikemba), voavela ny helokao(...) sambatra, anaka, ny manana fo mahay mamela heloka, fa izany no tena volamena tsy resin'ny harafesin'ny tany".⁶⁰ Teo ihany izay fandeferana sy fifamelan-keloka izay, fa ny tena fototry ny fampihavanana tamin'i Michel ANDRIANJAFY dia ny FITIAVANA. "Koa ny fitiavana dia fandrika novelarin'ny Natoria ho fizahan-toetra antsika olombelona. Olom-baovao tokoa izay mahay mitrotro azy. fa izy no kofehy volamena mampifamatotra ny fo tsy misy fihatsaram-belatsihy; ka FITOVIANA sy FIRAHALAHIANA no tarigetrany.

Fa raha ny tena masom-pitiavana no enti-mijery ny manodidina rehetra dia: tsy mba misy mpanan-karena sy ory, tsy misy tompo sy mpanompo, tsy misy mainty sy fotsy, tsy misy Vazaha sy Malagasy..."⁶¹. Izany hoe, tsy ny fampihavanana teo amin'ny Malagasy samy Malagasy ihany no resahin'ny mpanoratra fa ny fampihavanana teo amin'ny Malagasy sy ny Vazaha mpanjanaka mihitsy.

Ireo rehetra ireo dia ahafahana milaza fa mety hamolavola ny mpanoratra ihany koa ny tantaram-pirenena, ka mety hanome endrika ny asa sorany. Tsy ny tantaram-pirenena ihany fa ny fivoaran'ny fiarahamonina ihany koa dia zava-dehibe tsy tokony hodinganina amina fanadihadiana toy izao.

4.2.3. Andram-panazavana mifandray amin'ny fivoaran'ny fiarahamonina

Raha dinihina tsara ireo tantara ireo dia hita fa misy fitohizany. Izany hoe, raha ny endriky ny fiarahamonina ao anatiny no jerena dia toa tantara mitohy ireo tantara telo ireo.

Ny fiarahamonina teo amin'ny Malagasy tany amin'ny fanombohan'ny fanjanahan-tany no ambaran'i Auguste RAJON ao amin'ny tantara foronina BINA. Asehony izany amin'ny alalan'ny fandehanana dia an-tongotra avy any Farafangana mankaty Antananarivo, satria tsy mbola nisy ny fiara. Hita taratra ihany koa izany eo amin'ny sehatry ny fitiavana, satria anisan'ny nahasarotiny ny Malagasy izay efa kristianina tokoa ity resaka fahadiovan'ny vehivavy resahin'ny mpanoratra ity. Mitohy izany ao amin'ny FOFOMBADIKO ka ny fiarahamonina nandritra ny fanjanahan-tany indray no resahin'i E.D.ANDRIAMALALA ao. Efa nahazo sehatra tany am-pitrandranomasina ny tanora mpianatra ary efa niara-nilalao tamin'ny zana-bazaha ny

⁶⁰ BINA, tak 87

⁶¹ ORIMBATON'NY FIADANANA, tak 170

zanaky ny Malagasy. Nahazo vahana izany fifandraisana tamin'ny vazaha izany taty amin'ny tantara foronina *ORIMBATON'NY FIADANANA* ka nirin'ny vehivavy maro ny hanambady vazaha. Raha nasehon'i E.D. ANDRIAMALALA fa toa nitondra korontana teo amin'ny fiarahamonina malagasy ny fidiran'ireo Vazaha ireo teto Madagasikara, dia toa te hilaza kosa i Michel ANDRIANJAFY fa tsy ratsy hatrany ny vokatry ny fidiran'ireo vazaha ireo teto fa tao ihany koa ny tsara. Araka izany dia ny tantaran'i Madagasikara hatrany alohan'ny fanjanahan-tany ka hatraty aorianan'ny fanjanahan-tany mihitsy no fehezin'ireo tantara foronina telo ireo.

Samy maneho fivavahana kristianina ihany koa izy ireo, saingy, ho an'i Michel ANDRIANJAFY dia toa nampifanatrehiny tamin'ny ody gasy izany, ka nasehony fa tsy manan-kery ny ody gasy raha miohatra amin'ny fivavahana amin'Andriamanitra. Raha zohina ny tantara dia ireo mpandray anjara efa mba nirona tamin'ny fivavahana kristianina no nanana fiainana tsara kokoa, anisan'izany, ohatra, Rajanajaza, Razafimpananina, sns...Ireo izay nampifangaro izany tamin'ny ody gasy indray, na ireo nitombo tamin'ity ody gasy ity dia toa tsy mba nahita mangirana teo amin'ny fiainany, ary saika ratsy fiafarana daholo. Anisan'izany Raketamalala sy Rambolasoa, Razorizety, sns... nasehon'ny mpanoratra mazava tsara araka izany fa tsy mety ny mampirafy ny finoana an'Andriamanitra sy ny ody gasy fa aleo aza misafidy ny iray amin'ireo. *“Mifalia amin'ny fanantenana, (hoy ny toritenin'Ingahivokatra) (...). Ny fanantenana hoy izy dia lanitra efa miandry ao am-pon'ny mino...*

Tsy mbola nahita toriteny hoatra iny aho, ry neny (hoy Raketamalala). Tena balsaman'ny fanahiko.

Vary amin'anana be ny an-dry. Manoatra noho ny lasopin'Ingahy Dubosc. (...) Hanakim-po amin'ny tenin'ny Baiboly, indry ihany: hitoky ny ady maizin-dravainafo, indry ihany. Nahoana no foly mena ka tohizan-drofia? Izao no fahendrena atoroko andry. Aza mampirafy finoana fandrao hahita angano. Avelao ravainafo hikatroka samy irery; na avelao Andriamanitra hiasa mangina samy irery”. ⁶²

Tsy mahagaga izany, satri, sady Mpitandrina ity mpanoratra ity ka rariny raha nanindrahitra ny fivavahana kristianina. Asehony ao anatin'izany koa anefa fa raha ny ody gasy no tena nanan-kery tamin'ny Malagasy tany aloha, rehefa nahalala ny fivavahana kristianina kosa ny vahoaka dia tsy nanan-kery intsony izany ody izany.

⁶² *ORIMBATON'NY FIADANANA, tak 45*

Mivantana kosa ny nanehoan'i E.D ANDRIAMALALA izany fifanoherana izany ka hita tao anatin'izany ny olona mino an'Andriamanitra sy ny tsy mino azy. Saika efa nahalala an'Andriamanitra avokoa anefa ireo mpandray anjara ao amin'ny FOFOMBADIKO ireo, saingy, noho ny fahakiviana teo amin'ny fiainana no nahatonga azy tsy hino, na koa tsy firaharahana tsotra izao. Anisan'izany, ohatra, i Lala izay milaza ao amin'ny tantara hoe: *“Ny fahalalany ny tantarako ve no nanesika azy hiresaka an'Andriamanitraamiko mandrakariva? Ny fahalalany ny fihatahako tamin'Andriamanitra ve no nandrisika azy hamerina ahy tsikelikely ho amin'izany?”*⁶³. Koa tovolahy tsy miraharaha izay masina indrindra amin'ny olombelona, dia Andriamanitra sy ny Fitiavana no nivoaka maneno akoho ny vohitra kely..⁶⁴ Mbola toy izany ihany koa no nahazo an'i Dokotera Raharo.⁶⁵ Kristianina ity mpanoratra ity, ary azo antoka fa ny fahitany ny fihetseham-pon'ny olona sy ny fiheveran'ny olona izany fivavahana izany nandritra ny ady tamin'ny 1947 no asehony ao amin'ny tantara. Ny an'i Auguste RAJON indray dia ny fanindrahindrana ny fahadiovan'ny vatana alohan'ny fanambadiana kristianina, izay manamarika ny toetra tena kristianina no nentiny nanasongadina izany fivavahana kristianina izany. *“ Ny tiako kosa, hoy i Bina, ... dia ny hitoeranao ho virijina mandra-piveriko.*

*Eo anatrehan'izany ivavahanao izany no ilazako sy ananganako tanana anio, fa ho anao irery aho, ary ho virijina mandra-pahatongan'ilay fotoana volamena hikambanantsika eo amin'ny fanambadiana masina”.*⁶⁶ Eo ihany ny maha kristianina ny mpanoratra, saingy, ny tena atrangany eto dia ny fahasamihafan'ny fiheverana malagasy sy ny fiheverana kristianina. Izany hoe, raha ny taranaka sy ny firazanana no tena zava-dehibe amin'ny fanambadiana malagasy, ny an'ny kristianina kosa dia ny fahamasinana amin'ny alalan'ny fahadiovana alohan'ny fanambadiana no tena manandanja. Tsy midika anefa akory izany fa tsy ilaina ny taranaka, saingy, rehefa voatso-drano toy izany ny fanambadiana dia manaraka ho azy ny taranaka.

Eo amin'izay resaka taranaka izay indrindra, ny anambadian-kiterahana, hoy ny fitenenana, ka raha tanjona tratarina ny fahazoana taranaka dia azo lazaina fa tratra ny

⁶³ FOFOMBADIKO, tak 32

⁶⁴ FOFOMBADIKO, tak 34

⁶⁵ FOFOMBADIKO, tak 166-167

⁶⁶ BINA, tak 15

tanjona amin'ireo tantara telo ireo. Samy niteraka iray ny mpandray anjara fototra. Tsy mitovy kosa anefa ny fandraisana izany fisian'ny taranaka izany, satria ho an'i E.D.ANDRIAMALALA dia toa manohana ilay fitenenana hoe “ *zaza fito tsy mahafehy trano*”, hany ka na teo aza izany zaza izany dia tsy nisakana ny faharavan'ny tokatrano. “*Noheveriko hampody ny sainao ety amonin'ny tany, ka hibanjinanao ny zava-boahary amin'ny endriny marina ny fananantsika solofo, kanjo tsy nampiraika anao akory ny fobitak'ilay rà iombonana ao an-kibonao*”.⁶⁷ Ary niafara tamin'ny fisarahana izany. Ho an'i Michel ANDRIANJAFY si i Auguste RAJON indray dia ny fananana taranaka no miantoka ny fahombiazan'ny tokatrano sy ny fiadanana.

Famintinana ny fizarana fahefatra.

Nahitana betsaka ny fahasamihafana eo amin'ny samy mpanoratra tantara foronina ity andrana fampitahana ity. Na eo amin'ny fanehoana ny endrika ivelany izany na eo amin'ny fanehoana ny vontootin'ny tantara. Amin'ny ankapobeny dia saika mirakitra tantaram-pitiavana avokoa ny tantara foronina, saingy, ny zavatra tsapa dia arakaraka ny vanim-potoana sy ny fotoana niainan'ny mpanoratra no mety ho endrik'izany, na eo amin'ny fanehoana ireo singa mandrafitra ny asa soratra izany na eo amin'ny fanehoana ny vontootiny.

Mbola maro ny fikarohana azo atao amina tantara foronina toy itony, saingy, araka ny efa voalaza tany aloha dia voafetra ihany ny asa fikarohana nataonay. Noho izany dia ny teny famaranana no hamaranana ity asa fikarohana ity.

⁶⁷ FOFOMBADIKO, tak 205

TENY FAMARANANA

Heverinay fa toe-javatra tsy azo atao tsinotsinona ny lanjan' ny literatiora eo amin'ny fiarahamonina sy ny firenena, nosinganina manokana tamin'izany ny tantara foronina. Zava-dehibe araka izany ny fahafahana mijery amin'ny antsipiriany ireny tantara foronina ireny noho ny andraikitra sahaniny eo amin'ny fanabeazana ny fiarahamonina sy ny firenena, izay azo avy amin'ny fampiasan'ny mpanoratra ny sainy sy ny fandaniany ny androny mba hanehoana ny tena zava-misy eo anivon'ny fiarahamonina misy azy.

Eo amin'izay sehatry ny tantara foronina izay indrindra dia azo lazaina fa manana ny maha izy azy manokana ireo mpanoratra Malagasy. Ny fahatsapana fa anisany sangany amin'izany i Auguste RAJAONARIVELO sy i Michel ANDRIANJAFY ary i E.D ANDRIAMALALA no nahatonga ny safidinay hipaka tamin'izy ireo. Ny fampitahana ny sangany'ny ireo no nanompanana ny asa fikarohana, ka neza hana novelabelarina tao anatina fizarana efatra lehibe ny asa fikarohana mba hahafahana misintona izay zava-dehibe mampiavaka ny tsirairay, na eo amin'ny fomba fanoratra izany, na eo amin'ny fomba fanehoan-kevitra, eny fa na eo amin'ny hevitra avoitra aza.

Tao anatin'izany no nahatsapana fa manana ny maha-izy azy tokoa ilay tantara foronina nosoratan'i Auguste RAJON mitondra ny lohateny hoe *BINA*, ary tsy tantaram-pitiavana fe tantaram-pitiavana tsotra ihany fa tantara maneho indrindra ny fiaiampianan'ny olona sy ny fombafomba ary ny zava-nisy tamin'ny vanim-potoana niainan'ny mpanoratra sy tamin'ireo toerana nalehany.

Fa maneho ny maha izy azy ny mpanoratra tokoa ny tantara foronina nosoratan'i Michel ANDRIANJAFY nampitondrainy ny lohateny hoe *ORIMBATON'NY FIADANANA*. Tantara maneho ny fivoaran'ny fiarahamonina sy ny fomba fisainana malagasy nandritra ny fotoana nanjanahan'ny Frantsay teto Madagasikara. Marina fa ny lafiny fitiavana no tena misongadina ao amin'ny tantara, saingy, ny fahaizan'ny mpanoratra maneho ireo tranga sy ny hetsika rehetra ao ho toy ny tena zava-misy marina no nanaitra kokoa.

Ary ny traikefan'i E.D ANDRIAMALALA amin'ny fahaizany mikirakira tantara foronina mihitsy no nasehony ao amin'ilay tantara nampitondrainy ny lohateny hoe *FOFOMBADIKO*. Iaraha-mahalala fa mpanoratra tantara foronina azo lazaina fa nalaza tokoa, ary manana sangan'asa betsaka kokoa miohatra amin'ireo mpanoratra roa voalaza tetsy ambony ity mpanoratra ity, ary raha jerena manokana ny tantara *FOFOMBADIKO* dia hita fa ny tantaram-pitiavana no tena lohahevitra misongadina ao, saingy, ifangaroana tantaram-pitiavana roa izany, dia ny lafiny fitiavana eo amin'olon-droa sy ny lafiny fitiavan- tanindrazana. Manana teknikina miavaka koa ity mpanoratra ity, teo amin'ny fomba fanehoan-kevitra indrindra indrindra.

Ny fomba nanehoan'izy ireo ny singa samihafa nentina nandrafitra ny tantara foronina aloha no noezahina navoitra, vao niroso tamin'ny fijerena ny vontootin'ny asa soratra, dia ny fomba fijery ny tontolo hita taratra ao amin'ny asa soratra tsirairay avy. Teo amin'ny fanehoana ireo singa nandrafetan'izy ireo ny asa soratra ary no nanasongadinana ny mombamomba ny mpandray anjara sy ny habaka nizoran'ny hetsika rehetra, ary ny fotoana nanorenany ny tantara. Tsapa tamin'izany fa tsy voatery ho tokana ny mpandray anjara fototra ao amin'ny tantara foronina iray fa mety ho roa koa, toy ny nasehon'i Auguste RAJON ao amin'ny tantara *BINA* sy ny nasehon'i E.D ANDRIAMALALA ao amin'ny *FOFOMBADIKO*. Mety hisy ny mpandray anjara mpanampy izay manakaiky kokoa ny mpandray anjara fototra, toy ny hita ao amin'ireo tantara foronina roa ireo ihany, saingy, tsy dia hita taratra kosa izany ao amin'ny tantara *ORIMBATON'NY FIADANANA* fa toa hain'i Michel ANDRIANJAFY ny nampitovitovy lanja ireo mpandray anjara mpanampy rehetra ao amin'ny tantara.

Samy manana ny fotoana nanoratana azy ireo tantara foronina telo ireo, saingy, ny zavatra nomarihina tamin'izany dia ny fanindrahindrana ireo toerana maro samihafa izay efa fantatry ny mpanoratra sy nolalovany taloha na nandritra ny fotoana nanoratany ny tantara.⁶⁸ Iaraha-manaiky ary tsy iadian-kevitra fa eo amin'ny fanoratana tantara foronina dia tsy afa-misaraka ny mpandray anjara sy ny habaka ary ny fotoana, noho izany dia nisongadina ihany koa ny fomba fikirakirana ny fotoana izay nezahina nifanaraka tamin'ny halavan'ny tantara, nezahina ihany koa ny nandrindra izany tamin'izay mety ho fizotry ny tantara sy ny hetsik'ireo mpandray anjara.

⁶⁸ Jereo any amin'ny tovana

Nasongadina ny fomba fijerin'ireo mpanoratra tsirairay ny tontolo tarafina amin'ireo asa soratra ireo, ka anisan'ny nanavaka ireo tantara telo ireo ny fisehon'izany amin'ny alalan'ny tantaram-pitiavana. Napetraka mazava tao anatin'izany fa raha ny fitiavana eo amin'ny olon-droa no resahina dia misy hatrany ny fomba fitsirin'ny fitiavana izay hita fa tsy dia mifanalavitra loatra ny fomba fijerin'izy ireo. Ny fifaneraserana, ny fahatairana amin'ny endrika ivelany ary ny toetra anaty ananan'ny tsirairay matetika no mahatonga ny fitiavana hitsiry, saingy, ny endrika mety hisehoan'izany fitiavana izany eo amin'ny fiarahan'ny olon-droa no mety tsy hitovy. Ny azo amintinana azy dia ny hoe, misy hatrany ireo toe-javatra maro tsy maintsy sedraina na iza na iza miaina ny fitiavana, ary mety hosedraina ao avokoa na ny tsara na ny ratsy. Ny mety ho fiafaran'izany fitiavana izany dia na ho fisarahana velona na ho fisarahana amin'ny alalan'ny fahafatesana, ary na dia misy aza ireo mihevitra fa azo afindrafindra ny fitiavana dia tsipihina kosa fa ny tena fitiavana dia tsy mba mety ho maty fa miraikitra amin'ny fahatsiarovana hatrany. Amin'ny ankapobeny dia tsy afamisaraka amin'ny olombelona ny fitiavana, mety ho vahaolana hitondra soa ho an'izay miaina azy izany, nefa mety hitera-doza na hanakorontana ny fiainana ihany koa raha tsy hay ny mandanjalanja azy. Mila fahaiza-miaina ny fiainana ao anatin'ny fitiavana, ary ilana fahaiza-mandanjalanja ny fiarahana sy ny fihetsika rehetra atao amin'ny olontiana. Ny fifampiresahana aza no tena zava-dehibe, fa ny tendrom-po tsy mba naman'ny fitiavana, satria mety handrava zavatra betsaka. Raha tsorina dia ny fifandefarana sy ny fitia mifamaly ary ny fahazakana ny fahalemen'ny hafa no miantoka ny faharetan'ny fifankatiavana.

Nanamarika ny vanim-potonan'ny Ntaolo Malagasy, izay efa nidiran'ny fivavahana kristianina ny fanajana ny fahadiovan'ny vehivavy alohan'ny fanambadiana; nitohy izany teo amin'ny fomba fijerin'ny kristianina, araka ny ahitana azy ao amin'ny tantaran'i Bina; saingy noho ny fidiran'ny mpanjanaka teto izay nitondra zava-baovao maro dia niova tsikelikely izany fomba fisainana izany ary toa zary nodian-tsy hita mihitsy aza fa ny endrika amam-bika ary ny harena no tena nomena lanjany, toy ny nanehoan'i Michel ANDRIANJAFY azy.

Rehefa naravona tao anatin'ny fampitahana ireo rehetra ireo tao amin'ny fizarana fahatelo dia nahatsapana fa manana ny maha izy azy ny tantara foronina Malagasy, ary ahafahana mampivoitra ireo tontolo samihafa eo amin'ny fiarahamonina; na ny tontolo ara-toe-karena izany, na ny ara-politika (teti-pitondrana), eny fa na ny ara-pitiavana aza. Izany hoe ny fiainan'ny isam-batan'olona, sy ny isan-tokantrano, ary ny fiainam-pirenena mihitsy aza.

Manana ny maha izy azy ihany koa, indrindra indrindra ny mpanoratra Malagasy izay nanao ireny asa soratra ireny. Ny fahaizan'izy ireo mampivoitra ny toe-tsaina sy ny fomba amam-panao malagasy, ny tantaram-pirenena, sns..., amin'ny alalan'ny tantaram-pitiavana tsotra dia anisan'ny tena manasongadina azy ireo. Ny fahaizany mampifanaraka ny zava-misy amin'izay nitranga marina tamin'ny vanim-potoana nanoratany ny tantara moa manginy fotsiny. I E.D ANDRIAMALALA dia anisan'ny mpanoratra tantara foronina manintona tokoa amin'ny fahizany mikirakira amina endrika manokana ireny tantara foronina ireny. Anisan'ny manavaka ity tantaa *FOFOMBADIKO* ity, ohatra, ny fomba nampifandraisany ny atao hoe: mpanoratra sy ny mpitantara ary ny mpandray anjara fototra. Amin'ny ankamaroan'ny tantara, toy ny hita ao amin'ny tantaran'i *BINA* sy ny *ORIMBATON'NY FIADANANA* dia olona samihafa no miandraikitra ireo andraikitra telo ireo: hafa ny mpanoratra, ary ny mpanoratra no mamorona ny mpitantara izay manara-maso akaiky ny hetsika rehetra ataon'ny mpandray anjara fototra; fa ny hita ao amin'ny *FOFOMBADIKO* kosa dia ny mpandray anjara fototra ihany no mpitantara, ka ny zava-nisy niainany niaraka tamin'ny olon-tiany taloha ihany no tantarainy ao ary ny mpisolo tena laharana voalohany sy faharoa no ampiasainy amin'izany. Rehefa nozohina aza ny tantara dia hita tamin'ny alalan'ny tantaram-piainany fa tsy izakoa io mpitantara izay ny mpandray anjara fototra io fa i E.D ANDRIAMALALA izay mpanoratra ihany. Araka izany dia olona iray teto no nitana ireo andraikitra telo voalaza teo aloha ireo.

Ny **Fitia Fanaperana na Fitiavana Fahasambarana** no tena nokatsahin'ANDRIAMALALA ao amin'ny asa sorany, raha ny **Fitiavana Madio** mbola tsy voapentina no navoitran'i Auguste RAJON, ary ny **Fitiavana Fiadanana** kosa no nahindrahindran'i Michel ANDRIANJAFY. Araka izany dia samy nanana ny fomba fanehoan-kevitra sy ny fomba fanoratra nentiny ireo mpanoratra telo ireo, ka samy nampiasa ny fahiza-manaony hanatsarana ny asa sorany sy ny tantara foronina malagasy. Milaza izany rehetra izany fa manan-karena ny teny malagasy ka azo anatanterahana zavatra maro, na zavatra iray amin'ny endrika maro, ary azo anehoana sy anambarana hevitra ihany koa.

Hita taratra tao amin'ny asa soratr'ireo mpanoratra telo ireo ihany koa ny fitiavan-tanindrazana, izay nasehony tamin'ny alalan'ny tantara tena nisy sy nolalovan'ny firenena malagasy. Anisan'izany, ohatra, ny fandraisan'ny Malagasy ny fivavahana kristianina, ny fandraisana ny atao hoe fanjanahantany sy ny zavatra nentiny teo amin'ny fiainan'ny Malagasy ary ny fandraisana anjara mivantana teo amin'ny tolona. Azo lazaina fa ny tao am-pon'ireo mpanoratra ireo sy ny fomba fahitany ny

zava-nisy teto Madagasikara no navoitrary tao amin'ny asa sorany ka azo itarafana izay tena fitiavan-tanindrazana tao anatin'izy ireo marina. Izany rehetra izany no ahafahana milaza fa toa tantara mitohy ireo tantara foronina telo ireo, ka ny tantaran'i *BINA* dia maneho ny vanim-potoana kristianina sy ny talohan'izany. Ny *FOFOMBADIKO* kosa dia manasongadina ny ady navaivay nifanaovan'ny Malagasy sy ny Vazaha tamin'ny 1947. Ary ny *ORIMBATON'NY FIADANANA* no anehoan'ny mpanoratra ny endriky ny fanjanahan-tany faramparany teto Madagasikara.

Araka ireo rehetra ireo dia tsy iadian-kevitra fa ahafaha-maneho hevitra samihafa, ary amin'ny fomba maro ny teny malagasy, indrindra ny tantara foronina malagasy, ka ny mpanoratra no tena miantoka izany. Tiana ny manantitrantitra fa ilaina ny mampivoitra sy ny manasongadina ireny mpanoratra ireny tsirairay avy, amin'ny alalan'ny asa fikarohana toy izao mba hahafahana mitazona ny hasin'ny zava-kanto malagasy %.

t o v a n a

TOVANA

1. I E.D. ANDRIAMALALA

1.1. Ny farim-piainany

Ny fahafantarana ny mombamomba ny mpanoratra iray dia manampy be dia be amin'ny fanadihadiana ny asa sorany. Nanampy tamin'ny fahafantarana ny tantaram-piainan'ANDRIAMALALA ny fahamaroan'ireo tahirin-kevitra milazalaza ny aminy araka izay ho hitansika manaraka eto.

1.2. Ny loharano nipoirany

I Emilson Daniel Tsiferana ANDRIAMALALA dia avy amina fianakaviana merina. Ny rainy RAZAFITSIFERANA Randimby sy ny reniny RAZAFINIRINA Margueritte dia samy andriana avy amin'iny faritr'i Vonizongo iny, saingy, niala tamin'iny faritra iny ny razany mba hanorim-ponenana tao Itaosy izay tsy aiza fa eto andrenivohitra ihany.

Teraka ny 22 octobra 1918 tany Toamasina izy, izany hoe tao anatin'ny vanimpotoana nampanjavozavo ny tantaran'i Madagasikara. Nodonin-javatra maro araka izany ny firenena malagasy, ohatra amin'izany ny fiantraikan'ny ady lehibe voalohany (1914-1918), toy izany koa ny fisian'ireo areti-mifindra izay nahafaty Malagasy maro, tao, ohatra, ny Peste sy ny Grippe Espagnole tamin'ny 1918. Izany rehetra izany dia azo lazaina fa nanefy ny maha izy an'ANDRIAMALALA.

Efa “comptable” ny rainy, nandritra ny andron'ny fanjanahan-tany sady mpandraharaha ihany koa niaraka tamin'ireo raibeny sy renibeny. Mpikambana tao amin'ny VVS i RAZAFITSIFERANA Randimby, ary niaraka tamin-dRaseta sy Ravoangy ihany koa tao amin'ny “front populaire”. Nanan-kevitra ny hanohitra ny fitondran'ny mpanjanantany izy araka izany.

Teo amin'ny fiainam-pianakaviany izany dia azo lazaina fa efa nahatsapa ny olana sy ireo zava-misy mety handatsaka an-kady ny fireneny i E.D.A . Araky ny

voalazan-dRATREMA William dia tsy dia nitombina loatra tamin'ny fanabeazany ny zanany i TSIFERANA Randimby noho ity raharaha VVS ity, ary saika nahatonga ny fisarahany tamin'ny vadiny mihitsy aza izany.

1.3. Ny fahazazany

Ny renivohitr'i Betsimisaraka no nandanian'i E.D.ANDRIAMALALA ny fahazazany. Mbola kely izy dia efa nisaraka tamin'ny ray aman-dreniny ka notezain'ny renibeny. Nihanta tokoa izy tamin'izany ary nitovy tamin'ireo zaza tokana tsy nanana iray tampo mihitsy izy tamin'izay lafiny izay na dia teo aza ireo rahalahiny izay nipetraka tamin'ny rainy. (marihina fa tsy iray reny taminy io rahalahiny io) . Noho ny fananan'izy ireo harena dia tsy mba nanana olana ara-pitaovana i E.D.ANDRIAMALALA, na teo amin'ny fahazazany izany na teo amin'ny fahatanorany. Nitana fivarotan-kena iray tao Toamasina ny raibeny, izany no nahafahany nanohy ny fianarany hatrany amin'ny ambaratonga faharoa, izay azo lazaina fa ambaratonga ambony indrindra tamin'izany fotoana izany. Na teo aza ireo rehetra ireo dia notezaina tahaka ny ankizy rehetra ihany izy, satria, noezahin-drenibeny izay haha-olom-banona azy mba hialana amin'ny vavan'ny mpiara-belona fa taizan-drenibe io zaza io.

1.4. Ny fivelarany

Ny fanabeazana an-tsekoly:

Maro ny fanabeazana azon'ANDRIAMALALA, fa ankoatry ny fitaizan'ireo ray aman-dreniny azy dia namolavola azy ihany koa ny sekoly. Tao amin'ny sekolim-pinoana protestanta na ny "Ecole de la Mission Protestante Française » (EMPF) izy no namita ny ambaratonga voalohany. Nanohy ny ambaratonga faharoa tao amin'ny Ecole Paul Minault Antananarivo izy. Ny rafi-pampianarana tao amin'io sekoly io dia nitaky sy nanefy fahamatoran-tsaina ka nahatonga an'ANDRIAMALALA tsy hahazoazo loatra izay rehetra mety hamatopatotra azy , toy ny fehikibo, ny fehivozona, ny tadin-kiraro, sns... taty aoriana.

Mbola ny fampianarana momba ny literatiora tao amin'io sekoly io ihany no noheverina fa isan'ny nampifoha ny talentan'i E.D.ANDRIAMALALA sy ny fankamamiany ny teny malagasy sy ny literatiora malagasy ka nahatonga azy ho mpanoratra. Toy izao no filazalazan'ny firaketana ny mombamomba io sekoly io: "(...)

nandroso fatratra ny karazam-pianarana samihafa tao: teny malagasy, siansa, filozofia, tantaram-pirenena, literatiora, matematika, jeografia, ... nitombo laza hatrany hatrany ny sekoly tao Ambohijatovo, noho ny hatsarana sy ny fahambonian'ny fianarana, sns...".

Afaka tamin'ny fanadinana CESD tao ambohijatovo atsimo i E.D.ANDRIAMALALA, ary nanao ny fifaninanana hidirana ao amin'ny sekoly voatokana ho an'ny mpitsabo izy, saingy, tsy afaka. Noho izany dia niroso tamin'ny fianarana ny literatiora (literatiora en autodidactique) izy. Angamba tsy ho nipoitra toy izao ny talentany raha tafiditra ho mpitsabo izy.

Mba hamantarana bebe kokoa an' ANDRIAMALALA dia tsara raha jerena akaiky ny fomba nanabeazana azy tao amin'ny sekoly Paul Minault.

Ity misy teny nalaina tamina valandresaka iray nolazain'i Remi ANDRIAMAHAZO, nandritra ny fankalazana an'i Dox (poeta tena fanta-daza 1913-1978), noho izy lohandohany tao amin'ny akademia malagasy, tamin'ny 28 aogositra 1975. Tsara homarihina fa i Dox dia nianatra tao amin'ny Paul Minault ihany koa niaraka tamin'ANDRIAMALALA sy ireo mpanoratra maro. Voalazan'i Remi ANDRIAMAHAZO ary fa *ny fomba fanabeazana izay nampihariny ity sekoly ity dia anisan'ny manana ny maha izy azy tokoa nandritra ny naha tale an'andriamatoa Etienne KRUGER. Nisy fotoana voatokana hianarana ny zava-kanto sy ny literatiora isaky ny alatsinainy maraina. Zarazaraina ho sokajy ny mpianatra ary isaky ny sokajy dia tsy maintsy manao fanentanana, farafaharatsiny indray mandeha isam-bolana, mandritra io fotoana io, izay mahay mitendry zava-maneno dia manao izany, izay mahay tononkalo dia manentana amin'ny alalan'ny tononkalo amin'ny teny frantsay na amin'ny teny malagasy.*

Malalaka ny endri-pampianarana tao amin'io sekoly io. Afaka mianatra mitokana ny ankizy ary afaka mianatra isaky ny sokajy ihany koa. Nisy trano fitehirizam-boky azo lazaina fa tsara tao, satria dia hita tao avokoa izay boky nilaina. Samy maka izay boky tiany ny tsirairay ary miezaka manadihady izany miaraka amin'ireo namany. Ao amina efitrano iray daholo ny mpianatra rehetra, ary indray mandeha na indroa isan-kerinandro vao misy mpampianatra tonga hanampy azy ireo, ka mandeha tsirairay amina efitra voatokana. Tsy nisy fotoana voatokana ho an'ny fakan-drivotra izany fa izay mahatsiaro tena ho reraka dia mahazo mivoaka moramora, ary tsy mampaninona na mandeha tsirairay na koa mandeha maromaro.

Azo lazaina, hoy RATREMA William fa ny fanabeazana azon'i E.D.ANDRIAMALALA tao amin'ny sekoly Paul Minault dia nahazoany fiofanana tsara sy mahomby teo amin'ny sehatry ny literatiora sy ny zava-kanto, nanefy azy hahalala ny atao hoe fahafahana ihany koa. Raha fintinina dia nanefy ny maha-izy azy an'ANDRIAMALALA ny fianarany tao amin'io sekoly io.

Misy zavatra hafa tokony ho fantatra koa raha te hahalala bebe kokoa ny amin'ANDRIAMALALA sy ny asa sorany isika; zava-dehibe nentin'iny faritr'i Toamasina iny ny fanefena ny maha izy azy an'ANDRIAMALALA teo amin'ny sehatry ny fanoratana tantara foronina. Nanomboka teo amin'ny fahaterahany ka hatreo amin'ny faha-40 taonany dia saika nipetraka tamin'iny faritra iny izy, afa tsy tamin'ireo taona vitsivitsy nianarany tao amin'ny Paul Minault. Mifandray betsaka amin'ny fahazazany araka izany iny faritra iny. Tsy hadino anefa fa avy amina foko merina izy, ary na dia tany amin'ny tanin'ny Betsimisaraka aza no nitoerany dia tsy nanadino izany izy ary tsy nanafoana izany tao anatin'ny. Porofon' izany, tao amin'ny toerana nonenan'ny merina ihany izy no nipetraka tany. Ny ankamaroan'ireo namany sy ireo nifandray taminy dia saika avy aty antananarivo avokoa; na izany aza dia tsy nisy olana taminy ny nifandray tamin'ireo foko hafa.

Ny vanim-potoanan'ny fanjanahan-tany no azo lazaina fa nivelaran'ny hatanorany, ka nahatsapany sy nahitany ny fangejana sy ny famerana ny fahalalana nomena ny tanora Malagasy.

1.5. Ny asa amana andraikiny.

Toy ny ankamaroan'ireo tanora Malagasy tamin'izany fotoana dia nanana tanjona ny ho mpiasam-panjakana koa i E.D.ANDRIAMALALA raha nianatra. Raha nanao fifaninanana hidirana ho dokotera izy hoy isika dia tsy afaka, noho izany dia nitady lalan-kafa indray izy. Araka ny voalazan'ireo namana efa nanao fikarohana teo aloha (RAMAMONJISOA Mamitiana Andrianarijaona) dia, nisy fotoana nampianan-tena mikasika ny haisoratra sy ny fitantanam-bola i E.D.ANDRIAMALALA ary dia azo lazaina fa izany no nanazava ny fiainany taty aoriana. Ny fianarany tao amin'ny Paul Minault koa moa nanefy azy rahateo. Noho izany, rehefa tsy tafiditra ho mpitsabo izy dia niroso ho amin'ny resaka (commerce) raharaham-barotra indray.

-Ny 1939- 1957, dia nitana ireto toerana ireto izy:

-1939-1943: Tale lefitra tao amin'ny “société de représentation industrielle et commerciale » tao Toamasina.

-1944-1947: Lehiben'ny sampan-draharahan'ny « transit de la Maison OLAF AUBRY et compagnie » tao Toamasina.

-1948-1949: Tale lefitra tao amin'ny masoivohon'ny « transit TRICARD » tao Toamasina.

-1949-1952: Talen'ny “transit KARL BOFF” tao Tamatavy ihany.

-1954-1957: Talen'ny “transit RAMANANDRAIBE” tao toamasina.

Raha nanamarika isika dia nahita fa nandritra ny 20 taona voalohany izy dia nitana andraikitra mila fitokisana, ary saika tamin'ny orinasa mikasika ny fanondranana sy fanafarana entana avokoa. Saika niovaova asa ihany koa izy.

Ny 1958-1960, dia niala tamin'ny raharaham-barotra izy, fa niroso kosa teo amin'ny sehatry ny politika. Niala tanteraka tany Toamasina izy ka namonjy ny renivohitra.

-1958-1959: Lehiben'ny kabinetra tao amin'ny « assemblée représentative » izy.

-1959-1960: Lehiben'ny kabinetran'ny « Assemblée Nationale Provisoire »

Maro ny andraikitra nosahaniny teo amin'ny sehatry ny politika, tao amin'ny antoko « Union des Démocrates Sociaux de Madagascar » na ny « USDM » izy sns... Noho ny fahitany ny fihetsik'ireo mpitondra taorian'ny nahazoana ny fahaleovantena anefa dia niala tamin'izany sehatra politika izany i E.D.ANDRIAMALALA tamin'ny 1960. Niezaka niverina tamin'ny asany taloha izy, saingy, tsy nahita afa tsy toerana iray ihany.

-1961-1962 : Niasa tao amin'ny « Compagnie d'Assurance Labeille » izy. Tsy afa-po anefa ka dia niova asa tanteraka ny lehilahy ary nirotsaka tamin'ny sehatry ny literatiora sy ny fandikan-teny ary ny fomba malagasy izy nanomboka tamin'ny taona 1963.

-1963 : Nahazo ny vatsim-pianarana nomen'ny UNESCO i EDA, izay nahazoany nanao « voyage d'étude » sy nandranto fahalalana tany eropa, dia tany Paris, Rome, Bruxelles, Copenhague, Genève.

-1964-1966 : « Chargé de mission » tao amin'ny « faculté des lettres » tao Toamasina izy;

-1967-1970: « Administrateur d'édition » tao amin'ny « Association pour le Développement des Bibliothèques de Madagascar »

-1970-1977 : Lehiben'ny « division de la promotion des lettres, du livres et de la lecture » tao amin'ny tranom- bokim- pirenena ;

-1977-1979 : « Administration d'Édition de l'Office du Livre Malgache » « OLM » izy mandram-pahafatiny.

Nampianatra teny sy taranja malagasy koa izy tamina sekoly sasantsasany teto Antananarivo, izay nampifandimbiasiny tamin'ireo asany ireo. Ny andraikitra nosahaniny nanomboka ny 1970 dia tena nampitombo ny talentany ary nahafahany namaky sy nandalina boky literera vahiny maro ihany koa.

1.6. Ny fiankohonany

Nanambady an-dRamatoa RAMIALINORO Berthe i E.D.ANDRIAMALALA, ary nanan-janaka 13 izy ka ny 8 lahy ary ny 5 vavy.

Ny 25 mai 1979 dia nisaona ny firenena malagasy, nitanondrika ny mpankafy ny kanto malagasy, satria, banga iray ny tontolon'ny literatiora malagasy. Nodimandry tamin'io daty io i E.D.ANDRIAMALALA, rehefa avy namela mamy teto amin'ny tany sy ny firenena. Azo lazaina tokoa mantsy fa na dia maty aza ny vatany, ny fony sy ny sainy ary ny fanahiny kosa dia mbola mitoetra eto amintsika.

1.7. ANDRIAMALALA sy ny asa sorany

1.7.1. Ny nahatonga azy hanoratra

Ankoatry ny famolavolan'ny sekoly Paul Minault azy dia misy antony hafa koa nahatonga azy hanoratra. Ireto avy izany araky ny teniny (izay notanisain-dRamamonjisoa Mamitiana Andrianarijaona ao amin'ny fikarohana izay nataony)

Voalohany amin'izany , ny fitiavana te hanoratra fotsiny. Ny fahitany ireo tantara madinika fahiny izay nahafa-po azy no nahatonga azy hilaza fa: *“dia tsy mba mety mahavita zavatra hafa noho izany ve isika Malagasy?”*.

Faharoa, ny fahatsapany fa latsa-danja ireny tantara madinika ireny raha oharina amin'ny an'ny hafa ihany koa dia nisarika azy hanatsara izany.

Fahatelo, fanoherana ny fiheverana fa tsy ahazoana milaza izay tiana hambara ny teny malagasy.

1.7.2. Ny zava-kinendry teo amin'ny asa soratra

Ny mpanoratra sy ny asa soratra ary ny mpamaky no fototra maha literatiora ny literatiora. Araka izany ny tanjon'ny mpanoratra amin'ny asa sorany dia ny hampita izany amin'ny mpamaky. Ho an'i E.D.ANDRIAMALALA manokana, araky ny filazany (notanisain-dRamamonjisoa...) dia tsy dia misy zavatra kendrena loatra akory; nefa misy kendrena koa: *“matetika dia fanontaniana no vontootin'ny tantara nosoratako. Amin'ny ankapobeny dia misy olo-meloka araka ny fitsaran'ny fiarahamonina, entiko eo anatrehan'ny fitsaran'ny tsirairay avy (...). tiako ho ny tsirairay no hamaly io fanontaniana io, satria, matoa aho manoratra dia mba mahatsiaro ho sahirana ihany koa eo am-pitadiavana ny valin'ny fanontaniana apetrako.”*

Ny hampiasa ny sain'ny mpamaky amin'ny fitadiavana ny valin'ireo fanontaniana napetrany no tanjon'ANDRIAMALALA; izany dia mamaritra sahady fa ny literatiora dia tsy natao ho fialam-boly fotsiny ihany fa natao ho fitaizan-tsaina ho an'ny mpamaky ihany koa mba hahatonga azy ho tia karokaroka.

1.7.3. Ireo asa soratra novokarin'ny

Saika nahitana ny sangan'asan'i E.D.ANDRIAMALALA avokoa ireo karazana asa soratra rehetra toy ny: lahatsoratra famoaboasan-kevitra, ny tononkalo, sombin-tantara, ny tantara foronina ...Na izany aza anefa dia, tsy dia nifototra betsaka tamin'ny fanoratana tononkalo sy sombin-tantara izy fa ny fanoratana tantara foronina no tena nanavanana azy. Araky ny voalazany (hoy ihany RAMAMONJISOA) dia, tsy azo ivalamparana ny tononkalo hany ka nirona kokoa ho amin'ny tantara foronina izy. Ny tononkalo mitondra ny lohanten'ny hoe: Ny nosy manontolo sy ny hoe Takariva no mba hany tononkalo nosoratany, ary nitondra ny solon'anan'ny hoe “Islo de valiha” izy tamin'izany. Anisan'ny nahafantaran'ny maro ity mpanoratra ity ireo tantara foronina nosoratany, ary azo ambara fa tena nanavanana azy ny filalaovana ireo singa maro maha tantara foronina ny tantara foronina, toy ny habaka, ny fotoana , ary ny mpandray anjara. Ahitana taratra izany avokoa ireto asa sorany manaraka ireto:

-1938: *Ranomasina*

-1945: *Menarana*

-1946: *Voankazo nandrarana*

-1962: *Fofombadiko*(vita soratra ny 1954), loka natolotr'i AKBARALY

-1966-1967: *Hetraketraka I sy II*,(vita soratra ny 1963 sy 1964)

-1970: *Ilay vohitry ny nofy*; nahazo ny loka natolotry ny MINESEB tamin'ny 1970

-1972: *Antso*

Zazavavin-drano

-1974: *Fanagasiana*

Komanga (talohan'ny nahafatesany)

Notsongainay manokana tamin'ireo anefa ny tantara foronina mitondra ny lohanten'ny hoe *FOFOMBADIKO*, satria ankoatra ny maha tantaram-pitiavana azy dia anisan'ny mirakitra fiainana ihany koa ity tantara ity.

2. I Aguste RAJAONARIVELO

2.1. Ny tantaram-piainany

Tsy mba nahitana tahirin-kevitra maro toy ny hita tany amin'ANDRIAMALALA kosa ny fikarohana ny mombamomba an'i Aguste RAJAONARIVELO, noho izany dia ny ambangovangon'ny tantarany ihany no ho hita eto.

2.1.1. Ny fiainany

RAJAONARIVELO Aguste no tena anarany. Teraka tamin'ny taona 1890 izy; ary fanta-daza amin'ny maha mpanoratra tantara foronina azy, noho ny fitiavan'ny olona ilay tantarany mitondra ny lohan-teny hoe *BINA*.

2.1.2. Ny fivelarany

Azo lazaina fa zaza narani-tsaina tokoa raha i Aguste RAJON teo amin'ny fahazazany. Ny sekoly MPF ao Ambatobevanja no nianarany voalohany, Le-myre-devilers kosa no nanomanany tena ho mpampianatra, ka vao 17 taona monja izy tamin'ny 1907 dia efa nahazo ny marim-pahaizana CAE, nitana ny laharana voalohany tamin'izany.

Nandritra ny 40 taona izy no nilona tao anatin'izany asa fampianarana izany ary tonga hatrany Farafangana sy ny manodidina mihitsy aza nanatanteraka izany asany izany. Azo lazaina fa anisan'ny nahalalany iny toerana iny sy ny manodidina azy ary ny lalana rehetra lalovana rehefa mankany ny fotoana rehetra niasany tany Farafangana.

1.2. Ny fiainany ny kanto

Maro tokoa ny asa soratr'i Aguste RAJON, ary saika nisandrahaka tamin'ireo karazana asa soratra rehetra nisy izany, toy ny tononkalo, ny tantara foronina, ny sombin-tantara, lahatsoratra famotopotoran-kevitra, sns. Ny tantara foronina sy ny sombin-tantara anefa no tena nimasoany sy nananany talenta tokoa.

Ohatra, amin'ireo tantara foronina nosoratany ireto vitsivitsy ireto:

- *Rabolo*

- *Robin'Ikamadonto*

- *Rà iraisana*

- *Bina*, tamin'ny 1932: nahazo ny loka voalohany tamin'ny fifaninanana “Belles Lettres Malagasy” nampanaovin'ny fikambanan'ny mpanoratra gazety malagasy . Azo lazaina fa ity tantara foronina *BINA* ity no tena nahalalan'ny maro an'i Auguste RAJON hatramin'izay ka hatramin'izao.

Gazety maro ihany koa no namoaka ny asa soratr'i Auguste RAJON:

- Ny gazetim-manjakana

- Ny akon'Iarivo

- Ny fandrosoam-baovao

- Ny tantamasoandro

3. I Michel ANDRIANJAFY

Mpanoratra nanana ny maha izy azy koa ity mpanoratra izay ho entina amintsika manaraka eto ity. Nananosarotra ihany koa ny fitadiavana ny mombamomba azy, saingy, nanana tombontsoa manokana izahay noho ny faneken'Andriamatoa RAJAONARISAONA Edouard, izay fianakaviany ihany, hifanome tanana taminay.

Toy izao ary ny mombamomba an'i Michel ANDRIANJAFY, araka ny resaka nifanaovanay tamin'ny fianakaviany:

3.1. Ny tantaram-piainany

3.1.1. Ny fiainany

I Michel ANDRIANJAFY dia avy amina fianakaviana ANDRIAMASINAVALONA, izay anisan'ny nanakaiky ny mpanjaka indrindra tamin'ny fotoan'androny, teto Antananarivo. Teraka tamin'ny 26 jona 1912 izy, tao Ambatonakanga, ary ny mpampivelona (sage femme) Ramasivelo no nampiteraka azy. ANDRIANJAFY Jacques no rainy ary RAZAIARISOA Justine no reniny. Tsy mba nipetraka tamin'ireo ray aman-dreniny anefa izy fa notezain'ny renibeny sy ny rahavavin-dreniny, izay tsy iza fa Rasoavonjena. Rasoavonjena dia vadin'ny mpampianatra tao amin'ny misiona protestanta tao Ambatonakanga ary tsy niteraka izy mivady. Izany dia efa azo anamarihana sahadry fa efa nanandrana ny fiainana kristianina ity mpanoratra ity.

3.1.2. Ny fahazazany sy ny fivelarany teo amin'ny sehatry ny fianarana

Toy ny ankizy rehetra ihany dia mba tia nilalao koa i Michel ANDRIANJAFY. Ny kilalao masinina vita amin'ny baoritra sy ny bobinina, ary ny tranona saridinina sy ny tranon'afokasoka no tena tiany sy nanavaka azy. Midika izany fa zaza tia karokaroka izy, ary tia mandinika ny zava-misy manodidina azy mba hamoronana zavatra azo ampiasaina. Araka izany dia anisan'ny nanefy an'ANDRIANJAFY ny lalao fanaony izay niavahany tamin'ny hafa.

Efa 7 taona izy vao niditra nianatra, ary efa nanana ny fandaharam-potoanany matotra izy tamin'ny famonjena ny sekoly: 10 minitra alohan'ny amin'ny 8ora fidirana maraina sy alohan'ny amin'ny 2ora fidirana hariva izy vao miala ao an-trano, satria, raha teo ambanin'ny “studio” Ramilijaona teny Ambatonakanga izy no nipetraka dia tao amin'ny EPP tao an-toerana ihany no nianatra. Nony niala teo izy dia namonjy ny sekoly tao Ambohitato Atsimo, vao nankeny amin'ny sekoly Anglikana Ambohimano. Tao anatin'izay fotoana izany dia tiany ny manangona ireo ankizim-pianakaviany hampianariny, ary tsy mandeha ho azy izany rehetra izany fa manaraka ora avokoa.

Azo lazaina fa anisan'ny zaza nalady saina i Michel ANDRIANJAFY, indrindra hatreo amin'ny faha 10 taonany. Tsy nijanona tamin'ny fianarana tany an-tsekoly ihany anefa izy fa anisan'ny zaza voataiza tamin'ny fitaizana kristianina koa. Noho izany dia nanavanana azy ihany koa ny fampianarana hiram-piangonana, sy ny kaonseritra masina tao amin'ny trano biriky, ary azo lazaina fa nanana hira betsaka tao am-piangonana izy tamin'ny andron'i Pastora Rajonson. Hisy akony be dia be amin'ny fiainan'ity mpanoratra ity aty aoriana izany rehetra izany, izay marihina fa namolavola ny toetsainy sy ny maha-izy azy tokoa.

3.1.3. Ny fiankohonany

Nanana anabavy iray ANDRIANJAFY, izay teraka tamin'ny 1914. Dimy volana taorian'ny nahaterahan'ity anabaviny ity no nisaraka ireo ray aman-dreniny ka izany no nahatonga azy ho taizan-dRasoavonjena.

Nanam-bady an-dRamialisoa Jeane, zanak'Andriangaly izay evangelista avy any Firavahana (Miarinarivo) i Michel ANDRIANJAFY tany amin'ny taona 1938 tany, tsy niteraka tamin'io vadiny io anefa izy mandra-pisarak'izy roa.

Ny 1940 dia nanam-bady an-dRazafindramanga Mariette indray izy ity farany dia zafin-dRainizafindrasoa, governora tao Antanifotsy. Na izany aza dia tsy dia nankasitahan'ny fianakaviany ity fanambadiany faharoa ity, satria araky ny tantara dia sarotiny dia sarotiny tamin'ny resaka firazanana ireto fianakaviana ireto, noho izany ny maha hova ity tovovavy ity dia nidika ho tsy fahampiam-pahaizana tamin'izy ireo. Na teo aza anefa izany dia tsy nampiverin-dalana an'i Michel ANDRIANJAFY fa narosony ihany ny fanambadiany. Ny anabaviny Meliarisoa sy Razakarivony ary ny pastora Rajonson mivady ihany no nanatrika ny raharahan'izy roa. Nony maty anefa i Mariette dia nanam-bady an-dRajoelisoa indray izy ny 15 desambra 1962. Ny octobra 1962

ihany dia natao ny vodiondry. Ity vadiny fahatelo ity no hany mba niterahany vavy tokana, nefa maty indray io zanany io taty aoriana, tamin'ny fotoana niverenany nitandrana tany am-pefy.

3.1.4. Ny asa aman' andraikiny

Araky ny efa voalaza dia anisan'ny nanefy be dia be ity mpanoratra ity ny fomba nitaizana azy. Nanana andraikitra lehibe teo anivon'ny fiangonana izy ka,

Ny 1938, nitondra fiangonana tany Antanifotsy izy. Niavaka tamin'ny maro anefa izy, satria, na dia mpitondra fiangonana aza no asany dia tsy mba nandalo ny sekoly fianarana ho pasitora izy, fa Ravelojaona fotsiny no nanefy azy ho tonga tamin'izany toerana izany. Nantsoin'ny olona hoe Ravelojaona kely mihitsy aza izy.

Ny 1947 dia notokanana ho pasitora tao am-pefy izy raha efa nalaina hitory teny tao an-toerana, ary dia nijanona tao.

Tsy nionona tamin'ny maha mpitandrana azy anefa ity mpanoratra ity fa anisan'ny faniriany koa ny ho lasa dokotera. Noho izany dia nanaraka “cours par correspondance” momba ny fianarana ho dokotera tany andafy izy. Na dia efa maro aza ireo havany nianatra ho dokotera no tsy tody hatramin'ny farany fa maty teny antenantenany dia tsy nahakivy an'Andrianjafy izany fa toa vao maika aza nampikiry biby azy. Nahazo ny diplaoma tamin'izay fianarana narahiny izany izy ka nanao fanadinana momba ny fitehirizam-mpanafody indray. Ankoatry ny maha pasitora azy ary dia sady mpamoaka fanafody tao am-pefy izy, ary fanampin'izay dia sady mizaha marary no misafo bevohoka koa.

Azo lazaina izany fa nitana andraikitra maromaro i Michel ANDRIANJAFY teo amin'ny fiainany. Olona tsy mba mora kivy izy, fa na dia teo aza ireo toe-javatra maro, toy ny fahafatesan'ny vady aman-janany, dia vonona hatrany izy ny hioitra amin'ny fiainany. Marihina fa mpanao gazety ihany koa izy.

Niakatra fitsarana noho ny raharahan'ny 1947 izy ka ny fiangonana no niantoka ny lany tamin'izany. Taorian'io dia nisintaka nankany Farariana izy ka vao 4 volana monja no nahatongavany tao dia efa nahatsangana vadim-piangonana. Naharitra taona maromaro tao Farariana ity mpitandrana ity ka,

Ny 1953 izy no notokanana tao an-toerana. Taorian'izay indray dia tafaverina tao ampefy izy ka nanohy ny asany tao indray.

Ny alakamisy 11 jona 1969 i Michel ANDRIANJAFY dia naiditra opitaly tao Befelantanana. Tsy tana anefa ny ainy ka ny 15 jona 1969 ihany izy dia nandao ny tany ka nalevina tao Anosimanga, satria, ny 1966 dia niorim-ponenana tany ireo ray amandreniny. Nanao fahafatesana tantely ity mpanoratra ity ka maty namela mamy. Anisan'ny mamy navelany ny boky nosoratany mitondra ny lohan-teny hoe: *ORIMBATON'NY FIADANANA* izay anisan'ny tantara nampalaza azy tokoa hatramin'izay ka mandraka ankehitriny. Marihina fa amin'ny maha mpitandrina azy dia nitety faritra maro i Michel ANDRIANJAFY, ary araka ny fanadihadiana natao dia anisan'ny faritra noteteziny koa iny faritr'Ambohijafy sy ny manodidina azy iny ka tsy mahagaga raha fantany tsara.

Tia ny tantaran'ny Madagasikara izy ary amin'ny maha Andriamasinavalona azy dia nireharehany fatratra izany firazanany izany. Raha itarina dia azo lazaina fa anisan'ny Malagasy tia tanindrazana koa raha i Michel ANDRIANJAFY, ary izy dia nahatsapa fa be ny tsy rariny nataon'ireo vazaha mpanjanaka teto.

3.2. Ny fiainany ny kanto

Anisan'ny asa soratra nampalaza azy, hoy isika, ny tantara nosoratany mitondra ny lohantenany hoe: *ORIMBATON'NY FIADANANA*, ny mombamomba azy sy ity asa sorany ity indrindra no hasian-teny eto.

ORIMBATON'NY FIADANANA,

Boky nahazo ny loka voalohany tamin'ny fifaninanana iray tany amin'ny taona 1959 tany.

Tao anatin'ny taratasy nalefany ho an'ireo mpitsara ny fifaninanana, Andriamatoa Xavier RANAIVO, izay hita tao amin'ny vaovao frantsay/malagasy no nahitana ny vontoatin'ity asa soratra ity.

Voalohany, ny tantara foronina *ORIMBATON'NY FIADANANA* dia irony tantara lazaina amin'ny teny baiko hoe “roman historique” irony. Izany hoe tantara nosintonina avy amina tantara tena nisy ary natao mba hampisy sori-dalana eto ambonin'ny tany, ho an'ny Malagasy, ho an'ireo fikambanana samihafa, ary ho an'izao tontolo izao mihitsy. Ny *fiadanana* no tena ventesin'ny tantara, ka hoy indrindra izy (araka ny voalazan'Andriamatoa RAJAONARISAONA Edouard): “Zovy moa no tsy te hiadana,

saingy, ny harato itadiavana azy no samihafa.(Ao ny mitady izany amin'ny alalan'ny ady, ny halatra, sns...), ny tena fiadanana dia ny fahasoavana anaty ka mampilamina, mampitony ary mampisonanina.

Fiadanana ihany koa ny fananana tokantrano metimety, fitafiana tsaratsara, sakafo ambonimbony, fiompiana, farim-pahaizana miavaka, sns... ary raha izany no manjaka eo amin'ny fiarahamonina dia ho resy tosika ny fampirafesana, ny tokatrano maso, ny sikidy, sns... Raha izany ary, dia fiadanana no nateraky ny fandrosoana tandrefana sy ny fivavahana kristianina teto Madagasikara, indrindra teo amin'ny fiarahamonina malagasy.

Atolotra ny tanora te haka sary an-tsaina ny fahiny, hoy izy, ity tantara ity; fa ny ankehitriny dia mifototra amin'ny taloha ary ny fivoaran'ny fandrosoana no ahazoana mamantatra ny taloha. Adala ny tsy mahalala ny azy. ... Fa ny fahalalanao ny faharatsianao no manesika anao hanao ny tsara. Noho izany, mivoara ry tanora havako. Ry nosy sambatra, mivoara fa mbola mila fiezahana mafy isika hanatratarana izany fenitra katsahin'ny rehetra izany, dia ny “FIADANANA”

Raha dinihina tokoa mantsy, ny literatiorantsika dia toa tsy heverintsika loatra. Ny toe-tsain'ny mpanao valalan'amboja sy ny omby hantsika dia henatra eo anatrehan'ny firenena mandroso. Toa miavona eo anatrehan'ny azy ny zatovo, ka sady tsy manohana no tsy mamoka. Ny tsy fahaizany manoratra sy mamaky ny tenindrazany no mibahana. Izany hoe hainy iresahana fa tsy hainy amosahan-kevitra. Izany rehetra izany dia henatra lehibe ho an'ny firenen-tsika, noho izany “*mifohaza ianao ry firenako*”, hoy ny mpanoratra. Tsy ho an'ny tanora Malagasy ihany anefa, fa atolotra ihany koa ity lahatsoratra ity ho an'ireo vahiny izay nitondra soa sy fanambinana teto, fa afatsy ny fivavahana kristianina nisoko mangina teto dia iaraha-mahalala ny tantara izay nampiray petsapetsa antsika. “Hevitr'Andriamanitra, lahatr'Andriamanitra izany ary fantany fa mahasoana ny roa tonta”

Farany, hoy izy: “ADIDY SY FITIAVANA” no idealy masina tsy maintsy tratarina fa amin'izany no andoavana ny trosa tsy voaloha. Fa amin'ny alalan'izany ihany koa no hampanjakana ny fitoviana sy ny firahalahiana ka anapahan'ny rariny sy anamafisana fatorana ny firaisam-po.

Raha tsy misy fihatsaram-belatsihy ny fitiavana dia mihavana sy mifanotrona ary mifanampy sy mifanasoa ny vahoaka, ary izay no *ORIMBATON'NY FIADANANA*

Tahiry amam-panovozan-kevitra
nampiasaina

TAHIRY AMAM- PANOVOZAN- KEVITRA NAMPIASAINA

Ireo boky nanompanana ny asa fikarohana:

ANDRIAMALALA. E.D., *Fofombadiko*, Librairie Mixte, Antananarivo, 1962.

ANDRIANJAFY Michel, *Orimbaton'ny fiadanana*, Tranopirinty, FOFIFA, 1958.

RAJAONARIVELO Auguste, *Bina*, Trano Pirinty Fiangonana Loterianina Malagasy,
ANTANANARIVO, 1993.

Tahirin-kevitra amin'ny teny malagasy

LISY HARY, Maresaka, "*Fitia diso lalana*", lah 7930, lah 7856

LISY HARY, Maresaka, "*Fitiavana*", lah 8782, lah 7856

RAHAJARIZAFY, *Filôzôfia Malagasy*, Imprimerie Catholique,

Antanimena-Antananarivo, 1963

RAJAONA Simeon, *Takelaka notsongaina I*, , Ambozontany Fianarantsoa, 1972

RANDZA ZANAMIHOATRA, *Vainafo tononkira*, Lib. Ambozontany, Fianarantsoa,
1969

RATREMA William, *Ny rafi-pisainana iorenana sy aorin'ny asa soratr'i E.D.A*

Lib. Mixte, Antananarivo, 1983

RATREMA William, *Riba sy lohahevitra*, Antananarivo, 1985

RAVOAJANAHARY.C, Fanasina, lah 539, 18 Fevrier 1968

Tahirin-kevitra amin'ny teny frantsay

BOURNEUF. R. et OUELLET. R, *L'univers du roman*, Ed. Gallimard, 1964

GENETTE. G, *Figure II*, Coll. Points, Ed. seuil, Paris, 1971.

LEVI- STRAUSS, *Anthropologie structurale*, Paris, Plon, 1958

Littérature et langage, vol 3, « *Le roman, le récit, le cinéma* », coll. Dirigée par

MITTERAND, Ed. Fernand Nathan, Paris, 1971

MAURIAC. F, *Le romancier et ces personnages*, éd. Buchet Chastel, Paris, 1973

MICHAUD. G, *L'oeuvre et ses techniques*, lib. Nizet, Paris 1971.

RATREMA William, *EDA, un écrivain à la charnière de deux mondes*

ROBBO- GRILLET, *Pour un nouveau roman*, Ed.Gall, Paris, 1963

SARTRE. J.P, *Qu'est ce que la littérature*, Coll.Idées, Ed. Gallimard, Paris, 1948

WELLEK. R et WARREN. A, *La théorie littéraire*, Ed. Seuil, Coll. Poétique,

Paris, 1971

ZERAFFA. M, *Roman et société*, PUF, Coll. Sup, 2^e édition, 1976

Raki-bolana amin'ny teny frantsay sy amin'ny teny malagasy.

LAROUSSE, *Peut LAROUSSE illustre*, 1987

MATHILDE Deverchin-dRakotozafy, Dictionnaire d'Education Bilingue Usuel

(D .E.B.U), Malagasy- Français, 1995

RAJEMISA Raolison. R, *Rakibolana Malagasy*, Ambozontany Fianarantsoa , 1985

Asa fikarohana nanatsoahana hevitra.

ANDRIANDRAIBE Fiononaniaina, *Ny fitiavana tarafina ao amin'ny tononkalon'i*

Rakotonjanahary Meva

RAHELIARIMANANA Constance, *Ny fitiavana ao amin'ny asa soratr'i RABENJA*

Salomon

RAMAMONJISOA Mamitiana Andrianarijaona, *Ny poezia sy ny fitiavana ao amin'ny*

tantara foronina nosoratan'i E.D.ANDRIAMALALA

RANDRIANIAINA Parson, *Ny fiheveran'i Lisy Hary ny Fitiavana tarafina amin'ny*

sombintantara nosoratany tao amin'ny gazety Maresaka

ANDRIANJOHANY Arilanto, *Ny fitiavan'olon-droa sy ny sarin-teny ampiasaina*

amin'ny fomba fanehoana izany

RAVELOHARIVOVOLONA, *Ny tara-kevitry ny FITIAVANA ao amin'ny tononkalon'i*

Dox

RAZANATIARAY Hantamalala, *Ny fitiavana tarafina ao amin'ny asa soratr'i Haingo*

Fanafohezan-teny

EDA: Emilson Daniel ANDRIAMALALA

August RAJON: August RAJAONARIVELO

IPA: Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA

VVS: Vy Vato Sakelika

EPP: Ecole Primaire Publique

Lah: Laharana

Tak: Takila

Coll: Collection

Ed: Edition

p: Page

resu me

Le roman est un art du temps et de l'espace. Ecrire du roman demande beaucoup de créations vis à vis des personnages et aussi de l'idée principale. Cette idée est en général l' « amour » suivi des histoires et des événements sociaux qui s'étaient passés pendant la période où les romanciers tels E. D. ANDRIAMALALA, Auguste RAJAONARIVELO, Michel ANDRIANJAFY écrivent leurs œuvres.

Anarana: MALALANIRINA

Fanampiny: Christina Josette Michela

Asa fikarohana: Fanadihadiana sy andrana fampitahana
asa soratra tantara foronina

Isan'ny takila: 207

Famintinana

Tantara kanefa noforonina, nefa na noforonina aza dia tsy afaka hihataka tanteraka amin'ny tena zava-misy marina. Izany no atao hoe tantara foronina. Singa tsy azo sarahina amin'ny famoronana tantara foronina ny atao hoe mpandray anjara sy ny habaka ary ny fotoana. Tsy azo odian-tsy hita anefa fa ny vontootin'ny tantara no tena manasongadina ny asa soratra. Ny fiarahamiasan'ireo rehetra ireo mitambatra kosa no ahafahana mamaritra ny maha izy azy ny mpanoratra toa an-dry E.D.ANDRIAMALALA sy Auguste RAJAONARIVELO, ary i Michel ANDRIANJAFY.

Teny manan-danja:

Fanadihadiana
Tantara foronina
Mpandray anjara/ habaka/ fotoana
Fitiavana
Fampitahana

Adiresy: Ambatomaro Antananarivo

Mpitarika: RATREMA William